- Except'ion**, *n.* ny tsy manaraka ny ankabiazany. **With the exception of**, afa-tsy. **To take exception to or against**, mandà
- Except'ionable**, *adj.* tokony ho lavina
- Excess'**, *n.* ny mihoatra izay antonony, ambiny
- Exces'sive**, *adj.* mihoatra, be loatra, manan' amby
- Exchange'**, *v. t.* mifanakalo, manakalo, mitakalo
- Exchange'**, *n.* takalo, fifanaka-lozana, solo
- Excheq'uer**, *n.* ny fitehirizana ny volam-panjakana; ny volam-panjakana
- Excise'**, *n.* fadin-tseranana
- Excise'man**, *n.* mpaka ny fadin-tseranana
- Exci'sion**, *n.* fanesorana, fandranganana

Excitable, *adj.* mora hetsike-tsehina (amy ny saina)
Excite, *v. t.* mampihetsiketsika ny saina, mampitabataba, mamoha ny saina
Exciting, *adj.* mampihetsike-taika ny saina, mampitabataba, &c.
Exclaim, *v. i.* manao feo mahery mampiseho fahatairana na fifaliana na fahatezerana, &c.
Exclamation, *n.* fiantsoana milaza ny fahatairana, &c.
Exclude, *v. t.* mandrara tsy hiditra, misakana tsy hikambana amy ny sasany, manaisotra
Exclusive, *adj.* mandrara tsy hiditra ; avela hataony ny sasany hiany ; afa-tsy
Excommunicate, *v. t.* mancisotra amy ny fiangonana, indrindra amy ny fiangonany ny Katolika
Excubate, *v. t.* manendaka, manenda-koditra
Excubating, *adj.* mampangirifry
Excubate, *v. t.* mampiseho fa tsy manan-tsiny
Excursion, *n.* fitsangantsanganana lavidavitra any antsaha ; fanafihana
Excursive, *adj.* mandehandeha, miriorio
Excusable, *adj.* azo alan-tsiny
Excuse, *v. t.* manafa-tsiny, mamela tsiny, mamela tsy hanao. **Excuse me**, aza fady aho, aza manan-tsiny
Excuse, *n.* fialan-tsiny
Execrable, *adj.* ratsy indrindra, tokony hankahalaina indrindra
Execute, *v. t.* mankahala indrindra, manozona

Execute, *v. t.* manao, mahatanteraka ; mahafaty araka ny lalana. **To execute a will**, mizara fananana araka ny didiny ny maty
Executioner, *n.* mpamono olona meloka
Executive, *adj.* mahavita be, mazoto amy ny raharaha. **The executive**, ny Mpanjaka sy ny Prime Minister, &c. izay manan-kery hampanaraka ny vahoaka ny lalana
Exegesis, *n.* fanambarana ny hevitra ny Soratra Masina
Exemplar, *n.* izay atao ho tsaraka alain-tahaka
Exemplary, *adj.* mety halain-tahaka, mety harahina [raua
Exemplify, *v. t.* manao fanohana
Exempt, *v. t.* (from) manafaka
Exempt, *adj.* afaka
Exemption, *n.* fanafahana
Exequies, *n.* fanao amy ny fauvevenana
Exercise, *n.* fampiasana, fampianaovana, asa atao. **To take exercise**, mitsangantsanganana, miasa-dia
Exercise, *v. t.* mampiasa, mampanao
Exert, *v. t.* manao amy ny herim-po. **To exert the voice**, manao feo mafy. **To exert one's self**, manao araka izay hay
Exertion, *n.* herim-po
Exhalation, *n.* fofona, etona
Exhale, *v. t.* mandefa fofona
Exhaust, *v. t.* mandritra, mandany. **To be exhausted**, trotraka, valaka
Exhaustion, *n.* fandaniana ; hatrotrahana
Exhibit, *v. t.* mampiseho
Exhibition, *n.* fampisehoana ; ny zavatra aseho

Exhil'arate, *v. t.* mahafaly, mahamiramirana
Exhort', *v. t.* mananatra, mamporisika
Exhorta'tion, *n.* fananarana, famporisihana
Exhor'tative,—*tory*, *adj.* enti-mananatra, enti-mamporisika
Exhume', *v. t.* mamongatra faty hiala amy ny fasana
Ex'igence,—*cy*, *n.* falahelovana; raharaha tokony ho vonjena faingana
Ex'ile, *n.* olona roahina hiala amy ny tanin-drazany
Ex'ile, *v. t.* mandroaka olona
Erist', *v. i.* misy
Erist'ence, *n.* fisiana
Ex'it, *n.* ny ialana
Ex'odus, *n.* ny nialany ny zanak' Isiraely tany Egipta; ny boky milaza izany (Eksodosy)
Eron'erate, *v. t.* manafa-tsiny
Exor'bitant, *adj.* be fanombana loatra, mihoatra noho izay mety, loza loatra
Ex'orcise, *v. t.* mamōaka fana-hi-ratsy
Exotic, *adj.* avy amy ny tany hafa, indrindra raha zavatra maniry
Expand', *v. i.* sy *t.* mitatra, mihalehibe, mivelatra; mam-pitatra, mamelatratra
Expanse', *n.* fahalalahana indrindra, toy ny amy ny ranomasina sy ny habakabaka
Expan'sion, *n.* fitarana, fivelarana
Expan'sive, *adj.* mety mihalehibe, mahazo mitatra
Expa'tiate, *v. i.* (on or upon) manao teny betsaka hilazana zavatra iray loha
Expa'triate, *v. t.* mandroaka hiala amy ny tanin-drazana

Expect', *v. t.* manampo, manantena [miandry
Expect'ant, *adj.* manantena,
Expecta'tion, *n.* fanampoizana, fanantenana, fiandrasana
Expect'orate, *v. t.* mandrehoka
Expe'dient, *adj.* mampandroso raharaha, mety, mahasoaraha ny ankehitriny hiany no heverina
Expe'dient, *n.* zavatra enti-mampandroso raharaha, zavatra atao vonjy maika
Ex'pedite *v. t.* manafaingana
Expedi'tion, *n.* fahafainganana; ny ampandehana, ny aleha.
Military expedition, tafika
Expedi'tious, *adj.* manao faingana, mahavita faingana
Expel', *v. t.* maneisotra, mandroaka, mampiala
Expend', *v. t.* mandany, (*Spend*)
Expendi'ture, *n.* izay lany, indrindra fa vola
Expense', *n.* fandaniahana; izay lany, vidiny
Expen'sive, *adj.* saro-bidy, mandany be
Expe'rience, *n.* izay fahalalana azony ny olona poho izay nataony na izay nihatra taminy
Expe'rience, *v. t.* mahalala satria efa niharany
Exper'iment, *n.* fanandramana, fizahana; zavatra atao mba hahalalana na hampisehoana fomban-javatra
Experiment, *v. i.* mamantatra, mizaha-toetra
Exper'iment'al, *adj.* azo avy amy ny *experience* [zavatra
Expert', *adj.* mahay, mahay
Ex'piate, *v. t.* mitondra fahoriana mba hahafahauny ny heloky ny tenany na ny any ny hafa

Exp'istory, *adj.* mahafa-keloka
Exp'ira'tion, *n.* famoahana fofon' aina ; fahataperany ny fotoana
Expire', *v. t.* sy *i.* mamoaka fofon' aina, miala aina. The time has expired, lany ny fotoana
Explain', *v. t.* manazava, mampiseho ny heviny, milaza marimarina
Explana'tion, *n.* filazan-kevitra
Explan'atory, *adj.* mampiseho ny heviny [heviny
Explicable, *adj.* azo lazaina ny
Explic'it, *adj.* mazava, mora azo
Explode', *v. i.* sy *t.* mitefoka, mipoaka, mitresaka ka misy feo mahery ; manapoaka
Exploit, *n.* zavatra lehibe na malaza natao lavorary noho ny fanaovana vi-very
Explora'tion, *n.* fizahana
Explore', *v. t.* mizaha sy mandinika tany, &c. izay tsy mbola fantatr' plona loatra
Explo'sion, *n.* fipoahana, fitresahana amy ny feo mahery
Explo'sive, *adj.* mety mipoaka
Exp'onent, *n.* mpilaza ny hevitra na ny foto-kevitra ny sasany
Export', *v. t.* mamoaka ny vokatra ny tany na ny taozavatra hamidy any amy ny tany hafa, mamarina
Export, *n.* vokatra ny tany &c. avarina any amy ny tany hafa
Expose', *v. t.* mampiseho, mametraka amin' izay tsy misy fiarovana na alokaloka. To expose a person's fault, milaza miharihary ny ratsy nataony ny sasany. Don't expose it to the sun, aza aseho amy ny hain' andro izany

Expos'ition, *n.* fampisehoana, famoahana hevi-teny, na amy ny Soratra Masina na boky hafa
Expos'itor, *n.* mpamoaka ny hevitra ny teny [heviny
Expos'itory, *adj.* mampiseho ny
Expos'tulate, *v. i.* (with) mananatra ka mampiseho ny tsy etezany izay atao
Expo'sure, *n.* fampisehoana, fisehoana. He is ill through exposure to the cold, niseho tamy ny hatsiaka izy, ka marary
Expound', *v. t.* mampianatra hevi-teny, manambara ny heviny
Express', *v. t.* mampiseho marimarina, milaza, manonona ; mamia
Express', *adj.* mitovy aminy indrindra, voalaza marimarina, misy foto-draharaha andehanana faingana
Expres'sion, *n.* fanambarana, filazana, fanononana. He has good thoughts, but little power of expression, tsara ny hevitra ao am-pony, fa tsy ampy ny fahaizany hamoaka azy. The expression of the face, ny toetry ny tarehy izay ahafantarana kely ny toetry ny fo
Expres'sive, *adj.* milaza marimarina
Express'ly, *adv.* marimarina
Expul'sien, *n.* fandroahana
Expunge', *v. t.* mamono sora-tra, mahafoana
Expurgate, *v. t.* maneisotra izay tsy mety amy ny boky, &c.
Ex'quisite, *adj.* tsara dia tsara
Extant, *adj.* mbola mitranga. mbola misy

Extatic,—*cal, adj.* (*Ecstatic*)
Extemporaneous, *adj.* natao tampoka fa tsy voalahatra ny hevitra, tandrevaka
Extend, *v. t.* manitatra, manalahibe, maninjitra. To extend compassion to, mamin-dra-fo, miantra.
Extension, *n.* fitarana, fitomboany ny habeny
Extensive, *adj.* malalaka
Extent, *n.* halalahana, halavana
Extenuate, *v. t.* manalava ka mihakely, mampahia. To extenuate a fault, manentsin-keloka, manao fialantsiny
Exterior, *adj.* ao ivelany
Exterminate, *v. t.* mandringana, mandroaka avokoa
External, *adj.* ao ivelany
Externals, *n.* ny ao ivelany (amy ny fivavahana, &c.)
Extinct, *adj.* maty taranaka, lany fara. An extinct volcano, volikano izay nirehitra taloha fa efa nitsahatra ela dia ela
Extinguish, *v. t.* mamono zavatra mirehitra [jiro
Extinguisher, *n.* famonoan-
Extirpate, *v. t.* mamongotra, mandringana
Extol, *v. t.* midera, mankalaza
Extort, *v. t.* manao an-keriny, mandrombaka
Extortion, *n.* fandrombahana, fanaovana an-keriny
Extra, *adj.* mihoatra
Extra, *n.* izay mihoatra na ambiny
Extract, *v. t.* manala, maneisotra, maka avy amy ny sasany, mifantina
Extract, *n.* zavatra alana; teny alaina amy ny boky

Extraaneous, *adj.* hafa, tsy fotony loatra
Extraordinary, *adj.* tsy araka ny fanao matetika, tsy tahaka ny ankabiazany; indrindra
Extravagance, *n.* fandania n-karena foana
Extravagant, *adj.* tsy azo ferana, mihoatra noho/izay mety, mandany harena foana
Extreme, *adj.* indrindra, farany indrindra
Extreme, *n.* ny farany indrindra, na ny ambony indrindra na ny ambany indrindra
Extremity, *n.* farany indrindra (atao amy ny tany sy ny tena, &c.). In extremity, akeikiny ny loza indrindra, malahelo indrindra
Extricate, *v. t.* manafaka amy ny izay manahirana, mamonjy [tony
Extrinsic, *adj.* ivelany, tsy fo-
Exuberant, *adj.* betsaka loatra
Erude, *v. i.* mivoaka amy ny loaka kitika toy ny ivoahany ny tsemboka
Exult, *v. i.* mibitaka, mifaly indrindra. To exult over, mirehareha aminy [liana be
Exultation, *n.* fibitahana, fifa-
Eye, *n.* maso
Eye, *v. t.* mijery
Eye-ball, *n.* maso
Eye-brow, *n.* manja-maso
Eye-lash, *n.* volo-maso
Eye-lid, *n.* hodi-maso
Eye-service, *n.* fanompoana eo imaso hiany
Eye-sight, *n.* fahitana
Eye-witness, *n.* vavolombelona nahita maso
Eyrie,—*ry*, *n.* fitoerana izay anaovany ny voromahery ny tranony

Fable, *n.* angano fohifohy azo analana anatra tsara

Fabric, *n.* fomba atao amy ny anaovan-javatra ; zavatra atao, indrindra fa trano sy lamba

Fabricate, *v. t.* manao, manorina, mamorona ao amy ny saina

Fabulist, *n.* olona mpamorona
fable

Fabulous, *adj.* arirarira foana, noforonin-tsaina hiany

Face, *n.* tava, tarehy, lafiny. **In the face of**, eo anatrehana. **To make a face**, manao tarehy ratsy. **They stood face to face**, nifanatrika izy (na ny mpisakaiza na ny mpiady)

Face, *v. t.* manatrika, manohitra eo imasony. **To face danger**, manao vi-very

Face'tious, *adj.* hatsikana, mampihomehy

Fac'ile, *adj.* mora, mora hatonina, rainazy

Facilitate, *v. t.* mahamora

Facil'ity, *n.* fahamorana

Fac-sim'ile, *n.* zavatra natao tahaka ny nanalan-tahaka indrindra

Fact, *n.* ny natao tokoa, ny izy tokoa. **In fact**, azo lazaina marina

Fact'ion, *n.* olona mikambana hanohitra izay manam-pahefana

Fact'ious, *adj.* manohitra noho ny fialonana na fitiavana hiady, &c. ; vonon' ady

Facti'tious, *adj.* tsy tena izy fa nataon' olona, sarisariny hiany

Factor, *n.* mpisolo raharahany ny sasany

Factory, *n.* trano anaovany ny *factor* raharaha ; trano lehibe

anaovany ny olona maro lamba na zavatra hafa

Facto'tum, *n.* olona iray ampanaoviny ny sasany ny raharahany rehetra

Fac'ulty, *n.* fahaizana

Fade, *v. i.* sy *t.* malazo, miofo ; mampiofo, mahalazo

Fade'less, *adj.* tsy mety malazo ; tsy miofo

Fag, *n.* olona asaina manao raharaha tsy tsara na mahafabarakana, indrindra ny mpianatra amy ny sakoly sasany izay ampanaoviny ny amboniny raharaha

Fag-end, *n.* ny farany izay tsy tsara toy ny taloha

Fag'ot, *n.* kitay hazo iray fehezana

Fail, *v. i.* sy *t.* lany, ritra, tsy ampy. **His eyesight fails**, miha-jamba izy. **His strength fails**, mihaosa izy, miha-reraka izy. **He failed in his purpose**, tsy lavorary izay nokasainy hatao. **To fail in business**, efa tonga be trosa ka tsy mahavanom-barotra intsony

Fail'ing, *n.* hadisoana

Fail'ure, *n.* tsi-fahampiana, fahalaniana

Fain, *adj.* sy *adv.* faly

Faint, *adj.* reraka, torana

Faint, *v. i.* torana, reraka

Faint-hearted, *adj.* rera-po, osa-saina, malaky ketraka

Faintly, *adv.* malemitemy ; mitsopitsopy

Fair, *adj.* tsara-tarehy, madio, tony, marina, mahafinaritra ; tsaratsara hiany

Fair, *n.* tsena

Fair'y, *n.* matoatoa madinika be lalao

Faith, *n.* finoana, fatokiana

- Faith'ful**, *adj.* mahatoky, tsy metymivadika fanekena, &c.; marina
- Faith'less**, *adj.* mivadika fanekena, tsy mahatoky
- Fal'con**, *n.* vorona mitovy karazana amy ny voromahery ka nentina nihaza matetika tany aloha
- Fal'conry**, *n.* fihazana amy ny *falcon*
- Fall**, *v. i. p.* fell; *pp.* fallen; potraka, lavo, mianjera, latsaka. **To fall among**, tonga tsy nahy ao aminy. **To fall away**, mihemotra, miala amin' izay narahina. **To fall back**, mihemotra. **To fall in with**, maneiky, mifanarakevitra aminy, mihaona aminy. **To fall off**, mihena, misaraka ka tsy misakaiza aminy, na manampy azy, na manatona azy intsony. **To fall out**, mifanditra. **To fall short**, tsy ampy. **To fall to**, miantomboka amy ny fahazo-toana. **To fall upon**, mamely mafy, mamono. **To fall asleep**, matory. **To fall (as leaves)**, mihintsana
- Fall**, *n.* fahalavoana, fianjerana, faharavana, fietrena mafy
- Falla'cious**, *adj.* mamitaka, tsy marina
- Fal'lacy**, *n.* zavatra toa marina kanefa misy fitaka
- Fal'lible**, *adj.* mety disco
- Fall'ing-sickness**, *n.* androbe
- Fal'low**, *adj.* tombam-boroka, (tany) avela tsy ambolenjavatra mba hahalonaka azy
- False**, *adj.* tsy marina, mamitaka, mandainga, manandoka. **False teeth**, solo nify
- False'hood**, *n.* lainga
- Fals'ify**, *v. i.* mandainga
- Fal'sity**, *n.* lainga, fitaka
- Fal'ter**, *v. i.* miahotrahotra, miambakambaka, miakakà
- Fame**, *n.* laza
- Famil'iar**, *adj.* (with) fantatra tsara, misakaiza tsara
- Famil'iarly**, *n.* fisakaizana, fahazarana loatra
- Famil'iarize**, *v. t.* mampahazatra, mampahatamana
- Fam'ily**, *n.* ankohonana, firazanana, karazana
- Fam'ine**, *n.* mosary
- Fam'ish**, *v. t. sy i.* maty noana, efa ho faty noana
- Fa'mous**, *adj.* malaza
- Fan**, *n.* fikopahana
- Fan**, *v. t.* mikopaka
- Fanatic**,—*cal, adj.* mazoto fatratra amy ny zavatra sasany, indrindra amy ny fivavahana, nefa tsy mety mihevitra tsara izay tokony hatao [*fanatic*]
- Fanaticism**, *n.* fanaony ny
- Fan'ciful**, *adj.* miangolangola, mihaitraitra, manao hevindravina
- Fan'cy**, *n.* hevitra tsy misy fototra loatra, hevitra tandrevaka; fiangolangolana
- Fan'cy**, *v. i. sy t.* manao fa; mihevitra; tia
- Fan'cy**, *adj.* mahafinaritra raha jerena, marevaka. **Fancy goods**, zavatra tsara-tarehy fa tsy mateza [*hana*]
- Fane**, *n.* tempoly, trano-fivava
- Fang**, *n.* vangy, hoho mifaraingo
- Fantastic**,—*cal, adj.* manao hevindravina; hafahafa tarehy
- Fan'tom**, *n.* (*Phantom*)
- Far**, *adj. sy adv. comp.* farther or further; *sup.* farthest or furthest; lavitra

Faree, *n.* *drama* mampihomehy fa tsy misy iafarany loatra
Fare, *v. i.* mandeha. He fares well, be hanina izy. It fares ill with him, mahantra izy
Fare, *n.* sara amy ny lakana na kalesy &c.; hanina
Farewell, *inter.* veloma!
Farina, *n.* lafarina
Farina'ceous, *adj.* natao tamy ny lafarina; atao lafarina
Farm, *n.* tany hofana ambolenjavatra na iandrasam-biby
Farm'er, *n.* olona manofa tany ka manamboatra azy hambo-lenjavatra; mpiasa tany
Farm-house, *n.* trano ao anatin'ny *farm* onenany ny *farmer*
Far'most, *adj.* lavitra indrindra
Farm-yard, *n.* tokotany akeikiny ny *farm-house*
Far'rier, *n.* mpanisy kitrovin-tsavaaly; mpanisy fanafody soavaly
Far-sighted, *adj.* lavi-pijery
Far'ther, *adv.* ary koa
Far'ther, **Far'thest**, *adj.* (*Far*)
Far'thing, *n.* farantsa kely varahina ampahefatry ny ilavoamena
Far'sinate, *v. t.* manao ody fitia; mahafaly indrindra, mahavery saina noho ny tahotra [hirana
Fash, *v. t.* mahasosotra, manafashion, *n.* lamody, fanao, fomba, sata
Fash'ion, *v. t.* manao, mamboatra
Fash'ionable, *adj.* lamody, araha izay staony ny maro
Fast, *adj.* sy *adv.* mafy, tsy mihetsika, tsy miova; mandaha faingana. The door is fast, voahidy ny varavarana.

Fast by, akeiky. A fast young man, zatovo mandany vola foana amy ny lalao sy ny fiveloman-dratsy
Fast, *v. i.* mifady hanina
Fast, *n.* fifadian-kanina
Fast'en, *v. t.* mamehy, manidy, mampitohitohy, mampikambana; mampitoetra mafy
Fast'ening, *n.* izay mamehy na manidy (toy ny hidy sy ny bokotra)
Fastid'ious, *adj.* sarotiny, mian-gentsangentsana
Fat, *adj.* matavy, nofosana, dongadonga
Fat, *n.* tavin-kena, sabora
Fat, *v. t.* sy *i.* (*fatten*)
Fa'tal, *adj.* mahafaty, mampidi-doza
Fa'talist, *n.* olona izay mihevitra fa vintana avokoa no mitondra ny zavatra rehetra
Fate, *n.* vintana, indrindra fa ny vintan-dratsy, anjara ratsy, loza
Fa'ted, *adj.* vintana
Fa'ther, *n.* ray, ikaky, dada; razana. Father in law, rafozana
Fa'ther, *v. t.* manangan-jaza; manao ny tenany ho mpamorona
Fa'ther-land, *n.* tanin-drazana
Fa'therless, *adj.* kamboty, matiray
Fath'om, *n.* refy (tsy atao afa-tsy amy ny halaliny ny rano na lavaka)
Fath'om, *v. t.* manohatra ny halaliny; mahatakatra ny saina
Fath'omable, *adj.* azo fantarina ny halaliny
Fath'omless, *adj.* tsy azo oharina ny halaliny
Fat'igate, *v. t.* mahasosotra

Fatigue', *n.* hasasarana, hatrotrahana [mahatrotraka]
Fatigue', *v. t.* mahasasatra,
Fat'ling, *n.* zana-biby afahy hohanina
Fatten, *v. t. sy i.* mamahy hohanina ; mihatavy
Fatty, *adj.* misy tavy
Fatu'ity, *n.* hadalana [lema
Fault, *n.* tsiny, hadisoana, ki-faultless, *adj.* tsy manantsiny, tsy misy kilema
Fault'y, *adj.* misy tsiny, misy kilema
Fa'vour, *n.* sitraka, soa, fitia. By your favour, aza fady
Fa'vour, *v. t.* mankasitraka, mahasoa ; miangatra
Fa'vourable, *adj.* mahaso, manampy, mety
Fa'vorite, *n.* olona na zavatra izay tiana mihoatra noho ny sasany
Fa'vorite, *adj.* tiana
Fawn, *n.* zanaky ny biby deer
Fawn, *v. i.* (upon) mila fitia, mamalifaly mba hankasitrahana
Fe'alty, *n.* fanajana sy fanekena ataony ny ambany amy ny ambony, indrindra ny ataony ny lehibe amy ny mpanjaka
Fear, *n.* tahotra, fatahorana
Fear, *v. t. sy i.* matahotra
Fearful, *adj.* matahotra, manahy ; mahatahotra
Fearless, *adj.* tsy matahotra, tsy manahy, sahy
Fea'sible, *adj.* azo atao
Feast, *n.* fanasana, fandroana
Feast, *v. i. sy t.* mihinana amy ny fifaliana ; manasa amy ny hanina tsara betsaka
Feat, *n.* zavatra sarotra loatra izay natao ka mampiseho fahaizana

Fea'ther, *n.* volom-borona
Fea'therbed, *n.* kidoro volom-borona
Fea'ture, *n.* tarehy
Feb'rifuge, *n.* fanafodin-tazo
Feb'rile, *adj.* momba ny tazo
Feb'ruary, *n.* ny volana faharoa amy ny taona, Febroery
Fed'eral, *adj.* momba ny fifanekena ataony ny firenena sasany
Federa'tion, *n.* (Confederacy)
Fee, *n.* karama [nina, osa
Fee'ble, *adj.* malemy, sahoza-
Fee'ble-mind'ed, *adj.* osa saina, mora kivy
Feed, *v. t. sy i. p. sy p.p.* flung mamahana, manome hanina. To feed on, mihinana
Feel, *v. t. sy i. p. felt ; p.p. felt* mitsapa, mahatsiaro, mahalala. To feel a rebuke, insult, &c., malahelo noho ny anatra natao na ny fahafaham-baraka. I feel very sorry, malahelo dia malahelo aho. I feel cold, mahatsiaro mangatsiaka aho, mangatsiaka aho. To feel pain, mahatsiaro maharary. To feel for or with a person, miara-malahelo aminy. To feel after, mitsapa. It feels rough, toa maraorao ny fitsapako azy
Feeling, *n.* fahatsiarovana (amy ny hatsiaka, na ny alahelo, na ny aretina, &c.). It hurts his feelings, mampalahelo ny fony izany. You have too much feeling, malaky malahelo loatra hianao. He is a man of no feeling, tsy miarak' ory amy ny sasany izy, tsy miantra izy
Feelingly, *adv.* amy ny alahelo. He spoke feelingly, nango-

rakoraka ny fony raha niteny izy
Feign, *v. t.* sy *i.* manandoka, mody ho
Feint, *n.* fitaka, fodiana ho
Felicitous, *adj.* finaritra, lavorary tsara
Felicity, *n.* fahafinaretana, faharavoana
Fell, *p.* of *fall*
Fell, *adj.* masiaka, loza-be
Fellow, *n.* namana; ny anankiray amy ny zavatra iray lomisy; lehilahy ambanimbany toetra
Fellow-feeling, *n.* fiarahana ory sy mifaly amy ny namana
Fellowship, *n.* fihavanana, fiombonana
Fel'on, *n.* olona meloka bevava
Felo'nious, *adj.* meloka indrindra
Fel'ony, *n.* heloka bevava
Felt, *p.* sy *P.P.* of *feel*
Felt, *n.* volon' ondry tsy notenomina fa noterena ka atao satroka bonetra, &c.
Female, *n.* sy *adj.* vavy
Feminine, *adj.* momba ny vehivavy, tahaka ny vehivavy
Fen, *n.* heniheny
Fence, *n.* fefy, ampentany
Fence, *v. t.* sy *i.* mamefy; miaro-tena
Fen'der, *n.* halam-patana vy na varahina
Fen'ny, *adj.* be heniheny
Feod, *n.* tany nomeny ny andriana ny andriandahy taloha ka nisny fanompoana &c. nataony tany ny andriana ho solony ny hofan-tany
Feod'al, *adj.* momba ny *feod*
Ferment, *n.* fihetsiketsehany ny rano raha mamorivory; tabataba

Ferment', *v. t.* sy *i.* miova ho maharikivy ny zavatra mamy; mitabataba
Fermentation, *n.* fiovany ny zavatra mamy ho maharikivy; fitabatabana
Fern, *n.* ampanga
Fero'cious, *adj.* masiaka
Feroc'ity, *n.* hasiahana
Fer'ret, *n.* biby toy ny voalavo izay miditra ao amy ny lavaky ny biby hafa mba hihinana azy
Fer'ret, *v. t.* (out) mikatsaka fatratra, mikaroka
Ferru'ginous, *adj.* misy vy
Fer'rule, *n.* honkona
Fer'ry, *v. t.* mampita amy ny lakana
Fer'ry, *n.* fitana amy ny lakana; lakana-itana
Fer'tile, *adj.* mahavokatra, lonaka
Fert'ility, *n.* havokarana
Fer'tilize, *v. t.* mampahavokatra, mahalonaka
Fer'vency, *n.* zotom-po
Fer'vent, *adj.* mahamay, mafana fo, mazoto indrindra
Fer'vid, *adj.* mafana indrindra, mazoto fo
Fer'vour, *n.* hafanana, fahazotoam-po
Festal, *adj.* momba ny fanasana, mahafinaritra, ifaliany ny maro
Fes'ter, *v. i.* mamory nana, mihady
Fes'tival, *n.* andro fanasana (toy ny fandroana), andro iarahany ny maro mifaly
Fes'tive, *adj.* (*festal*)
Festiv'ity, *n.* fifaliana amy ny maro, (*festival*)
Festoon', *n.* haingo, indrindra raha misy vonin-kazo arazorazo ka toy ny volan-tsinana

- Fetch, v. t.** maka. What will this ox fetch in the market? lafo hoattrinona ity omby ity any an-tsena?
- Feticism', n.** fivavahana amy ny zavatra kely toy ny tapa-kazo, vato, &c.
- Fetid, adj.** mavoroka
- Fetish, n.** zavatra kely toy ny tapa-kazo &c., izay ivavahana
- Fetter, n.** gadra; fetra
- Fetter, v. t.** mangadra, mamatotra; mametra
- Feud, n.** ady, fifandirana lalan-dava; (*feod*)
- Fever, n.** tazo
- Feverish, adj.** manavinavy, mafanafana, maimay
- Few, adj.** vitsy
- Fibre, n.** ozatrozatra madinika dia madinika toy ny amy ny landy sy ny landihazo ary ny ny rongony, &c.
- Fibrous, adj.** ozatrozatina
- Fickle, adj.** miovaova, tia vao, mitsoa-teny, miova-teny
- Fiction, n.** arira, tantara tsy marina
- Fictitious, adj.** tsy marina, hatsotso be
- Fiddle, n.** lokangam-bazaha
- Fidelity, n.** fahatokiana
- Fid'get, v. t.** sy i. tsy mahatocetena
- Fie, inter.** tokony ho menatrahianao!
- Fief, n.** (*feod*)
- Field, n.** tany fefena amafazan-javatra na iandrasan' omby, &c.; tany iadiany ny miaramila
- Fiend, n.** demonia, satana, fahavalo tsy azo ivalozana
- Fierce, adj.** masiaka, loza-be
- Fiery, adj.** be afo; mena toy ny afo. He is a man of a fiery temper, lehilahy foizina izy
- Fife, n.** sodina
- Fifteen, adj.** dimy amby ny folo
- Fifth, adj.** fahadimy
- Fifty, adj.** dimam-polo
- Fig, n.** aviavim-bazaha, aviavy
- Fight, v. t.** sy t. (with or against) P. sy P. P. fought; miady
- Fight, n.** ady
- Fig'ment, n.** hevitra foronina; lainga
- Fig'urative, adj.** atao ohatra, misy ohatra
- Figure, n.** endrika, bika; marika, sary tsotra; fanoharana, ohatra, tandindona. To cut a figure, manao izay hahalaza azy eo anatrehany ny maro
- Figure, v. t.** sy i. manao sari-sarin-javatra; manao ohatra
- Filament, n.** (*fibre*)
- Filch, v. t.** mangala-tety
- File, n.** teofam-by; filaharana; tari-by itehirizana taratasy
- File, v. t.** manatsofa amy ny *file*; mametraka taratasy amy ny *file*
- Fil'ial, adj.** amy ny zanaka, mety hataony ny zanaka
- Fil'buster, n.** jiolahy manafika amy ny tany hafa
- Fill, v. t.** sy i. mameno, manenika. To fill an office, manao ny raharaha amin' izany *office* izany
- Fil'let, n.** fehi-velo; loson-kena, henam-peny
- Fil'lip, v. t.** manao tsipindy
- Fil'ly, n.** zana-teoavaly vavy
- Film, n.** hoditra manify dia manify
- Fil'ter, n.** filitra, fanatantavanandrano
- Fil'ter, v. t.** manatantavanandrano
- Filth, n.** loto, fahavetavetana
- Filth'y, adj.** maloto

Fil'trate, *v. t.* (*filter*)

Fin, *n.* vombon-kazandrano
(*afa-tsy ny rambony*)

Fin'able, *adj.* tokony hosazina

Fin'al, *adj.* farany

Finance', *n.* volany ny fanjaka-
kana

Finan'cial, *adj.* momba ny
finance [ny fody

Finch, *n.* karazam-borona toy

Find, *v. t.* P. sy P. P. found;
mitady ka mahita, mahita.

To find fault with, manomé
tsainy. How do you find
yourself? manao ahoana
izato hianao?

Fine, *adj.* lehibe sady tsara;
madinika tsara; tsara, mare-
vaka

Fine, *n.* sazy, dina

Fine, *v. t.* manazy

Finery, *n.* haingo, ravaka,
indrindra raha be loatra

Finesse', *n.* fanaovan-tsaina

Fin'ger, *n.* rantsan-tànana

Fin'ical, *adj.* sarotin-kaingo

Fin'is, *n.* ny farany [pitra

Fin'ish, *v. t.* mamita, mahata-

Fin'ish, *n.* izay atao farany
naba hahatsara azy

Fin'ite, *adj.* voafetra, misy
setra, misy farany

Fjord, *n.* sampan-dranomasina
ao anelanelany ny havoana
roa

Fir, *n.* hazo fira

Fire, *n.* afo. On fire, may. To
set on fire, mandoro

Fire, *v. t.* sy *i.* mandoro, man-
defa basy. To fire at, miti-
fira. To fire up, tezitra

Fire-arm, *n.* fiadiana apoaka
amy ny vanja

Fire-brand, *n.* tapa-kazo mire-
hitra: mpampisaraka ny
ny misakaiza; mpandrendri-
bahoaka

Fire-damp, *n.* gas ao anatin'ny
lavaka ihadiana arin-
tany ka mipoaka raha azony
ny afo

Fire-fly, *n.* lalitra mampirapi-
ratra amy ny alina

Fire-irons, *n.* vy atao fanam-
boaran' afo ao amy ny
fire-place

Fire-place, *n.* fatana, indrindra
ny amy ny lafaoro

Fire-proof, *adj.* tsy azon' afo

Fireside', *n.* morom-patana

Fire'wood, *n.* kitay hazo

Fire'works, *n.* filalaovana atao
amy ny afo sy vanja ary
zavatra hafa izay mety
mirehitra tsara

Fir'kin, *n.* famaran-drano
mahalany sivy *gallon*

Firm, *adj.* mafy, tsy mitsoaka,
tsy miova

Firm, *n.* olona mpiombom-
barotra

Firm'ament, *n.* habakabaka,
lanitra

Fir'man, *n.* taratasy avy amy
ny mpanjakany Turkey, &c.
izay hahazoany nympitondra
azy fiarovana na fahefana

First, *adj.* voalohany, ambony
indrindra

First-born, *adj.* matoa

First-fruits, *n.* voaloham-
bokatra, santatra

First-hand, *adj.* avy amy ny
mpanao, tsy mbola nanao-
vana

First'ling, *n.* ny voalohan-
tera-biby

First-rate, *adj.* tsara indrindra

Fis'cal, *adj.* momba ny volam-
panjakana

Fish, *n.* hazandrano, laokan-
drano, biby manan-taolana
miaina ao anati-rano

Fish, *v. t.* maka hazandrano.

- To fish for compliments, manao saina mba hahazoan-dera [drano
- Fish'erman**, *n.* mpaka hazan-
- Fish-hook**, *n.* fintana
- Fish-monger**, *n.* mpivarotra hazandrano
- Fis'sile**, *adj.* mety vaky manarak' ozatra
- Fis'sure**, *n.* ny vaky, ny mivava
- Fist**, *n.* totohondry
- Fit**, *adj.* mety, antonona, mendrika
- Fit**, *v. t. sy i.* antonona, mety. Your coat fits you well, antonona anao tsara ny akanjonao. To fit out, manomana. To fit up, mandahatra ny zavatra rehetra momba ny token-trano, na trano-fiangonana, &c.
- Fit**, *n.* faharariana mampikofokofoka, fahatoranana, fihe-tsehan' aretina na fahatezerana na fihomezehana, &c. By fits, by fits and starts, mitsitapitapy
- Fit'ful**, *adj.* mitsitapitapy
- Fitness**, *n.* hametezana
- Fit'ting**, *adj.* mendrika, mety
- Fit'tings**, *n.* zavatra amy ny fomban-trano tsy azo afindrafindra loatra
- Five**, *adj.* dimy
- Fix**, *v. t. sy i.* manamafy, mampitoetra; mitoetra: manao fara-hevitra
- Fixed**, *adj.* ampitoerina mafy. Fixed star, kintana tsy mifindra toerana. Fixed time, fotoana
- Fix ture**, *n.* zavatra akambana amy ny zavatra hafa ka tsy tokony hesorina
- Fixz**, *v. t. sy i.* mitsotsotsotso
- Flabby**, *adj.* mibonabona, miborabora
- Flac'cid**, *adj.* tsy henjana
- Flag**, *n.* faneva, saina; vato fisaka anamboarana lalana; zava-maniry any anati-rano toy ny tenindahy
- Flag**, *v. t. sy i.* manisy vato fisaka; mihaketraka, miraviravi-tànana
- Flagella'tion**, *n.* kapoka
- Flag'i'tious**, *adj.* tsy mety indrindra, ratsy indrindra (amy ny heloka)
- Flag'on**, *n.* fisotroana jobo vava
- Flag'rant**, *adj.* ratsy indrindra (amy ny heloka)
- Flail**, *n.* hazo roa akambana atao fikapoham-bary, fikapoham-bary
- Flake**, *n.* zavatra manify avy amy ny zavatra mielakelaka
- Flambeau'**, *n.* fanilo
- Flame**, *n.* lel' afo [deda
- Flame**, *v. i.* mirehitra, mideda-
- Flamin'go**, *n.* vorona toy ny vano fa mena volo
- Flank**, *n.* kima, ila
- Flank**, *v. t.* milahatra amy ny ao an-daniny; miady amy ny laniny ny miaramila milahatra
- Flan'nel**, *n.* filanelina
- Flap**, *v. t. sy i.* mikopaka, mikopakopaka
- Flare**, *v. i.* midedadeda. To flare up, mirehitra ny fahatezerana
- Flash**, *n.* helatra, famirapiratahana mihelina
- Flash**, *v. t. sy i.* manelatrina, manjelatra, mazava tampoka
- Flash'y**, *adj.* mahafinaritra vetivety, madera vetivety
- Flask**, *n.* tavoahangy; fitondram-banja
- Flat**, *adj.* marin-tampona, mitovi-rano, lemaka; matsatso; tsy mahafinaritra

Flat, *n.* tany lembalemba ; olona donendrina
Flatly, *adv.* tsy misy fahazo-
toana ; marimarina, mihitsy
Flat'ten, *v. t.* manamarin-
tampona, mandamaka
Flat'ter, *v. t.* mandrobo,
mandoka
Flat'terer, *n.* mpandrobo
Flat'tery, *n.* robo, doka
Flat'ulent, *adj.* mivozihijihitra,
mandrezadrezatra
Flaunt, *v. i. sy t.* miedikedika,
miebanebana
Fla'vour, *n.* tsiro
Fla'vour, *v. t.* manatsiro
Flaw, *n.* kilema, tsiny
Flax, *n.* zava-maniry anaovana
ny hariry madinika sy *linen*,
&c. ; rongonim-bazaha
Flax'en, *adj.* atao amy ny *flax*,
mitovy volo amy ny *flax*
Flay, *v. t.* manenda-koditra
Flea, *n.* parasy
Fleck, *n.* pentimpentina, marika
tsy mitovy volo amy ny
ankabiazany
Fledged, *p.p.* tonga elatra
Flee, *v. i. p.* fled ; *p.p.* fled ;
(from) mandositra
Fleece, *n.* volon' ondry iray
manintolo
Fleece, *v. t.* manety volon'
ondry ; maka fananan' olona
an-kery
Fleet, *n.* sambo maro mirai-dia,
indrindra fa sambo miady
Fleet, *adj.* mandeha faingana
Fleet, *v. i.* miriotra, mandeha
faingana, miserana
Fleet'ing, *adj.* miserana
Flesh, *n.* nofo
Flesh'ly, *adj.* momba ny nofo
Flew, *p. of fly*
Flex'ible, *adj.* malefolefo, azo
alefitra, mety mandefitra
Flex'ure, *n.* folehana

Flick'er, *v. i.* milopilopy
Flight, *n.* lositra, fandosirana,
filefana ; fanidina, fanidinana.
To put to flight, mampan-
dositra
Flight'y, *adj.* hatsikana, manao
hevi-dravina
Flim'sy, *adj.* mora simba, mora
rovitra, malemy. A flimsy
excuse, fialan-tsiny tsy misy-
fotony
Flinch, *v. i.* mihontsina, miraika
Fling, *v. t. p. sy p.p.* fed manipy,
mitoraka. To fling away,
manary
Fling, *n.* toraka, tsipy
Flint, *n.* afovato
Flint'y, *adj.* beafovato, afovato ;
mafy dia mafy
Flip'pant, *adj.* mantavava,
mibedibedy
Flit, *v. i.* mandeha faingana,
mihelina ; mifindra trano
Fritch, *n.* ila kisoa atao ombi-
sira
Float, *n.* hazo maro fehezina
avalana ny ony
Float, *v. i. sy t.* mitsinkafona ;
mampitsinkafona
Flock, *n.* iray dia (amy ny
ondry sy ny vorona)
Flock, *v. i.* mirai-dia
Flood, *n.* rano tondraka, in-
drindra raha mihoatra ny
fefiloaha. The flood, ny safo-
Flood, *v. t.* manafotra [drano
Floor, *n.* gorodona na rihana,
na inona na inona izay
diavin-tongotra ao an-trano
Floor, *v. t.* manisy *floor*
Floor'ing, *n.* zavatra atao
gorodona
Flo'ral, *adj.* amy ny vonin-kazo
Flores'cence, *n.* ny ivelary
ny vonin-kazo
Flo'riculture, *n.* fambolena
vonin-kazo

- Flor'id**, *adj.* menamena ; be haingon-teny
- Fler'in**, *n.* farantsa kely tokony ho lanjan-doso
- Flo'rist**, *n.* olona mahay mamboaboatra vonin-kazo
- Flotil'la**, *n.* sambo madinika mirai-dia
- Flounce**, *v. i.* mikarokaroka
- Floun'der**, *v. i.* mikarokaroka ao anati-rano na fotaka, &c.
- Flour**, *n.* lafarina. **Flour of sulphur**, vovo-tsolifara
- Flour'ish**, *v. i.* sy *t.* maroroka tsara, vanona ; finaritra, miadana tsara : manao haingon-tsoratra : mampanihy lefona na sabatra, &c. **The school is flourishing**, mandroso tsara ny sekoly
- Flour'ish**, *n.* ravin-teny ; haingon-tsoratra
- Flôw**, *v. t.* mandeha toy ny rano, misononoka ; mandroso toy ny ataony ny ranomasina indroa isan' andro
- Flower**, *n.* vonin-kazo : ny tsara indrindra
- Flow'er**, *v. i.* mamony
- Flower'et**, *n.* vonin-kazo madi-nika
- Flow'ery**, *adj.* be vonin-kazo ; miravaka
- Flôwn**, *P. P.* of *fly*
- Fluctuate**, *v. i.* mitopatopa ; miovaova, misalasala
- Flue**, *n.* fivoahan-tsetroka na rivotra
- Flu'ent**, *adj.* misononoka, tsy miahotrahotra amy ny fiteny
- Fluffy**, *adj.* be volo malemy
- Flu'id**, *adj.* mandeha toy ny rano na ny rivotra (mifanohitra amy ny teny *solid*)
- Flu'id**, *n.* floida, zavatra mandeha toy ny rano, &c.
- Fluid'ity**, *n.* toetry ny floida
- Flur'ry**, *n.* fitabatabany ny saina noho ny hamaikana
- Flush**, *v. i.* sy *t.* mikorotsaka ; mihamena, teramena ; mahateramena : mahafaly indrindra
- Flush**, *n.* rano mikorotsaka ; fisondrotany ny ra
- Flute**, *n.* filiotra
- Flu'ted**, *adj.* lempondempona atao amy ny andry &c. ho haingony
- Flut'ter**, *v. i.* mikoropadropaka, mikopakopaka
- Flux**, *n.* ny andehanany ; zavatra aharo amy ny *metal* mba haharendrika azy faingana
- Fly**, *v. i.* sy *t.* *P. flew* ; *P. P. flown* ; manidina ; mandeha faingana ; mandositra ; mampanidina. **To fly at**, mikaretsaka aminy. **To fly in the face of**, manohitra mafy. **To fly open**, mivoaha tampoka. **To let fly**, mandefa. **With flags flying**, tafatsangana ny saina
- Fly**, *n.* lalitra
- Fly-leaf**, *n.* takelaka tsy misy soratra ao amy ny voalohany na ny farany ny boky
- Foal**, *n.* zana-tsoavaly na borika, &c.
- Foam**, *v. i.* mamorivory, misafoaka
- Foam**, *n.* vory
- Fo'cus**, *n.* foibeny ; ny ihaonany ny *rays of light* isay miditra amy ny *lens*
- Fod'der**, *n.* hanin-tsoavaly na omby, &c.
- Foe**, *n.* fahavalo
- Fog**, *n.* zavona
- Foggy**, *adj.* manjavona
- Foible**, *n.* fahadiosana, tsiny kely

- Footman**, *n.* ankizi-lahy manempo ao an-trano, &c.
- Foot-note**, *n.* teny kely eo am-bodiny ny pejy hanampy ny hevitra ny teny sasany ao ambony
- Foot-print**, *n.* dia
- Foot-soldier**, *n.* vata-miaramila mandeha tongotra
- Footstool**, *n.* zavatra atao fametrahan-tongotra
- Foot-worn**, *adj.* vizana (amy ny tongotra)
- Fop**, *n.* lehilahy kevoka, lehilahy adalan-kaingo
- For**, *prep.* noho, ho, solo. **O for!** enga anie ka misy! **Were it not for**, raha tsy. **What for?** hatao inona? haninona?
- For**, *conj.* satria, fa
- Forage**, *n.* hanina ho any ny soavaly sy ny omby, &c.
- Forage**, *v. i.* mitoha
- Forasmuch as**, *conj.* satria, fa
- Forbear**, *v. i.* sy *t. p.* forbore; *p. p.* forborne; mijanona tsy manao, mandefitra, maharipo [faharetam-po]
- Forbearance**, *n.* fandeferana
- Forbid**, *v. t. p.* forbade; *p. p.* forbidden, mandrara, misakana
- Forbid'ding**, *adj.* tsy mampahatia; mandrahona
- Force**, *n.* hery, tanjaka; miaramila enti-miady. **By force**, an-kery. **In force or of force**, manan-kery
- Force**, *v. t.* manery, manesika, manao an-kery
- Force'meat**, *n.* sesika
- Forcible**, *adj.* mahery
- Ford**, *n.* fitana itsobohana
- Ford**, *v. t.* mita mitsobo-drano
- Fore**, *adj.* aloha, anoloana
- Forebode**, *v. t.* mamainty loza, manampò fahoriana
- Foil**, *v. t.* misakana, mandresy
- Foil**, *n.* zepe dombo entina mianatra fiarovan-tena
- Foist**, *v. t.* manampy ny teniny ny sasany hanova ny heviny
- Fold**, *n.* valan' ondry na omby
- Fold**, *v. t.* mamoritra, mamalona
- Folding-doors**, *n.* varavarana mikopa-droa
- Foliage**, *n.* ny ravin-kazo mbola eny amy ny hazo
- Folio**, *n.* taratasim-boky aforitra indrai-mandeha
- Folk**, *n.* olona
- Follôw**, *v. t.* sy *i.* manaraka, manenjika, mandimby
- Follôwing**, *adj.* manarakaraka
- Folly**, *n.* hadalana
- Foment**, *v. t.* manis'y katapilasy flanelina voatsoboka amy ny rano mangotraka; mamporisika. **To foment a quarrel**, mampifanditra
- Fond**, *adj.* (of) tia, tia loatra, mampihanta
- Fondle**, *v. t.* misangy
- Font**, *n.* vato ao an-trano fiangonana asiana rano fanaovam-batisa
- Food**, *n.* hanina, fihinana
- Fool**, *n.* olona adala, olona ketrina
- Fool-hardy**, *adj.* sahisahy foana, manao vi-very amy ny hadalana
- Foolish**, *adj.* adala, toa adala, ketrina, ondranondrana
- Fools'cap**, *n.* anaran-taratasy lehibe fanoratana
- Foot**, *n.* tongotra; vodiny (amy ny tendrombohitra na hazo, &c.); fita. **To go on foot**, mandeha tongotra. **To set on foot**, manonaboka
- Foot'ing**, *n.* fifaharan-tongotra; fitoerana; toetra

- Forecast'**, *v. t.* sy *i.* P. sy P. P. forecast; mamoron-tsaina, misaina rahateo
- Fore'castle**, *n.* loha-sambo fitoerany ny matilo
- Foreclose'**, *v. t.* misakana
- Fore'father**, *n.* razana
- Fore'foot**, *n.* tongotra aloha, tånana
- Fore'finger**, *n.* fanondro
- Forego'**, *v. t.* P. forewent; P. P. foregone; mamela; mandefitra
- Fore'ground**, *n.* ilany ny sary izay toa akeiky ny mpijery
- Fore'head**, *n.* handrina
- Fore'ign**, *adj.* avy amy ny tany hafa; hafa
- Fore'igner**, *n.* olona avy amy ny tany hafa, vahiny
- Fore'judge'**, *v. t.* mitsara na manao fara-hevitra amy ny zavatra tsy mbola re
- Foreknowledge**, *n.* fahalalana ny ho avy
- Fore'man**, *n.* mpitandrin-draharaha
- Foremen'tioned**, *adj.* voalaza teo
- Fore'most**, *adj.* voalohany
- Fore'noon**, *n.* marana ka hatramy ny mitataovovonana
- Fore'n'sic**, *adj.* amy ny fiangonany ny mpitsara na fampiadian-kevitra
- Foserun'ner**, *n.* iraka mialoha ny mpanjaka na olona lehibe; ny ahafantarana ny ho avy
- Foresee'**, *v. t.* P. foresaw; P. P. foreseen; mahita ny tsy mbola tonga
- Fore'sight**, *n.* fiahiana ny ho avy
- For'est**, *n.* ala lehibe
- Forestall'**, *v. t.* manongona, maka aloha, misowoka aloha
- Fore'taste**, *n.* santatra
- Foretell'**, *v. t.* P. sy P. P. foretold; milaza izay ho avy, maminany [ho avy
- Fore'thought**, *n.* fiheverana ny
- For-ev'er**, *adv.* mandrakizay
- For'feit**, *v. t.* mandoa sazy
- For'feit**, *n.* sazy
- Forge**, *n.* trano fanefena
- Forge**, *v. t.* manefy *metal*, indrindra ny vy; mangalatsonia
- For'gery**, *n.* hala-tsonia
- Forget'**, *v. t.* P. forgot; P. P. forgotten or forgot; manadino. To forget one's self, tsy mahatsiaro-tena, manao izay tsy mendrika aminy
- Forget'ful**, *adj.* mati-arika
- Forgive'**, *v. t.* P. forgave; P. P. forgiven; mamela heloka
- Forgive'ness**, *n.* famelan-ke-loka
- Fork**, *n.* forosety, fitrebika; angady na zavatra hafa izay mirantsana toy ny forosety
- For'lorn**, *adj.* afoy, mahantra, tsy manana
- Form**, *n.* endrika, bika, tarehy; fomba: dabilio fipetrahana
- Form**, *v. t.* manao, mamboatra
- Form'al**, *adj.* araka ny fomba hiany
- Formal'ity**, *n.* fomba hiany; fanarahana fomba hiany
- For'mer**, *adj.* aloha, io voalaza aloha
- For'merly**, *adv.* fahiny, fahizay, taloha
- Formidable**, *adj.* mahatahotra, sarotra toherina, sarotra iakarana, sarotra atao
- Fornica'tion**, *n.* fijangajangana
- Fornica'tor**, *n.* mpijangajanga
- Forsake'**, *v. t.* P. forsook; P. P. forsaken; mahafoy, mandao; mandà

Fersooth', *adv.* tokoa, marina, (atao amy ny fanesoana)
Forswear', *v. t.* P. forswore; P. P. forsworn; mandà amy ny fianianana. To forswear one's self, mianiana tsy to
Fort, *n.* fonenany ny miaramila ka misy mända mafy
Forte, *n.* ny zavatra hay indrindra
Forth, *adv.* miala aminy, misehoseho
Forthwith', *adv.* miarakaminizay
Fortifica'tion, *n.* mända
Fortify, *v. t.* miaro amy ny mända na baterỳ, &c.; manatanjaka ny saina
Fortitude, *n.* herim-po
Fort'night, *n.* tapa-bolana
For'tress, *n.* (*fort*)
Fortu'itous, *adj.* sendra
Fortunate, *adj.* tsara vintana, sambatra, ambiny
Fortune, *n.* vintana; fananana harena
Forty, *adj.* efa-polo
For'um, *n.* tsena tamy ny Romana fahiny
For'ward, *adj.* marisika, mazoto; mandroso tsara, maroroka; sahy, valavala
For'ward,—*ds*, *adv.* aloha. To go forward, mandroso
For'ward, *v. t.* mampanandroso; mampanatitra
Fosse, *n.* hady vory
Fos'sil, *n.* zavatra hadina amy tany; hazo na taolam-biby &c. izay efa nanjary vato
Fes'ter, *v. t.* mitaiza, mitandrina tsara
Fes'ter-broth'er, *n.* miolonono
Fes'ter-mo'ther, *n.* vehivavy mitaiza zanak' olona hafa ka ataony toy ny zanany
Fought, P. sy P.P. of *fight*

Foul, *adj.* maloto, vetaveta, ratsy indrindra. To run foul of, midona
Found, P. sy P.P. of *find*
Found, *v. t.* manorina; mamorona kolejy na sekoly, &c.; mandrendrika
Founda'tion, *n.* fanorenana, fanambaniny
Found'er, *v. t.* rendrika, fefika
Found'ery,—*dry*, *n.* trano fanefena *metal*, indrindra ny vy
Found'ling, *n.* zaza-kely tsy hita rai-aman-dreny
Fount,—*tain*, *n.* loharano; loharano namboarina hifololotra miakatra
Four, *adj.* efatra
Four'fold, *adj.* inefatra, efatra heny
Fourteen', *adj.* efatra amby ny folo
Fourth, *adj.* fahefatra
Fowl, *n.* akoho, vorona
Fow'ling-piece, *n.* basy fitofiram-borona
Fox, *n.* biby tahaka ny amboadia fa kely sady be volondrambo
Frac'tion, *n.* vakiny, ny sasany; fraktio [foizina]
Frac'tious, *adj.* malaky tezitra
Fract'ure, *n.* ny ahatapahany na ny ahavakiany ny taolana, &c.
Fract'ure, *v. t.* manapaka, mamaky
Frag'ile, *adj.* malia, morasimba, marefo
Frag'ment, *n.* sombintsombiny, tapatapany
Frag'mentary, *adj.* tsy tapitra, misaratsaraka
Fra'grant, *adj.* manitra
Frail, *adj.* malemy, mora simba
Frail'ty, *n.* fahalemena; tsiny. fahadisoana

- Frame**, *v. t.* mandrafitra, mamboatra; mamorona ao antsaïna
- Frame**, *n.* rafitra; tranony (toy ny tranom-pitaratra na sary, &c.); toe-tsaïna
- Franc**, *n.* farantsa kely lanjana iraimbilanja
- Fran'chise**, *n.* soa omeny ny fanjakana ny sasany mihoa-tra noho ny ankabiazany, fiamboniana
- Francis'can**, *n.* monk iray fifehezana araka ny fomba nampianariny St. Francis tamy ny taona 1200 A.D.
- Frank**, *adj.* tsy manana am-po, tsy misy fitaka
- Frank'incense**, *n.* ditin-kazo manitra [saina
- Fran'tic**, *adj.* misafoaka, very
- Fraternal**, *adj.* amy ny rahalahy, mety hataony ny rahalahy
- Fraternity**, *n.* firahalahiana
- Frat'ernise**, *v. i.* mihavana toy ny mpirahalalahy
- Fratricide**, *n.* vonoan-drahalalahy; mpamono-rahalahy
- Fraud**, *n.* fitaka, fanambakana, sandoka, vohony
- Fraud'ulent**, *adj.* manambaka
- Fraught**, *adj.* (with) mitondra, misy betsaka
- Fray**, *n.* ady
- Fray**, *v. t.* mampitahotra; manimba noho ny fikasohana
- Freak**, *n.* tsilalao, hevitra antselaka [panda
- Freck'le**, *n.* pentimpentina,
- Freck'led**, *adj.* miendaka noho ny hain'andro
- Free**, *adj.* mahazo manao izay tiany amin' izay mety, tsy terena
- Free**, *v. t.* manafaka, mamotsotra, mandefa
- Free'booter**, *n.* jiolahy
- Freed'man**, *n.* olona voavotso-tra, olom-potsy
- Free'dom**, *n.* fahafahana, fahazoana hanao ny sitra-po amin' izay mety. **Freedom of speech**, teny tsy mahavery olona
- Free'hold**, *n.* tany tsy hofana fa azy tokoa
- Free'man**, *n.* olona manana franchise [miteny
- Free-spo'ken**, *adj.* tsy mataho
- Free-think'er**, *n.* olona tsy matoky fa marina avokoa ny Soratra Masina
- Free-will**, *n.* fahazoana mifidy izay tiana hatao na ny tsara na ny ratsy
- Freeze**, *v. t.* sy *t. p.* froze; *p. p.* frozen; mandry na mampan-dry noho ny hatsiaka
- Freight**,—*tage*, *n.* karaman' entana amy ny sambo
- Freight**, *v. t.* manisy entana an-tsambo na kalesy &c., manondrana
- French**, *adj.* Farantsay, amy ny fanjakany France. **To take French leave**, maka tsy miera, mandeha tsy miera
- Fren'zy**, *n.* sisafoahana, fahaverezan-tsaïna
- Fre'quent**, *adj.* matetika [tika
- Frequent'**, *v. t.* mankany mate
- Fresh**, *adj.* vaovao. **Fresh water**, rano mamy
- Fresh**, *n.* rano tondraka
- Fret**, *v. t.* sy *i.* manosokosoka; mahasosotra: sosotra, malahelo
- Fret'ful**, *adj.* sarotin' alahelo, soso-dava, koreha
- Fri'able**, *adj.* mora atao vovoka
- Fri'ar**, *n.* forera, (monk)
- Fric'tion**, *n.* fikasohana, fisakanana noho ny fikasohana

Fri'day, *n.* Zoma
Friend, *n.* sakaiza
Friend'ly, *adj.* misakaiza, mahaso toy ny sakaiza
Friend'ship, *n.* fisakaizana, fihavanana
Frig'ate, *n.* sambo mpiady
Fright, *n.* tahotra, indrindra amy ny zavatra tonga tam-poka [hotra
Fright,—*ten*, *v. t.* mampita
Fright'ful, *adj.* mahatahotra
Frig'id, *adj.* mangatsiaka, antara, antaravelona
Frill, *n.* filiron' akanjo [damba
Fringe, *n.* sisin-damba, rambon-
Fringe, *v. t.* manisy ravaka amy ny sisiny
Frip'pery, *n.* lon-damba, zavatra marevaka foana [vanja
Frisk, *v. i.* mibitabitaka, faliha-
Frith, *n.* helo-dranomasina
Frit'ter, *n.* hena na mofo kely endasina; sombiny
Frit'ter, *v. t.* mitetitetika, manombintsombina. To frit-ter away, mandany foana tsikelikely
Fri'vol'ity, *n.* fiorenan-tsaina amy ny zavatra tsinontsinona; saim-potsy
Fri'vol'ous, *adj.* foana, tsy mahaso, tsinontsinona
Friz'zle, *v. t.* manoly volo, &c.
Fro, *adv.* (from). To and fro, miverimberina amy ny aleha
Frock, *n.* akanjo malabary, akanjo miamboho atao ivelany
Frock-coat, *n.* akanjo vity
Frog, *n.* sahona
Frol'ic, *n.* laolao, sangisangy
Frol'ic'some, *adj.* tia laolao, tia sangy
From, *prep.* miala amy, amy, noho. From—to, hatramy—ka hatramy

Fron'd, *n.* ravin' ampanga
Front, *n.* atrika, handrina.
 In front of, eo anatrehana
Front, *v. t.* sy *i.* manatrika
Fron'tier, *n.* fari-tany mifano-
 lotra amy ny tany hafa
Fron'tispiece, *n.* sary ao am-
 boalohany ny boky
Fron'tlet, *n.* fehi-loha
Frost, *n.* fanala, hatsiaka mam-
 pandry rano. There was a
 frost last night, namanala
 halina
Frost-bitten, *adj.* laniny ny
 fanala, matiny ny fanala
Frosty, *adj.* mamanala ka man-
 dry ny rano [teny foana
Froth, *n.* vorin-javatra; teni-
Froth'y, *adj.* mamorivory
Fro'ward, *adj.* maditra
Frown, *n.* fike'oman-kandrina
Frown, *v. i.* miketron-kandrina
 noho ny fahatezerana na tsi-
 fankasitrahana
Fro'zen, *P. P.* of freeze
Fru'ctify, *v. t.* mampahavokatra
Fru'gal, *adj.* mitsitsy, tsy
 mandany foana ny harena
Fru'gal'ity, *n.* fitsitsiana
Fruit, *n.* voan-kazo, vokatra :
 valiny
Fruit'erer, *n.* mpivaro-boan-
 kazo [be voa
Fruit'ful, *adj.* mahavokatra,
Fru'ition, *n.* ny ahazoana ny
 soa antenaina
Fruit'less, *adj.* tsy misy voa ;
 tsy misy soa avy aminy,
 foana
Fruit-tree, *n.* hazo fihinam-boa
Frus'trate, *v. t.* misakana,
 mahafoana
Fry, *v. t.* manendy
Fry, *n.* andiany, indrindra
 amy ny hazandrano madinika
Fry'ing-pan, *n.* lapoely, fanen-
 dasana

- Fud'dle**, *v. t.* mahamamo, mankaleo
Fudge, *n.* bedibedy foana
Fuel, *n.* kitay
Fu'gitive, *n.* olona mandositra
Fu'gitive, *adj.* mandositra, mihelina, tsy maharitra.
Ful'crum, *n.* zavatra anankinana ny fanoitra
Ful'fil, *v. t.* mahatanteraka
Fulfil'ment, *n.* fahatanterahana
Ful'gent, *adj.* mamirapiratra
Full, *adj.* (of) feno, henika, erany. **A person of full age**, olona efa mitsaha-pitomboana, olona efa lehibe.
Full, *adv.* (as) mitovy amy.
Full-blown, efa mivelatra tsara. **Full-grown**, efa mitsaha-pitomboana
Full, *v. t.* mamboatra lamba volon'ondry naba hadio sy hatevina
Ful'minate, *v. t.* sy *i.* miketroka, mipoaka; mandrahona
Ful'some, *adj.* mahaloioly, mahatofoka, mahadikidiky
Fum'ble, *v. i.* manaonao foana; mitaditady foana
Fume, *n.* setroka; saim-potsy
Fume, *v. i.* manetroka; misafoaka foana
Fu'migate, *v. t.* mandoro zavatra, na manao zavatra hafa mba ho afaky ny setroka ny fofon'aretina [sobosotra
Fun, *n.* laolao, sangisangy, vo-
Function, *n.* anjara-raharaha
Functionary, *n.* olona manana anjara-raharaha
Fund, *n.* vola voavory hanaovan-draharaha
Fundamental, *adj.* amy ny fanorenana, tsy azo avela, fototra, indrindra
Fu'neral, *n.* ny andevenana
Fun'gus, *n.* pl. Fungi; holatra
Fun'nel, *n.* lantonara, fapidinanan-javatra
Fun'ny, *adj.* mahatsikaiky, hafahafa [malemy
Fur, *n.* hoditra misy volo
Fur'bish, *v. t.* mamotsy *metal*
Fu'rious, *adj.* masiaka, misafoaka [tsambo, &c.
Furl, *v. t.* mangorona lain-
Furlong, *n.* firlonga, 110 refy
Furlough, *n.* andro ierana tsy anaovan-draharaha, indrindra amy ny miaramila
Furnace, *n.* fatana fandrendrehana na fanefena, &c.
Furnish, *v. t.* manome izay mahasoaka amy ny raharaha atao; mamatsy; manisy fanaka amy ny trano
Furniture, *n.* momba ny token-trano, fanaka
Fur'rôw, *n.* ny lempondempona ataony ny *plough* na fandrafetana, &c.; ketron-kandrina
Fur'ther, *adv.* lavidavitra kokoa [manampy
Fur'ther, *v. t.* mampanandroso,
Fur'tive, *adj.* atao amy ny mangingina
Fu'ry, *n.* fisafoka, safoaka
Fuse, *v. t.* sy *i.* manempo *metal*; miempo
Fusee, *n.* fizio, basy kely; randram-bolam-pamantaranandro
Fu'sible, *adj.* azo empoina
Fu'sion, *n.* fiempoana
Fuss, *n.* korapadrapaka, tabataba
Fus'tian, *n.* anaran-damba landihazo toy ny darà soga
Fus'ty, *adj.* mavao, masiso
Fu'tile, *adj.* foana, tsy mahasoaka
Fu'ture, *adj.* amy ny ho avy
Futu'urity, *n.* ny ho avy
Gab'ble, *v. i.* manao teny fain-gana loatra

Ga'ble, *n.* tapenaka
Gad, *v. i.* mandehandeha foana, ombieniombieny, fotsivaravarana
Gad'fly, *n.* lalitr' omby
Gael, *n.* olona tompon-tany ao avaratry Scotland
Gaelic, *adj.* amy ny *Gael*
Gag, *v. t.* manentsim-bava
Gage, *n.* antoka [goana
Gaiety, *n.* fifaliana; fihain-
Gain, *v. t.* mahazo, mahazo tombony. To gain ground, mandroso. To gain over, mahazo ny manohitra ho namana. To gain a victory, maharesy amy ny ady, mahery [azo
Gain, *n.* tombom-barotra, soa
Gainsay, *v. t.* manohi-teny, mandà
Gait, *n.* fandeha
Gaiter, *n.* gety
Gal'axy, *n.* vahin-danitra
Gale, *n.* rivotra mahery
Gall, *n.* afero; ny mivohitra amy ny hazo sasany izay nanatodizany ny bibi-kely ka fanao ranomainty, &c.
Gall, *v. t.* mampiempaka; mampahasosotra
Gallant, *adj.* sahy amy ny ady, mahery an' ady
Gallant, *adj.* manaja vehivavy
Gallantry, *n.* fahasahiana amy ny ady
Gallery, *n.* galery, rihana ao an - trano - fiangonana, &c., izay ahatazanana ny ao ambany; (*corridor*)
Galley, *n.* sambo voizina, indrindra izay asaina voiziny ny olo-meloka
Gallic, *adj.* amy ny *Gaul* na ny Farantsay
Gallon, *n.* famarana mahalany rano lanjana 10 pound

Galloon, *n.* galona [miriotra
Gal'lop, *v. i.* manipi-tànana,
Gal'lôws, *n.* hazo fanantonana ny meloka hovonoina
Galoché, *n.* kiraro *India rubber*
Galvan'ic, *adj.* amy ny *galvanism*
Gal'vanism, *n.* *electricity* miseho amy ny fikambanany ny *metal* samihafa raha misy *acid* ao anelanelany
Gal'vanize, *v. t.* mamely amy ny *galvanism*; manao ankosotra amy ny *galvanism*
Gam'ble, *v. i.* miloka
Gamboge, *n.* anaran-dity atao loko vony
Gam'bol, *v. i.* mibitabitaka, falihavenja
Game, *n.* laolao; haza. To make game of, manorisory
Gan'der, *n.* vorombe lahy
Gang, *n.* olona manao andiany, indrindra ny jiolahy na ny olona ampanaovin-drahara-ha [mihalò
Gangrene, *n.* fery mihady ka
Gaol, *n.* trano-maizina
Gap, *n.* ny banga na loaka amy ny ampentany &c. ka azo aleha
Gape, *v. i.* manoaka
Garb, *n.* fitafiana
Gar'bage, *n.* tsinay; ny ariana amy ny zavatra hanina
Gar'ble, *v. i.* mifidy izay tiana holazaina amy ny tenin' olona na teny voasoratra
Garden, *n.* tanimboly
Gargle, *v. i.* manao gararaka
Gar'land, *n.* vonin-kazo atao fehi-loha
Gar'lic, *n.* karazan-tongolo
Gar'ment, *n.* fitafiana iray
Gar'ner, *n.* trano fitehirizam-bary, sompitra
Gar'net, *n.* anaram-bato soa

Gar'nish, *v. t.* mandravaka, mampihaingo
Gar'ret, *n.* efi-trano manolotra ny tafon-trano
Gar'rison, *n.* mpiandry tany; trano fiarovana itoerany ny mpiandry tany
Gar'rison, *v. t.* mametraka mpiandry tany [teny
Gar'rulous, *adj.* tia resaka, be
Gar'ter, *n.* fehim-ba
Gas, *n.* gasa, rivotra, toetry ny zavatra rehefa miova ho rivotra noho ny hafanana
Gas'conade, *n.* hambo, rehaka
Gas'eous, *adj.* gasa
Gash, *n.* ny maratra mangotana'ana, ny voadidy lalina
Gasom'eter, *n.* fitehirizana gasa ampirehetina; famantarana ny gasa lany
Gasr, *v. i.* miaina mafy, sem-potra
Gas'tric, *adj.* momba ny *stomach*
Gate, *n.* vavahady (ny arindri-na)
Gate-way, *n.* vavahady (ny idirana)
Gath'er, *v. t.* sy *i.* manangona, mamory, mifantina; mahazo hevitra amy ny zavatra voalaza. To gather fruit, manoty. To gather flowers, maka vonin-kazo
Gau'dy, *adj.* marevaka, madera
Gauge, *v. t.* manohitra
Gauge, *n.* ohatra; torosy
Gaul, *n.* anarany France taloha
Gaunt, *adj.* mahia, sahozanina
Gaunt'let, *n.* gan-tanana vy, gan-tanana lava. To throw down the gauntlet, mihaika. To take up the gauntlet, maneiky hiady amin' izay mihaika
Gauze, *n.* lamba linen na sily manify mangarahara. Wire

gauze, tari-by na tari-barahina madinika dia madinika voarary
Gaw'ky, *adj.* midrahodraho
Gay, *adj.* mifaly, miramirana, mihaingo
Gay'ety, *n.* (*gaiety*)
Gaze, *v. i.* (at) mibanjina, mitazana
Gazelle', *n.* biby miray karazana amy ny *antelope* fa madinika sy tsara-tarehy
Gazette', *n.* taratasy milaza zavatra vao niseho ka natao isan' andro na isan-kerinandro, &c., gazety
Gazing-stock, *n.* olona ihomezany ny maro
Gear, *n.* ny zavatra rehetra momba ny soavaly mitarika kalesy
Gelatine, *n.* zavatra madity toy ny gilio avy amy ny ozatry ny biby [gilio
Gelat'inous, *adj.* madity toy ny
Gel'id, *adj.* mangatsiaka
Gem, *n.* vato soa
Gen'der, *n.* karazana (na lahy na vavy), gendera
Gen'eal'ogy, *n.* filazana ny firazanana
Gen'era, *pl.* of *Genus*
Gen'eral, *adj.* milaza ny maro, manao ankapobeny, tsy manavaka, amy ny ankabiazany; (mifanohitra amy ny teny *particular*)
Gen'eral, *n.* izy rehetra, ny ankabiazany; jeneraly, mpi-fehy miaramila
Gen'eralis'simo, *n.* komandy lehibe indrindra
General'ity, *n.* ankapobeny, ny ankabiazany
Gen'erally, *adv.* mazana, saiky mandrakariva, matetika; milaza ny ankabiazany

Gen'erate, *v. t.* miteraka, mahatonga
Genera'tion, *n.* ny iterahana; taranaka indrai-mihira
Gener'ic, *adj.* momba ny *genus*
Generos'ity, *n.* tsi-fahihirana, toetry ny fony ny olona izay malaky miantra
Gen'erous, *adj.* malaky miantra, tsy mahihitra, manampahy
Gen'es is, *n.* Genesisy, ny boky voalohany nosoratany Mosesy
Gen'ial, *adj.* mahafinaritra
Gen'ius, *n.* fahaizana tsara, fahafainganan-tsaina; olona mahay tsara nefa tsy nampianarina loatra
Genteel', *adj.* mahalala fomba, miendrik' andriana
Gen'tile, *n.* ny olona izay tsy Jiosy, Jentilisy
Gentility, *n.* fahalalana fomba
Gen'tle, *adj.* malemi-fanahy, mora
Gen'tleman, *n.* anaram-panajana atao amy ny lehilahy; lehilahy mahalala fomba
Gen'try, *n.* ny olona ambonimbony
Genuflection, *n.* fandohalehana
Gen'uine, *adj.* marina, tsy sandoka, tena izy
Gen'us, *n.* pl. genera; karazana azo zaraina ho *species*
Geog'raphy, *n.* geografya, filazana ny fizarany ny tany sy ny ranomasina mbamy ny izay rehetra momba azy
Geol'ogist, *n.* olona mahay *geology*
Geol'ogy, *n.* ny *science* izay ahafantarantsika ny toetry ny tany sy ny fiovany ary ny ahatongavany ny zavatra ao anatiny [*geometry*]
Geomet'rical, *adj.* amy ny

Geom'etry, *n.* ny *science* izay ahalalana ny fomba sy ny fanoharana ny *angle* sy ny tsipika sy ny *surface* ary ny *solid* [hany
Germ, *n.* tsimoka; ny niando-
Germinate, *v. i.* mitsiry, mitsimoka
Gestic'ulate, *v. i.* mihetsiketsikaraha mandaha-teny na mikabary, mihinjaka
Gest'ure, *n.* fihetsiketsehana mba hanamafy izay lazaina
Get, *v. t.* sy *i. P.* got; *P. P.* got; mahazo, maka. **To get at**, mahatakatra. **To get back**, tafaverina; mahazo indray. **To get by heart**, or **get off by heart**, mianatra tsy an-jery. **To get home**, mby ao antranony. **To get on**, mandroso; miakatra ao ambony. **To get quit of**, or **get rid of**, maneisotra ho afaka, misaraka aminy. **To get up**, mifoha, miarina, mitsangana. **Get him to do it**, mba iangavio hanao izany izy. **Get out**, or **away**, mandehana, mialà [tarehy
Gew'gaw, *n.* tsilalao tsara-
Gey'ser, *n.* rano mafana mipolotra miakatra any Iceland
Ghast'ly, *adv.* toy ny maty ny fijery azy; hatsatra; mahatahotra
Ghost, *n.* matoatoa, avelo, fanahy. **The Holy Ghost**, ny Fanahy Masina. **To give up the ghost**, miala aina
Gi'ant, *n.* lehilahy goavana, lehilahy makadiri-be
Gib'berish, *n.* boeriboerika, teny tsy misy hevitra
Gib'bet, *n.* hazo natao fanantonana ny meloka fahiny rehefa maty

Gibe, *n.* haraby, eso
Gid'dy, *adj.* fanina; faly ka tsy mihevitra loatra
Gift, *n.* fanomezana, kado; fanomezan' Andriamanitra
Gift'ed, *adj.* mahay noho ny soa azo avy amin' Andriamanitra
Gig, *n.* kalesy tsara itondrana olona ka misy kodia roa
Gigan'tic, *adj.* makadiri-be, goavana
Gig'gle, *v. i.* mikikikiky, mihanihany, mihimokimoka
Gild, *v. t. P.* sy P. P. **gilded** or **gilt**; manao ankosotra volamena; mampampiratra
Gild'ing, *n.* ny fanaovana ankosotra volamena; ankosotra volamena
Gill, *n.* sofin-kazandrano izay iainany
Gill, *n.* famarana ampahefatry ny *pint*, indraindray ny antsanany
Gilt, *n.* ankosotra volamena
Gilt, P. sy P. P. of *gild*
Gim'let, *n.* homamanta
Gin, *n.* anaran-toaka mahery
Gin'ger, *n.* sakamalao
Ging'ham, *n.* anaran-damba
Gip'sy, *n.* (*gypsy*)
Giraffe, *n.* anaram-biby avodiana sady lava tenda, girafy
Gird, *v. t. P.* sy P. P. **girded** or **girt**; mampisikina, mamehy manodidina, mandadina. **To gird one's self**, misikina
Gird'le, *n.* fisikinana, salaka, fehy manodidina
Girl, *n.* ankizi-vavy madinika, zaza-vavy
Girt, P. sy P. P. of *gird*
Girth, *n.* fehin-kibon-tsoavaly; ny mahodidina
Gist, *n.* ny fotony
Give, *v. t. P.* **gave**; P. P. **given**; manome. **To give back**,

mamerina, mamaly. **To give ear to**, mihaino. **To give in to**, maneiky. **To give judgment**, mitsara. **To give one's self up to**, manolo-tena mitompo amy ny zavatra iray loha. **To give over**, mitsahatra tsy hanao. **To give up**, mitsahatra aminy, maneiky. **To give way**, tsy mahatanty, tsy mahatana, tsy manohitra; manome lalana
Giz'zard, *n.* haranana
Gla'cier, *n.* vongan-drano-mandry lehibe toy ny tanety ka mikororosy miadana dia miadana avy any amy ny tendrombohitra misy *snow* lalandava
Glad, *adj.* faly, ravoravo
Glad'den, *v. t.* mahafaly
Glade, *n.* ny malalaka tsy misy hazo ao anati-ala
Gladi'ator, *n.* olona niady antsatra natao filaolaovana tamy ny Romana fahiny
Glad'some, *adj.* faly, mahafaly
Glance, *v. i.* (at) mahatsikaritra, mahatsipalotra, manopimaso; manjelatra
Gland, *n.* zavatra be *cellule* amy ny zava-manan' aina ka ny sasany mampisaraka ny ra amy ny hanina, ny sasany kosa mampisaraka ny ranomaso, ny afero, &c. amy ny ra
Gland'ular, *adj.* toy ny *gland*, momba ny *gland* [jambena
Glare, *n.* fahazavana mampan-
Glare, *v. i.* mahajambena, mampirapiratra; mivandra-
vandra
Glass, *n.* fitaratra; gilasy. **A weather glass**, (*barometer*). **Where are my glasses?** aiza ny solo-masoko?

Glas'sy, *adj.* atao amy ny fitaratra; malama na mangano-hano toy ny fitaratra
Glaze, *v. t.* mametaka fitaratra amy ny varavarana, &c.; manisy zavatra toy ny fitaratra amy ny bakoly, &c.
Gla'zier, *n.* mpametaka fitaratra
Gla'zing, *n.* ny ametahana fitaratra; zavatra toy ny fitaratra atao amy ny bakoly, &c.
Gleam, *n.* famirapiratana mihelina
Gleam, *v. i.* mamirapiratra, mihelina
Glean, *v. t.* mitsimpona izay sisa, indrindra ny sisa amy ny vary voajinja
Glebe, *n.* tany
Glee, *n.* fifaliana, faharavoravoana
Glen, *n.* lohasaha èty
Glib, *adj.* malama, malefa-bava
Glide, *v. i.* misononoka, mijojo
Glim'mer, *v. i.* mamelovelo, milopilopy
Glimpse, *n.* tselatra; fahitana mihelina
Glis'ten, *v. i.* mamirapiratra, mangirangirana
Glis'ter, *v. i.* mamirapiratra
Glit'ter, *v. i.* mamirapiratra; marevaka
Glit'ter, *n.* famirapiratana
Gloat, *v. i.* mibanjina, indrindra raha mifaly amy ny fahoriany ny sasany
Globe, *n.* globy, tena boribory toy ny baolina; izao tontolo izao [globe
Globose', *adj.* boribory toy ny
Glob'ular, *adj.* boribory toy ny globe
Glob'ule, *n.* zavatra kitika boribory

Gloom, *n.* ny maizimaizina; alahelo, joretra
Gloom'y, *adj.* manjombona, maizimaizina; malahelo, mijoretra
Glo'rify, *v. t.* mankalaza (an' Andriamanitra), manome voninahitra
Glo'rious, *adj.* malaza, tokony homem-boninahitra; mamirapiratra sady tsara tarehy indrindra [dera
Glo'ry, *n.* voninahitra, laza,
Gloss, *n.* famirapiratana toy ny amy ny landy na ny misy varinesy, &c.; hevitra toa marina; (comment)
Gloss'ary, *n.* dikisionary filazana ny hevitra ny teny sarotra
Gloss'y, *adj.* mamirapiratra
Glove, *n.* ga, fonon-tanana
Glôw, *v. i.* mirehitra fatratra; tera-mena
Glôw-worm, *n.* biby kely toy ny fanday ka mamirapiratra amy ny alina
Glue, *n.* gilio
Glue, *v. t.* mandraikitra na mametaka amy ny gilio
Glum, *adj.* malahelohelo tarehy, midongidongy
Glut, *v. t.* mambosibosika. To glut the market, mitondra zavatra be loatra hamidy eny an-tsena ka tonga mora ny vidiny
Glut'inous, *adj.* madity
Glut'ton, *n.* anaram-biby toy ny bear ka mahery homan-kanina; olona mahery homan-kanina
Gnarl, *v. i.* mieronana
Gnarled, *adj.* tononana
Gnash, *v. i.* nikitro-nify
Gnat, *n.* ny moka sy ny biby kely miray karazana aminy

Gnaw, *v. t.* mikiky
Go, *v. i.* P. went; P. P. gone; mandeha. To go for, mandeha maka; lafe. To go on, mandroso. To go out, mivoaka; maty toy ny afo. To go over, mihoatra; mamaki-teny, mandinika tsara. To go under the name of, mahazo ny anarana hoe. To go shares in, miombona. I am going to do it, mikasa hanao izany aho. This road goes to Antananarivo, lalana mankany Antananarivo ity
Goad, *n.* hazo maranitra atao fandroahan' omby
Goad, *v. t.* manery hanao
Goal, *n.* ny tafarany ny alehany ny mpihazakazaka filokana; izay katsahina indrindra
Goat, *n.* osy
Gobble, *v. t.* mambosibosika
Goblet, *n.* fisotroana, gilasy
Goblin, *n.* matoatoa ratsifanahy
God, *n.* Andriamanitra, Andriananahary
God's, *n.* andriamani-bavy
Godfather, *n.* ray amy ny batisa (amy ny Katolika Romana sy ny Church of England)
Godhead, *n.* fomban' Andriamanitra; Andriamanitra
Godless, *adj.* tsy matahotra an' Andriamanitra, ratsi-fanahy
Godliness, *n.* hatsaram-panahy noho ny fanarahana an' Andriamanitra; fanompoana an' Andriamanitra
Godly, *adj.* tsara-fanahy, manaja an' Andriamanitra
Godsend, *n.* soa azo tampoka
Gold, *n.* volamena
Golden, *adj.* volamena. The golden rule, ny lalany Kraisty ao amy ny Mat. vii. 12.

Goldfish, *n.* trondro mena
Goldsmith, *n.* mpanefy volamena
Good, *adj.* tsara, tsara-fanahy, mety. As good as, toy izany indrindra. A good deal, betsaka. Good morning, fiarahabana na veloma amy ny maraina. Good-bye, Good day, Good night, veloma! He is a good writer, mahay sora-tanana izy.
Good, *n.* soa. Goods, fananana, entana. Gone for good, lasa tsy hiverina intsony
Good-breed'ing, *n.* fahalalana fomba noho ny fananarana tsara
Good-Fri'day, *n.* ny Zoma ahatsiarovana ny nahafatesany Kraisty
Good-humored, *adj.* malemy fanahy
Goodly, *adj.* tsaratsara hiany
Good-natured, *adj.* malemy fanahy
Goodness, *n.* hatsarana
Good-will, *n.* fitiavana, fankasitrahana
Goose, *n.* vorombe
Gore, *n.* ra mandry
Gore, *v. t.* manatrabaka, indrindra raha toton' omby
Gorge, *n.* lalana ao anelanelany ny hantsana avo
Gorgeous, *adj.* mahafinaritra loatra raha jerena, toy ny lanitra indraindray raha mati-masoandro, na ny lamba mampirapiratra
Gorilla, *n.* biby toy ny rajako, fa lehibe toy ny olona
Gormand, *n.* olona mahery homana ka mahalany be
Gormandize, *v. i.* sy *t.* mambosibosika
Gor'y, *adj.* mihosin-dra

Go'sling, zana-borombe
Gos'pel, *n.* fanambarana ny famonjena nataony Jesosy Kraisty, ny iray amy ny Filazantsara efatra
Gos'samer, *n.* farora-danitra
Gos'sip, *n.* mpibedibedy, mpire-sadresa-poana
Gos'sip, *v. i.* mibedibedy, mire-sadresa-poana
Got, *P. sy P. P.* of *get*
Goth, *n.* olona amy ny firenena anankiray izay nandrava ny fanjakana Romana sy ny trano tsara naoriny, &c.
Goth'ic, *adj.* tahaka ny *Goth*; fombany ny *architecture* misy varavarana somary kitso-loha, &c.
Gouge, *n.* famoalàka
Gourd, *n.* voatavo
Gout, *n.* anaran' aretina, gaotra
Govern, *v. t.* manapaka, mifehy, mitondra
Governess, *n.* vehivavy mpampianatra
Government, *n.* fanapahana, fanjakana; mpitondra fanjakana
Governor, *n.* komandy, mpanapaka, mpifehy [reba
Gown, *n.* zipo, akanjo mireba
Grab, *v. t. sy i.* mandrombaka
Grace, *n.* soa azo maimaim-poana avy amin' Andriamanitra, fahasovana; fahatsaram-bika, fahatsaram-pitondran-tena; fivavahana raha vao hisakafo
Grace'ful, *adj.* tsara bika, tsara fandeha, mahafinaritra
Grace'less, *adj.* ratsy fanahy
Grac'ious, *adj.* mamindra-fo, miantra, mora
Grada'tion, *n.* fiandalandalanana, filaharana araka ny fahatsarana na fahaizana, &c.

Grade, *n.* ny iray amy ny zavatra mifanao ambaratonga
Grad'ual, *adj.* miandalandalana
Grad'uate, *v. t.* manao ny marika amy ny *thermometer* na roly, &c.
Graft, *n.* sampan-kazo atsofoka amy ny hazo maniry mba hiara-maniry aminy
Graft, *v. t.* manofoka sampan-kazo haniry amy ny hazo hafa
Grain, *n.* voam-bary; zavatra kitika toy ny fasika; oza-kazo; vato fandanjana ampaha-7000-ny iray *pound*
Grain, *v. t. sy i.* manisy loko amy ny hazo mba ho toy ny oza-kazo ny fijery azy; mandry ka faspasehina
Gram'iniv'orous, *adj.* homan' ahitra
Gram'mar, *n.* Gramara
Gramma'rian, *n.* olona mahay gramara tsara
Grammat'ical, *adj.* araka ny gramara
Gran'ary, *n.* trano fitoeram-bary, sompitra
Grand, *adj.* lehibe, lehibe sady tsara, malaza, fatratra; mihaingo fatratra
Grand'child, *n.* zafy
Grandee', *n.* lehilahy be voninahitra
Grand'eur, *n.* halehibeazana izay mahafinaritra raha jerenana; fihaingoana fatratra
Grand'father, *n.* rai-be
Grand'mother, *n.* reni-be
Grand'sire, *n.* rai-be
Grange, *n.* farm-house sy farm-yard
Gran'ite, *n.* anaram-bato toy ny vato-mainty aty
Grant, *v. t.* manome, indrindra ny zavatra angatahina

- Gran'ular**, *adj.* fasipasehina toy ny siramamim-bazaha
Gran'ulate, *v. t. sy i.* mampan-dryna mandry ho fasipasehina
Grape, *n.* voaloboka
Graph'ic, *adj.* voalaza tsara, mazava tsara
Grap'ple, *v. t. sy i.* mihazona mafy. To grapple with, mitolona, miady
Grasp, *v. t.* mamihina, mangia
Grasp, *n.* fihina, hazona
Grass, *n.* ahitra
Grass'hopper, *n.* valala mitsipika
Grass'plot, *n.* ahitra nalamina tsara ao an-tanimboly
Grass'y, *adj.* be ahitra
Grate, *n.* vy makarakara atao amy ny fatana na varavaran-kely, &c.
Grate, *v. t. sy i.* midridrodrido, midilodilotra; mahatonga vovoka noho ny fikasohana; mahadikidiky
Grate'ful, *adj.* ta-hamaly soa, mankasitraka; mahafinaritra
Gratifica'tion, *n.* fankasitrahana, fahafaliana, fahafinare-tana
Grat'ify, *v. t.* mahafinaritra, mankasitraka
Grat'is, *adv.* omena fotsiny, maimaimpoana
Grat'itude, *n.* ny toetry ny fony ny olona izay ta-hamaly soa [na
Gratu'itous, *adj.* maimaimpoa-
Gratu'ity, *n.* fanomezana, kado
Grave, *v. t. P.* graved; *P. P.* graven or graved; (*engrave*)
Grave, *n.* fasana
Grave, *adj.* tsy tia vosobosotra, tsy tia hehy, maotona
Gra'vel, *n.* karao-bato miharo-haro fasika; anaran' aretina
Grave-stone, *n.* vato amy ny fasana misy soratra atao fahatsiarovana ny maty
Grave-yard, *n.* tokotany fandevenana
Gravita'tion, *n.* ny hery izay mampanatona ny zavatra rehetra amy ny tany
Grav'ity, *n.* havesarana, faha-maotinana
Gra'vy, *n. ro*
Gray, *adj.* fotsy mavo, fotsy
Graze, *v. t. sy i.* homan' ahitra
Grease, *n.* menaka
Grease, *v. t.* manisy menaka, mandoto amy ny menaka
Greas'y, *adj.* misy menaka, azony ny menaka
Great, *adj.* lehibe, be; malaza. A great while, ela dia ela. A great way off, lavitra dia lavitra
Great'ness, *n.* halehibiazana
Greed,—*diness*, *n.* fahasarotana an-kanina; faniriana mafy hahazo vola, &c.
Greed'y, *adj.* lian-kanina, sarotr' an-kanina; maniry fatra-tra hahazo vola, &c.
Greek, *adj.* any Greece, Girika
Green, *adj.* maitso; manta; vao milatsaka [Greens, anana
Green, *n.* tany be ahi-maitso.
Greet, *v. t.* miarahaba
Greet'ing, *n.* arahaba
Grega'rious, *adj.* manao andiany
Greyhound, *n.* amboa lava-vava mahery mihazakazaka
Grid'iron, *n.* grate fitonoana
Grief, *n.* alahelo, fahoriana
Griev'ance, *n.* izay mampahory na mampahasosotra
Grieve, *v. t. sy i.* mampahory, mampahasosotra; malahelo
Griev'ous, *adj.* mampahory, mampalahelo; mampiseho alahelo

Grim, *adj.* masia-tarehy, mam-pahatahotra

Grimace, *n.* fanaovana tarehy ratsy

Grime, *n.* tsikoko, loto, fa indrindra ny amy ny tava, &c.

Grind, *v. t.* sy *i.* P. sy P. P. ground; mikosoka, mitoto, manorotoro (nefa atao amy ny fikosohana hiany); manasa antsy &c. amy ny *grindstone*: mampahory

Grind'stone, *n.* vato-asana ahodina

Grip, *n.* fihazona

Gripe, *v. t.* mihazona mafy, mamihina

Gripe, *n.* fihazona. **Gripes**, mandalo

Gris'ly, *adj.* mahatahotra

Gris'tle, *n.* oza-kazo

Grit, *n.* fasika

Grit'ty, *adj.* misy fasika

Groan, *v. i.* mitoloko, misento, mitrerona

Groan, *n.* toloko, sento

Groat, *n.* farantsa kely lanjan-groavoamena. **Groats**, fo-taim-bary amy ny *oats*

Gro'cer, *n.* mpivarotra dite, siramamy, kafe, voaloboka maina, &c.,

Gro'cery, *n.* ny zavatra amidiny ny *grocer*

Greg, *n.* toaka mitampo-drano

Groom, *n.* mpitandrin-tsoavaly

Grooms'man, *n.* sakaizany ny mpampakatra amy ny fampakaram-bady

Groove, *n.* lempondempona atao amy ny fandrafetana

Grope, *v. i.* mitsapatsapa

Gross, *adj.* lehibe, vaventy ratsy; votsa-saina; tsy mendrika

Gross, *n.* ny ankabiazany; 144

Grot, *n.* (*grotto*)

Grotesque', *adj.* hafahafa ny fijery azy ka mampihomehy

Grot'to, *n.* zohy mahafinaritra

Ground, *n.* tany; fototra. To gain ground, mandroso mi-hatsara. To lose ground, mihemotra; mandroso aretina. **Coffee grounds**, faikan-kafe

Ground, *v. t.* sy *i.* manorina; mampianatra ny fotony; midona amy ny tany ka tsy afa-miala [tra

Ground'less, *adj.* tsy misy foto-
Group, *n.* olona na zavatra iray toko

Group, *v. t.* manokotoko

Grove, *n.* hazo manalokaloka maniry ao andahiny roa ny lalana; ala kely

Grov'el, *v. i.* mandady

Grôw, *v. i.* sy *t.* P. grew; P.P. grôwn; maniry, mitombo. To grow less, mihena, miha-kely. To grow out of, avy aminy

Growl, *v. i.* mieronana

Grôwth, *n.* faniry, fitombo, fitomboana

Grub, *v. i.* mitrongy, mihady mba hitady zavatra

Grub, *n.* biby kely manjary ho manidina, indrindra ny ao anatiny ny tany

Grudge, *v. t.* sy *i.* mialona; manome tsi-satry

Grudge, *n.* fialonana

Gru'el, *n.* hanina malemy atao amy ny *groats* na *oatmeal*

Gruff, *adj.* mampiseho fahasorana amy ny feo na tarehy

Grum'ble, *v. i.* mimonomonona, mikoinkoina, mierina [kisoa

Grunt, *v. i.* mitrona toy ny

Gua'no, *n.* taim-borona hita amy ny nosy sasany ka atao zezika

Guarantee', *n.* antoka ; mpian-toka
Guarantee', *v. i.* miantoka
Guard, *v. t. sy i.* miambina, miaro, mitandrina
Guard, *n.* mpiambina, mpitandrina kalesy na sambo stimo izay andehanany ny olona maro
Guard'ed, *adj.* mitandrina tsara, indrindra amy ny fitenenana
Guard'ian, *n.* mpiahy, mpian-toka
Guer'don, *n.* tamby, ny iafarany
Guerilla, *n.* ady tsy milamina
Guess, *v. t. sy i.* manao kitoatoa, manao mosalahy, manao vinany
Guess, *n.* vinany, kitoatoa
Guest, *n.* vahiny ampiandra-noina, olona asaina
Guid'ance, *n.* tari-dàlana, toro-làlana ; toro-hevitra
Guide, *v. t.* mitari-dàlana, manoro, mitandrina
Guide, *n.* mpitari-dàlana, mpanoro, mpitandrina
Guild, *n.* fikambanany ny olona iray tao-zavatra [na
Guile, *n.* fitaka, fanaovan-tsai
Guileless, *adj.* tsy misy fitaka
Guillotine', *n.* fanapahan-doha mahatapaka miarakaminizay
Guilt, *n.* heloka
Guiltless, *adj.* tsy manan-ke-loka
Guilt'y, *adj.* manan-ke-loka
Guin'ea, *n.* farantsa volamena mitovy amy ny ariary dimy sy kirobo
Guin'ea-fowl, *n.* akanga
Guise, *n.* fitafiana ; fomba, endrika
Guitar, *n.* lagitara
Gulf, *n.* gaolfa, ranomasina mitsopaka ao anelanelany ny tany

Gull, *v. t.* manome vola, mamitaka
Gull, *n.* vohony ; olona mora fitahina ; anaram-boron-dranomasina
Gullet, *n.* traotraoka, tenda-be (dia ny alehany ny zavatra hanina sy sotroina)
Gully, *n.* hady nataony ny riaka [gok' omby
Gulp, *v. t.* migoka, manao
Gum, *n.* gama, ditin-kazo. The guma, hihy, akanjo-nify
Gum, *v. t.* mametaka amy ny gama, manosotra gama
Gun, *n.* basy, tafondro
Gun powder, *n.* vanja
Gun'shot, *n.* ny taka-basy
Gun'smith, *n.* mpanao basy
Gur'gle, *v. i.* migororoana
Gush, *v. i.* mipororoatra, migorodana [akanjo
Gus'set *n.* saokany (amy ny
Gust, —to, *n.* fifaliana, fitiavana
Gust, *n.* rivotra mahery tonga tampoka ; rambon-danitra
Gut, *n.* tsinay
Gut, *v. t.* mangalatra ny zavatra rehetra ao anatiny
Gut'ta-per'cha, *n.* ditin-kazo sahalahala amy ny fingotra nefa tsy mirirotra tahaka azy ary tonga malemy raha afanaina
Gut'ter, *n.* lalan-drano
Gut'tural, *adj.* an-tenda [fiana
Guy, *n.* olona hafahafa fita-
Guz'zle, *v. i.* miboboka
Gymnas'tic, *adj.* (athletic)
Gyp'sum, *n.* vato fotsy malemy toy ny vatodidy
Gyp'sy, *n.* firenena mpireni-
 reny, angamba tany Egypt na India no nihaviany voalohany, fa ankehitriny efa misy azy ireo ny tany maro any Europe

Ha! *inter.* ha! hanky!
Hab'erdash'er, *n.* mpivaro-taretra
Hab'erdash'ery, *n.* zavatra amidiny ny *haberdasher*
Habil'iment, *n.* fitafiana
Hab'it, *n.* fanao, zavatra mahazatra. In the habit of, mazàna
Hab'it, *v. t.* mitafy, miakanjo
Habitable, *adj.* azo onenana, azo itoerana
Habita'tion, *n.* fonenana
Habit'ual, *adj.* mazàna atao, atao matetika
Habit'uate, *v. t.* mahazatra, mahatamana
Hack, *v. t.* mikapakapa; miakakà
Hack'ney, **Hack,** *n.* soavaly karamaina
Hack'ney-coach, *n.* kalesy karamaina
Haft, *n.* zarana
Hag, *n.* vehivavy mahatsiravina, vehivavy mpamosavy
Haggard, *adj.* mahia, efa miastrona, kaozatra
Haggle, *v. t.* sy *i.* manetitetika, mikapakapa; miadi-varotra hatratra
Hail, *n.* havandra
Hail, *v. t.* sy *i.* miantso; miarahaba; manavandra
Hail, *adj.* (*hale*)
Hail! *inter.* teny fiarahabana
Hail'stone, *n.* havandra voany iray
Hair, *n.* volo
Hair-dresser, *n.* mpanety volo; mpanao volo
Hair'y, *adj.* be volo, voloina
Hal'berd, *n.* lefona misy famaky
Hal'cyon, *adj.* tony, mionina, miadana
Hale, *adj.* finaritra, matanjaka
Hale, *v. t.* (*haul*)

Half, *n.* pl. halves; ny antsasany. To go halves, mizara misasaka
Half-brother, *n.* rahalahy hafa ray na hafa reny
Half-hearted, *adj.* tsy marisika, matimaty; mahihitra
Half-way, *adv.* antsasa-dàlana, antenatenany
Half-witted, *adj.* adaladala
Hall, *n.* efi-trano fidirana mankamy ny efi-trano hafa
Town hall, trano lehibe anaovana ny raharahany ny tanàna
Hallelu'iah! *inter.* haleloia! hoderaina anie Jehovah
Halloo', *v. t.* miantso mafy
Hal'lôw, *v. t.* manamasina
Hallu'cina'tion, *n.* fahadisoana amy ny zavatra hita maso na reny ny sofina, &c. noho ny faharariana
Ha'lo, *n.* ny mazava boribory hita indraindray manodidina ny masoandro na ny volana
Halt, *v. i.* mijanona; mikotrifa; misalasala
Halt, *adj.* mandringaringa, kotringa
Hal'ter, *n.* vava-volana atao amy ny tendan-tsoavaly; tadi-mody anantonana ny meloka hovonoina
Halve, *v. t.* manasaka
Ham, *n.* fe, indrindra ny fenkisoa atao ombi-sira
Ham'let, *n.* vohitra kely
Ham'mer, *n.* marotò, tantanana: fampohaza
Ham'mer, *v. t.* mively amy ny marotò, &c.
Ham'mock, *n.* fandriana mihan-tona ao anati-sambo
Ham'per, *n.* sobiky rantsankazo, karaba
Ham'per, *v. t.* manahirana

Hand, *n.* tãnana; ny mpanondro amy ny famantaran'andro, &c. **At hand**, akaiky, antomotra. **Off hand**, avy hatrany. **On hand**, mbola misy. **On the left hand**, ao ankavia. **On the right hand**, ao ankavanana. **On the other hand**, kosa. **To be hand and glove**, mifankahazo am-po. **To change hands**, miova tompo. **To come to hand**, mby an-tãnana. **To have a hand in**, ho isany ny manao. **To have one's hands full**, sahirana amy ny raharaha. **To lay hands on**, mitana, misambotra. **The laying on of hands**, fametrahan-tãnana. **To take in hand**, manaiky hanao raharaha

Hand, *v. t.* manolotra; mitanana. **To hand down**, mampidina amy ny taranaka mandimby azy, na amin' izay miara-mipetraka aminy

Hand'cuff, *n.* gadran-tãnana

Hand'ful, *n.* eran-tãnan' anila

Hand'icraft, *n.* tao-zavatra, asan-tãnana

Hand'work, *n.* asan-tãnana

Hand'kerchief, *n.* mosara

Hand'le, *n.* zarana, fihazonana

Hand'le, *v. t.* mitsapa, mandray amy ny tãnana

Hand'maid,—den, *n.* ankizivavy

Hand'rail, *n.* ny tampony ny aro-fanina izay itehenana

Hand'some, *adj.* tsara-tarehy, mendrika

Hand'writing, *n.* sora-tãnana

Hand'y, *adj.* kinga, avanavanana; azo anaovana vonjimaika; antonona amy ny fiasana, &c.

Hang, *v. t.* sy *i. P.* sy *P. P.* hung or hanged; manantona; manantona olona hovonoina amy ny tadi-mody; mihan-tona, mirazorazo, miraviravy; mandõndona; miankina

Hang'er-on, *n.* mpiankina

Hang'man, *n.* mpanantona olona hovonoina

Hank'er, *v. i.* (for or after) maniry fatratra, manina

Hap, *n.* ny sendra, zara [vintana

Hap-hazard, *n.* ny sendra,

Hap'less, *adj.* ratsy vintana

Hap'ly, *adv.* sendra, angamba

Hap'pen, *v. i.* tonga tsy nampozina, sendra, manjo, miseho

Hap'piness, *n.* fahafinaretana, hasambarana

Hap'py, *adj.* finaritra, sambatra

Harangue', *n.* teny kabarina amy ny maro entina hamporisika azy hanao izay tian' ilay miteny

Har'ass, *v. t.* mahadikidiky, mahasosotra; manome fiarovana

Har'binger, *n.* (forerunner)

Har'bour, *n.* fiarovana, fierena; fitodiam-tsambo

Har'bour, *v. t.* mampiery, manafina; manome fiarovana

Hard, *adj.* mafy, sarotra, tsy laitra. **Hard water**, rano misy *mineral* ka sarotra anasana satria tsy mety mikambana amy ny savouy

Hard, *adv.* fatratra, sarotra.

Hard by, antomotra, akaiky.

Hard up, sahirana satria tsy ampy fivelomana na fanaovana, &c.

Hard'en, *v. t.* sy *i.* manamafy, manasarotra; mihamafy

Hard-hearted, *adj.* loza-be, tsy miantra

- Hard'hood**, *n.* fihafiana, kiry, fahasahiana
- Hard'ly**, *adv.* sarotra ; saiky tsy
- Hard'ness**, *n.* hamafiana, hasarotra ; halozana
- Hard'ship**, *n.* hâfy
- Hard'y**, *adj.* mihafy, sahy, matanjaka, maharitra
- Hare**, *n.* biby mirai-karazana amy ny rabbitro fa lehibebe kokoa [tritra
- Hare'brained**, *adj.* mikotritra
- Ha'rem**, *n.* ireo efi-trano izay itoerany ny vehivavy hiany ao amy ny tranony ny lehilahy manan-karena any Turkey, &c. ; ny vadiny sy ny tokantranomasony ao amin' ireo efi-trano ireo
- Hark!** *inter.* henoy angeha
- Har'lequin**, *n.* olona miakanjo hafahafa sy mitsinjatsinjaka foana mba hampihomehy ny sasany
- Har'lot**, *n.* vehivavy janga
- Harm**, *n.* ratra, fahasimbana
- Harm**, *v. t.* manimba, mandratra
- Harm'less**, *adj.* tsy maharatsy, tsy mandratra, tsy maninona
- Harmo'nious**, *adj.* mifanaraka, mirai-feo
- Harmo'nium**, *adj.* harimonia
- Har'monize**, *v. i.* sy *t.* mifanaraka ; mampifanaraka
- Har'mony**, *n.* fifanarahana, firaisam-peo
- Har'ness**, *n.* ny kofehy hoditra rehetra amy ny soavaly mitarika kalesy
- Harp**, *n.* valiham-bazaha
- Harp**, *v. i.* (upon) mamerimberin-teny matetika hilaza zavatra irai-loha
- Harpoon'**, *n.* lefona mifaraingo lela atao famonoana trozona na hazandrano lehibe
- Har'rôw**, *n.* fihogon-tany lehibe tarihiny ny soavaly
- Harsh**, *adj.* maraorao ; maisatra ; migadragadra ; sosotosotra, loza-be
- Hart**, *n.* biby deer lahy
- Har'vest**, *n.* fararano ; ny vokatra amy ny fararano
- Hash**, *v. t.* mitetika hena
- Hash**, *n.* hena voatetika masaka, fanan-kena
- Hasp**, *n.* fitanana, indrindra raha hidiana amy ny gadanà
- Has'sock**, *n.* footstool tsy manantongotra
- Haste**, *n.* hamaikana. To be in haste, maika. Make haste, faingana
- Has'ten**, *v. t.* sy *i.* mandodona ; mandeha faingana
- Has'ty**, *adj.* faingan-doatra ka tsy mihevitra, malaky tezitra
- Hat**, *n.* satroka
- Hatch**, *v. t.* sy *i.* mikotrika ka mahafoy. The hen is sitting, but her eggs are not yet hatched, mikotrika ny akoho, fa tsy mbola foy ny atodiny
- Hatch**, *n.* ny foy. Hatches, ny rakotry ny hold ao antsambo
- Hatch'et**, *n.* famaky
- Hatch'way**, *n.* loaka ao amy ny rihana atao fidinana ao amy ny trano ambany, indrindra ny ao amy ny sambo
- Hate**, *v. t.* mankahala
- Hate'ful**, *adj.* tokony hankahalaina [po
- Ha'tred**, *n.* fankahalana, lolom-
- Haug'h'ty**, *adj.* mianjonanjona, miavonavona
- Haul**, *v. t.* mitarika amy ny kofehy, mitarika an-kery, manintona
- Haunch**, *n.* fe

Haunt, *v. t.* mankany matetika
Haunt, *n.* fitoerana aleha mate-
 tika
Haunt'ed, *adj.* alehany ny ma-
 toatoa
Have, *v. t.* P. sy P. P. had; ma-
 nana, mahazo. I have to go,
 tsy maintsy mandeha aho.
 I had rather, aleoko
Ha'ven, *n.* fitodian-tsambo izay
 tsy azony ny alon-drano
 lehibe
Hav'oc, *n.* fandranganana
Hawk, *n.* papango [deha
Hawk, *v. t.* manao varo-man-
Hawk'er, *n.* mpanao varo-man-
 deha
Haw'thorn, *n.* anaran-kazo be
 tsilo fanao fefim-boly
Hay, *n.* ahi-maina atao hanin-
 tsoavaly, &c.
Hay-stack, *n.* ahi-maina an-
 tontany lehibe
Hazard, *n.* mosalahy. I will
 run all hazards, tsy manahy
 aho, na inona na inona tonga
 setraiko daholo
Hazard, *v. t.* tsy manahy, ma-
 nao vi-very, manao mosalahy
Hazardous, *adj.* tokony ham-
 pahita loza
Haze, *n.* zavonjavona
Hazy, *adj.* manjavonjavona
He, *pro. mas. pl.* they; izy
Head, *n.* loha; loholona; ny
 mitarika, mpifehy. To come
 to a head, efa tonga masaka
 (amy ny vay, na ny hevitra
 ny mpiodina). To make
 head against, mandroso;
 mahatohitra. He is over
 head and ears in debt, efa
 manerana ny volon-dohany
 ny trosan' olona aminy. I
 can make neither head nor
 tail of it, tsy fantatro veli-
 vely ny hevitr' izany

Head, *v. t.* mitarika, mifehy;
 mialoha
Head'ache, *n.* aretin' an-doha
Headfirst, *adv.* an-tsingoloka,
 an-tsontsori-doha
Head'land, *n.* tany mitsopaka
 ao amy ny ranomasina, tan-
 jona
Head'long, *adv.* an-tsingoloka,
 an-tsontsori-doha; manao
 mosalahy fa tsy mihevitra
 loatra, faingan-doatra
Head-quarters, *n.* ny itoerany
 ny lehibe amy ny anaovana
 raharaham-panjakana, &c.
Head'strong, *adj.* maditra, mafi-
 hatoka, mafi-sofina, tokam-
 bolana
Head-wind, *n.* rivotra manoha
 sambo
Head'y, *adj.* maditra, mafi-sofi-
 na
Heal, *v. t.* sy *i.* mahasitrana,
 indrindra ny fery; sitrana,
 manaritra
Health, *n.* fahasalamana
Health'y, *adj.* salama, tsy ma-
 rofy; mahatanjaka, tsy misy
 mankarary
Heap, *n.* antontany
Heap, *v. t.* (up) manao anton-
 tany, mampifanongoa
Hear, *v. t.* sy *i.* P. sy P. P. heard;
 mandre; mihaino. I heard
 from him, nahazo taratasy
 avy taminy aho, nampilaza
 teny tamiko izy. I heard of
 him, nahare ny aminy aho
Hear'ing, *n.* fandrenesana.
 They would not give me a
 hearing, tsy nety nihaino
 ahy izy, tsy navelany hiteny
 aho
Heark'en, *v. i.* (to) mihaino
Hear'say, *n.* tsahotsaho
Hearse, *n.* kalesy fitondrana
coffin

- Heart**, *n.* fo; ny afovoany. To break the heart of, mampamoi-fo indrindra, mahasafotra alahelo. To learn by heart, mianatra tsy an-jery. To lose heart, mamoi-fo, miketraka. To take to heart, malahelo, manao am-po. To set the heart upon, maniry indrindra, tia indrindra
- Heart-broken**, *adj.* difotr' alahelo, torotoro-fo
- Heartburn**, *n.* aretin' am-bavafo
- Heart-burning**, *n.* otri-po
- Hearth**, *n.* vato na biriky ao ambany ny *fire-place*
- Heartily**, *adv.* amy ny fo, tokoa, mazoto
- Heartless**, *adj.* osa; mampahalaina; tsy miantra, tsy mahatsiaro alahelon' olona
- Heart-rending**, *adj.* mampalahelo indrindra
- Heart'y**, *adj.* avy amy ny fo, mazoto, matanjaka, maheri-fo
- Heat**, *n.* hafanana, hainandro
- Heat**, *v. t. sy i.* mamana, manafana; mihafana
- Heath**, *n.* karazan' anjavidy fohy fanao kifafa, &c.
- Heathen**, *n.* olona mbola mivavaka amy ny sampy, jentilisa
- Heathendom**, *n.* ny firenena rehetra izay mbola mivavaka amy ny sampy
- Heathenish**, *adj.* tahaka ny fanaony ny *heathen*
- Heath'er**, *n.* (*heath*)
- Heave**, *v. t. sy i.* manainga, mambeta; mitopatopa; mitepotepo toy ny tratra raha miaina. To heave a sigh, misento. To heave the lead, manipy ny firaka avy ao antsambo habitana ny halaliny ny rano
- Heav'en**, *n.* lanitra
- Heav'only**, *adj.* any an-danitra, toy ny any an-danitra
- Heav'only-minded**, *adj.* tia sy mihevitra mandrakariva ny any an-danitra [alahelo]
- Heaviness**, *n.* fahavesarana;
- Heav'y**, *adj.* mavesatra; malahelo; mampalahelo. **Heavy bread**, mofa tsy mitombo loatra. **Heavy soil**, tany be tani-manga
- He'brew**, *adj.* Hebirio, any ny taranaky ny Isiraely
- Hec'atomb**, *n.* fanalamboady amonoana omby zato
- Hedge**, *n.* hazo ambolena atao fefim-boly
- Hedge**, *v. t.* mamefy
- Hedge'hog**, *n.* sokina
- Heed**, *v. t.* mitandrina
- Heed**, *n.* fitandremana. To take heed, mitandrina
- Heed'less**, *adj.* tsy mitandrina
- Heel**, *n.* ombalahin-tongotra, vodi-tongotra. To take to one's heels, mandositra
- Hej'ra**, *n.* ny nandosirany Mohamady (*Mahomet*) niala tany Mecca tamy ny taona 622 A.D. Ary izany no *era* amy ny *Mahometan*
- Heifer**, *n.* vantotr' ombi-vavy
- Height**, *n.* hahavony
- Height'en**, *v. t.* manovona, manandratra, mampitombo
- Hein'ous**, *adj.* ratsy dia ratsy (amy ny heloka), tokony hankahalaina
- Heir**, *n.* fem. heiress; mpan-dova. **Heir apparent**, izay tokony handova raha tsy maty alohany ny holovana. **Heir presumptive**, izay tokony handova raha tsy misy teraka ao aoriana izay tokony handova kokoa noho izy

Heirloom, *n.* tongoamihonkon-drazana
Hell, *n.* helo
Helm, *n.* familian-tsambo
Helm'et, *n.* satroka vy na varahina atao fiarovan-doha
He'lot, *n.* andevony ny olona tao Sparta; andevo
Help, *n.* fanampiana; fahafahana. There is no help for it, tsy azo atao ahoana intsony, tsy azo sakanana
Help, *v. t.* manampy, mamonjy, mahaso. I cannot help it, tsy azoko ovana izany, tsy azoko sakanana, ataoko ahoana. To help forward, mampandroso. To help to, (at a meal) manolotra hanina. Help yourself, alao izay tianao [soa
Help'ful, *adj.* manampy, maha-
Help'less, *adj.* tsy manankamonjy
Hem, *n.* hemany, sisin-damba milefitra voazaitra [ny *sphere*
Hem'isphere, *n.* ny an-tsasaky
Hem'orrhage, *n.* fitsihan-dra
Hemp, *n.* rongony [ny vorona
Hen, *n.* akoho vavy; ny vavy amy
Hence, *adv.* miala eto; noho izany, ka dia. A year hence, raha afaka herin-taona, raha taona any. A week hence, rehefa afaka herinandro
Hence-forth, **Hence-forward**, *adv.* amin' izao sisa izao [vavy
Hen'pecked, *adj.* tapahiny ny
Hep'tagon, *n.* figure misy lafiny fito sy *angle* fito
Heptag'onal,—**tan'gular**, *adj.* misy lafiny fito sy *angle* fito
Hep'tarchy, *n.* teny milaza ny fanjakany England raha nisy mpanjaka fito na toy izany tao, tokony ho hatramy ny taona 600 A.D. ka hatramy ny 827 A.D.

Her, *pro. fem. pl.* their; azy, -ny
Her'ald, *n.* irak' andriana mpialoha-lalana azy, mpilaza tenin' andriana
Herb, *n.* zava-maniry toy ny ahitra sy ny anana, &c., ka tsy maharitra mihoatra noho ny herin-taona ny tahony
Herba'ceous, *adj.* herb hiany
Her'bage, *n.* ny zava-maniry rehetra izay herb, ahitra [tra
Herbiv'orous, *adj.* homan' ahier
Her'cule'an, *adj.* matanjaka sy mahery indrindra tahaka any *Hercules*; mila ny heriny *Hercules* hahavitana ny atao
Her'cules, *n.* lehilahy malaza indrindra amy ny anganony ny Girika noho ny heriny
Herd, *n.* biby irai-dia, indrindra ny biby lehibe toy ny soavaly na omby, &c.
Herd, *v. i.* mirai-dia toy ny omby, &c.
Herd'man, **Herdsmán**, *n.* mpiandry omby, &c.
Here, *adv.* eto, ato, etỳ, atỳ.
Here and there, mahalana. It is neither here nor there, tsy maninona izany
Here'abouts, *adv.* etohoeto
Hereafter, *adv.* rahatrizay
Hereat', **Hereby'**, *adv.* noho izany
Hered'itary, *adj.* lovana
Her'esy, *n.* hevitra ny amy ny zavatra lehibe momba ny fivavahana izay tsy ekeny ny sasany
Her'etic, *n.* olona izay ataony ny sasany ho diso hevitra ny amy ny zavatra lehibe momba ny fivavahana
Heret'ical, *adj.* any ny *heretic*
Here'tofore, *adv.* fahizay
Here'upon, *adv.* ary amin' izany

Here'with, *adv.* miarak' amin' ity

Her'itage, *n.* lova

Hermeneu'tics, *n.* hermeniotika, fanao amy ny famoahana hevi-teny

Her'mit, *n.* olona misaraka amin' izao tontolo izao ka monina irery [hermit

Her'mitage, *n.* fonenany ny

He'ro, *n. fem.* her'oine; lehilahy malaza noho ny heriny sy ny fahasahisahiany tamy ny ady; ny lehilahy lazaina indrindra amy ny tantara na tonon-kira, &c.

Hero'ic, *adj.* toy ny hero; milaza ny ataony ny hero

Her'oism, *n.* herim-po, fahasahiana hanohitra ny fahavalo

Her'on, *n.* vano

Her'ring, *n.* anaran-kazandrano mpanao andiany be, ary betsaka dia betsaka no asian-tsira sy ahahy isan-taona

Hes'itate, *v. i.* mihanahana, misalasala; miakakà

Hesita'tion, *n.* ahanahana

Het'erodox, *adj.* tsy mifanarakevitra amy ny maro, indrindra fa ny amy ny finoana

Het'ero'ge'neous, *adj.* samihafa karazana na fomba, &c., (amy ny olona na zavatra mikambana na miharoharo)

Hew, *v. t. P.* hewed; P.P. hewed or hewn; mikapa amy ny famaky. To hew down, mijinja hazo

Hex'agon, *n.* figure misy lafiny enina sy angle enina

Hexag'on'al,—**xan'gular**, *adj.* misy lafiny enina sy angle enina

His'tus, *n.* ny banga, loaka; misy tsy ao (amy ny soratra)

Hiber'nal, *adj.* amy ny ririnina

Hiber'nate, *v. i.* milevina amy ny ririnina

Hic'cough, **Hick'up**, *n.* He has the hiccough, tsakoahina izy

Hid'den, *adj.* miafina

Hide, *v. t.* sy *i.* P. hid; P.P. hidden or hid; manafina; miery, miafina. To play at hide-and-peek, mifanala-piery

Hide, *n.* hoditra, indrindra ny hoditry ny biby lehibe [tra

Hid'eous, *adj.* ratsi-tarehy loa-

Hie, *v. i.* midodododo

Hi'erarchy, *n.* fitondrana ny fanjakana, &c., raha ny mpi-sorona na ny mpitandrina ny fiangonana no manapaka; ny mpisorona, &c., izay manapaka toy izany

Hi'eroglyph'ic, *n.* sarin-javatra atao solon-teny; marika toy ny teny na litera fa saropantarina ny heviny

Hig'gle, *v. i.* miadi-varotra fatratra

High, *adj.* avo, ambony; malaza, mahery. At a high price, be-vidy. It is high time you went, tokony ho efa lasa hianao. High tide, toetry ny ranomasina raha mi-sondrotra indroa isan-andro

High-born, *adj.* terak' andriana na ny lehibe

High'lands, *n.* tany avo lavitra noho ny ranomasina; tany be tendrombohitra

High-minded, *adj.* tsy moty manao izay zavatra ambanimbany toy ny fitaka, &c.; miavonavona

High'way, *n.* lalam-be

High'wayman, *n.* jiolahy mpi-sakan-dàlana

Hilar'ity, *n.* hafalifaliana
Hill, *n.* havoana, tendrombohitra. **On the hill-side**, ao ankilahila
Hill'ock, *n.* havoana madinika
Hill'y, *adj.* be havoana
Hilt, *n.* zaran-tsabatra na antsy, &c.
Hind, *n.* biby deer vavy
Hind, *adj.* COMP. hinder; SUP. hindmost or hindermost; aoriana [nampona]
Hind'er, *v. t.* misakana, ma-
Hin'drance, *n.* fisakanana
Hinge, *n.* savily
Hinge, *v. i.* (on or upon) miankina aminy (amy ny ohatra hiany)
Hint, *v. t.* sy *i.* milaza kely ny aminy; milaza kely izay mety hatao
Hint, *n.* teny kely enti-milaza na mananatra
Hip, *n.* moja
Hip'opot'amus, *n.* behemota, soavalin-drano [namby
Hire, *v. t.* manakarama, ma-
Hire, *n.* karama, tamby
Hire'ling, *n.* mpitamby, mpi-karama [-ny
His, *pro. masc. pl.* their; azy,
Hiss, *v. i.* mihisitra, manao feo toy ny vorombe raha tezitra
Hiss, *n.* isitra
Histo'rian, *n.* mpanoratra tantara, mpanao tantara
Histor'ical, *adj.* amy ny tantara, momba ny tantara
History, *n.* tantara [mahavao
Hit, *v. i.* sy *t. P.* sy *P. P.* hit;
Hit, *n.* fahavoazana
Hitch, *v. i.* sy *t.* misambotra amy ny farango
Hitch, *n.* fisakanana [treto
Hither, *adv.* (hatrany ka) ha-
Hitherto', *adv.* mandrak' ankehitriny

Hive, *n.* tranon-dreni-tantely
Ho, Hoa! *inter.* teny fiantsoana
Hoar,—ry, *adj.* fotsifotsy, fotsivolo
Hoard, *n.* zavatra noharina, zavatra betsaka angonina ka tehirizina
Hoard, *v. t.* mihary, manangona sady mitahiry
Hoar-frost, *n.* fanala, ando mandry noho ny hatsiaka
Hoarse, *adj.* migaragara, farim-peo
Hoax, *n.* vazivazy [mikotrifa
Hobble, *v. i.* mandringaringa,
Hobby, *n.* zavatra na raharaha tiana indrindra ka mahason-driana loatra [tahoatra
Hobgoblin, *n.* matoatoa maha-
Hoe, *n.* angadi-kelim-bazaha ka lava zarana
Hog, *n.* kisoa
Hog's'head, *n.* barika lehibe mahalany tokony ho 60 gallon
Hoist, *v. t.* mampakatra amy ny bolaky, &c.
Hold, *v. t.* sy *i. P.* sy *P. P.* held; mihazona, mitana. **Hold**, (*imp.*) mijanona, aoka izay.
To hold a meeting, miangona hivavaka na hiara-mihevitra raharaha. **To hold back**, misakana, mijanona tsy hanao. **To hold forth**, mampiseho; mandaha-teny. **To hold off**, mihatakataka. **To hold out**, maharitra. **To hold up**, manandratra, manohana; mitraka; miaritra
Hold, *n.* fihazonana; tranomaizina; ny itoerany ny entana ao anati-sambo. **Foot-hold**, fifaharan-tongotra. **To lay hold of**, misambotra. **To get hold of**, mahazo. **To take hold of**, mihazona

Hole, *n.* loaka, lavaka
Holiday, *n.* ny andro itsaharana tsy anaovan-draharaha na tsy ianarana amy ny sekoly, &c.
Holliness, *n.* fahamasinana
Holla', *inter.* teny fiantsoana
Hollôw, *adj.* poakaty, hoboakaty; lempona; mamitaka
Hollôw, *v. t.* mandoaka, mandempona
Holly, *n.* anaran-kazo malaza tsy mihintsan-dravina sady misy voany mena madinika
Holy, *adj.* masina, tsy misy tsiny; atokana ho an' Andriamanitra
Home'age, *n.* haja, fanajana (ny ataony ny ambany amy ny ambony hiany)
Home, *n.* trano onenana; tany onenana. **To go home**, *mody.* **At home**, ao an-tranony, ao aminy. **To be at home on** (a subject), mahalala tsara. **It comes home to me**, mihatra amiko tokoa izany, voa aho amin' izany. **Make yourself at home**, ataovy toy ny any an-tranonao hiany
Homely, *adj.* tahaka ny ao aminy; antonona hiany fa tsy tsara loatra
Hom'icide, *n.* vonoan' olona, indrindra fa raha atao tampoka noho ny hatezerana
Hom'ily, *n.* tori-teny, serimona
Homoge'neous, *adj.* iray karazana na fomba, &c. (amy ny olona na zavatra mikambana na miharoharo)
Hone, *n.* vato-asana
Honest, *adj.* marina amy ny atao, tsy mamitaka, mahitsy
Honesty, *n.* fahamarinana amy ny atao, fahiteiana
Honey, *n.* tantely

Honey-comb, *n.* toho-tantely
Honey-moon, *n.* ny iray volana manarakaraka ny fampakaram-bady
Hon'our, *n.* haja, zo, voninahitra; hamarinana
Hon'our, *v. t.* manaja, manome voninahitra
Hon'ourable, *adj.* tokony hohajaina, marina; tokony hahazoana haja
Hood, *n.* fisaronan-doha, elompilanjana na saron-kalesy, &c.
Hoof, *n.* kitro
Hook, *n.* farango, fintana. **He will do it by hook or by crook**, na manao ahoana na manao ahoana no hanaovany izany dia hanao hiany izy
Hook, *v. t.* misambotra amy ny farango na fintana
Hoop, *n.* fehim-barika; tsilalao toy ny fehim-barika akodidiany ny ankizi-madinika
Hoop'ing-cough, *n.* kohaka lavareny, koha-dava
Hoot, *v. t.* sy *i.* manakora olona noho ny tsi-fitivana; maneno toy ny voron-dolo, mikiririoka
Hop, *v. i.* manao tongo-dovia; mitsambikimbikina; mipika, mitsipika
Hop, *n.* anaran-kazo mandady sy mangidi-vony, ka araho amy ny anaovana labera
Hope, *v. i.* manantena sady maniry
Hope, *n.* fanantenana sy faniriana; izay antenaina
Hope'ful, *adj.* azo antenaina; mampanantena
Hope'less, *adj.* tsy misy hantenaina intsony; mamoi-fo
Horde, *n.* fokom-pirenena mifindrafindra
Horizon, *n.* fara-vodi-lanitra

- Horizon'tal**, *adj.* mandry mitovi-rano
- Horn**, *n.* tandroka ; trompetra ; kapoaka tandroka
- Hor'net**, *n.* biby kely toy ny takolapanenitra
- Horn'y**, *adj.* mifanahatahaka amy ny toetry ny tandroka
- Hor'rible**, *adj.* ratsy sady mahatahotra indrindra, mahatsiravina
- Hor'rid**, *adj.* (*horrible*)
- Hor'rify**, *v. t.* mampahatahotra indrindra
- Hor'ror**, *n.* tahotra indrindra, hovitra, horohoro
- Horse**, *n.* soavaly. **On horse-back**, mitaingin-tsoavaly
- Hor'tative,—tory**, *adj.* mananatra, mamporisika amin' izay tsara
- Hor'ticul'ture**, *n.* fahalalana ny fomba fambolen-javatra ; ny fanao amy ny anamboarana tanim-boly
- Hosan'nah**, *n.* hosana, teny fiderana an' Andriamanitra
- Hose**, *n.* ba ; fantsona hodi-tra, &c. itarihan-drano, indrindra amy ny hamonoana afo
- Ho'sier**, *n.* mpivarotra ba sy gan-tàna ary ny zavatra toy izany
- Ho'siery**, *n.* ny zavatra amidiny ny *hosier*
- Hos'pitable**, *adj.* manao soa amy ny vahiny
- Hos'pital**, *n.* trano fitsaboana
- Hos'pital'ity**, *n.* fanaovana soa amy ny vahiny
- Host**, *n.* ny mampiandrano vahiny ; miaramila maro be ; olona maro be
- Host'age**, *n.* olona atao antoka hahatanterahany ny fane-kena ataon' izay resy
- Host'ess**, *n.* vehivavy mampian-drano vahiny
- Host'ile**, *adj.* toy ny fahavalo, manohitra, misakana
- Hostil'ity**, *n.* tsi-fitiavana, ady
- Hos'tler**, *n.* mpitandrina soavaly ao amy ny *hotel*
- Hot**, *adj.* mafana, mahamay ; mazoto
- Hot'bed**, *n.* tany amboarina holonaka tsara hambolen-javatra
- Hotel**, *n.* trano fihinanana sy fandriany ny vahiny izay mandoa karama ho any ny tompon-trano
- Hot-headed**, *adj.* maika loatra, maimay amy ny atao ; kitoina
- Hot-house**, *n.* trano fitaratra ambolen-javatra ka afanaina raha ririnina
- Hound**, *n.* amboa mpihaza
- Hour**, *n.* ora, hadim-pamantaranandro
- Hour-glass**, *n.* gilasy misy fasika mitete ahafantarana ora iray
- Hour'ly**, *adj.* sy *adv.* isan' ora, matetika
- House**, *n.* trano ; taranak' olona anankiray, indrindra raha malaza ilay razany. **House of Commons**, (*Commons*)
- House**, *v. t.* mampiditra ao an-trano mba tsy ho azony ny hatsiaka na ny ranononana, &c.
- House-breaker**, *n.* mpanamitrano, mpanala-trano
- House'hold**, *n.* ankohonana, ny ao an-trano [tokan-trano]
- House'hold**, *adj.* momba ny
- House'holder**, *n.* olona manantokan-trano
- House'keeper**, *n.* olona manantokan-trano ; vehivavy mpi-karakara ny ao an-trano

Housewife, *n.* ny vadiny ny *householder* izay mikarakara ny ao an-trano; kitapo kely hoditra fitoerany ny zavatra fanjairana

Housewifery, *n.* raharahany ny vehivavy amy ny fikarakarana ny ao an-trano

How'el, *n.* trano-bongo; tranon' omby na ondry

How, *adv.* manao ahoana? ny anaovana. **How many?** firy?

How much? hoatrinona?

How long ago? hoatrinona izay?

How often? hoatrinona izay?

How many times? impiry?

How do you do? manao ahoana

hianao? **How did you do it?**

nataonao ahoana no fanao

izany? nanao ahoana no

nanaovanao izany? I told

him how you did it, nola-

zaiko taminy izay nanaova-

nao izany. **How cold it has**

been to day! Edrey izany

hatsiaka androany!

Howbe'it, *conj.* kanefa

However, *conj.* kanefa

However, *adv.* na manao

ahoana na manao ahoana

Howl, *v. i.* mitomani-valala, mi-

kaonkaona, midradradra

Hub'bub, *n.* tabataba, horako-

raka

Huckster, *n.* mpivaro-java-

madinika

Hud'dle, *v. i.* mifanizina

Hue, *n.* sorany, volony [tratra

Hug, *v. t.* mamihina eo an-

Huge, *adj.* makadiry

Hulk, *n.* vatan-tsambo

Hull, *n.* hoditry ny voan-

javatra sasany; vatan-tsam-

bo

Hum, *v. i.* manao hirahira an'

orona; mimonomonona toy

ny moka, &c.

Hu'man, *adj.* any ny olom-
belona, momba ny olom-
belona [aina, antra

Humane, *adj.* mamindra-fon'

Human'ity, *n.* fombany ny

olombelona; olombelona;

antra

Hu'manize, *v. t.* sy *i.* manova

ho *human* na *humane*; miova

ho *human* na *humane*

Hum'ble, *adj.* mietri-tena, tsy

miavonavona, malemy fanahy

Hum'ble, *v. t.* manetry

Hu'mid, *adj.* mando, mando-

mando

Humil'iate, *v. t.* manetry. It

is **humiliating**, mahame-

natra izany

Humil'ity, *n.* fanetren-tena,

fahalemem-panahy

Hu'morous, *adj.* hatsikantsi-

kana, tia vosobosotra

Hu'mour, *n.* zavatra toy ny

nana avy amy ny tena;

toetry ny fanahy. He is in

a **good humour**, zinjina izy,

falifaly izy. He is in a **bad**

humour, manjombona izy,

sosotsosotra izy. He has a

great deal of humour, be

hatsikana izy

Hu'mour, *v. t.* mampihanta

mampiangolangola

Hump, *n.* trafo

Hump'backed, *adj.* vokoka

Hunch, *n.* trafo; didy fisapi-

saka matevina

Hun'dred, *adj.* zato [112 *pound*

Hundredweight, lanjan-jato,

Hung, *P. sy P. P. of hang*

Hung-beef, *n.* hen' omby atao

ombi-sira ka ahantona; ki-

toza

Hun'ger, *n.* hanoanana

Hun'ger, *v. i.* (after) noana;

maniry fatratra

Hun'gry, *adj.* noana

- Hunt**, *v. t. sy i. mihaza.* To hunt for, mitady fatratra
- Hurdle**, *n.* hazo madinika voarary [ahodina]
- Hurdy-gurdy**, *n.* zava-maneno
- Hurl**, *v. t.* mitoraka, manipy
- Hurrah!** *inter.* akora noho ny hafaliana
- Hurricane**, *n.* tafio-drivotra faran' izay mahery indrindra
- Hurry**, *v. t. sy i.* mando-dona; manao maika, mandeha maika
- Hurry**, *n.* hamaikana. He is in a hurry, maika izy
- Hurt**, *v. t. P. sy P. P.* hurt; mandratra, manimba
- Hurt**, *n.* ratra
- Hurtful**, *adj.* mahasimba
- Husband**, *n.* vady (ny lehilahy)
- Husband**, *v. t.* mitsitsy harena, &c.; mitahitahy
- Husbandman**, *n.* mpiasa tany, mpamboatra tanim-boly
- Husbandry**, *n.* fahaizana mitsitsy harena; raharahany ny *husbandman*
- Hush**, *v. t.* mampangina. To hush up, tsy mamela ho fantatr' olona
- Husk**, *n.* hoditry ny voan-javatra sasany; ampombo
- Husky**, *adj.* be ampombo; farim-peo
- Hustle**, *v. t.* manositosike, manifakifa
Irrefragable, *adj.* marina tokoa ka tsy azo lavina, tsy maintsy ekena [azo valiana
Irrefutable, *adj.* marina ka tsy
Irreg'ular, *adj.* tsy araka ny lalàna, tsy araka ny fanao
Irrel'evant, *adj.* hafa, tsy mi-hatra aminy
Irrelig'ious, *adj.* tsy mivavaka, tsy matahotra an' Andriamanitra
Irreme'diable, *adj.* tsy azo sitranina; tsy azo vonjena; tsy azo amboarina
Irrep'arable, *adj.* tsy azo amboarina ho tsara intsony
Irrepress'ible, *adj.* tsy azo tsindriana; tsy azo sakanana
Irreproach'able, *adj.* tsy azo omen-tsiny
Irresist'ible, *adj.* tsy azo toherina
Irres'olute, *adj.* tsy sahy manatanteraka izay tokony hatao na izay kasaina hatao [vitra
Irrespect'ive, *adj.* (of) tsy mihe-

Irrespon'sible, *adj.* tsy adidy, tsy andraikitra
Irreverent, *adj.* tsy manajanan' Andriamanitra; tsy manaja izay tokony hohajaina
Irrev'ocable, *adj.* tsy azo tsoahana, tsy azo ovana
Ir'rigate, *v. t.* mandena
Ir'ritable, *adj.* mora tezitra, mora sosotra
Ir'ritate, *v. t.* mampangidihidy; mampangirifiry; mampahatezitra
Irruption, *n.* firiatany ny fahavalao ho amy ny tany; firiatany ny rano betsaka amy ny tany
I'singlass, *n.* gelatine madio tsara avy amy ny hazandrano sasany [Mahometan
Is'lam, *n.* ny fivavahany ny
Isl'and,—le, *n.* nosy
Is'let, *n.* nosy kely
Isolate, *v. t.* mamponina irery
Is'sue, *n.* ny ivoahany ny rano, &c.; ny iafarana; zanaka, dimby. **At issue with**, tsy mifanaraka aminy
Is'sue, *v. i.* sy *t.* mivoaka, miala, mihafara; mamoaka
Isth'mus, *n.* tany keoka mampiray tany roa samihafa
It, *pro. neu.* izany, izy
Ital'ic, *adj.* porintra mandry saiky toy ny eora-tànana
Itch, *n.* hatina
Itch, *v. i.* mangidihidy; maniriny ka tsy mety mitsahatra
I'tem, *n.* ny anankiray amy ny zavatra voalaza na voasoratra
I'tem, *adv.* koa [milaza indray
It'erate, *v. t.* manao indray
Itin'erant, *adj.* mivoivoy, mandehandeha, mivezivezy
Itin'erate, *v. i.* mandehandeha, indrindra raha hitori-teny na handaha-teny

Ivory, *n.* ivory, ny vanginy ny biby elefanta
I'vy, *n.* zava-maniry mandady amy ny rindrina na amy ny hazo ka tsy mihintsan-dra-vina [niteny foana
Jab'ber, *v. i.* mibedibedy, mite-
Jack, *n.* anaram-bosotra asolo
John; saina amy ny sambo; fanaovan-javatra kely hisolo ny raharahany ny ankizy.
Boot-jack, hazo atao fanalan-kiraro. **Jack of all trades**, olona mahay tao-zavatra madinidinika maro karazana
Jack'al, *n.* biby tahaka ny amboa-dia ka manao andiany
Jack'ass, *n.* borika lahy
Jack'daw, *n.* karazan-goaika madinika
Jack'et, *n.* palitao fohy
Jac'ulate, *v. t.* manoraka toy ny atao amy ny lefona
Jade, *n.* soavaly efa osa
Jade, *v. t.* mahatrotraka
Jag, *v. t.* mikapakapa, manabanga
Jail, *n.* trano-maizina
Jam, *n.* fifanizinan' olona maro; voan-kazo tehirizina amy ny siramamy [dry mafy
Jam, *v. t.* mifanizina; manin-
Jamb, *n.* tolana [adi-antsanga
Jan'gle, *v. i.* mifanditra, manao
Jan'gle, *n.* fifandirana
Jan'uary, *n.* Janoery, ny volana voalohany amy ny taona
Japan', *n.* anarany ny varinesy sy loko izay avy tany Japan tany ny voalohany; zavatra nohosorana izany varinesy izany
Jar, *v. i.* manao ratsy faneno; midridrodridro; mifanohitra, tsy mifanaraka
Jar, *n.* tavoara; fifanoherana
Jargon, *n.* boeriboerika, baiko

Jas'per, *n.* anaram-bato soa
Jaun'dice, *n.* ngorongosy
Jaunt, *v. i.* mitsangantsangana any an-tsaha
Jaunt'y, *adj.* kasy
Javelin, *n.* lefom-pohy atoraka
Jaw, *n.* valanorano
Jaw'bone, *n.* taolam-balanorano
Jea'lous, *adj.* mialona, saropiaro
Jea'lousy, *n.* fialonana ny soa izay ataony fa ho azony ny sasany
Jeer, *v. t.* sy *i.* (at) maneso, manaraby, mihomehy (olona)
Jeer, *n.* eso
Jelly, *n.* hatrotro sy ny zavatra mandry tahaka azy
Jeop'ard, *v. t.* manao vi-very, mampanao vi-very; manka-hadoza
Jeop'ardy, *n.* fanakekezana loza
Jerk, *v. t.* manohina; manipy na manintona na manosika tampoka
Jerk, *n.* fanosehena &c. tampoka. **To move by jerks**, mandeha mitsitapitapy
Jest, *v. i.* manao vosobosotra
Jest, *n.* vosobosotra
Jest'er, *n.* mpanao vosobosotra, mpanao hatsikana
Jes'uit, *n.* mompera iray fifehezana araka ny fomba nampianariny Ignatius Loyola tany ny taona 1540 A.D.
Jet, *n.* anaran-karazan' arintany izay mainty dia mainty ary azo atao haingo; rano mifantsitsitra. **Jet-black**, mainty ngizina
Jet, *v. i.* mifantsitsitra
Jet'ty, *n.* lalana hazo toy ny tetezana ao ambony ny ranomasina hankanesana eny amy ny sambo
Jew, *n.* Jiosy anankiray

- Jewel**, *n.* vato soa; izay tiana indrindra
- Jeweller**, *n.* mpivarotra na mpamboatra vato soa
- Jewellery**,—**elry**, *n.* ny fanaovana na fivarotana *jewel*
- Jew's-harp**, *n.* lokanga-vava
- Jig'jog**, *n.* fandeha mientanentana na mievotrevotra
- Job**, *n.* raharaha, indrindra ny raharaha madindinika
- Jockey**, *n.* mpitaingin-tsoavaly hilokana; mpivaro-tsoavaly
- Jocose'**, *adj.* hatsikana, manao vosobosotra; mahatsikaiky
- Jocular**, *adj.* hatsikana, manao vosobosotra
- Jocund**, *adj.* falifaly, hatsikana, mahatsikaiky
- Jog**, *v. t. sy i.* manohina, manetsiketsika; mihetsiketsika
- Jog**, *n.* fanohinana. **Jog-trot**, fandeha miadanadana tsy miovaova
- Join**, *v. t. sy i.* mampikambana, mampitohy; mikambana, mitohy
- Join'er**, *n.* mpandrafitra
- Joint**, *n.* tonony; ny ikambanana; vany; famavany
- Joint**, *adj.* iombonana, ikambanana; miray, mikambana
- Joint**, *v. t.* mampikambana
- Jointly**, *adv.* miara-, miombona
- Joint'ure**, *n.* harena omeny ny lehilahy ho any ny vadiny
- Joist**, *n.* lafi-drihana, rairain-drihana
- Joke**, *n.* vosobosotra
- Jollity**, *n.* hafaliana be horakoraka, fikoranana
- Jolly**, *adj.* mikorana; mahafaly, mahafinaritra
- Jolly-boat**, *n.* botry momba ny sambo lehibe
- Jolt**, *v. t. sy i.* mampiantanentana; miantanentana
- Jolt**, *n.* fiantanentanana
- Jostle**, *v. t.* manohina, manosika noho ny fifanetena
- Jot**, *n.* kitika (izahao *iota*)
- Jot**, *v. t.* manoratra kely ho fahatsiarovana
- Journal**, *n.* taratasy milaza ny atao isan'andro [lavitra
- Journey**, *n.* ny andehanana
- Journeyman**, *n.* lehilahy tsy tompony ny raharaha fa karamaina araka ny andro anaovany
- Jove**, *n.* (*Jupiter*)
- Jo'vial**, *adj.* falifaly, hatsikana
- Joy**, *n.* fialiana, hafaliana, haravoravoana
- Joyful**, *adj.* faly, ravo
- Joyless**, *adj.* tsy misy hafaliana, malahelo
- Joyous**, *adj.* faly
- Ju'bilant**, *adj.* ravoravo; mifaly indrindra satria mahery
- Ju'bilee**, *n.* jobily; fandroana isan-dimam-polo taona amy ny Jiosy izay anafahany ny andevo; fifaliana lehibe
- Juda'ical**, *adj.* any ny Jiosy
- Ju'daism**, *n.* fombam-pivavahana nataony ny Jiosy
- Ju'daize**, *v. i.* manaraka ny fombany ny Jiosy [baventy
- Judge**, *n.* mpitsara, andriam-
- Judge**, *v. i. sy t.* mitsara; mihevitra ka manavaka ny mety amy ny tsy mety
- Judg'ment**, *n.* fitsarana; fahai-zana hanavaka ny mety amy ny tsy mety; hevitra
- Ju'dicature**, *n.* fahefana hitsara
- Judi'cial**, *adj.* momba ny fitsarana [vitra tsara
- Judicious**, *adj.* hendry, mihe-
- Jug**, *n.* fitondran-drano toy ny tavoara fa be vava

Jug'gle, *v. i.* manao zavatra mahagaga izay toa tsy hain'olona ka mamitaka amy ny fijerena

Jug'gler, *n.* mpanao zavatra mahagaga izay toa tsy hain'olona

Jug'ular, *adj.* momba ny tenda

Juice, *n.* ranon-javatra, indrindra ny ranom-boan-kazo sy ny fary

Ju'icy, *adj.* be ranony

July, *n.* Joly, volana fahafito amy ny taona [safotofoto

Jum'ble, *v. t.* mangaroharo mi-

Jump, *v. i.* mitsambikina

Junct'ion, *n.* fikambanana, fihonana

Junct'ure, *n.* ny ikambanany ny zavatra roa. **At that juncture**, tamin' izay indrindra [amy ny taona

June, *n.* Jona, volana fahenina

Jung'le, *n.* tany be kirihitrала sy zozoro, &c.

Ju'nior, *adj.* sy *n.* zandriny.

He is my junior by five years,

zandriko dimy taona izy.

J. B. Junior, J. B. zanany.

☞ Ny teny *junior* toy izao dia mampiseho fa ny rainy na ny rahalahin-drainy na ny iray fianakaviana aminy no mitovy anarana aminy ka izy no zandriny, fa ny zokiny dia *J. B. Senior*.

Junk, *n.* anaran-tsambo ataony ny olona any China

Jun'to, *n.* mpirai-tetika, mpioko (amy ny fanjakana)

Ju'piter, *n.* ny andriamanitra tsi-izy nataony ny Girika sy ny Romana ho rainy ny andriamaniny rehetra; anaram-pilanetra lehibe indrindra,

Jopitera [rana

Jurid'ical, *adj.* momba ny fitsa-

Jurisdic'tion, *n.* fahefana araka ny lalàna; tany izay ananany ny anankiray fahefana

Jurispru'dence, *n.* ny *science* izay ahafantarana ny amy ny lalàna

Ju'rist, *n.* olona mahay lalàna, mpandaha-dalàna

Ju'ror, **Ju'ryman**, *n.* ny anankiray amy ny *jury*

Ju'ry, *n.* olona tsy latsaka noho ny roa amby ny folo izay fidina hihaino ny teniny ny ampan-gaina sy ny miampanga, na hanadina ny amy ny zavatra natao, ka milaza izay marina. **Grand-jury**, olona nasaña handinidinika ny fiampanga ny sasany, ary raha hitany fa misy azo iampanga azy dia manoratra taratasy atao hoe *indictment* izy hampangany azy eo anatrehany ny mpitsara

Ju'rymast, *n.* andrin-tsambo atao antrantra

Just, *adj.* marina, mahitsy

Just, *adv.* indrindra, vao, vantanany. **Just now**, vao teo, vao teo noho teo. **But just**, saiky tsy; vao teo

Jus'tice, *n.* hamarinana, tsi-fiangarana; rariny; mpitsara

Justi'ciary, *n.* mpitsara

Justif'able, *adj.* marina, azo aseho ho mety

Justifica'tion, *n.* fanitsiana, fanamarinana

Ju'stle, *v. i.* sy *t.* (*jostle*)

Just'ly, *adv.* marina

Just'ness, *n.* fahamarinana

Jut, *v. i.* mandroso toy ny vato mandondona na ny rafitra amy ny trano, &c.

Jute, *n.* zavatra toy ny rongony fa tsy tsara tahaka azy

Ju'venile, *adj.* tanora

- Jux'taposition**, *n.* fifanakekezana
- Kaleidoscope**, *n.* tsilalao jerena toy ny masolavitra fa ao anatin'ny misy sora-javatra mahafinaritra izay miovaova mandrakariva
- Kangaroo'**, *n.* anaram-biby fohy tana fa lava tongotra ka mahay mitsambikimbikina, any Australia no misy azy
- Keel**, *n.* hazo lehibe ao amy ny fara-vodi-sambo; sambokely
- Keen**, *adj.* mazoto; maranitra; mamirifiry
- Keep**, *v. t.* sy *i. p.* sy *pp.* kept; mitana, mihazona, mitahiry; mitandrina; maharitra tsy miova toetra na toerana. To keep back, mihazona; manafin-kevitra; tsy mampiseho. To keep company with, zatra ny miaraka aminy
- Keep**, *n.* fitandremana, fiahiana; trano fiarovana
- Keeper**, *n.* mpitahiry, mpitan-drina, mpiandry
- Keeping**, *n.* fitandremana, fiahiana. In keeping with, mifanaraka aminy
- Keep'sake**, *n.* zavatra tehirizina atao fahatsiarovana ny mpainome
- Keg**, *n.* barika kely
- Kelp**, *n.* volon-drano ao an-dranomasina; lavenony ny zavamaniry ao an-dranomasina
- Ken**, *n.* ny tra-maso; ny takatry ny saina
- Ken'nel**, *n.* tranon'amboa; lalan-drano amy ny sisin-dalana
- Kept**, *p. sy pp.* of keep
- Ker'chief**, *n.* tapa-damba atao fehi-loha, &c.
- Ker'nel**, *n.* ilay voa malemy ao anatin'ny taolam-boankazo, ny anatin'ny nut
- Kettle**, *n.* kafitera
- Kettle-drum**, *n.* amponga varahina toy ny vilanim-bary ny tarehiny
- Key**, *n.* fanalahidy, lakile; izay ahafantarana ny zavatra saro-pantarina; valiny ny fianara-marika
- Key'note**, *n.* pitsin-kira
- Key'stone**, *n.* hidim-bato amy ny andohalambo
- Khan**, *n.* mpanapaka any Tartary, &c.; tranom-bahiny ao amy ny tany sasany any Asia
- Kick**, *v. t.* sy *i.* mameli-diamanga, manipaka, mandaka
- Kick**, *n.* diamanga, daka
- Kid**, *n.* zanak'osy
- Kid'nap**, *v. t.* mangalatra olona
- Kid'ney**, *n.* voan-kena
- Kill**, *v. t.* mamono, mahafaty
- Kiln**, *n.* fandoroan-tsokay na biriky; rafi-biriky atao fانداسان-javatra
- Kin**, *n.* havana
- Kind**, *n.* karazana; fomba. They paid in kind, zavatra hafa no naloany fa tsy vola
- Kind**, *adj.* malemy fanahy, miantra, manao soa, mora
- Kindheart'ed**, *adj.* malemy fanahy
- Kin'dle**, *v. t.* sy *i.* mampirehitra; mirehitra
- Kind'ly**, *adj.* sy *adv.* mahaso, amy ny fankasitrahana
- Kind'ness**, *n.* halemam-panahy, fanaovan-tsoa [viana
- Kin'dred**, *n.* havana; fianaka
- Kine**, *n.* pl. of cow
- King**, *n.* mpanjaka (lahy)
- King'dom**, *n.* fanjakana; fizarana lehibe, toy izao: nyzavamanan'aina rehetra dia ao amy ny animal kingdom; ny zava-maniry rehetra dia ao

- amy ny vegetable kingdom ;
ny zavatra izay tsy manan'
aina sady tsy maniry dia ao
amy ny mineral kingdom
- Kingfisher**, *n.* vintsy
- King'ly**, *adj.* mendrikanympan-
jaka
- Kinsman**, *n.* fem. kinswoman ;
havana
- Kirk**, *n.* trano fivavahana any
Scotland
- Kiss**, *v. t.* manoroka
- Kiss**, *n.* oroka, fanorohana
- Kit**, *n.* gamela ; harona
- Kitch'en**, *n.* lakozy, efi-trano
atao fahandroan-kanina
- Kitchen-garden**, *n.* tanimboly
fambolena anana
- Kite**, *n.* karazam-papango ;
papango hazo
- Kit'ten**, *n.* zana-tsaka
- Knack**, *n.* fahaizana amy ny
zavatra madinika
- Knapsack**, *n.* kotra, kitapo
fitondram-batsy, &c.
- Knave**, *n.* mpangala-tety, mpa-
mitaka, mpanambaka
- Knave'ish**, *adj.* mamitaka, ma-
nambaka
- Knead**, *v. t.* mametafeta, ma-
motsipotsika
- Knead'ing-trough**, *n.* vato amo-
tsipotsehana koba
- Knee**, *n.* lohalika
- Kneel**, *v. i. P.* sy *P.P.* knelt *or*
kneeled ; mandohalika
- Knee'pan**, *n.* ampelandohalika
- Knell**, *n.* ny fampanenoana
lakolosy raha misy mande-
vina
- Knick'nack**, *n.* lalao madinika
- Knife**, *n.* pl. knives ; antsy.
Table knife, antsy fihinanana.
Pocket knife, penknife, an-
tsi-pika
- Knight**, *n.* anaram-piandria-
nana
- Knight'hood**, *n.* ny voninahitra
ananany ny *knight* ; toetry
ny *knight*
- Knit**, *v. t.* manao ba na fehi-
tenda na akanjo &c. amy ny
fanaovam-ba
- Knit'ting**, *n.* zavatra natao
tamy ny fanaovam-ba
- Knit'ting-needle**, *n.* fanaovam-
ba
- Knob**, *n.* zavatra boribory
mitranga amy ny zavatra
hafa
- Knock**, *v. t.* sy *i.* mandondona,
mamily ; midona. To knock
up, mahasasatra ka manka-
rary
- Knock'er**, *n.* fandondonam-ba-
ravarana
- Knoll**, *v. t.* sy *i.* mampaneno
lakolosy raha misy mande-
vina
- Knoll**, *n.* havoana kely
- Knout**, *n.* vona ; tonona ; zavatra
saro-pantarina ; maily amy
ny alehany ny sambo, dia
1014½ refy
- Knout**, *v. t.* mamona
- Knotty**, *adj.* tononana ; saro-
pantarina, manahirana
- Knout**, *n.* kapoka fampijaliana
ataony ny any Russia
- Knôw**, *v. t.* sy *i. P.* knew ; *P.P.*
knôwn ; mahalala, mahafan-
tatra
- Knôw'ledge**, *n.* fahalalana
- Knuck'le**, *n.* tonon-tànana
- Koran'**, *n.* boky fivavahany ny
Mahometan
- Kraal**, *n.* vohitra madinika ka
trano-bongo daholo no ao
- La'bel**, *n.* taratasy kely apetaka
amy ny zavatra ka milaza ny
vidiny na ny anarany, &c.
- La'bél**, *v. t.* mametaka *label*
- Lab'oratory**, *n.* trano fiasany
ny *Chemist*

- Lab'orious**, *adj.* misy asa betsaka atao ka mahasasatra ; mazoto
- La'bour**, *n.* asa, tao-zavatra ; ny fahoriany ny vehivavy raha mitera-jaza [aina
- La'bour**, *v. i.* miasa, mikeli-
- La'bourer**, *n.* mpiasa, fa indrindra ny mpiasa amy ny raharaha izay tsy mila fahaizana loatra fa hery hiany
- Lab'yrinth**, *n.* fitoerana feno lalana miolikolika sy be fiviliviana izay manahirana ny mpandeha
- Lac**, *n.* ditim-biby anankiray apetany amy ny hazo, ka fanao *scaling-wax*, &c.
- Lace**, *n.* dantelina ; kofehin-kiraro, &c.
- Lace**, *v. t.* mamehy kiraro, &c.
- Lac'erate**, *v. t.* mandrotika na mandrotidrotika olona na biby, mamiravira
- Lach'rymal**, *adj.* mahatonga ranomaso [dranomaso
- Lach'rymose**, *adj.* mandatsa-
- Lack**, *v. t.* sy *i.* tsy manana
- Lack**, *n.* izay tsy ananana
- Lackey**, *n.* ankizilahy karamaina hanampo olona ao antrano sy hanaraka azy
- Lacon'ic**, *adj.* fohy nefa mahalaza betsaka (amy ny teny)
- Lac'quer**, *n.* varineasy vony aho-sotra amy ny varahina, &c.
- Lad**, *n.* zazalahy ; ankizilahy
- Lad'der**, *n.* tohatra
- Lade**, *v. t.* P. laded ; P.P. laded or laden ; manisny entana ; mikoba-drano. To lade out, mancisotra rano ka *ladle* na zavatra saliaaka no anaovana izany
- La'ding**, *n.* entan-tsambo
- La'dle**, *n.* sotrobe
- Ladrone**, *n.* jiolahy, indrindra fa ny jiolahy ao an-tsambo
- La'dy**, *n.* fem. of *lord* sy *gentleman* ; tompokovavy, andriambavy, vehivavy
- La'dylike**, *adj.* toy ny vehivavy izay mahalala fomba tsara
- Lag**, *v. i.* mandeha miadana ka miaoriana
- Lag'gard**, *adj.* malaina, kamo
- Lagoon**, *n.* farihy marivo, indrindra izay tratry ny ranomasina
- Laid**, P. sy P.P. of *lay*
- Lain**, P.P. of *lie*
- Lair**, *n.* fandriam-bibi-dia
- Laird**, *n.* *lord*, (fiteniny ny any Scotland)
- La'ity**, *n.* ny olona rehetra afa-tsy izay voatendry ho mpi-tandrina fiangonana
- Lake**, *n.* farihy ; anaran-doko mena [kely
- Lamb**, *n.* zanak' ondry, ondry
- Lamb'ent**, *adj.* mihelohelo
- Lamb'kin**, *n.* zanak' ondry kely
- Lame**, *adj.* mandringa, mikotrifa ; marary tanana ; osa
- Lame**, *v. t.* mampandringa, mahosa
- Lamel'lar**,—ated, *adj.* misilatsilaka
- Lame'ly**, *adv.* mandringa ; tsy vita tsara
- Lame'ness**, *n.* fandriringana
- Lament**, *v. i.* sy *t.* misaona, malahelo, mitomany
- Lament**,—ta'tion, *n.* fisaonana, fitomaniana
- Lam'entable**, *adj.* mampalahelo
- Lam'ina**, *n.* ny iray amy ny zavatra misilatsilaka hoatry ny ela-drano
- Lam'inar**, *adj.* misilatsilaka
- Lamp**, *n.* fanaovan-jiro. **Safety lamp**, fanaovan-jiro mifono *wire gauze* ka entiny ny olona ao an-davaka ihadiana arintany

- Lampon'**, *n.* eso voasoratra atao mba hampahasosotra olona
- Lance**, *n.* lefona lava-zarana
- Lan'ceolate**,—*ciform*, *adj.* loha-lefona
- Lan'cet**, *n.* antsy kely fanalandra na fandidiana vay, &c.
- Land**, *n.* tany, tanety; firenena
- Land**, *v. t. sy i.* mampiakatra ho eny an-tanety; miakatra ho any an-tanety
- Land-breeze**, *n.* rivotra avy amy ny tany ka mankany amy ny ranomasina
- Land'ed**, *adj.* be fananana amy ny tany
- Land'grave**, *n.* anaram-piandrianana any Germany
- Landhold'er**, *n.* olona manana tany izay fananany
- Land'ing**, *n.* ny iakarana avy ao an-tsambo hankany an-tanety; ny fitoerana iakarana koa
- Land'lord**, *n.* fem. landlady; tompony ny tany na trano hofana; tompony ny *inn* na *hotel*
- Land'mark**, *n.* marika milaza ny fizaran-tany, fangi-tany
- Land'scape**, *n.* tany izay tsinjo amy ny fitoerana iray
- Land'slip**, *n.* tany betsaka mikororosy avy amy ny tendrombohitra
- Lane**, *n.* lalan' èty
- Lan'guage**, *n.* teny, fiteny, feo misy hevitra
- Lan'guid**, *adj.* reraka, osa, valaka; mahavalaka
- Lan'guish**, *v. i.* mihareraka, mihaosa [labalahana]
- Lan'guor**, *n.* fahosana, fahavala
- Lank**, *adj.* tsy henjana, mahia
- Lank'y**, *adj.* lava marotsaka, kely lava
- Lan'tern**, *n.* fanala, fitondranjira enti-mandeha amy ny alina
- Lan'thorn**, *n.* (*lantern*)
- Lap**, *n.* fofoana
- Lap**, *v. t. sy i.* milelaka toy ny amboa misotro rano
- Lap'dog**, *n.* alika madinika lalao-viny ny tompony
- Lap'idary**, *n.* mpamboatra vato soa, mpivarotra vato soa
- Lapse**, *n.* fandehanana midina misononoka; fandehanany ny andro; fahadisoana
- Lapse**, *v. i.* mandeha midina misononoka; miharatsy, diso tsy nahy; lasana ho fananany ny sasany noho ny tsi-fitandremana na ny fahadisoana
- Lap'sided**, *adj.* mavesatr' ila
- Lar'board**, *n.* ny ankaviany ny sambo
- Lar'ceny**, *n.* halatra
- Larch**, *n.* hazo miray karazana amy ny *fir*
- Lard**, *n.* mena-kisoa voamboatra tsara
- Lard**, *v. t.* manisy menaka
- Lard'er**, *n.* efi-trano fitoerankanina
- Large**, *adj.* lehibe; be; malalaka. **At large**, tsy voafehy, afaka
- Large-hearted**, *adj.* mazoto hanao soa, tsy mifidy hasiantsoa [ka
- Large'ly**, *adv.* betsaka; malala
- Lar'gess**, *n.* fanomezana
- Lark**, *n.* vorona kely tsara feo toy ny sorohitra
- Lar'um**, *n.* (*alarum*)
- Lar'va**, *n.* ny toetry ny biby kely rehetra raha tsy mbola miomby ho *chrysalis*
- Lar'ynx**, *n.* ny tampon' ny treotroka izay mahatonga feo

Las'car, *n.* lasikara
Lasci'vious, *adj.* jejojejo
Lash, *n.* ny kofehin-karavasy
Lash, *v. t.* sy *i.* mikapoka; mamely
Lass, *n.* zazavavy; ankizivavy
Las'situde, *n.* fahatrotrahana
Las'so, *n.* kofehy misy tadi-vavarana atao fisamborana ombi-manga, &c.
Last, *adj.* sy *adv.* farany. **Last Sunday**, tamy ny Alahady teo. **Last month**, tamy ny volana lasa teo. **Last year**, taon' itsy. **At last**, tamy ny farany, nony ela
Last, *v. i.* maharitra, mateza
Last, *n.* lasitra fanaovan-kiraro
Last'ing, *adj.* mateza, maharitra
Last'ing, *n.* karazan-damba volon' ondry mateza
Last'ly, *adv.* farany
Latch, *n.* hidin-trano akarina raha vohana [latch
Latch, *v. t.* manidy amy ny
Latch'et, *n.* fampoehan-kiraro, kofehin-kiraro
Late, *adj.* sy *adv.* COMP. later or latter; SUP. latest or last; ela, aoriany ny fotoana. **Of late**, tato ho ato. **He sits up late**, alim-pandry izy. **He lies in bed late**, antoandro fifoha izy. **The late governor**, ny mpanapaka narakarahiny ny ao ankehitriny. **The late**, (atao amy ny olona tsy maty ela) Rabevoina, Ratompokolahy
Late'ly, *adv.* tato ho ato, vao faingampaingana hiany
La'tent, *adj.* miafina
Lat'eral, *adj.* amy ny ilany
Lath, *n.* hazo manify toy ny vakim-bolotsangana atao valin-drihana mba hiraiketany ny lalotra

Lathe, *n.* milina fivoasan-kazo
Lath'er, *n.* ny mamorivory amy ny rano misy savony
Lat'in, *n.* fiteniny ny Romana taloha, Latina
Lat'itude, *n.* sakany, fahalalahana; ny halavitry ny fitoerana na' avaratra na atsimo raha amy ny equator. **He wants more latitude**, tsy teho voafetra toy ny taloha intsony izy
Latitu'dina'rian, *adj.* tsy voafetr' izay nataony ny maro ho mety
Lat'ter, *adj.* aoriana, farany amy ny zavatra roa voalaza
Lat'terly, *adv.* vao faingana hiany
Lat'tice, *n.* varavaran-kely misy hazo mitsivalambalana.
Lattice-work, ny zavatra mitsivalambalana atao amy varavaran-kely, &c.
Laud, *v. t.* midera
Laud'able, *adj.* mendrika hoderaina
Laud'anum, *n.* fanafody avy amy ny opium, ka mahafaty raha tsy tandremana tsara fa raha kely dia kely hiany no sotroina dia mampatory sy mampihena fangirifiriana
Lauda'tion, *n.* dera, fiderana
Laud'atory, *adj.* midera
Laugh, *v. i.* mihomehy. **To laugh at any one**, mihomehy azy. **To laugh to scorn**, maneso amy ny hehy. **He laughed me out of it**, nihomehezany aho ka tsy sahy nanao izany
Laugh, *n.* hehy
Laugh'able, *adj.* mampihomehy
Laugh'ing-stock, *n.* fihomehezana
Laugh'ter, *n.* hehy, fihomehy

Launch, *v. t. sy i.* mampandeha sambo hiala amy ny tany hankamy ny rano; mandeha toy izany [soka

Laun'dress, *n.* vehivavy mpipa-

Laun'dry, *n.* trano fipasohana

Lau'rel, *n.* anaran-kazo tsara tarehy tsy mihintsan-dravina

La'va, *n.* kitrôka, zavatra miempo mivoaka avy amy ny *volcano*

Lav'atory, *n.* fitoerana fanozan-tanana, &c. [dro

Lave, *v. t. sy i.* manasa, man-

Lav'ender, *n.* hazo madinika misy voniny fanao ranomanitra

La'ver, *n.* tavy lehibe atao fana-sana, indrindra fa ny nataony ny mpisorona fahiny (Eks. xxx. 18)

Lav'ish, *adj.* tsy mitsitsy amy ny andaniana vola, mirodaro-da [tsitsy

Lav'ish, *v. t.* mandany tsy mi-

Law, *n.* lalàna, didy. **By-law**, lalàna ataony nylehibeny ny tanàna na ny olona maro mikambana hanao raharaha. **Common law**, lalàna tsy nataony ny fanjakana loatra kanefa nahazatra ela ka tonga mafy tahaka ny nataony hiany

Law'ful, *adj.* mety araka ny lalàna, tsy mifanohitra amy ny lalàna

Law'giver, *n.* mpanao lalàna

Law'less, *adj.* tsy manaiky ny lalàna, tsy manaraka ny lalàna

Lawn, *n.* *linen* madinika tsara, indrindra ny atao amy ny akanjony ny *bishop*; ahimaitso voavoatra tsara ao amy ny tokotaniny ny trano lehibe

Law'suit, *n.* ady fananana

Law'yer, *n.* mpandaha-dalàna, olona mahalala ny lalàna, mpisolovava amy ny ady

Lax, *adj.* tsy henjana, mihaha.

Lax in discipline, malemy fitondra olona. **Lax in conduct**, tsy tsara loatra amy ny fitondran-tena

Lax'ative, *adj.* mampivalana, mampanehitra

Lax'ity, *n.* fahalemena amy ny itondrana olona, &c.

Lay, *P. of lie*

Lay, *v. t.* P. sy P.P. laid; mame-traka. **To lay bricks**, mandatsaka biriky. **To lay the dust**, mampandry ny vovoka. **To lay eggs**, manatody. **To lay to a persons' charge**, manome tsiny azy noho ny zavatra tsy mety izay efa niseho. **To lay bare**, mampiharihary, mampiseho. **To lay by or up**, mitahiry zavatra mba hahasoa amy ny ho avy. **To lay down**, mame-traka; manolotra. **To lay hold of or on**, mitana, miha-zona. **To lay open**, mampiharihary, mampiseho. **To lay over**, manao ankosotra; mampijanona mba hoheverina amy ny ho avy. **To lay out**, mandany; manamarika tany hasiana tanimboly na tanàna, &c. **To lay siege to**, manao fahirano. **To lay a snare**, mamela-pandrika, mamandrika. **To be laid up**, marary ka tsy afa-mandeha. **To lay a wager**, mifanamby. **To lay wait for**, manao otrika. **To lay waste**, mandringana, mahafoana

Lay, *n.* hira, kalo [man

Lay, *adj.* tsy isany ny *clergy-*

Lay'er, *n.* iray an-dàlana, ny iray an-dàlana amy ny zava-tra samihafa karazana mifanongoa

Lay'man, *n.* lehilahy tsy isany ny *clergyman*

Lazaret'to, *n.* trano itsaboana ny marary ny aretin-dratsy mifindra

Laz'arhouse, *n.* (*lazaretto*)

La'ziness, *n.* hakamoana, halainana

La'zy, *adj.* kamo, malaina

Lead, *n.* firaka

Lead, *v. t.* sy *i. P.* sy *P.P.* led; mitari-dàlana, mitarika, mialoha; mifehy; mitaona. To lead astray, mampivily. To lead captive, manao sambo-belona

Lead, *n.* fialohana

Leaden, *adj.* firaka

Leader, *n.* mpitarika, mpifehy, mpialoha

Lead'ing-strings, *n.* kofehy anohanana ny zazakely ampiannari-mandeha. To be in lead'ing-strings, tsy mahaleo tena fa taribiny ny olona hafa mandrakariva

Lead-pencil, *n.* pensily hazo

Leaf, *n.* ravin-kazo. Leaf (of a book), takelaka

Leaf'age, *n.* ny ravin-kazo mbo-la eny amy ny hazo

Leafless, *adj.* efa nihintsana ny raviny

League, *n.* fikambanan' olona hifanampy amin' izay kasainy hatao na hifanao soa; fifanekena amy ny firenena sasany hifanampy amy ny ady

Leak, *n.* loaka idirany ny rano na ivoahany, tamika

Leak, *v. i.* manamika, miditra ny rano (amy ny sambo), mi-

tete. To leak out, miseho ny nafenina

Leak'age, *n.* ny rano &c. miditra na miala amy ny *leak*

Leak'y *adj.* mitete, midi-drano

Lean, *adj.* mahia, kaozatra; firina

Lean, *v. i.* sy *t. P.* sy *P.P.* leaned or leant; miraika, mirona. To lean against, mi-ankina aminy. To lean upon, mitehina. To lean upon his friend, miankina amy ny sakaizany. To lean to, miraika ho any

Leap, *n. i.* mitsambikina, manao vikin-tsahona

Leap'frog, *n.* vikina mifampihotra atao filalaovana

Leap'year, *n.* taona mitsingerina isan' efa-taona dia ny 1868 sy 1872 sy 1876, &c. ka atao 29 andro ny Febroary amin' izany

Learn, *v. t.* sy *i.* mianatra. To learn of, mianatra

Learn'ed, *adj.* mahalala fahendrena betsaka ao amy ny boky

Learn'ing, *n.* fahalalana avy amy ny fianarana

Lease, *n.* fanekena amy ny fanofana. To hold by lease, manofa

Lease, *v. t.* mamela tany na trano &c. hohofany ny olona hafa [hofana

Lease'hold, *n.* trano na tany

Least, *adj.* SUP. of *little*. At least, izay tsy mampisalasala fa azo lazaina ho marina. There were at least twenty people there, tsy latsaka noho ny roa-polo no olona tao. He was not in the least hurt, tsy naratra akory izy

Leath'er, *n.* hoditra masaka nalona
Leath'ern, *adj.* hoditra
Leath'ery, *adj.* maozatra toy ny hoditra
Leave, *n.* famelana hanao izay nangatahina na izay tiana. To ask leave, miera. To give leave, mamela. To take leave of, manao veloma. To take French leave, maka tsy miera, mandeha tsy miera
Leave, *v. t.* sy *i.* P. sy P.P. left; miala, mamela. To leave (a person), mandao, mahafoy. I left the book on the table, navelako teo ambony lata-batra ny boky. To leave off, mitsahatra tsy (hanao), mijanona. To leave out, mamela (fa tsy manao azy)
Leaven, *n.* koba avela hasiso ka aharo haro amy ny koba tsara mba hampibonaka azy; fahasirasirana
Leavings, *n.* sisa tsy lany
Lecture, *n.* teny alahatra atao fampianarana; anatra mafy
Lecture, *v. t.* sy *i.* mananatra mafy; mandaha-teny hatao fampianarana
Ledge, *n.* zavatra marimarin-tampona izay mandroso amy ny rindrin-trano na ny vato-lampy, &c. ka azo ametrahana zavatra
Led'ger, *n.* boky lehibe anorantany ny mpivarotra &c. ny fototry ny raharaha ataony amy vola lany sy miditra
Lee, *adj.* amy ny ila-sambo izay tsy azon-drivotra
Leech, *n.* dinta
Leek, *n.* karazan-tongolo
Leer, *v. i.* mangarika, mitsivalam-pijery
Left, P. sy P.P. of *leave*

Left, *adj.* ankavia. The left bank of a river, ny amorony ny ony izay ankaviany ny olona raha mivalana ny ony izy
Left handed, *adj.* kavia
Leg, *n.* tongotra, ranjo
Leg'acy, *n.* anjara fananana araka ny didim-pananana
Le'gal, *adj.* araka ny lalàna, avelany ny lalàna hatao; miankina amy ny itandremana ny lalàna hahazoana famonjena
Legal'ity, *n.* fanarahan-dalàna
Le'galize, *v. t.* mahatonga tsy hanohitra lalàna
Leg'ate, *n.* iraky ny Papa
Leg'atee', *n.* olona mahazo *legacy*
Leg'a'tion, *n.* ny anirahana olona hisolo ny raharahan' ilay maniraka; ny *legate* sy izay momba azy
Leg'end, *n.* tantara mahagaga tsy azo itokiana ho marina
Leg'endary, *adj.* misy *legend* ka tsy azo itokiana ho marina
Leg'er'demain, *n.* zavatra mahagaga ataon-tànana nefa tsy hitan' olona ny anaovana izany
Leg'ging, *n.* gety [ny soratra]
Leg'ible, *adj.* azo vakina (amy
Le'gion, *n.* miaramila mandeha tongotra tamy ny Romana fahiny tokony ho 3,000 na 5,000; olona maro irai-dia
Leg'islate, *v. i.* manao lalàna
Leg'islative, *adj.* manao lalàna
Leg'isla'tor, *n.* mpanao lalàna
Leg'isla'ture, *n.* fikambanany ny olona manana fahefana hanao lalàna
Legit'imate, *adj.* mety araka ny lalàna; tsy sandoka fa izy tokoa
Legit'imize, *v. t.* mahatonga tsy hifanohitra amy ny lalàna

Legu'minous, *adj.* momba ny karazan' anana toy ny tsaramaso sy ny pitipoa, &c.

Lei'sure, *n.* fahalalahana amy ny raharaha. **At leisure**, malala-draharaha, afaka amy ny raharaha

Lem'on, *n.* voasary voamandina

Lemonade', *n.* lemonady

Le'mur, *n.* anaran - karazambiby toy ny gidro sy ny amboanala ary ny varika

Lend, *v. t. P.* sy P.P. *lent*; (*when the same thing is to be returned*), mampindrana; (*when an equivalent is to be returned*), mampisambotra

Length, *n.* lavany, halavany. **Length of time**, fahelany. **At length**, tsy afohezina; nony ela

Length'en, *v. t.* sy *i.* manalava; mahela; mihalava

Length'ways,—*wise*, *adv.* mifanaraka amy ny halavany

Length'y, *adj.* lava amy ny resaka na ny laha-teny na ny tantara, &c.

Le'nient, *adj.* mampionona; mora fitondra olona, mamin-dra-fo

Len'ity, *n.* fahamorana fitondra olona, famindram-po

Lens, *n.* fitaratra anaovana solo-maso na masolavitra &c. ka mahakely na mahalahibe ny zavatra jerena araka ny toetry ny fitaratra

Lent, *P.* sy P.P. of *lend*; *adj.* indrana, indramina; samborina

Lent, *n.* ny efa-polo andro ifadiany ny fiangonana sasany hena ka atao fahatsiarovana ny efa-polo andro nifadiany Jesosy Kraisty

Len'til, *n.* anana toy ny tsaramaso fa madinika

Leop'ard, *n.* biby miray karazana amy ny saka fa lehibe sady mamentimpentiña ny sorany

Lep'er, *n.* boka

Lep'rosy, *n.* habokana

Lep'rous, *adj.* boka

Less, *adj.* sy *adv.* COMP. of *little*

Lessee', *n.* olona izay manofa trano na tany amy ny tompony

Less'en, *v. t.* sy *i.* manakely, mampihena; mihakely, mihena

Les'son, *n.* fanarana, lesona, zavatra tokony hianarana

Les'sor, *n.* olona tompony ny trano na tany ahofa

Lest, *conj.* fandrao, andrao, sao

Let, *v. t. P.* sy P.P. *let*; mamela, mandefa. **To let alone**, tsy manao na inona na inona aminy. **To let blood**, manalara. **To let out**, mandefa; milaza izay tian' olona hafenina. **To let off**, mandefa (toy ny basy); mamela ho afaka (toy ny trosa na kapoka, &c.). **To let a house**, mamela trano hohofan' olona

Lethar'gic, *adj.* ta-hatory lalanda noho ny aretina; tsy rototra

Leth'argy, *n.* fahasondrianantory noho ny aretina; fahakamoana

Let'ter, *n.* litera, ny soratra iray amy ny abidy; taratasy ampitondraina amin' olona ho solon-dresaka aminy, episitily

Let'tercase, *n.* fitondran-taratasy anoratana *letter*

Let'terpress, *n.* soratra voatonta porintra

Let'tuce, *n.* salady

Levee', *n.* olona maro mamangy ny lehibe amy ny maraina

Lev'el, *adj.* mitovi-rano, marintampona, tsy misy avo sy iva
Lev'el, *v. t.* sy *i.* mampitovirano, manarina, mampitovy; mikendry
Lev'el, *n.* izay mitovy rano; fitoviana fahavo amy nyzavatra hafa; levona
Le'ver, *n.* fanoitra
Le'verage, *n.* ny soa avy amy ny fanoitra hanoirana zavatra araka ny ipetrahanany ny *fulcrum*
Leveret, *n.* zanaky ny *hare*
Levi'athan, *n.* biby makadiry ao anati-rano voalaza ao amy ny Job. xli. dia ny mamba angaha
Le'vite, *n.* Levita
Levitical, *adj.* amy ny Levita
Leviticus, *n.* boky fahatelo amy ny Baiboly milaza ny fisoronana, Levitikosy
Levity, *n.* fanamaivanana, famingavingana; toetry ny saina izay tsy mety miorina loatra amy ny raharaha fa mihomehy na mamingavinga izany
Lev'y, *v. t.* maka (miaramila), mamory (hetra). To levyyar, mamboatra tafika
Lev'y, *n.* ny akana miaramila; ny amoriana hetra; ny miaramila alaina na ny hetra vorina
Lew^l, *adj.* jejojejo
Lex'icon, *n.* teny alahatra araka ny abidy ka misy ny heviny amy ny fiteniny ny firenena hafa, dikisionary
Li'able, *adj.* adidy, andraikitra, miantoka; tokony, angamba
Li'ar, *n.* olona izay minia mandainga, mpandainga, fandainga

Liba'tion, *n.* fanidinan-divay, &c. hatao fanajana ny sampy; ny divay &c. izay aidina toy izany
Li'bel, *n.* taratasy misy fanaratsiana olona na endriken-drika foana [manaratsy
Li'bel, *v. t.* manendrikendrika,
Lib'eral, *adj.* manome malalaka, tsy mahihitra; tsy voafetry ny hevitra ny sasany
Lib'erate, *v. t.* manafaka, mandefa. To liberate a slave, mamotsotra
Lib'ertine, *n.* olona tsy mety hofeheziny ny lalàn' Andriamanitra loatra fa toa manarampo amin' izay tiany hatao
Lib'erty, *n.* fahafahana, fahazoana hanao izay tiana araka izay mety. At liberty, afaka. Liberty of the press, fahafahana hanao porintra izay tiana ka tsy nozahany ny fanjakana loatra. Religious liberty, fahafahana hanao araka ny fombam-pivavahana tiana. To take liberties with, manao izay tsy mety aminy araka ny fombampanajana [ny *library*
Libra'rian, *n.* olona mitandrina
Li'brary, *n.* fanangonana boky betsaka maro karazana; ny trano itoeran' ireo boky ireo
Li'brate, *v. t.* mampitovy lanja
Lice, *n.* pl. of *louse*; hao
Li'cense, *n.* famelana hanao raharaha &c. izay tsy azony ny sasany hatao; ny taratasy manome izany fahefana izany; fahazoana hanao izay tiana hatao na dia tsy mety aza izany
Li'cense, *v. t.* mamela hanao raharaha &c. izay tsy azony ny sasany hatao.

Licen'tiate, *n.* olona manana *license* hitori-teny na hanao ny raharahany ny dokotera
Licen'tious, *adj.* mijejojejo
Li'chen, *n.* volom-bato, volon-kazo, somo-kazo
Lick, *v. t.* milelaka
Lic'orice, *n.* ranom-pakan-kazo anankiray izay mangananganana ka atao odi-sery
Lid, *n.* sarona, takotra
Lie, or Lye, *n.* rano misy sirahazo
Lie, *n.* lainga iniana atao. To give the lie to, mampan-dainga. To tell a lie, mandainga
Lie, *v. i.* mandainga
Lie, *v. i.* P. lay; P. P. lain; mandry. To lie at anchor, mijanona azony ny vato-fantsika. To lie down, mandry. To lie in wait, manao otrika. To lie over, mijanona mba hoheverina amy ny ho avy.
Liege, *n.* olona voa fehy hanao ny raharahany ny lehibeny, deka. **Liege'man**, deka.
Liege'lord, tompon-deka
Lieu, *n.* In lieu of, misolo
Lieuten'ant, *n.* lefitra
Life, *n.* pl. lives; aina, fiainana; tantara milaza ny nahaveloman' olona anankiray; faharisihana. He is leading a bad life, ratsy fitondran-tena izy. The canoe was upset, and three lives were lost, rendrika ny lakana, ka olona telo no maty
Life-belt, *n.* fehin-tratra misy rivotra na bosoa mba hampitsinkafona ny olona amy ny rano
Life-boat, *n.* botry amonjena ny olona ao amy ny sambo vaky

Life-insu'rance, *n.* vola aloany ny olona tsikelikely atao fian-tohana mba hahazoany ny havany vola mivongady kosa rehefa maty ilay olona [maty
Life'less, *adj.* tsy manan' aina
Life'time, *n.* andro iainana
Lift, *v. t.* mambata, mambeta, manainga
Lig'ament, *n.* fehy, famehezana; ozatra mampikambana ny famavàny
Lig'ature, *n.* famehezana
Light, *n.* fahazavana, ny mazava; fanazavana, jiro. To stand in one's own light, manakon-tena; manao izay hisakanany tenany tsy hahazoany izay tadiaviny
Light, *adj.* mazava; maivana; tsy mihevitra izay tsara na izay mampangorakoraka. A light blue, manga tanora. To make light of, to set light by, mamingavinga
Light, *v. t.* P. sy P.P. lit or lighted; mandrehitra, mampirehitra, manazava
Light, *v. i.* (on or upon) P. sy P.P. lit or lighted; sendra tonga aminy, miantefa, mipetraka aminy (raha avy any ambony). To light from or off, miala midina
Light'en, *v. i.* sy *t.* manelatra, manjelatra; manazava; manamaivana
Light'er, *n.* botry lehibe fakana ny entana ao an-tsambo
Lightfin'gered, *adj.* faingan-tànana, fangalarina
Lightfoot'ed, *adj.* faingan-tongotra, mahery mandeha, maila-tongotra
Lighthead'ed, *adj.* fanina; tsy ampiampy saina, tsy mihevitra

- Lightheart'ed**, *adj.* miramirana, falifaly, tsy misy ahiahy na alahelo
- Light-house**, *n.* tilikambo aorina ao ambony ny vatolampy any anati - ranomasina na ao amoron-dranomasina ka asiana jirombahahafantarany ny sambo izay tsy tokony halehany
- Light'ning**, *n.* helatra
- Light'ning-rod**, *n.* fandri-baratra
- Lights**, *n.* havokavoky ny biby, trabotrabon-kena [falifaly]
- Light'some**, *adj.* mazavazava,
- Lig'neous**, *adj.* hazo
- Like**, *adj.* sy *adv.* sahala, mitovy, tahaka, toy. **To make like**, mampitovy
- Like**, *v. t.* sy *i.* tia (nefa malemitemy kokoa noho ny love)
- Likelihood**, *n.* tokony ho izany, tokony ho marina
- Likely**, *adj.* sy *adv.* tokony ho izany, tokony ho marina. **A likely person for the office**, olona tokony hahavita tsara izany raharaha izany
- Li'ken**, *v. t.* (to) mampitaha
- Like'ness**, *n.* ny itoviana ; sary
- Like'wise**, *conj.* koa, toy izany koa
- Li'king**, *n.* fitiavana
- Li'lac**, *n.* lelaka, voan-delaka
- Liliput'ian**, *adj.* zeny, fohy, boteta
- Lily**, *n.* karazan-java-maniry misy voniny tsara tarehy ary boribory ny vodiny
- Limb**, *n.* ny tongotra na ny tanana [malefolefo]
- Lim'ber**, *adj.* mora alefitra,
- Lime**, *n.* sokay ; dity famandriham-boron-kely ; anaramboan-kazo toy ny voamandina ka maharikivy indrindra
- Lime'kiln**, *n.* fandoroan-tsokay
- Lime'stone**, *n.* vato fanao sokay
- Lim'it** *n.* faritra, fetra
- Lim'it**, *v. t.* mamaritra, mametra
- Lim'ited**, *adj.* misy fetra
- Lim'ner**, *n.* mpanao sarinjavatra amy ny loko
- Limp**, *v. i.* mitolitsika, mikotrifa
- Limp**, *adj.* miroritra
- Lir'pet**, *n.* biby kely misy akorany ka miraikitra amy ny vatolampy ao anati-ranomasina [garana]
- Lim'pid**, *adj.* madio maugaran-
- Line**, *n.* tsipika ; kofehy ; iray an-dalana ; taranaka mifandimby
- Line**, *v. t.* manisy dabolera amy ny akanjo ; mametaka ao anatiny
- Lin'eage**, *n.* taranaka
- Lin'eal**, *adj.* momba ny tsipika ; mandimby (toy ny taranaka)
- Lin'eament**, *n.* toe-tarehy, toetr'endrika
- Lin'en**, *n.* lamba flux, hariry madinika, lamba rongonimbazaha. **Lin'en dra'per**, mpi-varotra linen
- Ling**, *n.* karazan' anjavidy fohy fanao kofafa, &c.
- Lin'ger**, *v. i.* mitaradretra, maharitra, mijanona
- Lin'gering**, *adj.* maharitra ela (amy ny aretina na fahoriana) [samihafa]
- Lin'guist**, *n.* olona mahay teny
- Lin'iment**, *n.* fanafody misy menaka ahosotra
- Li'ning**, *n.* dabolera ; zavatra apetaka ao anatin'ny ny vata, &c.
- Link**, *n.* masonry iray amy ny vakoka na vako-by, &c. ; anaram-pandrefesana mitovy amy ny 7-92 intsa ; fikambanana

Link, *v. t. sy i.* mampikambana; mikambana
Lin'seed, *n.* voany ny *flax* ka atao katapolasy sy diloilo, &c.
Lin'seed-oil, *n.* diloilo avy amy ny *linseed* ka atao amy ny loko
Lin'sey-woolsey, *n.* lamba volon'ondry miharo *linen*
Lint, *n.* volon-damba *linen* mamey toy ny vohavoaha ka atao amy ny fery
Lin'tel, *n.* tataom-baravarana
Li'on, *n.* fem. lioness; biby miray karazana amy ny saka fa lhibe sy masiaka sady matanjaka, liona
Lip, *n.* molotra
Liqu'efaction, *n.* ny ahatongavany ny zavatra *solid* ho *liquid*
Liqu'efy, *v. t. sy i.* mahatonga ny zavatra *solid* ho *liquid*; tonga *liquid*
Liques'cent, *adj.* mora levona amy ny mando
Liqu'id, *adj.* mihanaka na mandeha toy ny rano
Liqu'id, *n.* zavatra mihanaka na mandeha toy ny rano
Liqu'uidate, *v. t.* mandoa (trosa)
Liquid'ity, *n.* ny toetry ny zavatra izay *liquid*
Liqu'or, *n.* zavatra sotroina, indrindra ny toaka mahery.
To be in liquor, mamo, doroka
Liqu'orice, *n.* (*licorice*)
Lisp, *v. i. sy t.* manonona ny s hotonga *th*, raiki-dela, miamba-piteny
List, *n.* isan' olona na isan-javatra voasoratra amy ny taratasy; sisin-damba volon'ondry izay esorina fa ratsy.
To enter the lists, manaiiky hiady amin' izay mihaika azy
List, *v. t. sy i.* (*enlist*)

List'en, *v. i.* (to) mihaino
List'less, *adj.* tsy mihaino, tsy mitandrina
Lit'any, *n.* anaram-pivavahana voasoratra atao isan-tSabata maraina amy ny fiangonana sasany, litany
Lit'eral, *adj.* arak' izay hevitra ny teny indrindra
Lit'erary, *adj.* mahalala ny amy ny boky maro, mandany andro mamaky na manoratra boky maro; momba ny boky
Lit'erature, *n.* fahalalana ny amy ny boky; ny boky rehetra ao amy ny tany anankiray; ny boky rehetra milaza zavatra irai-loha
Lithe, *adj.* mora alefitra, malefolefo
Lith'ograph, *v. t.* manao sary na soratra amy ny vato ka afindra amy ny taratasy
Lith'ograph, *n.* ny sary na soratra natao *lithograph*
Lithog'raphy, *n.* ny *science* izay ahafantarana ny fomba fanaovana *lithograph*
Lit'igate, *v. i.* miady fananana &c. mba hotsaraina araka ny lalana [ady
Litig'ious, *adj.* tia ady, mila
Lit'ter, *n.* fandriana atao filanjana; lafi-tsoavaly, &c.; taifilaminana [mamorovoro
Lit'ter, *v. t.* mampisafotofoto
Little, *adj.* COMP. less; SUP. least; kely, madinika
Lit'urgy, *n.* fivavahana voasoratra ka fanao amy ny fiangonana sasany
Live, *v. i.* velona, miaina. **To live at or in**, monina. **To live with**, miara-monina aminy. **Horses live on grass**, ahitra no foto-kaniny ny soavaly. **He lives by his labour**,

ny asan-tànany no ahazoany
 fivelomana
Live'lihood, *n.* fivelomana
Live'ly, *adj.* marisika, rotodro-
 totra, zinjina
Liv'er, *n.* aty
Liv'ery, *n.* fitafiana mitovitovy
 atao ho any ny mpanompo
Liv'id, *adj.* mangana
Liv'ing, *n.* fivelomana
Lix'ard, *n.* anaram-biby maro
 karazana dia ny androngo sy
 ny antsiansy ary ny sitry sy
 ny tahaka azy
Lo, *inter.* indro, jereo
Load, *n.* entana zakany ny
 ny anankiray; zavatra ma-
 vesatra
Load, *v. t.* mampitondra entana,
 manatatao. To load a gun,
 mamaham-basy
Load'stone, *n.* akoram-by misy
 hery toy ny andriamby
Loaf, *n.* pl. loaves; mofa vain-
 gany iray. A sugar-loaf,
 vaingan-tsiramamy fotsy
Loan, *n.* zavatra samborina na
 indramina
Loath, *adj.* tsy tia, malaina
Loathe, *v. t.* tsy tia indrindra,
 mankahala. I loathe it,
 maharikoriko ahy izany
Loath'some, *adj.* maharikoriko,
 mampahaloiloy
Lob'by, *n.* efitra fidirana man-
 kamy ny efitra hafa
Lobe, *n.* tapa-javatra na ilany
 saiky vorivory, toy ny amy ny
 ravin-kazo sasany na havoka-
 voka, &c. The lobe of the
 ear, ny ravin-tsofina ao am-
 bany ilay tevehina
Lob'sided, *adj.* mavesatr' ila
Lob'ster, *n.* orana lehibe ao an-
 dranomasina
Lo'cal, *adj.* amy ny fitoerana
 anankiray

Local'ity, *n.* fitoerana
Locate, *v. t.* mampitoetra, ma-
 metraka amy ny fitoerana
Loca'tion, *n.* fitoerana
Loch, **Lough**, *n.* farihy, sampan-
 dranomasina
Lock, *n.* hidy hidiana amy ny
 fanalahidy; hidin-drano amy
 ny canal. A lock of hair, volo
 vitsivitsy indrai-mitambatra
Lock, *v. t.* manidy, indrindra
 raha amy ny fanalahidy
Lock'er, *n.* vata misy hidy, in-
 drindra ny momba ny sambo
Lock'et, *n.* haingo volamena &c.
 beribory asiana volon' olona
 na sarin' olona atao fahatsia-
 rovana azy [rana
Locom'otion, *n.* fifindran-toe-
Locom'otive, *adj.* mandehan-
 deha, mifindrafindra-toera-
 na; mampifindrafindra-toe-
 rana
Locom'otive, *n.* engine mitondra
 kalesy amy ny lalam-by
Lo'cust, *n.* valala
Lodge, *v. t.* sy *i.* mametraka,
 mampiditra handry ao an-
 trano; mitoetra kely ao an-
 tranon' olona hatramin' in-
 dray alina noho miakatra
Lodge, *n.* trano kely tsara any
 an-tsaha; tranony ny mpiam-
 bina ao am-bavahady man-
 kany amy ny trano lehibe
Lodg'ing, *n.* fitoerana itoerana
 indray alina na andro vitsi-
 vitsy
Loft, *n.* efi-trano manolotra ny
 tafon-trano; rihana ao an-
 trano fiangonana, &c.
Lofty, *adj.* avo, avo toerana;
 miavonavona
Log, *n.* vatan-kazo tapaka
Logic, *n.* ny science izay aha-
 fantarana ny lalàny ny hevi-
 tra

Logician, *n.* olona mahay *logic*
Loins, *n.* vaniana, valahana
Loiter, *v. i.* mitaredretra
Loll, *v. i.* miankinankina foana toy ny malaina; mitranga lela toy ny amboa sasatra
Lollard, *n.* olona talohany ny androny Lotera izay tsy nety nanaiky ny Katolika
Lone, *adj.* irery, tokana
Lone'ly, *adj.* mitoetra irery, lavitra ny sakaizany
Long, *adj.* sy *adv.* lava; ela. In the long run, raha ny ela no heverina. Before long, ato ho ato [maniry
Long, *v. i.* (for or after) manina,
Longevity, *n.* fahelany ny andro iainana
Long'ing, *n.* faniriana, ratsiaina
Long'itude, *n.* halavany, ny halavitry ny fitoerana na andrefana na atsinanana raha amy ny *meridian* anankiray. ☞ Ny English mifidy ny *meridian* any Greenwich raha mihevitra ny *longitude*, ary ny Frantsay kosa mifidy ny *meridian* any Paris
Long-sight'ed, *adj.* lavi-pijery; mihevitra tsara ny ho avy
Long-suffering, *adj.* maharipo, mandefitra
Look, *v. i.* mijery. He looks poorly, marary ny fijery azy. To look about, miherikerika, mitandrina tsara. To look after, mitandrina. To look at, mijery. To look down upon, mianjona. To look for or after, manantena; mitady, mizaha. To look on, mizaha, mijery fotsiny hiany. To look out, mijery tsara; mitandrina tsara. To look through, mitsirika na mitazana amy ny masolavitra na

varavarana na loaka hafa. To look to or unto, matoky, miantehitra, manantena (toy ny tompo-trosa manantena ny mpiantoka)
Look, *n.* fijery, jery; tarehy
Look'er-on, *n.* mpizaha, mpijery fotsiny hiany
Looking-glass, *n.* fitaratra fitarafana
Loom, *n.* milina fanenomana
Loop, *n.* tadivoavarana
Loophole, *n.* loaka ao amy ny manda na sambo &c. itofirana; loaka kely azo aleha
Loose, *v. t.* mamaha, mambo-raka; mahafaka
Loose, *adj.* mivaha, miboraka; mirefarefa; afaka; tsy voafehy. To break loose, manapaka izay mihazona, mandositra an-kery. To let loose, mandefa, manafaka
Loos'en, *v. t.* manaketra (kofehy); mampihataka
Loot, *n.* (plunder)
Lop, *v. t.* manapaka tendronkazo na ny laingony
Lop'sided, *adj.* mavesatr' ila
Loqua'cious, *adj.* be resaka, mimentsomentsona
Lord, *n.* anaram-piandrianana; tompo, andriandahy; Jehovah. House of Lords, ny manamboninahitra any Englanda izay miara-manao raharaham-panjakana amy ny Mpanjaka sy ny House of Commons ka lovana ny fiandrianany. Lords spiritual, ny bishop izay isan'ny House of Lords. Lords temporal, ny House of Lords izay tsy mba bishop. Our Lord, Jesusy Kraisty
Lord'ly, *adj.* miendrika na momba ny manamboninahitra

Lord'ship, *n.* fiandrianana ; fanapahana ; tany izay any ny *lord* [ny Tompo
Lord's-sup'per, *n.* ny Fanasany
Lore, *n.* fahalalana avy amy ny fianarana boky maro
Loss, *v. t. P.* sy P.P. *lost* ; mame-ry, mahavery. I have lost my money, very ny volako. He has lost his way, diso lalana izy ka tsy hitany izay halehany. He has lost his child, maty ny zanany. He has lost his senses, tonga adala izy, very saina izy
Loss, *n.* izay very, fati-antoka. I am at a loss to know what to do, very hevitra aho ka tsy hitako izay hataoko
Lost, *adj.* very
Lot, *n.* vintana, anjara, zara. To cast lots, manao filokana
Loth, *adj.* (*loath*)
Lo'tion, *n.* fanafody atao fanasana fery, &c.
Lot'tery, *n.* fomba fizaram-bola &c. atao loka
Loud, *adj.* mafy (amy ny feo), maharenina
Lounge, *v. i.* mandany andro foana ; mirendrem-poana ; mi-ankinankina foana
Louse, *n.* pl. lice ; hao
Love, *n.* fitiavana (fa mafy neho ny teny *like*)
Love, *v. t.* tia
Love'ly, *adj.* mampahatia
Lov'ing, *adj.* be fitiavana
Lôw, *adj.* sy *adv.* ambany, iva, tsyavo ; mahafa-baraka. **Low language**, teny mahamena-
tra. **Low tide**, **low water**, toetry ny ranomasina raha mihena indroa isan-andro.
Low wages, karama kely loatra. **In low spirits**, mijoretra, *kivy*

Low, *v. i.* mimà, mimamà
Lôw'er, *v. t.* sy *i.* mampidina, manongana, mampihena ; mi-hena
Low'er, *v. i.* mandrahona, mi-kentron-kandrina [kivy
Lôw'spir'ited, *adj.* mijoretra,
Loy'al, *adj.* tsy mety mahafoy ny andriana sy ny lalàm-pan-jakana
Loy'alist, *n.* olona tsy mety mahafoy ny andriana
Loy'al'ty, *n.* fankatoavana ny lalàm-panjakana
Loz'enge, *n.* (*rhomboïd*) ; bokomamy, fanafody levonina ambava
Lu'bri'cate, *v. t.* mandama amy ny menaka na savony, &c.
Lu'cid, *adj.* mazava, mampirapiratra
Lu'cifer, *n.* anarany Satana. Lucifer match, afo-kasika afo-rano
Luck, *n.* vintana, anjara
Lucky, *adj.* tsara vintana
Lu'crative, *adj.* mampahazo tombom - barotra, mampahazo harena
Lu'cre, *n.* harena (atao raha misy manaratsy azy)
Lucubra'tion, *n.* fianarana atao amy ny alina, fisainana amy ny alina
Lu'dicrous, *adj.* mampihomehy, mahatsikaiky
Lug, *v. t.* mitarika (raha misy manahirana amy ny fitarihana azy)
Lug'gage, *n.* entana
Lugu'br'ious, *adj.* mahalahelo ; malahelo-tarehy [mazoto
Luke'warm, *adj.* matimaty ; tsy
Lull, *v. t.* sy *i.* mampionona na mampangina miandalana ; mionona miandalana, miha-tony

Lumba'go, *n.* anaran' aretina amy ny vaniana
Lumber, *n.* zavatra vaventy tsy azo atao inona loatra
Luminary, *n.* fanazavana
Luminous, *adj.* manazava ; mazava
Lump, *n.* vongany ; antontany
Lunacy, *n.* fahaverezan-tsaina, fahadalana
Lunar, *adj.* amy ny volana (*moon*), araka ny volana
Lunatic, *n.* sy *adj.* veri-saina, adala
Lunch, Luncheon, *n.* hanina ao anelanelany ny sakafo, tsakotsako
Lungs, *n.* havokavoka
Lurch, *n.* fitongilanany ny sambo. To leave one in the lurch, mandao ny namana ho trapahoriana irery
Lurch, *v. i.* miery ; mitongilana
Lurid, *adj.* manjombona, maimaizina
Lurk, *v. i.* mamitsaka, miery
Luscious, *adj.* mamy, mamy loatra
Lust, *n.* faniriana tsy mety, filan-dratsy, filany ny nofo
Lust, *v. i.* (after) maniry fatratra, mila
Lustre, *n.* famirapiratana, fahazavana ; laza [jaka
Lus'ty, *adj.* nofosana, matan-lute, *n.* lokanga tendrena toy ny lagitara ; feta
Luzuriant, *adj.* maroroka ; midokadoka
Luzuriate, *v. i.* mifaly amin' izay mahafinaritra ny tena
Luzurious, *adj.* matimaty amin' izay mahafinaritra ny tena
Luxury, *n.* ny mahafinaritra ny tena ; zava-py
Lye, *n.* izahao lie

Lynx, *n.* anaram-biby toy ny saka [zaha
Lyre, *n.* anaram-baliham-ba-
Lyric, *n.* sy *adj.* tonon-kira azo ampifanarahina amy ny *lyre*
Ma'am, *n.* tompokovavy
Mace, *n.* tehina famantaram-pahefana ; anaran - kodi-boan-kazo manitra, ka ny ao anatiny dia atao hoe *nutmeg*
Mac'erate, *v. t.* mahamotimotika amy ny rano ; mahalevon-kanina
Mach'ination, *n.* fanaovan-tsaina, saina atao hamitahana olona [javatra
Machine', *n.* milina fanaovan-
Machinery, *n.* ny kodia &c. ao amy ny *machine*
Mack'intosh, *n.* kapaoty nasiana *India rubber* ka tsy tantaraky ny rano
Mad, *adj.* adala, veri-saina ; misafoaka [vavy
Mad'am, *n.* madama, tompoko-
Mad'den, *v. t.* manadala ; mampisafaoka, mampahasiaka
Made, *P.* sy *P.P.* of *make*
Mad'-house, *n.* trano fitsaboana olona adala
Mad'man, *n.* olona adala
Mag'azine, *n.* trano fitehirizan-javatra, indrindra fa fiadiana sy vanja ; boky toy ny *Teny Soa* milaza zavatra maro loha ka misy fotoana isehoany toy ny isam-bolana na isantelo-volana, &c.
Mag'got, *n.* olitra, kalalao
Ma'gi, *n.* ny mpisorona na olonkendry fahiny tany Persia
Magic, *n.* ny anaovana zavatra izay toa tsy hain' olona
Magic,—*cal*, *adj.* mahagaga fa tsy hita ny nanaovana azy, atao amy ny *magic* [gic
Magician, *n.* olona mahay ma-

Magisterial, *adj.* momba ny *magistrate*

Magistrate, *n.* olona manana fahefana hitondra fanjakana, mpanapaka

Magnanimity, *n.* toetry ny fo izay tsy ta-hamaly ratsy fa mamindra-fo ary tsy mety mamitaka sady mety mandefitra hahasoa ny sasany

Magnanimous, *adj.* manana *magnanimity*

Mag'nate, *n.* ny anankiray amy ny lehibe na ny manamboninahitra

Mag'net, *n.* andriamby

Magnetic, *adj.* manana ny hery ny *magnet*

Mag'netism, *n.* ny hery mahatarika, dia izay ao anatin'ny andriamby sy ny zavatra sasany koa

Magnetize, *v. t.* mahatonga ho toy ny andriamby

Magnificent, *adj.* lehibe sady tsara tarehy

Mag'nify, *v. t.* sy *i.* midera, mampitombo laza, mahalehibe

Mag'pie, *n.* anaram-borona

Mahogany, *n.* anaran-kazo tsara tarehy fanao lalimoara na seza, &c.

Mahometan,—*edan*, *n.* olona mino fa Mahomet (Mohamady) no mpaminany lehibe indrindra izay nirahin' Andriamanitra ka dia mivavaka araka ny fomba nampianarina

Maid,—*den*, *n.* virjiny; ankizivavy

Maid'en, *adj.* any ny virjiny; *It was then that he delivered his maiden speech*, vao izay izy no nandaha-teny voalohany tao

Mail, *n.* akanjo vy atao fiarovana; kitapo misy taratasy ampitondraina ka misy fotoana andehanany; ny taratasy ao anatin' izany kitapo izany; ny olona na kalesy na sambo &c. izay mitondra izany

Maim, *v. t.* mandratra tanaana na tongotra ka tsy azo entina hanao zavatra intsony

Main, *adj.* ankabiazany; lohany

Main, *n.* ny ankabiazany; ny ranomasina lehibe

Mainland, *n.* ny kontinenta na nosy lehibe raha ampitahaina amy ny nosy kely manodidina azy

Mainly, *adv.* indrindra

Main'spring, *n.* vi-miaina mampandeha ny famantarandrona, &c.; ny fototra indrindra amin' izay atao

Main'stay, *n.* izay iankinana indrindra

Maintain, *v. t.* mampaharitra tsy hihena na hiova hiharatsy; maharitra; mahavelona; mitana hevitra ka tsy mety miova [fitanana]

Maintenance, *n.* fivelomana;

Maize, *n.* katsaka

Majestic, *adj.* miendrika ho hajaina; lehibe sady mahagaga

Majesty, *n.* fahalehibiazana. *His or her majesty*, ny mpanajaka [kokoa]

Ma'jor, *adj.* lehibebe kokoa, bebe

Ma'jor, *n.* maijo

Majority, *n.* ny ankabiazany, ny be sy ny maro

Make, *v. t. P.* sy *P.P.* made; manao; mamorona. *To make away with*, mamono; manary. *To make the bed*, mamboatra fandriana, mamela-pandriana. *To make*

believe, mody ho. To make common cause with, miraihina aminy. To make for, mandeha mankany. To make free with, manao aminy toy izay sakaizany tokoa. To make good, manome toraky ny zavatra very na simba. To make known or public, mampahafantatra, mampiharihary. To make light of, mamingavinga. To make money, to make a profit, mitombo harena, mahazo tombom-barotra. To make much of, tia indrindra ka mandokadoka. To make the most of, manao izay mety indrindra aminy arak' izay azo atao. To make no difference, tsy maninona. I can make nothing of it, tsy hitako velively ny fototr' izany. To make out, mahita na mahazo ny heviny (rehefa namantatra tsara). To make over, manolotra. To make sure of, manao izay hahazoana tokoa. To make up, mamehy (entana); manao izay hitsaharana (amy ny fifandirana); mahafeno; manome toraky ny zavatra very na simba. To make up of, manakambana zavatra sasany ho tonga zavatra iray. To make way, mandroso; mitanila, misava. Paper is made of rags, vorodamba no atao taratasy

Ma'ker, *n.* mpanao, mpamorama; Andriamanitra

Make'-shift, *n.* vonjy maika

Make'-weight, *n.* fanampiny mba hampitovy lanja azy

Mal'ady, *n.* aretina

Mala'ria, *n.* rivotra ratsy mán-

karary, indrindra fa izay avy aminy heniheny na ny fofonjavatra lo

Mal'content, *n.* olona tsy mipetraka tsara amy ny fitondrany ny lehibe; olona be ditra amin' izay ifanarahany ny besy ny maro

Male, *n.* sy *adj.* lahy

Maledic'tion, *n.* ozona

Malefactor, *n.* olo-meloka

Malevolent, *adj.* manao lolom-po

Mal'ice, *n.* lolom-po, otri-po, fo lentika

Mali'cious, *adj.* manao lolom-po

Malign', *v. t.* manaratsy

Malig'nant, *adj.* manao lolom-po; mahafaty

Malig'nity, *n.* lolom-po, otri-po

Mall, *n.* fampohaza hazo

Mall, *v. t.* mamely, mandratra

Mal'leable, *adj.* tonga manify lehibe raha velezina

Mal'let, *n.* fiveli-fandraka

Malt, *n.* barley amboarina ka atao labera (*beer*)

Maltreat', *v. t.* manisy ratsy, mampahory

Mamma', *n.* Ineny

Mam'mal, *n.* zava-mananaina izay mampinono anaka

Mam'mon, *n.* harena, Mamôna

Mam'moth, *n.* biby fahiny taha-ka ny elefanta fa lehibebe kokoa

Man, *n.* pl. men; lehilahy, ankizi-lahy; olona. **Man of war**, sambo mpiady

Man, *v. t.* manisy olona ao anatisambo na *castle*, &c.

Man'acle, *n.* gadra fohy

Man'age, *v. t.* mahafehy, mitondra; mandahatra; manao

Man'ageable, *adj.* mora entina, mora atao

Man'agement, *n.* fitondrana

Man'ager *n.* mpandahatra raha-raha ; mpitondra
Mandarin' *n.* ny anankiray amy ny lehibe any China
Man'date, *n.* didy
Man'datory, *adj.* mandidy
Man'dible, *n.* valanorana ; ny vavam-borona sy izay manaitra amy ny vavany ny biby kely
Mane, *n.* vombo [sahy
Manful, *adj.* maheri-fo, sahi
Man'ger, *n.* fihinanam-bilona
Man'gle, *v. t.* mikapakapa ka mandratra be, mamiravira
Man'gle, *n.* milina fanontana lamba mba halama
Man'hood, *n.* toetry ny efa lehilahy lehibe
Man'ia, *n.* fahadalana, fahavezanan-tsaina ; faniriana mafy mihoatra noho izay antonony
Man'iac, *n.* olona adala
Man'ifest, *adj.* mamera, hita marina
Man'ifest, *v. t.* mampiseho, mampahita, mampahafantatra marina
Manifesta'tion, *n.* fisehoana, fampisehoana
Manifes'to, *n.* filazana miharihary ny kabary nokasainy ny mpanjaka &c. hatao, na ny antony ny anaovany izany
Man'ifold, *adj.* maro karazana, maro loha
Man'ioce, *n.* mangahazo
Manip'ulate, *v. t.* sy *i.* manao amy ny tanana, indrindra raha zavatra madinidinika izay tokony hotandremana tsara
Man'kind', *n.* olombelona, olona
Man'ly, *adj.* miendrika ho lehilahy fa tsy tahaka ny zaza amim-behivavy, sahy, matoky

Man'na, *n.* mana ; zavatra mamy mitete avy amy ny hazo sasany ka atao fanafody
Man'ner, *n.* fanao, fomba. In a manner, misy kely tahaka izany hiany
Mancœuv're, *n.* fifindrafindrany ny miaramila na sambo amy ny ady ; saina
Man'or, *n.* menakely
Manse, *n.* trano itoeran'olona, indrindra izay itoerany ny mpitandrina fiangonana any Skotlanda
Man'sion, *n.* trano itoeran'olona, indrindra raha trano lehibe sy tsara
Man'slaughter, *n.* famonoan-olona amy ny hatezerana tampoka ; famonoan-olonatsinahy amy ny tsi-fitandremana
Man'tel-piece, *n.* haingon-dafaoro atao fitoeran-javatra ao ambony ny vava-fatana
Man'tle, *n.* lamba na akanjo mirefarefa asarona ny akanjo hafa
Man'ual, *adj.* ataon-tanana
Manufactory, *n.* trano fanaovan-javatra, indrindra raha lehibe ka misy mpiasa maro
Manufac'ture, *n.* ny anaovan-javatra na lamba na kiraro na famantaranandro, &c. ; ny zavatra atao [tra
Manufac'ture, *v. t.* manao zava-
Manumis'sion, *n.* fandefasana andevo, fanafahana
Manumit', *v. t.* mandefa andevo, mamotsotra, manafaka
Manure', *n.* zezika na zavatra hafa atao amy ny tany mba hahalonaka azy
Manure', *v. t.* manisy zezika
Man'uscript, *n.* boky na taratasy natao sora-tanana

- Ma'ny**, *adj.* COMP. more; SUP. most; maro, be, betsaka. How many? firy? A great many, maro be, disovala
- Map**, *n.* sarin-tany, mapa
- Mar**, *v. t.* manimba
- Maraud'**, *v. i.* mandeha maro-maros mba handroba na hamabo
- Maraud'er**, *n.* anankiray amin' izay mandeha handroba toy ny voalaza ambony
- Mar'ble**, *n.* vato-sokay tsara tarehy ka matetika atao haingon-trano, &c.; kanety
- March**, *n.* Martsa, ny volana fahatelo amy ny taona; matso
- March**, *v. i.* mamindra milahatra toy ny ataony ny miaramila
- Mare**, *n.* soavaly vavy
- Mar'gin**, *n.* sisiny, morony; sisiny tsy voasoratra amy ny pejy
- Marine'**, *adj.* momba ny ranomasina, ao an-dranomasina
- Marine'**, *n.* miaramila antsambo
- Mar'iner**, *n.* matilo, mpiasa antsambo
- Mar'itime**, *adj.* amoron-drano-masina
- Mark**, *n.* marika, famantarana; zavatra kendrena
- Mark**, *v. t. sy i.* manamarika, mihevitra tsara
- Mark'et**, *n.* tsena
- Marks'man**, *n.* olona mahay mitifitra
- Marl**, *n.* tany be tanimanga sy chalk ary fasika
- Mar'quis**, *n.* anaram-piandrianana manarakaraka ny Duke
- Mar'riage**, *n.* fanambadiana, mariazy
- Mar'rôw**, *n.* tsoka
- Mar'ry**, *v. t. sy i.* mampakabady, manambady. Mr. P. married them yesterday, nataony Mr. P. mariazy izy omaly
- Marsh**, *n.* heniheny
- Mar'shal**, *n.* anaram-boninahitra, any France dia ny ambony indrindra amy ny mpi-fehy ny miaramila
- Mar'shal**, *v. t.* mandahatra olona
- Marsh'y**, *adj.* be heniheny
- Mart**, *n.* tsena
- Mart'yr**, *n.* maritiora, olona novonoina noho ny fitiavany any Kraisty; olona novonoina noho ny tsi-fivadiany amin' izay nekeny ho marina
- Mart'yr**, *v. t.* mamono olona noho ny finoany na ny tsi-fivadiany, &c.
- Mart'yrdom**, *n.* ny fahafatesany ny *martyr*
- Mar'vel**, *v. i.* (at) gaga
- Mar'vel**, *n.* zavatra mahagaga
- Mar'vellous**, *adj.* mahagaga
- Mas'culine**, *adj.* lahy; matanjaka, toalahy
- Mash**, *v. t.* mamotsipotsika, mamoriporitra
- Mask**, *n.* saron-tava ataony ny olona mba tsy hisy hahalala azy
- Mask**, *v. t.* manarona mba tsy ho hita, manaron-tava mba tsy ho fantatra
- Ma'son**, *n.* tambato
- Masquerade'**, *n.* lanonana na lalao misy dihy &c. ka voasaronana *mask* ny tarehiny ny mpilalao
- Mass**, *n.* vongany lehibe; halehibeny; lamesa. A mass of people, olona betsaka mivory
- Mas'sacre**, *n.* vonoan' olona maro amy ny tsy antony
- Mas'sacre**, *v. t.* mamono olona maro tsy misy antony loatra

- Mas'sive**,—*sy*, *adj.* lehibe sady mavesatra
- Mast**, *n.* andrin-tsambo
- Master**, *n.* tompo, olona manam-pahefana, mpampianatra; olona mahay
- Master**, *v. t.* mandresy, mam-panaiky
- Masterly**, *adj.* amy ny fahai-zana tsara
- Master-piece**, *n.* zavatra natao tamy ny fara-fahaizana
- Mastiff**, *n.* karazan' alika mala-laza noho ny tanjany sy ny fahasahiany
- Mat**, *n.* tsihy; harefo na zozoro &c. rafina atao zavatra; famaohan-tongotra apetraka ao am-baravarana
- Match**, *n.* zavatra mora ampi-rehetina atao fangalana afo; afo-kasika, afo-rano
- Match**, *v. t.* mahatoraka, mitovy aminy, mampitovy
- Matchless**, *adj.* tsy misy mahatoraka azy
- Mate**, *n.* namana, vadiny
- Material**, *n.* zavatra entina hatao zavatra
- Material**, *adj.* misy tena fa tsy fanahy; tsy azo lavina
- Maternal**, *adj.* any ny reny, reny
- Mathematics**, *n.* ny science izay ahafantarana ny amy ny zavatra rehetra izay azo isaina sy azo oharina, dia ny *Arithmetic* sy ny *Geometry*, &c.
- Matin**, *n.* fivavahana maraina amy ny Katolika
- Matriculate**, *v. t.* sy i. mampilatsaka na milatsaka ao amy ny *University* na *College*
- Matrimony**, *n.* fanambadiana
- Matron**, *n.* reny, vehivavy lehibe mitandrana olona toy ny ataony ny reny
- Mat'ter**, *n.* tenan-javatra; raharaha; nana. What is the matter? inona re izany e? It is no matter, tsy maninona izany [ny tsihy
- Mat'ting**, *n.* tsihy; zavatra toy
- Mat'tock**, *n.* angady misy lelany roa atao fihadian-tany
- Mat'tress**, *n.* kidoro-
- Mature'**, *adj.* masaka (amy ny voan-kazo na hevitra). A person of mature age, olona efa lehibe [manantitra
- Mature'**, *v. t.* mahamasaka,
- Matu'rity**, *n.* fahamasahana
- Maul**, *n.* (*mall*)
- Maul**, *v. t.* mamely amy ny zavatra mavesatra ka mandratra mafy
- Mausole'um**, *n.* fasana lehibe sady malaza
- Maw**, *n.* takorobabo
- Max'im**, *n.* teny foto-pahendrena izay ekeny ny maro
- Max'imum**, *n.* ny lehibe indrindra
- May**, *n.* May, ny volana fahadimy amy ny taona
- May**, *p. might*; *verb* manampy ny hevitra ny *verb* hafa ka mampiseho famelana na fierana na zavatra angatahina na faniriana
- May'or**, *n.* olona fidina isantaona ho lehibeny ny tanàna misy *corporation*
- Maze**, *n.* (*labyrinth*). He is in a maze, very hevitra izy ka tsy mahita izay tokony hataony
- Maze**, *v. t.* mahavory hevitra
- Me**, *pro.* ahy
- Mead**, *n.* toaka atao avy amy ny tantely
- Mead'ow**, *n.* tany be ahitra atao fihinanan' omby na soavaly, &c.

Mea'gre, *adj.* mahia ; tsy ampy
Meal, *n.* varim-bazaha &c. voa-
 torotoro fa tsy mbola voadio ;
 sakafo

Mean, *adj.* fetsy ratsy, mahihitra ; azo haratsina ; anelanelana. **Of mean birth**, iva razana. **In the mean time**, raha mbola, tamin' izay

Mean, *n.* elanelana ; ny antonony ; ny ao anelanelany ny *extreme* roa

Mean, *v. t.* sy *i.* mikasa, mihevitra. **What does this word mean?** inona no hevitr' ity teny ity

Mean'der, *v. i.* miolikolika, mandeha miolikolika

Mean'ing, *n.* hevitra

Mean'ness, *n.* hafetsifetsena ratsy, haratsiana

Means, *n.* ny anaovana ; izay ahatongavana. **By all means**, tokoa, izany indrindra. **By any means**, amin' izay azo anaovana na inona na inona. **By no means**, tsia tokoa, sanatria, tsy izany tsy akory

Meanwhile, *adv.* raha mbola, tamin' izay

Mea'sles, *n.* kitrotro

Meas'ure, *n.* fandrefesana, fanoharana ; famaran-javatra ; ny habeny na ny halavany, &c. **Measures**, izay atao na inona na inona mba hahatontosana izay kasaina hatao. **To take measures**, miantomboka hanao izay hahatontosana ny kasaina hatao

Meas'ure, *v. t.* sy *i.* manohatra, mandrefy

Measurement, *n.* ny habeny na ny halavany &c., ny ohany

Meat, *n.* hena ; hanina

Mechan'ic, *n.* mpiasa mahay ; mpanefy

Mechan'ic,—*cal*, *adj.* momba ny *mechanics* ; atao toy ny ataony ny *machine* fa tsy heverina akory

Mechan'ics, *n.* ny *science* izay ahafantarana ny hery entimampihetsiketsika zavatra

Mech'anism, *n.* ny fombany ny *machine* ; ny fifanarahany ny kodia &c. ao amy ny *machine*

Med'al, *n.* zavatra toy ny farantsa atao fahatsiarovana ny zavatra natao na niseho

Medal'ion, *n.* zavatra toy ny *medal* fa lehibe

Med'dle *v. i.* mandrairay, marendritendry ; misalovana ny raharahany ny sasany

Med'dlesome, *adj.* tia tendritendry, tia rairay

Medie'val, *adj.* momba ny *middle ages*

Me'diate, *v. i.* manelanelana, mifona ho any ny hafa

Me'diate, *adj.* ao anelanelany

Media'tor, *n.* mpanelanelana, mpanalalana

Med'ical, *adj.* momba ny fanafody na ny fanasitranana ny marary [fody

Medi'cinal, *adj.* azo atao fanafody, ody ;

Med'icine, *n.* fanafody, ody ; ny *science* izay ahafantarana ny atao mba hahasitrana ny marary

Medio'cre, *adj.* tsy tsara loatra ; tsy mahay loatra

Medio'c'ity, *n.* tsi-fahatsarana loatra, tsi-fahaizana loatra

Med'itate, *v. i.* sy *t.* mieritritra, misaintsaina

Medita'tion, *n.* eritritra

Me'dium, *n.* ny alehan' izay avy amy ny anankiray ka mankamy ny hafa

Med'ley, *n.* zavatra samihafa miharoharo

- Meed**, *n.* valim-pitia, valy araka ny soa natao
- Meek**, *adj.* malemy fanahy, maotona
- Meet**, *v. t.* sy *i.* P. sy P.P. met; mihaona, mitsena, manatrika. To meet with, sendra mihaona aminy; tran'y
- Meet**, *adj.* miendrika, tokony, mety
- Meeting**, *n.* fihaonana; fivorian' olona, fiangonana
- Meeting-house**, *n.* trano fiangonana [helo
- Melancholy**, *n.* fanjorettra, alahelo
- Melancholy**, *adj.* manjorettra, manjonitra
- Meliorate**, *v. t.* manatsaratsara kokoa, mahamaivana alahelo
- Mellifluent**,—*uous*, *adj.* manga feo
- Mellôw**, *adj.* malemy toy ny voan-kazo sasany rehefa masaka [lemy
- Mellôw**, *v. t.* sy *i.* mampahalo
- Melo'dious**, *adj.* mahafinaritra, mifanaraka (amy ny feo)
- Mel'ody**, *n.* fifanaraham-peo mahafinaritra
- Mel'on**, *n.* voantango
- Melt**, *v. t.* sy *i.* mandevona; manem-po; miem-po, levona
- Member**, *n.* anankiray amin' izay momba ny tena, dia ny sandry na tongotra, &c.; ny anankiray amin' izay tafakambana ho *society*, na izay voatokana hanao raharahampanjakana, na izay mitokana ho fiangonana
- Membership**, *n.* ny itoerana ao amy ny *society*, &c.
- Membrane**, *n.* zavatra toy ny hoditra manify dia manify manarona ny voamaso sy ny zavatra sasany koa amy ny tena
- Memor'to**, *n.* zavatra atao fahatsiarovana
- Mem'oir**, *n.* tantaran' olona; taratasy milaza zavatra miendrika hotsarovana
- Mem'orable**, *adj.* tokony hotsarovana
- Memoran'dum**, *n. pl.*—*da*; soraotra kely fitadidiana
- Memo'rial**, *n.* zavatra atao fahatsiarovana; taratasy nampanoratin'y ny vahoaka mian-gavy amy ny lehibe ka misy filazana mampiseho ny mahamety ny angatahany izany
- Mem'ory**, *n.* fitadidiana, fahatsiarovana. He has a good memory, mahatadidy tsara izy
- Men**, *pl.* of *man*
- Men'ace**, *v. t.* mandrahona, mampitahotra [rahona
- Men'ace**, *n.* fampitahorana
- Mena'gerie**, *n.* fitoerana ametrachana biby samihafa karazana mba haseho amy ny olona
- Mend**, *v. t.* sy *i.* manamboatra ny simba na ny rovitra, &c.; mihatsara
- Menda'cious**, *adj.* mandainga
- Mendac'ity**, *n.* lainga
- Mend'icant**, *n.* mpangataka
- Mendic'ity**, *n.* toetry ny mpangataka
- Me'nial**, *adj.* ataony ny mpanompo; ambany
- Me'nial**, *n.* mpanompo
- Mensura'tion**, *n.* fanoharana zavatra; fianarana izay mampiseho ny mety hatao hanoharana ny *area* na ny *solidity*-ny zavatra, &c.
- Men'tal**, *adj.* amy ny saina
- Men'tion**, *n.* filazana
- Men'tion**, *v. t.* milaza, manambara; mampahatsiaro

- Mer'cantile**, *adj.* momba ny varotra, indrindra izay atao amy ny tany hafa
- Mer'cenary**, *adj.* karamaina; tia vola, azo kolikolena
- Mer'cer**, *n.* mpivarotra lamba parasily na lamba volon' ondry, &c.
- Mer'chandise**, *n.* varotra, jirika
- Mer'chant**, *n.* mpivarotra, indrindra izay manao varotra amy ny tany hafa
- Mer'chantman**, *n.* sambo fandrantoana [dra-fo]
- Mer'ciful**, *adj.* miantra, mamin-
- Mer'ciless**, *adj.* tsy mety miantra, tsy misy indra-fo, tsy mifaditrovana
- Mercu'rial**, *adj.* namboarina avy amy ny volavelona (atao amy ny fanafody)
- Mer'cury**, *n.* volavelona; ny planeta akaiky ny masoandro indrindra, Merkory
- Mer'cy**, *n.* famindram-po, indra-fo
- Mer'cy-seat**, *n.* rakotry ny fiara izay nisy ny vato nanoratana ny didy folo
- Mere**, *adj.* hiany, fotsiny
- Mere**, *n.* kamory, farihy
- Meretri'cious**, *adj.* mamitaka amy ny ravaka na haingo foana
- Merge**, *v. t.* misitrika; mifangaroharo
- Merid'ian**, *n.* andro mitatao-vovonana
- Mer'it**, *n.* izay tokony hahazoana fitia; hatsarana
- Mer'it**, *v. t.* miendrika hahazoana fitia
- Merito'rious**, *adj.* miendrika hahazoana fitia
- Merr'iment**, *n.* fikoranana
- Mer'ry**, *adj.* mifalifaly, miko-rana
- Mesh**, *n.* masonry iray amy ny harato
- Mess**, *n.* hanina iray lovia; matilo na miaramila miaramihinana; zavatra maro samihafa miharoharo
- Mes'sage**, *n.* teny ampitondraina, hafatra
- Mes'senger**, *n.* iraka, olona ampitondrain-teny
- Mess'iah**, *n.* ny Voahosotra, Kraisty, Mesia
- Met**, *P. sy P. P. of meet*
- Met'al**, *n.* metaly, zavatra mangirangirana sady azo alefitra hadina avy amy ny tany, dia ny volamena sy ny volavelona sy ny volafotsy sy ny vy ary ny varahina, &c.
- Met'allic**, *adj.* any ny *metal*, misy *metal*, toy ny *metal*
- Meta'llurgy**, *n.* ny *science* izay ahafantarana ny mety hatao hampisarakana ny *metal* amy ny *ore*
- Metamor'phose**, *v. t.* mampiova tarehy, mampiova endrika, manjary
- Met'aphor**, *n.* oha-teny milaza olona na zavatra ho izy tokoa kanefa tsy izy fa tahaka hiany, toy izao: "Tandremono ny mpaminany sandoka.... fa amboadia mitoha izy." Mat. vii. 15.
- Metaphor'ical**, *adj.* manao oha-teny izay *metaphor*
- Metaphys'ics**, *n.* *science* lalina dia lalina izay andinihana ny fototry ny fahalalana rehetra
- Mete**, *v. t.* manohatra, mamaritra
- Me'teor**, *n.* zavatra mazava mihelina hita eny amy ny lanitra, fantara
- Me'teoro'logy**, *n.* ny *science* izay ahafantarana ny momba ny

- rivotra sy ny rahona sy ny ranonorana, &c.
- Me'ter**, *n.* famarana ahafantarana ny *gas* na ny rano &c. lany
- Me'ter**,—*tre*, *n.* filaharany ny vaki-teny amy ny tonon-kira; metatra, 39.37 intsa
- Meth'od**, *n.* lahatra tsara, fanao
- Method'ical**, *adj.* milamina tsara, milahatra tsara
- Meth'odist**, *n.* ny anankiray amy ny mpivavaka iray toko izay tafasaraka tamy ny *Church of England* tokony ho 100 taona lasa izay, ka John Wesley no nitarika azy tamy ny voalohany
- Metrop'olis**, *n.* renivohitra
- Metropol'itan**, *adj.* momba ny renivohitra
- Met'tle**, *n.* fanahy be herim-po fa mora taitra. **To be put on one's mettle**, amporisihina fatratra hanao izay tratry ny ainy
- Mew**, *v. t.* sy *i.* manao meo (toy ny saka)
- Mias'ma**, *n.* fofona ratsy avy amy ny heniheny na ny zavatra lo ka mankarary
- Mice**, *n.* pl. of *mouse*
- Mi'croscope**, *n.* fitaratra amboarina atao fizahana ny zavamadinika ka mahalehibe azy
- Mid**, *adj.* ao afovoany [vonana]
- Mid'day**, *n.* andro mitataovo-
- Mid'dle**, *adj.* ao afovoany. **Middle ages**, ny taona hatramy ny nandravana ny fanjakany Roma ka hatramy ny nandrosoany ny fahalalana noho ny nahitana ny porintra, &c. dia tokony ho hatramy ny taona 700 A.D. ka hatramy ny taona 1400 A.D.
- Middle**, *n.* ny ao afovoany
- Mid'dling**, *adj.* tsaratsara hiany, antonontonony hiany
- Midge**, *n.* biby kely toy ny aloy
- Mid'night**, *n.* misasak' alina, mamaton' alina
- Midst**, *n.* ny ao afovoany
- Mid'summer**, *n.* ati-fahavaratra
- Mid'way** *adj.* sy *adv.* antsasadalana
- Mid'wife**, *n.* mpampivelona
- Mien**, *n.* tarehy; fanao; bika
- Might**, *p.* of *may*
- Might**, *n.* hery, tanjaka. **With might and main**, araka izay tratry ny aina
- Might'y**, *adj.* manan-kery, matanjaka dia matanjaka; makadiry
- Mi'grate**, *v. i.* mifindra fonenana ho any amy ny tany hafa [toerana]
- Mi'gratory**, *adj.* mifindrafindra
- Mild**, *adj.* malemy, maotona, malemy fanahy
- Mil'dew**, *n.* zavatra toy ny bobongolo maniry amy ny ravin-javatra sasany ka mahafaty azy
- Mile**, *n.* 880 refy, mailly
- Mil'itant**, *adj.* mbola miady, mbola amy ny ady. **The church militant**, ny Kristiana tsy mbola afaka ady amy ny ratsy (raha ampitahaina amy ny *church triumphant* any an-danitra)
- Mil'itary**, *adj.* momba ny miaramila na ny fiadiana
- Mil'itate**, *v. i.* (against) manohitra, miady aminy, tsy mifanaraka aminy
- Mil'i'tia**, *n.* olona ampianarina ny fombany ny miaramila ka azo alaina atao vonjy maika raha sendra misy ady
- Milk**, *n.* ronono
- Milk**, *v. t.* mitery

Milk'y *adj.* misy ronono, toy ny ronono

Mill, *n.* machine fanaovan-javatra; trano misy machine fanaovan-javatra; milina

Mill, *v. t.* manorotoro; mamboatra lamba volon' ondry mba hadio sy hatevina

Mill-board, *n.* baoritra

Millen'ium, *n.* ny arivo taona, indrindra ny arivo taona mahafinaritra voalaza ao amy ny Fanamb. xx.

Miller, *n.* mpanao lafarina

Mill'et, *n.* ampemba

Mill'iner, *n.* vehivavy mpanao satro-behivavy, &c.

Mill'ion, *n.* iray tapitrisa

Mill'ionaire, *n.* olona faran' izay manankarena

Mill'stone, *n.* vato ahodina atao fitotoam-bary

Mim'ic, *v. t.* manao tahaka izay ataony ny olona hafa mba hampihomehy

Mim'ic, *n.* olona manao tahaka izay ataony ny olona hafa mba hampihomehy

Mince, *v. t.* manetitetika, mikapakapa; manao malemy ny fiteny

Mind, *n.* saina, hevitra; fitiavana kely. **I have half a mind to do that**, toa ta-hanao izany hiany aho. **To have or keep in mind**, mahatadidy, mahatsiaro. **To call to mind**, mahatsiaro. **To put in mind**, mampahatsiaro, mampahatadidy. **To make up one's mind**, mahatapaka hevitra na fisalasalana

Mind, *v. t.* mitandrina, misaina, mihevitra. **Never mind**, tsy maninona, aza mihevitra izany

Mind'ful, *adj.* (of) mitandrina,

Mind'less, *adj.* tsy manantsaina, tsy mitandrina

Mine, *pro.* ahy, -ko, ahiko

Mine, *n.* lavaka hadina ao amy ny tany akana *metal* na arintany, &c.; lavaka hadiny ny fahavalo ao ambany ny manda na tanàna &c. ka asiany vanja handravana izany

Mine, *v. t.* manao lavaka ao ambany ny zavatra sasany mba hanimbana izany

Min'eral, *n.* zavatra hadina amy ny tany, dia ny vato na ny *metal* na ny tanimanga, &c.

Min'eral, *adj.* amy ny *mineral*, misy *mineral*. **Mineral water**, loharano be solifara na sira &c. ka masirasira sady mate-tika azo atao fanafody

Mineral'ogist, *n.* olona mahay *mineralogy*

Mineral'ogy, *n.* ny *science* izay ahafantarana ny fombany ny *mineral* sy ny fanavakavahana azy

Min'gle, *v. t.* sy *i.* mangaro, mampiharo; miharo

Min'iature, *n.* sarin - javatra atao kely dia kely

Min'im'um, *n.* ny kely indrindra

Min'ion, *n.* mpandoka mpanjaka &c. mba hila-sitraka aminy ka tonga tiany

Min'ister, *n.* mpanompo; isany ny olona vitsivitsy izay nofidiny ny mpanjaka hitondra fanjakana; mpitandrina fian-gonana, olona anankiray ekeny ny maro ho mpitoriteny

Min'ister, *v. t.* sy *i.* manompo, manome izay tokony hahasoa

Minister'ial, *adj.* momba ny *minister*, tahaka ny ataony ny *minister*

Min'istry, *n.* fanompoana, ny

- raharahany ny *minister*; ny olona vitsivitsy nofidiny ny mpanjaka hitondra fanjakana
- Min'or**, *adj.* kelikely kokoa, kely
- Min'or**, *n.* tovolahy na tovo-vavy izay tsy mbola iraik' amby roa-polo taona
- Minority**, *n.* ny vitsy, ny sasany izay tsy mitovy hevitra amy ny be sy ny maro; ny androny ny zatovo raha mbola *minor* izy
- Min'ster**, *n.* ny trano fivavahana izay momba ny *monastery* anankiray, na izay nomba ny anankiray fahiny
- Min'strel**, *n.* mpitendry valiha izay manara-bava mihira
- Mint**, *n.* trano fanontam-bola; anaran' anana, solila
- Mint**, *v. t.* manonta vola
- Min'us**, *adj.* analana; afa-tsy
- Minute'**, *adj.* madinika, kely
- Min'ute**, *n.* minitra, ny ampahenim-polony ny ora; sora-tra fitadidian-javatra; sora-tra filazana ny raharaha nataony ny *committee*
- Min'ute**, *v. t.* manoratra atao fitadidian-javatra
- Miracle**, *n.* zavatra mahagaga satria tsy araka ny lalana nitondran' Andriamantitra izao tontolo izao hatramy ny voalohany; fahagagana
- Mirac'ulous**, *adj.* miseho ho *miracle*, mahagaga
- Mirage'**, *n.* diso fijery zavatra lavitra noho ny heriny ny hainandro ka toa misy tandindona eo amboniny, na toa misy fasika miseho ho rano
- Mire**, *n.* fotaka
- Mir'ror**, *n.* fitaratra fizahana, na zavatra hafa azo itarafana
- Mirth**, *n.* fikoranana
- Mi'ry**, *adj.* be fotaka
- Misadvent'ure**, *n.* zavatra mamalahelo tonga tsi-nahy
- Mis'anthrope**, **Misan'thropist**, *n.* olona tsy tia olona
- Misan'thropy**, *n.* ny tsi-fitivana olona
- Misapply'**, *v. t.* manaò amin' izay tsy antony
- Misapp'rehend**, *v. t.* tsy mahazoteny ka tonga miova ny heviny. **Perhaps you misapp'rehended him**, angamba tailana nandrenea hianao
- Mis'become**, *v. t.* tsy mahamen-drika
- Mis'behave**, *v. i.* tsy mahay mitondra-tena tsara
- Miscal'**, *v. t.* diso filaza anarana, diso fanao anarana
- Miscal'culate**, *v. t.* tsy manisa marina, diso fanisa; tsy miveitra marina izay ho avy
- Miscar'riage**, *n.* ny tsi-fahaton-tosany ny raharaha natao
- Miscar'ry**, *v. t.* tsy lavorary; diso fitondrana
- Miscella'neous**, *adj.* maro samihafa, miharoharo
- Mis'cellany**, *n.* boky milaza zavatra maro samihafa
- Mischance'**, *n.* zavatra mampalahelo tonga tsi-nahy; vintan-dratsy
- Mis'chief**, *n.* fampahoriana avy amy ny faharatsiam-panahy na ny fahadalana na ny tsi-fitandremana. **To make mischief**, mampifampialona, mampifanditra, mampisarakana fisakaizana
- Mis'chievous**, *adj.* manimba, mampiditra fahoriana
- Mis'cible**, *adj.* mety miharo
- Misconceive**, *v. t.* sy *i.* diso hevitra [amy ny] atao
- Miscon'duct**, *n.* fahadisoari

- Misconduct'**, *v. t.* diso fitondra raharaha
- Misconstrue'**, *v. t.* diso hevitra amy ny fandikan-teny; diso hevitra amy ny ataony ny sasany
- Miscount'**, *v. t.* sy *i.* tsy manisa marina, diso fanisa
- Mis'creant**, *n.* olona ratsy fanahy indrindra
- Mis'date'**, *v. t.* diso fanisiana ny andro anaovan-javatra, &c.
- Mis'deed'**, *n.* zavatra tsy mety natao
- Misdemean'or**, *n.* fahadisoana amy ny atao
- Mis'direct'**, *v. t.* diso fanoro; diso fanao ladiresy
- Mis'do'er**, *n.* mpanao ratsy
- Mis'employ'**, *v. t.* mampanao foana. **To misemploy time**, mandany andro foana amin' izay tsy mahaso. **His talents have been misemployed**, ny fahaizany dia nentiny nanao izay tsy mahaso
- Mis'er**, *n.* olona mahihitra loatra ka tsy mety mandany ny volany na dia amin' izay hahasoa ny tenany aza
- Mis'erable**, *adj.* ory indrindra, mahantra loatra, fadiranovana
- Mis'ery**, *n.* fahoriana mafy
- Mis'fortune**, *n.* vintan-dratsy, anjara
- Mis'give'**, *v. t.* P.—gave; P.P.—given; miahahanana
- Mis'gov'ern**, *v. t.* ratsy fitondra fanjakana, manapaka amin' izay tsy mety
- Mis'guide'**, *v. t.* mitarika amin' izay tsy mety; diso fitarika
- Mis'hap'**, *n.* (*mischance*)
- Mis'in'form'**, *v. t.* milaza izay tsy marina, diso filaza
- Misinter'pret**, *v. t.* diso fandi-
- kana ny hevitra ny teny lazainy ny sasany
- Misjudge'**, diso hevitra amin' izay ataony ny sasany
- Mislay'**, *v. t.* P. sy P.P.—laid; diso nametrahana, diso fame-traka
- Mislead'**, *v. t.* P. sy P.P.—led; mitarika amin' izay tsy mety, diso fitarika
- Misman'age**, *v. t.* ratsy fitondra raharaha
- Misname'**, *v. t.* diso fanao anarana
- Misno'mer**, *n.* anarana tsy mifanaraka amy ny toetrany na ny ataony
- Misplace'**, *v. t.* diso nametrahana, diso fametraka
- Misprint'**, *n.* diso porintra
- Mispronounce'**, *v. t.* diso fano-nona
- Misquote'**, *v. t.* diso filaza ny teny voasoratra na izay voalazany ny sasany
- Mis'report**, *v. t.* diso filaza izay voalazany ny sasany
- Mis'represent'**, *v. t.* tsy mam-piseho izay marina
- Misrule'**, *n.* fihorakorahana na fitabatabana satria ratsy ny itondrana azy
- Miss**, *n.* teny atao eo alohany ny anarany ny vehivavy tsy mbola manam-bady
- Miss**, *v. t.* sy *i.* tsy mahavao, tsy mahatratra, tsy mahazo, tsy mahita; manina; malahelo noho ny nialany ny havana na noho ny fahaverezany ny zavatra tiana
- Mis'sal**, *n.* boky fivavahana amy ny Katolika Romana
- Mis'shape**, *v. t.* diso fanao endrika
- Mis'sile**, *n.* fiadiana atoraka na atsipy na alefa

Mis'sing, *adj.* tsy ao, tsy hita, very

Mis'sion, *n.* fanirahana; ny raharahany ny olona irahina; olona maromaro irahina; ny misionary mikambana amy ny fitoerana anankiray

Mis'sionary, *n.* olona irahina hampianatra ny tenin' Andriamanitra amin' izay tsy mahalala, misionary

Mis'sive, *n.* teny na taratasy ampitondraina ny iraka [lina

Misspell', *v. t.* diso fanao sipe-

Misspend', *v. t.* mandany foana

Misstate', *v. t.* diso fanambara, diso filaza

Misstep', *v. i.* diso fandia

Mist, *n.* zavona

Mistake', *v. t.* sy *i. P.* mistook; *P.P.* mistaken; diso hevitra

Mistake', *n.* diso

Mis'ter, *n.* tompokolahy, teny atao eo alohany ny anarany ny lehilahy efa lehibe ka **Mr.** no fanoratra azy

Mistime', *v. t.* manao amy ny fotoana izay tsy mahamety azy

Mis'tletoe, *n.* anaran-kazo maniry amy ny hazo hafa ka mamoa fotsy sady madity

Mistress, *n.* tompokovavy; vehivavy mpampianatra sekoly; teny atao eo alohany ny anarany ny vehivavy efa manambady, ka **Mrs.** no fanoratra azy ary **Misizy** no fanononana azy

Mist'y, *adj.* manjavona

Mis'understand, *v. t. P.* sy *P.P.* —stood; diso hevitra amin' izay voalazany ny sasany, tailana nandrenesana

Misuse', *v. t.* diso fanao; manimba zavatra noho ny tsy anaovana azy amy ny antony

Misuse', *n.* (of) diso fanao

Mite, *n.* zavatra kely boritika; anaram-biby madinika indrindra

Mit'igate, *v. t.* mampisava alahelo; mampihena fanaintainana

Mi'tre, *n.* satroky ny *bishop* sy ny lehibe sasany amy ny **Katolika**

Mit'ten, *n.* ga tsy misy fonondrantsan-tanana

Mix, *v. t.* sy *i.* mangaro, mampiharo; miharo

Miz'zle, **Mistle**, *v. i.* merika

Moan, *n.* toloko

Mob, *n.* olona maro mihorakoraka sy mitabataba

Mob, *v. t.* mandrahona, manimba (raha ataony ny olona maro mitabataba)

Mo'bile, *adj.* azo afindra

Mock, *v. t.* sy *i.* manaratsy amy ny fihomehezana, maneso, manaraby [akory

Mock, *adj.* tahaka nefa tsy izy

Mock'ery, *n.* fanaratsiana amy ny fihomehezana, eso; zavatra tsy izy tokoa fa sandoka hiany

Mock'ing-bird, *n.* vorona tsara feo indrindra ka mahay maka tahaka ny feom-borona hafa, ary any Amerika Avaratra no misy azy

Mode, *n.* fanao, fomba, lamody

Mod'el, *n.* ohatra, marika; sarin-trano na sambo na tanana &c. atao amy ny hazo na savoka, &c.

Mod'erate, *adj.* antonontonony, tsy be loatra; tsy mahay loatra, tsy faingana loatra, &c.

Mod'erate, *v, t.* mampionona

Moderation, *n.* ny antonontonony

- Misconduct'**, *v. t.* diso fitondra raharaha
- Misconstrue'**, *v. t.* diso hevitra amy ny fandikan-teny; diso hevitra amy ny ataony ny sasany
- Miscount'**, *v. t. sy i.* tsy manisa marina, diso fanisa
- Mis'creant**, *n.* olona ratsy fanahy indrindra
- Misdate'**, *v. t.* diso fanisiana ny andro anaovan-javatra, &c.
- Misdeed'**, *n.* zavatra tsy mety natao
- Misdemean'or**, *n.* fahadisoana amy ny atao
- Misdirect'**, *v. t.* diso fanoro; diso fanao ladiresy
- Misdo'er**, *n.* mpanao ratsy
- Misemploy'**, *v. t.* mampanao foana. To misemploy time, mandany andro foana amin' izay tsy mahasoa. His talents have been misemployed, ny fahaizany dia nentiny nanao izay tsy mahasoa
- Mis'er**, *n.* olona mahihitra loatra ka tsy mety mandany ny volany na dia amin' izay hahasoa ny tenany aza
- Mis'erable**, *adj.* ory indrindra, mahantra loatra, fadiranovana
- Mis'ery**, *n.* fahoriana mafy
- Misfortune**, *n.* vintan-dratsy, anjara
- Misgive'**, *v. t. P.*—gave; P.P.—given; miahahanana
- Misgov'ern**, *v. t.* ratsy fitondra fanjakana, manapaka amin' izay tsy mety
- Misguide'**, *v. t.* mitarika amin' izay tsy mety; diso fitarika
- Mishap'**, *n.* (*mischance*)
- Mis'inform'**, *v. t.* milaza izay tsy marina, diso filaza
- Misinter'pret**, *v. t.* diso fandi-
- kana ny hevitra ny teny lazainy ny sasany
- Misjudge'**, diso hevitra amin' izay ataony ny sasany
- Mislay'**, *v. t. P. sy P.P.*—laid; diso nametrahana, diso fame-traka
- Mislead'**, *v. t. P. sy P.P.*—led; mitarika amin' izay tsy mety, diso fitarika
- Misman'age**, *v. t.* ratsy fitondra raharaha
- Misname'**, *v. t.* diso fanao anarana
- Misno'mer**, *n.* anarana tsy mifanaraka amy ny toetrany na ny ataony
- Misplace'**, *v. t.* diso nametrahana, diso fametraka
- Misprint'**, *n.* diso porintra
- Mispronounce'**, *v. t.* diso fanonona
- Misquote'**, *v. t.* diso filaza ny teny voasoratra na izay voalazany ny sasany
- Mis'report**, *v. t.* diso filaza izay voalazany ny sasany
- Mis'represent'**, *v. t.* tsy mam-piseho izay marina
- Misrule'**, *n.* fikorakorahana na fitabatabana satria ratsy ny itondrana azy
- Miss**, *n.* teny atao eo alohany ny anarany ny vehivavy tsy mbola manam-bady
- Miss**, *v. t. sy i.* tsy mahavao, tsy mahatratra, tsy mahazo, tsy mahita; manina; malahelo noho ny nialany ny havana na noho ny fahavezany ny zavatra tiana
- Mis'sal**, *n.* boky fivavahana amy ny Katolika Romana
- Mis'shape**, *v. t.* diso fanao endrika
- Mis'sile**, *n.* fiadiana atoraka na atsipy na alefa

- Mis'sing**, *adj.* tsy ao, tsy hita, very
- Mis'sion**, *n.* fanirahana; ny raharahany ny olona irahina; olona maromaro irahina; ny misionary mikambana amy ny fitoerana anankiray
- Mis'sionary**, *n.* olona irahina hampianatra ny tenin' Andriamanitra amin' izay tsy mahalala, misionary
- Mis'sive**, *n.* teny na taratasy ampitondraina ny iraka [lina
- Misspell'**, *v. t.* diso fanao sipe-
- Misspend'**, *v. t.* mandany foana
- Misstate'**, *v. t.* diso fanambara, diso filaza
- Misstep'**, *v. i.* diso fandia
- Mist**, *n.* zavona
- Mistake'**, *v. t.* sy *i. p.* mistook; P.P. mistaken; diso hevitra
- Mistake'**, *n.* diso
- Mister**, *n.* tompokolahy, teny atao eo alohany ny anarany ny lehilahy efa lehibe ka **Mr.** no fanoratra azy
- Mistime'**, *v. t.* manao amy ny fotoana izay tsy mahamety azy
- Mistletoe**, *n.* anaran-kazo maniry amy ny hazo hafa ka mamoa fotsy sady madity
- Mistress**, *n.* tompokovavy; vehivavy mpampianatra sekoly; teny atao eo alohany ny anarany ny vehivavy efa manambady, ka **Mrs.** no fanoratra azy ary **Misizy** no fanonana azy
- Misty**, *adj.* manjavona
- Mis'understand**, *v. t.* P. sy P.P. —stood; diso hevitra amin' izay voalazany ny sasany, tailana nandrenesana
- Misuse'**, *v. t.* diso fanao; manimba zavatra noho ny tsy anaovana azy amy ny antony
- Misuse'**, *n.* (of) diso fanao
- Mite**, *n.* zavatra kely boritika; anaram-biby madinika indrindra
- Mit'igate**, *v. t.* mampisava alahelo; mampihena fanaintanana
- Mi'tre**, *n.* satroky ny *bishop* sy ny lehibe sasany amy ny **Katolika**
- Mitten**, *n.* ga tsy misy fonondrantsan-tànana
- Mix**, *v. t.* sy *i.* mangaro, mampiharo; miharo
- Miz'zle**, **Mistle**, *v. i.* merika
- Moan**, *n.* toloko
- Mob**, *n.* olona maro mihorakoraka sy mitabataba
- Mob**, *v. t.* mandrahona, manimba (raha ataony ny olona maro mitabataba)
- Mo'bile**, *adj.* azo afindra
- Mock**, *v. t.* sy *i.* manaratsy amy ny fihomehezana, maneso, manaraby [akory
- Mock**, *adj.* tahaka nefa tsy izy
- Mock'ery**, *n.* fanaratsiana amy ny fihomehezana, eso; zavatra tsy izy tokoa fa sandokahiany
- Mock'ing-bird**, *n.* vorona tsara feo indrindra ka mahay maka tahaka ny feom-borona hafa, ary any Amerika Avaratra no misy azy
- Mode**, *n.* fanao, fomba, lamody
- Mod'el**, *n.* ohatra, marika; sarin-trano na sambo na tanàna &c. atao amy ny hazo na savoka, &c.
- Mod'erate**, *adj.* antonontonony, tsy be loatra; tsy mahay loatra, tsy faingana loatra, &c.
- Mod'erate**, *v. t.* mampionona
- Moderation**, *n.* ny antonontonony

- Mod'erator**, *n.* olona atao lohany ny olona izay mivory hanao raharaha
- Mod'ern**, *adj.* tsy ela, ankehitriny (*mifanohitra* amy ny *ancient*)
- Mod'est**, *adj.* maotina, mibonai-ka, saro-kenatra. **A modest request**, hataka antonony hiany fa tsy manahirana loatra
- Mod'esty**, *n.* fahamaotinana
- Mod'ify**, *v. t.* manova ho malemitemy kokoa
- Mod'ulate**, *v. t.* manovaova ny feo raha miteny na mamakiteny
- Moham'medan**, *n.* (*Mahometan*)
- Moi'ety**, *n.* ny antsasany
- Moil**, *v. t. sy, i.* miasa fatratra amin' izay tsy mahafinaritra
- Moist**, *adj.* lena, mando, mando-mando
- Moist'en**, *v. t.* mampano
- Moist'ure**, *n.* hamandoana
- Molas'ses**, *n.* ranon-tsiramamy miala amy ny anaovana azy, ranoresy
- Mole**, *n.* panda; fefin-dranomasina; biby kely tahaka ny trandraka mihady lavaka ao amy ny tany
- Mole-hill**, *n.* tany toy ny votry kely asandratty ny *mole*
- Molest'**, *v. t.* manory, manahirana, mahasosotra, mahadikidiky
- Mol'lient**, *adj.* mahalemy
- Mol'lify**, *v. t.* mahalemy, mam-pionona
- Mollus'cous**, *adj.* amy ny *mollusk*
- Mol'lusk**, *n.* biby tsy misy taolana ary tsy misy tonony sady malemy avokoa ny tenany rehetra, ary ny ankabiazany manana akorany
- Molt'en**, *adj.* anidina
- Mo'ment**, *n.* indrai-mipi-maso; ny tokony hoheverina indrindra
- Mo'mentary**, *adj.* tsi-ampi-tonona, amy ny indrai-mipi-maso
- Moment'ous**, *adj.* tsy azo lavina, tsy maintsy hoheverina indrindra
- Moment'um**, *n.* ny heriny ny zavatra mandeha
- Mon'arch**, *n.* mpanjaka, andrian-tokana
- Mon'archy**, *n.* fanjakana misy andrian-tokana [ny *monk*
- Mon'astery**, *n.* trano itoerany
- Monas'tic,—cal**, *adj.* amy ny *monastery* na ny *monk* na ny *nun*
- Mon'day**, *n.* Alatsinainy
- Mon'etary**, *adj.* amy ny vola
- Mon'ey**, *n.* vola
- Mon'ger**, *n.* mpivarotra
- Mon'gral**, *n.* biby zanaky ny biby roa izay mitovitovy karazana fa samihafa kely
- Moni'tion**, *n.* anatra milaza izay tokony hotandremana
- Mon'itor**, *n.* mpananatra; mpianatra tendrena indraindray hampianatra
- Monk**, *n.* lehilahy misaraka amin' izao tontolo izao mba handany ny androny amy ny fanompoana an' Andriamanitra sady mivoady tsy hanambady
- Monk'ey**, *n.* biby mirai-karazana amy ny jako sy ny gidro ary ny amboanala ka toy ny tanan' olona ny tongony efatra
- Mon'ody**, *n.* tonon-kira mam-palahelo mampiseho ny alahelon' olona anankiray
- Monoma'nia**, *n.* fahadalana, indrindra izay miseho amy ny zavatra anankiray

Monop'olize, *v. t.* manao varotra tsy azony ny olona hafa atao ; maka ho azy hiany

Monop'oly, *n.* fahazoana hivarotra zavatra raha tsy misy mahaze mivarotra afa-tsy izy hiany, na avy amy ny andriana izany fahefana izany na avy aiza na avy aiza

Mon'osyll'able, *n.* teny misy vaki-teny iray hiany

Monot'onous, *adj.* tsy miova feo ; tsy miova raharaha fa mitovitovy lalandava

Monot'ony, *n.* tsi-fiovam-peo ; tsi-fiovan-draharaha, &c.

Monsoon', *n.* anaran-drivotra ao amy ny Oseana Indiana

Mon'ster, *n.* zavatra lehibe lavitra noho ny ankabiazany, na tsy mitovy amy ny ankabiazany ; olona ratsy fanahy indrindra

Monstros'ity, *n.* sampona

Mon'strous, *adj.* tsy mitovy amy ny ankabiazany, maka-diry ; mahatsiravina

Month, *n.* volana [bolana

Month'ly, *adj.* sy *adv.* isam-**Mon'ument**, *n.* zavatra atao fahatsiarovana ny lasa, indrindra raha tsangam-bato na rafi-bato

Mood, *n.* toe-panahy ; toetra

Mood'y, *adj.* sosotsosotra, malonilony

Moon, *n.* volana

Moon'light, *n.* dia-volana

Moon'shine, *n.* fahazavany ny volana ; zavatra miseho ho tsara na ho mahafinaritra nefa tsinontsinona

Moor, *n.* tany foana malalaka tsy lonaka sady matetika be honahona

Moor, *v. t.* mampijanona ny

sambo amy ny vatofantsika, &c.

Moot, *v. i.* milaza zavatra mba horeshahina na hoheverina

Mop, *n.* vorodamba misy zarany atao fanasana gorodona

Mope, *v. i.* mipetraka foana ka tsy mety manao na inona na inona

Mor'al, *adj.* momba ny fitondran-tena tsara ; tsara fitondran-tena. **A moral agent**, izay mahalala ny mety sy ny tsy mety. **Moral force**, hery avy amy ny fahamarinana sy ny fahendrena, &c., ka mifanohitra amy ny *physical force*

Mor'al, *n.* anatra avy amy ny tantara na angano, &c.

Morals, fitondran-tena

Mor'alist, *n.* mpampianatra fitondran-tena tsara

Moral'ity, *n.* fanarahana ny lalàn' Andriamanitra amy ny fitondran-tena ; ny fahame-tezana na ny tsi-fahame-tezana ny atao ; fampianarana fitondran-tena

Moralize, *v. t.* sy *i.* maka anatra'avy amy ny tantara, &c.

Mor'ally, *adv.* araka ny fitondran-tena tsara ; araka izay miseho mandrakariva

Morass', *n.* heniheny

Mor'bid, *adj.* marary, farofy

More, *adj.* sy *adv.* **COMP.** of *much* na *many*. **More and more**, mitombotombo hiany. **No more, not any more**, tsy-intsony. **The more I think about it the more I regret it**, araka ny itomboany ny fiheverako izany no itomboany ny fanenenako

Moreo'ver, *adv.* ary koa, ary indray

Morn,—ning, *n.* maraina
Morning-star, *n.* kintana fita-rik' andro
Morose', *adj.* malonilony
Mor'rôw, *n.* ampitso
Morsel, *n.* hanina indraimbava; sombin-javatra
Mortal, *adj.* mety maty; mahafaty
Mortality, *n.* mety maty, fahafatesana; ny maty amy ny fitoerana iray na amy ny indray andro na amy ny indray taona, &c.
Mortar, *n.* laonam-panafody, &c.; tafondro fohy be-vava andefasana *bomb*; rihitra sokay
Mortgage, *v. t.* manao antoka (indrindra amy ny tany)
Mortifica'tion, *n.* ny mihalò amy ny fery; fahasosorana, fanetrena
Mortify, *v. i.* sy *t.* mihalò (amy ny fery); mahasosotra, manetry
Mortise, *n.* loaka atao amy ny rafitra izay idirany ny *tenon* mba hampiadry azy tsara
Mosaic, *n.* haingom-bata na gorodona atao amy ny vato na hazo &c. efa-joro kely samihafa soratra
Mosaic, *adj.* natao tany ny hazo na vato toy izay voalaza eo ambony; any Mosesy
Mos'lem, *n.* (*Mahometan*)
Mosque, *n.* trano fivavahany ny *Mahometan*
Mosquito, *n.* moka
Moss, *n.* volon-tany na volon-kazo maitso malemy
Mossy, *adj.* be *moss*
Most, *adj.* sy *adv.* SUP. of *many* na *much*. To make the most of, manao izay hainy mba tsy hisy ho very foana 'na

dia kely aza; milaza izay rehetra azo lazaina ny aminy
Most'ly, *adv.* amy ny ankabiazany
Mote, *n.* zavatra kely boritika
Moth, *n.* karazan-dolo ka ny ankabiazany manidina amy ny alina
Moth'er, *n.* reny, Ineny. **Mother-in-law**, rafozana (vavy).
Mother tongue, tenin-drazana
Moth'erly, *adj.* any ny reny, tahaka ny ataony ny reny
Mot'ion, *n.* fihetsiketsehana, fifindrana, fandeha; hevitra lazainy ny anankiray amy ny olona miangona hihevitra raharaha
Mot'ion, *v. i.* (to) manatsika
Mot'ionless, *adj.* tsy mihetsiketseka
Mot'ive, *n.* hevitra mamporisika, antony
Mot'ley, *adj.* misoratsoratra; maro samihafa
Mot'to, *n.* teny fohifohy misy hevitra tsara ka matetika atao amy ny voalohany ny boky
Môuld, *n.* tany tsara ampanirian-javatra; fanaovana zavatra arendrika, fandrendrehana; ny bobongolo
Môuld, *v. t.* mandrendrika, manisy endrika
Môuld'er, *v. i.* mody vovoka
Môuld'ing, *n.* sorany, koronony
Môuld'y, *adj.* misy bobongolo
Môult, *v. i.* mihintsam-bolo
Mound, *n.* tany nangonina, mânda tany, bongan-tany kely
Mount,—tain, *n.* tendrombohitra, havoana
Mount, *v. i.* sy *t.* miakatra, mitaingina. To mount (a

- map or a picture**), mametaka izany amy ny lamba na baoritra, &c.
- Moun'taineer**, *n.* olona monina an-tendrombohitra
- Moun'tainous**, *adj.* be tendrombohitra
- Moun'tebank**, *n.* mpihambo fahaizana, indrindra amy ny fanafody
- Mourn**, *v. i.* sy *t.* misaona, malahelo, mitomany
- Mourn'er**, *n.* mpisaona
- Mourn'ful**, *adj.* malahelo; mamalahelo
- Mourn'ing**, *n.* fisaonana
- Mouse**, *n.* pl. mice; totozy
- Mouse**, *v. i.* misambotra totozy (ny ataony ny saka)
- Mouse-trap**, *n.* tontan-totozy
- Mouth**, *n.* vava [bava
- Mouth'ful**, *n.* hanina indraim-
- Mouth'piece**, *n.* mpisolo-vava
- Mov'able**, *adj.* azo afindra
- Move**, *v. t.* sy *i.* mamindra; mifindra; mampangorakoraka, mamporisika. **To move a resolution**, milaza hevitra amy ny olona miangona hihavitra raharaha. **Moving power**, hery mampihodina milina na *machine*. **A moving address**, laha-teny mampangorakoraka
- Move'ment**, *n.* fifindrana; fandeha; fihetsiketsehana
- Mow**, *v. t.* sy *i.* P. mowed; P.P. mowed or mown; mijinja amy ny *scythe*
- Much**, *adj.* sy *adv.* COMP. more; SUP. most; betsaka, be. **Much better**, tsara lavitra. **To make much of**, manao ho lehibe na miendrika hohajaina, &c. **How much?** hoatri-nona?
- Mucilage**, *n.* ditin-kazo voalena
- Mucilag'inous**, *adj.* misy *mucilage*, tahaka ny *mucilage*
- Muck**, *n.* taim-biby, loto
- Mud**, *n.* fotaka
- Mud'dle**, *n.* fikorokoroana
- Mud'dle**, *v. t.* mandoto ny rano; mampikorontana ny saina amy ny fisotroan-toaka
- Mud'dy**, *adj.* be fotaka. **Muddy water**, ranom-potaka
- Muff**, *n.* hodi-biby be-velo atao fonon-tànana
- Mug**, *n.* kapoaka toy ny zinga
- Mulat'to**, *n.* olona zanaky ny Vazaha sy ny olona maintihoditra, indrindra ny any Amerika sy India Andrefana
- Mul'berry**, *n.* voaroi-hazo, hazon-dandy
- Mulet**, *n.* sazy
- Mule**, *n.* ampondra, sarin-tsoavaly [hafa
- Multifa'rious**, *adj.* maro samim-
- Mul'tiform**, *adj.* maro endrika
- Mul'tiple**, *n.* isa azo zaraina amy ny isa hafa ka tsy misy ambiny. **Common multiple**, isa azo zarainy ny isa roa hafa na mihoatra ka tsy misy ambiny, toy ny 24 dia *common multiple*-ny 8 sy ny 6 sy ny 3, &c.
- Mul'tiplicand'**, *n.* ny ampitomboina (amy ny marika)
- Mul'tiplica'tion**, *n.* fampitomboana
- Mul'tiplic'ity**, *n.* habetsahana
- Mul'tipli'er**, *n.* ny mampitombo (amy ny marika)
- Mul'tiply**, *v. t.* sy *i.* mampitombo; mitombo
- Mul'titude**, *n.* olona na zavatra betsaka. **The multitude**, ny vahoaka be, ny valalabemandy [tsaka
- Multitu'dinous**, *adj.* maro, be
- Mum**, *adj.* sina

Mum'ble, *v. i.* sy *t.* mingonon-gonona [ky foana
Mum'mery, *n.* lalao mahatsikai-
Mum'my, *n.* faty namboaringy
 ny Egyptiana &c. mba tsy
 ho lo
Mumps, *n.* donika
Munch, *v. t.* mitsakotsako
Mun'dane, *adj.* amin' izao ton-
 tolo izao
Municipal, *adj.* amy ny tanàna
 misy *corporation*
Munificent, *adj.* manome mala-
 laka, mahafoy be
Muni'tion, *n.* fiadiana sy ny
 fombany rehetra izay atao
 fiarovana raha misy ady
Murder, *n.* vonoan' olona
Murder, *v. t.* mamono olona
Murderer, *n.* mpamono olona
Murderous, *adj.* mampahafaty
 olona, masiaka indrindra
Murky, *adj.* maizimaizina
Mur'mur, *n.* feo ataony ny rano
 mandeha amy ny vato na ny
 rivotra ao anati-ala, na ny
 feony ny reni-tantely betsaka;
 fimonomononana
Mur'mur, *v. i.* manao feo toy
 ny rano mandeha amy ny
 korontam-bato, &c.; mimono-
 monona
Mus'cle, *n.* ny zavatra amy ny
 tenan' olona sy ny biby izay
 mety mivonkina mihemotra
 mba hampiketsika ny taolana,
 &c.; nofo
Mus'cle, or **Mus'sel**, *n.* anaram-
 biby manana akorany monina
 any anati-rano
Mus'covy-duck, *n.* dokotra
Mus'cular, *adj.* any ny *muscle*,
 henjana, matanjaka
Muse, *v. i.* (upon) mieritreritra
Muse, *n.* fieritreretana; ny anan-
 kiray amy ny andriamani-ba-
 vy sivy izay nataony ny Gi-

rika sy ny Romana ho tom-
 pony ny tonon-kira sy ny
 fanaovan-tsary ary ny fanda-
 haran-teny, &c.
Muse'um, *n.* trano itoerany ny
 zavatra maro samihafa izay
 tsy mbola hitan' olona loatra
Mush'room, *n.* holatra tsara
 fihinana
Mus'ic, *n.* fifanaraham-peo ma-
 hafinaritra, indrindra izay
 avy amy ny zava-maneno
 toy ny harimonia sy ny valiha
 sy ny korodao ary ny trompe-
 tra, &c. *Vocal music*, hira
Mus'ical, *adj.* momba ny *music*;
 mahafinarita toy ny *music*.
Musical-box, sarinety
Mus'ician, *n.* olona mahay
 mitsoka na mitendry *musical*
instrument
Musk, *n.* anaran-java-manitra
Mus'ket, *n.* basy fiadiana
Pang, *n.* fanaintainana mafy sady tampoka; fahoriana manindrona mafy

Pan'ic, *n.* tahotra tampoka sady mafy kamampihorohoro ny maro

Pan'ic-struck, *adj.* azony ny tahotra tampoka

Pan'oply, *n.* akanjo fiarovana indray mitondra

Pant, *v. i.* sempotra, tsy mahazo aina. To pant for or after, maniry indrindra

Pantaloons', *n.* pataloa, akanjo-tongotra

Pan'ther, *n.* biby lehibe miray karazana amy ny saka sy ny liona

Pan'try, *n.* trano fitoeran-kalina, trano mofa

Pap, *n.* nono

Papa', Ikaky, Idada, ray

Pap'acy, *n.* raharaha sy vominahitry ny Papa

Pa'pal, *adj.* any ny Papa

Pa'per, *n.* taratasy; gazety

Pa'per-hang'ings, *n.* taratasy atao temitra

Pa'pist, *n.* Katolika Romana, olona manaiky ny Papa ho mpifehy ny fiangonan' Andriamanitra aty ambony ny tany

Papy'rus, *n.* karazan-jozoro nosoratana fony mbola tsy

nisy taratasy, ary any Egyp-ta no misy azy

Par, *n.* fitoviana. On a par with, mitovy aminy, sahala aminy

Par'able, *n.* fanoharana

Parab'olical, *adj.* atao amy ny fanoharana

Parade', *n.* fisehoana marevaka, indrindra amy ny miaramila

Parade', *v. t.* sy *i.* mampiseho miharihary satria te-hode-rain' olona

Par'adise, *n.* tanimboly tao Edena izay namponenan' Andriamanitra any Adama sy Eva; fonenany ny sambatra rehefa maty

Par'adox, *n.* teny na hevitra toa tsy marina akory nefa marina hiany

Par'affine, *n.* parafina, soli-tany

Par'agraph, *n.* paragrafy

Par'allel, *adj.* mitovy elanelana hatrany hatrany; mifanaraka aminy

Par'allel, *n.* anankiray amy ny tsipika izay mitovy elanelana; fitoviana

Par'allel'ogram, *n.* figure manana lafiny efatra ka ny lafiny roa mifanandrify dia *parallel*

Paral'ysis, *n.* (*palsy*)

Paraly'tic, *adj.* marary mati-ila

Par'alyze, *v. t.* mankarary *paral'ysis*; mahosa indrindra

Par'ameunt, *adj.* ambony indrindra

Par'amour, *n.* tokantranomaso

Par'apet, *n.* ampentany vato iva manodidina manda na tetezana, &c.

Par'aphraae, *n.* filazana ny teny voalazany ny sasany ka ampiana kely hahazava azy

- Par'asite**, *n.* lehilahy mpan-drobo manaraka ny lehibe sy miankina aminy; hazo tsy maniry amy ny tany fa amy ny hazo hafa; biby kely mitoetra ao amy ny biby hafa ka mivelona aminy dia ny parasy sy ny hao, &c.
- Parasol'**, *n.* elo kely fitondra amy ny hainandro, elo parasily
- Par'boil**, *v. t.* mitanika kelikely
- Par'cel**, *n.* entana kely
- Par'cel**, *v. t.* (out) mizara
- Parched**, *adj.* haraka, may kely
- Parch'ment**, *n.* hoditr' omby na hoditr' osy amboarina hosorata
- Par'don**, *n.* famelan-keloka; famelana
- Par'don**, *v. t.* mamela heloka; mamela
- Pardonable**, *adj.* azo avela
- Pare**, *v. t.* mamofy, miofy
- Pa'rent**, *n.* ny ray na ny reny; fototra. **Parents**, ray amandreny [na
- Pa'rentage**, *n.* firazanana, raza
- Parent'al**, *adj.* any ny ray amandreny, mety hataony ny ray amandreny
- Paren'thesis**, *n.* teny na sentensa ao anatin' ny sentensa hafa ka tsy miova loatra ny heviny na dia esorina aza
- Parish**, *n.* fizaran-tany kely tandremany ny *clergyman* anankiray
- Parish'ioner**, *n.* ny anankiray amy ny olona monina ao amy ny *parish*
- Par'ity**, *n.* fitoviana
- Park**, *n.* saha malalaka voafefy, nefa tsy voasa, ao akaikiny ny tranony ny manan-karena ka misy hazo ao mahafinaritra; tany malalaka sady mahafinaritra ao akaikiny ny tanàna atao fitsangantsanganany ny olona
- Par'ley**, *v. t.* miresaka, fa indrindra amy ny fahavalo mba hiraharaha na hanao fanekena aminy
- Parliament**, *n.* ny manamboninahitra ao amy ny *House of Lords* sy ny voafidiny ny vahoaka ao amy ny *House of Commons* izay mikambana amy ny Andriana hanao ny raharaham-panjakana
- Parliament'ary**, *adj.* ataony ny *Parliament*, any ny *Parliament*
- Par'lour**, *n.* efi-trano firesahana
- Paro'chial**, *adj.* momba ny *parish*, any ny *parish*
- Par'ody**, *n.* teny amy ny tononkira &c. izay misy soloana ka tonga miova be hiany ny heviny
- Parole'**, *n.* teny, fa indrindra ny teni-fikasana ataony ny miamila na ny sambo-belona mba hitokiany ny olona azy
- Paro'quet'**, *n.* vorona miray karazana amy ny boloky
- Par'oxyism**, *n.* fihetsehana mafy amy ny aretina na ny fahatezerana, &c. [reny
- Par'ricide**, *n.* mpamono ray na
- Par'rot**, *n.* vorona miray karazana amy ny boloky [dry, &c.
- Par'ry**, *v. t.* manohana totohona
- Parse**, *v. t.* manavakavaka ny teny ao amy ny sentensa sy milaza izay ifanarahany, manao parsy
- Parsee'**, *n.* olona avy tany Persia tany aloha, ary monina any India ankehitriny ka mivavaka amy ny afo
- Parsimo'nious**, *adj.* mahihitra, mitsitsy loatra

Par'simony, *n.* fahihirana
Pars'ley, *n.* anaran'anana
Par'son, *n.* olona tendrena hitandrina fiangonana sy hitori-teny, indrindra amy ny Katolika sy ny *Church of England* [*parson*]
Par'sonage, *n.* trano itoerany ny
Part, *n.* ny analana na ny alaina amy ny zavatra iray manontolo; tapany, ilany, sombiny, silany, anjara. **For my part**, raha izaho hiany. **For the most part**, matetika. **He took it in good part**, nataony fa mety izany, tsy mba tezitra tamin' izany izy. **Part of speech**, fizaran-teny. **To take one's part**, miandany aminy. **Of good parts**, hendry sady mahay
Part, *v. t.* sy *i.* mampisaraka; misaraka; mizara
Partake', *v. i.* (of) P. —took; P.P. —taken; miara-mahazo amy ny sasany, mahazo, miombona
Partak'er, *n.* mpiombona
Part'ial, *adj.* miangatra
Part'ially, *adv.* miangatra. **It is partially true**, marin' ila izany [*vana*]
Part'ial'ity, *n.* fiangarana; fitia-
Partic'ipate, *v. i.* (in) miaramahazo amy ny sasany
Partic'le, *n.* sombin-javatra madinika; kian-teny
Partic'ular, *adj.* anankiray hiany; tokony hoheverina tsara; mitandrina tsara hatramy ny zavatra madinika; sarotiny; tsirairay
Partic'ular, *n.* ny zavatra anankiray hiany. **He told me all the particulars of the battle**, nolazainy tamiko avokoa ny andinidiniky ny ady

Partic'ular'ity, *n.* fitandremana tsara hatramy ny zavatra madinika
Partic'ularize, *v. t.* milaza tsirairay
Partic'ularly, *adv.* indrindra
Part'ing, *n.* fisarahana
Partisan', *n.* olona miandany amy ny anankiray amin' izy roa tonta izay miady na mifanditra
Parti'tion, *n.* efitra, efitrefitra
Part'ly, *adv.* tsy daholo fa ny sasany hiany; saiky
Part'ner, *n.* mpiombona
Part'nership, *n.* fiombonana
Par'tridge, *n.* anaram-borona miray karazana amy ny pape-
Part'y, *n.* ny andaniny, ny iray tonta; olona mivory asainy ny sakaizany hiara-mihinana aminy. **I was no party to the agreement**, tsy mba isan' izay nanaiky izany aho
Part'y-coloured, *adj.* misoratoratra; vandana, sada
Pas'chal, *adj.* any ny Pasaka, atao amy ny Pasaka
Pasha', *n.* mpanapaka ao amy ny fanjakany Turkey
Pass, *v. i.* sy *t.* mandeha. **To pass by**, mandalo, mihelina. **To pass on**, mandroso. **To pass away**, lany; lasa. **To pass through**, mamaky. **He passed through much suffering**, nahita fahoriana be izy. **Let it pass**, aoka hiany, aoka tsy hihevitra izany. **He passes here for a wise man**, ataony ny olona eto ho lehilahy hendry izy. **Pass that to him**, atolory azy izany. **English money won't pass here**, tsy lany eto ny vola Englishy. **To pass a law**, ma-

- nao lalana ; manaiky ho lalana
- Pass**, *n.* lalana, indrindra fa izay mamaky tendrombohitra ka sarotra aleha ; taratasy famelana handeha ; toetra. **To bring to pass**, mahatonga. **To come to pass**, tonga, mi-seho
- Pass'able**, *adj.* azo aleha ; tsaratsara hiany, azo atao hiany
- Pass'age**, *n.* ny andehanana, aleha ; lalana ; andininy na paragrafy amy ny boky. **Birds of passage**, vorona mi-findra fonenana ho amy ny tany mafana raha ririnina ka miverina indray amy ny lohataona
- Pass'enger**, *n.* olona mandeha an-tsambo na kalesy &c. hankany amy ny fitoerana hafa
- Pass'ing**, *adv.* loatra, indrindra
- Pass'ing-bell**, *n.* lakolosy vele-zina raha misy mandevina
- Pass'ion**, *n.* fiaretana ; ny fahoriana nanjo any Jesosy Kraisty tao amy ny hazofijaliana ; fahatezerana mafy ; fitiavana lehibe, faniriana fatratra
- Pass'ionate**, *adj.* mora tezitra, foizina ; mampiseho fitiavana na faniriana &c. fatratra
- Pass'ive**, *adj.* tsy manao fa misy kosa atao aminy, mandefitra, tsy manohitra
- Pass'over**, *n.* Pasaka, fandroany ny Jiosy ahatsiarovany ny nandaloovany ny anjely ny tranony ny Isiraely tamin' izy namono ny matoany ny Egyptiana
- Pass'port**, *n.* pasipaoro
- Past**, *adv.* sy *prep.* lasa. **Past endurance**, tsy azo leferina intsony. **Past shame**, tsy mahalala menatra. **It is half past seven**, amy ny fito sy sasany ny famantaranandro
- Paste**, *n.* lafarina ahandroina amy ny rano atao fametahanjavatra, pesitra ; koba lafarina asiana menaka kely ka amboarina hatao *pie* na *tart*, &c.
- Pasteboard**, *n.* baoritra
- Past'time**, *n.* lalao, zavatra analana andro raha afaka amy ny raharaha
- Past'tor**, *n.* mpiandry ondry ; mpitandrina fiangonana
- Past'toral**, *adj.* miandry ondry ; amy ny fiandrasana ondry ; amy ny fitandremana fiangonana [*paste*]
- Past'ry**, *n.* mofa atao amy ny
- Past'ure**,—*rage*, *n.* tany fiandrasana omby na ondry, &c.
- Pat**, *v. t.* mitehatehaka
- Patch**, *n.* vorodamba atampina ny akanjo rovitra
- Patch**, *v. t.* manampina akanjo rovitra na tafon-trano, &c.
- Patch'work**, *n.* tapatapa-damba zairina akambana atao firakofana, &c.
- Pa'tent**, *n. adj.* miharihary ka fantatry ny maro ; rarany ny fanjakana tsy hataony ny olona hafa afa-tsy ilay namorona azy hiany
- Pa'tent**, *n.* taratasim - panjakana mandrana ny olona tsy hanao mba hamidy ny zavatra vao niseho afa-tsy ilay namorona azy hiany
- Patentee'**, *n.* ny olona mahazo *patent*
- Pater'nal**, *adj.* amy ny ray, ray
- Pat'ernoster**, *n.* ny fivavahana nampianariny ny Tompo

Path, *n.* lâlana, ny aleha; lâlana alehan' olona raha ampitahaina amy ny road izay andehanany ny soavaly

Pathetic, *adj.* mampangorakoraka ny fo, mampalahelo

Patience, *n.* fiaretana, fandeferana [defitra

Patient, *adj.* maharitra, man-

Patriarch, *n.* ray izay manapaka ny ankohonany; ny olona malaza izay razany ny Jiosy; lehilahy mpifehy ny fiangonany ny *Greek church* tahaka ny Papa mpifehy ny fiangonany ny Katolika Romana

Patriarch'al, *adj.* any ny *patriarch*, tahaka izay ataony ny *patriarch*

Patri'cian, *n.* olona avo razana, indrindra fa ny tany Roma fahiny

Patrimony, *n.* lova avy amy ny razana, kodrazana

Patriot, *n.* olona tia ny tanindrazany ka miaro azy sy mikely aina hanao izay hahasoa azy

Patriotic, *adj.* tia tanindrazana

Patriotism, *n.* fitiavana tanindrazana

Patrol, *n.* tilitily, mpiambina mandeha amy ny alina

Patron, *n.* olona lehibe izay manome toky sy manampy ny sasany na ny *society*, &c. ka tonga toy ny ray amandreniny

Patronage, *n.* fanomezan-toky, fanampiana

Patronise, *v. t.* manao toy ny ataony ny ray amandreny amy ny fanomezan-toky na ny fanampiana, &c., mankasitraka

Pat'ter, *v. i.* mitaitaika, mipatrapatraka; mingodongodona

Pat'tern, *n.* zavatra tsara halain-tahaka; sara-javatra entina hampiseho ny toetry ny ankabiazany, santiona; moziry

Pau'city, *n.* havitsiana

Pau'per, *n.* olona mahantra miankina amy ny olona hafa izay miantra azy

Pau'perize, *v. t.* mampahantra olona na mampahatonga azy hiankina amin' olona hafa mba hiantrany

Pause, *n.* fijanonana kely amy ny hira na resaka, &c.

Pause, *v. i.* mijanona kely, miahona, miato

Pave, *v. t.* manisy rari-vato amy ny lâlambé na gorodona, &c.

Pave'ment, *n.* rari-vato atao amy ny lâlambé

Pavilion, *n.* trano lay tsara

Paw, *n.* loha-tongo-biby izay misy ny hohony

Pawn, *n.* zavatra atao antoka, zavatra atao ambodibarika

Pawn, *v. t.* manao antoka

Pawn'broker, *n.* olona mitady fivelomana amy ny fampi-samborana vola kely ka misy antoka na zavatra atao ambodibarika

Pay, *v. t.* sy *i. P.* sy *P. P.* paid; manome karama, mandoa. To pay a visit, mamangy, mitsidika

Pay, *n.* karama; vidin-javatra

Pay'master, *n.* ny olona izay itokiana amy ny vola ka asaina mandoa ny karamany ny miaramila na ny karamany ny olona maro miaramiasa, &c.

Pay'ment, *n.* fardoavam-bola; ny vola aloa

- Pea**, *n.* pl. *peas or pease*; *piti-poa*
- Peace**, *n.* fiadanana, fihavanana. At peace, mihavana, tsy miady intsony. To hold one's peace, mangina, tsy miteny. To break the peace, mandika ny lalam-panjakana ka mampitabataba ny olona. To make peace, mampihevana. In peace, mandry fahizay
- Peaceable**, *adj.* tsy tia ady, mandry fahizay
- Peaceful**, *adj.* miadana, mangina, tsy mitabataba
- Peach**, *n.* peso
- Peacock**, *n.* vorombola
- Peak**, *n.* ny tendrony; ny tampon-tendrombohitra
- Peal**, *n.* feon-javatra indray miredona toy ny kotrokorana na ny lakolosy maro na ny akora
- Pear**, *n.* anaram-boan-kazo
- Pearl**, *n.* zavatra kiboribory fotsy mangirangirana hita ao anatiny ny *mollusk* sasany ka atao haingo sarobidy
- Pearl-but'ton**, *n.* bokotra hara
- Peasant**, *n.* mpiasa tany
- Peasantry**, *n.* ny mpiasa tany
- Peat**, *n.* fompotra
- Pebble**, *n.* vato kolonjy
- Peck**, *n.* famarana mahalany roa *gallon*
- Peck**, *v. t.* mitsaingoka, mitsindroka
- Pectoral**, *adj.* amy ny tratra
- Peculate**, *v. t.* homana ny volany ny fanjakana
- Peculiar**, *adj.* any ny anankiray hiany, tsy iombonana, azy hiany; hafa noho ny ankabiazany, hafahafa
- Peculiar'ity**, *n.* fomba izay momba ny anankiray fa tsy ananany ny hafa loatra, ny tsi-itoviany
- Pecu'niary**, *adj.* amy ny volana harena
- Pedagogue**, *n.* mpampianatra ankizy madinika, indrindra fa izay toa mandoka tena ho mahay
- Pedant**, *n.* olona mandoka tena amy ny fahaizany
- Pedantic**, *adj.* mirehareha amy ny fahaizana
- Pedantry**, *n.* fireharehana amy ny fahaizana
- Pedestal**, *n.* vato &c. atao vodi-andry na ametrahana *statue*
- Pedestrian**, *n.* olona mandeha tongotra
- Pedigree**, *n.* firazanana; filazana ny firazanana, fitetezandrazana [deha
- Pedlar**, *n.* mpanao varo-man-
- Peel**, *v. t.* sy *i.* mamofy, miofy, mivofy, manendaka
- Peep**, *v. i.* mitsirika, manaragarana
- Peer**, *n.* anankiray izay mitovy voninahitra &c. amy ny anankiray; manamboninahitra isany ny *House of Lords*
- Peer**, *v. i.* mitsirika
- Peerless**, *adj.* tsy misy mitovy aminy, tsy misy mahatoraka azy
- Peevish**, *adj.* soso-dava, miketriketrika, sarotin' alahelo
- Peg**, *n.* hombo, hazo kely atataka amy ny rindrina atao fanantonan-javatra
- Pelf**, *n.* harena, indrindra raha azo amy ny halatra na zavatra ratsy toy izany
- Pelican**, *n.* anaram-borona lehibe sady lava vava izay mihinana hazandrano, ka ao amy ny traotraokany misy

toy ny paosy itondrany hanina [zavana
Pell'cid, *adj.* tantera-paha-
Pelt, *v. t.* mitoraka, milatsaka aminy (toy ny havandra)
Pen, *n.* penina; vala kely fitoeran' omby na ondry
Pen, *v. t.* manoratra; mamefy amy ny vala
Pe'nal, *adj.* milaza ny fijaliana hanjo izay mandika ny lalana; mahatonga fampijaliana; avaly ny ratsy natao
Pen'alty, *n.* ny avaly ny ratsy natao, fampijaliana, sazy
Pen'ance, *n.* fampijaliana-tena ataony ny olona sasany mba hahafahany amy ny helony
Pen'cil, *n.* pensily. Lead pencil, Cedar pencil, pensily hazo
Pen'dant, *n.* zavatra mihantona atao haingon-trano, &c.; kavina [dondona
Pen'dent, *adj.* mihantona; man-
Pen'ding, *adj.* sy *prep.* tsy mbola tapa - kevitra, tsy mbola vita; raha mbola tsy vita
Pen'dulum, *n.* kapilim-pamantarandro na zavatra hafa tahaka izany
Pen'etrable, *adj.* azo idirana
Pen'etrate, *v. t.* miditra; manindrona
Penetra'tion, *n.* fidirana; faha-fainganan-tsaina; fahaizana hamantatra sy hanavakavaka ny hevitra ny sasany
Pen'holder, *n.* tahom-penina
Penin'sula, *n.* tany mitsopaka amy ny ranomasina ka saiky voahodidiny ny rano, tanjona
Pen'itent, *adj.* mibebaka
Peniten'tial, *adj.* avy amy ny fibebahana, mampiseho fibebahana
Peniten'tiary, *n.* trano itoerany

ny olona ratsy fitondran-tena izay mampiseho fibebahana, ary misy mitandrana sy mampiasa azy
Pen'knife, *n.* antsi-pika kelilela, peninaify [tanana
Pen'manship, *n.* fahaizana soran-
Pen'nant, *n.* fanevan-tsambo fa kely lava
Pen'nilless, *adj.* tsy manam-bola, malahelo
Pen'ny, *n. pl.* —nies or —nce; farantsa varahina atao ankevitra ny ilavoamena
Pen'sion, *n.* vola omena isantaona na isam-bolana ho fivelomany ny olona izay nahazo karama taloha kanefaniala tamy ny raharaha satria efa antitra na osa, &c.
Pen'sioner, *n.* olona mahazo *pension*
Pen'sive, *adj.* mijoretra
Pen'tagon, *n.* figure misy lafiny dimy sy angle dimy
Pentag'onal, *adj.* misy lafiny dimy sy angle dimy
Pen'tateuch, *n.* ny boky dimy voalohany ao amy ny Baiboly
Pen'tecost, *n.* fandroany ny Jiosy natao 50 andro taoriany ny Pasaka
Pen'u'rious, *adj.* mahihitra
Pen'ury, *n.* fahantrana, falahelovana, ny tsi-fananana izay hivelomana
Peo'ple *n.* olona; firenena. The people, ny vahoaka
Peo'ple, *v. t.* mametraka olona honina ao
Pep'per, *n.* dipoavatra, voamperifery
Pep'per, *v. t.* manisy dipoavatra
Pep'pery, *adj.* be dipoavatra; malaky tezitra
Per, *prep.* isaky. Send it per bearer, ampitondray ilay

- olona mitondra ity taratasy ity izany [angaha
- Peradventure**, *adv.* angamba,
- Perambulate**, *v. t.* mandeha manodidina, mandeha mitety
- Perceive**, *v. t.* mahita, mahalala amy ny fahitana na fandrenesana na fanandramana, &c.
- Percentage**, *n.* vola omena ny mpisolo raharaha &c. araka ny isan-jato
- Perceptible**, *adj.* hita; azo
- Perception**, *n.* ahitana; fahalalana zavatra avy amy ny fahitana na ny fandrenesana na ny fisainana, &c.
- Perch**, *n.* anaran-kazandrano; dimy mamakitratra sy roanjehy; hazo atao fipetrahamborona
- Perch**, *v. i.* (on) mipetraka ao amy ny hazo (toy ny ataony ny vorona, &c.), miantefa
- Perchance**, *adv.* angamba, angaha
- Percolate**, *v. i.* mandeha miditra ka mitete toy ny rano tantavanina
- Percussion**, *n.* fidonan-javatra roa. **Percussion cap**, kapisily
- Perdition**, *n.* fahaverezana mandrakizay
- Peremptory**, *adj.* milaza teny mafy ka tsy mety miova; mitompo-teni-fantatra
- Perennial**, *adj.* maharitra mandritry ny taona; maharitra taona maromaro. **A perennial spring**, loharano tsy mety ritra
- Perfect**, *adj.* tsy misy tsininy; tsy misy tsy vita; hay tsara ka tsy mety diso; tanteraka
- Perfect or Perfect**, *v. t.* mahatanteraka, mahatontosa, mamita
- Perfection**, *n.* fahatsarana tsy misy tsiny; fahalalana na fahendrena &c. izay tsy misy diso
- Perfidious**, *adj.* nitokiana kanjo nivadika; misy fivadihana
- Perfidy**, *n.* fivadihana, famadihana
- Perforate**, *v. t.* manisy loadoaka betsaka taboroaka; manisy marotsingalany. **Perforated zinc**, fanitso misy marotsingalany
- Perforce**, *adv.* an-keriny
- Perform**, *v. t.* manao, mahavita, manefa, mahatanteraka
- Perform'ance**, *n.* anaovana; zavatra natao, zavatra vita
- Perfume**, *n.* hanitra, zava-manitra [manitra
- Perfume**, *v. t.* mahafeno fofona
- Perhaps**, *adv.* angamba, angaha, anganja
- Peril**, *n.* fanakekezana ny loza. **To be in peril**, akaikiny ny loza, toa hahitan-doza
- Perilous**, *adj.* akaikiny ny loza, toa hahitan-doza
- Period**, *n.* ny andro hatramy ny fotoana iray ka hatramy ny fotoana anankiray koa, toy ny indray andro na iray volana na iray taona, &c.; anaram-pijanonan-tsoratra toy izao (.), piriadra. **The whole period of his life**, tamy ny andro rehetra nahavelomany
- Period'ical**, *adj.* tonga na miseho isan-andro na isan-kate-loana na isam-bolana, &c.
- Period'ical**, *n.* boky miseho isam-bolana na isan-telo volana, &c. toy ny *Teny Soa*
- Perish**, *v. i.* maty, ringana, very mandrakizay
- Perishable**, *adj.* mety ho simba, mety ho levona

Per'wig, *n.* solo-volo
Per'jure, *v. t.* mianian-tsi-to
Per'jury, *n.* fianianan-tsi-to
Perk,—*ky*, *adj.* mianjonanjona
Per'manent, *adj.* maharitra
Per'meable, *adj.* azony ny rano na ny rivotra na ny fahazavana &c. idirana ao amy ny tenan-javatra
Per'meate, *v. t.* miditra ao amy ny tenan-javatra (toy ny rano na ny rivotra na ny fahazavana, &c.)
Per'mis'sible, *adj.* azo avela
Per'mis'sion, *n.* famelana raha miera [hatao]
Per'mit, *v. t.* mamela hanao na
Per'nicious, *adj.* maharatsy, mahasimba
Perora'tion, *n.* fara-teny amy ny *oration* [hitsy]
Perpendic'ular, *adj.* mijoro ma-
Per'petrate, *v. t.* manao (zavatra meloka)
Perpet'ual, *adj.* mandrakariva, tsy mitsahatra
Perpet'uate, *v. t.* mampaharitra
Perpetu'ity, *n.* ny maharitra mandrakariva
Perplex', *v. t.* manahirana, mahavariana. To be perplexed, isahirana, msahirana
Perplex'ity, *n.* fahasahiran na
Per'quisite, *n.* zavatra azo mihoatra noho ny karama nifanarahana
Per'secute, *v. t.* manisy ratsy amin' izay tsy miray finoana aminy na izay tsy mifanarakevitra aminy; manenjika
Persecu'tion, *n.* fanenjehana; fanisian-dratsy
Persever'ance, *n.* faharetana amy ny zavatra efa natomboka hatao, fikikirana
Persevere', *v. i.* mikikitra, maharitra manao

Persist', *v. i.* (in) mikiry, maharitra manao izay efa niantombohana hatao, mikikitra
Persist'ent, *adj.* mikiry
Per'son, *n.* olona, olombelona. →
His person, ny tenany, ny bikany, ny tarehiny. **You should go in person**, ny tenanao hiany no tokony handeha
Per'sonage, *n.* olona malaza
Personal, *adj.* amy ny olona anankiray, momba ny tena; mivantana amin' olona irery
Personal'ity, *n.* izay mahatonga azy ho *individual*; teny mivantana amin' olona irery
Per'sonate, *v. t.* mody ho olonkafa, manandoka
Person'ify, *v. t.* manao ny toe-javatra na ny toe-panahy ho tahaka ny olona mihitsy
Perspect'ive, *n.* fianarana hanao sarin-javatra arak' izay ijere-na azy
Perspiciu'ity, *n.* fahatsoran-teny
Perspici'uous, *adj.* mora fantatra, mora azo, vantana, tsotra, mazava
Perspira'tion, *n.* tsemboka, dinitra
Perspire, *v. i.* tsemboka, mivoa-tsemboka, mivoa-dinitra
Persuade', *v. t.* mahataona, mitaona, mamporisika, mampainaiky
Persua'sion, *n.* fitaomana
Persua'sive,—*sory*, *adj.* mahataona
Pert, *adj.* lakalaka, sahisahy
Pertain', *v. i.* (to) any, momba
Pertina'cious, *adj.* be ditra, mafi-sofina, kirina, tsy mety miova
Pertina'city, *n.* ditra, kiry
Pertinent, *adj.* mety, antonony, mihatra aminy, mifanaraka aminy

- Perturb'**, *v. t.* mampahataitra, mampitabataba, mahadiki-diky
- Peru'sal**, *n.* ny amakian-teny
- Peruse'**, *v. t.* mamaki-teny
- Pervade'**, *v. t.* manenika
- Perverse'**, *adj.* mivily tsy manaraka izay mety, maditra, mafi-sofina
- Perverse'ness**, *n.* fiviliana tsy hanaraka izay mety, ditra
- Pervers'ion**, *n.* fanovana ny antony na ny heviny ho amin' izay tsy mety
- Pervert'**, *v. t.* manova ny antony na ny heviny ho amin' izay tsy mety
- Perv'ious**, *adj.* azo aleha mitaboroaka (toy ny fitaratra azony ny fahazavana aleha)
- Pest**, *n.* aretin-dratsy; zavatra mahadikidiky, zavatra maharikoriko indrindra
- Pes'ter**, *v. t.* mahadikidiky, maharikoriko
- Pestiferous**, *adj.* manimba, miteraka aretina, maharatsy
- Pes'tile'ice**, *n.* aretin-dratsy
- Pes'tilent**, *adj.* miteraka aretin-dratsy; mahatonga fikotranana sy fitabatabana
- Pes'tle**, *n.* fanoto fitotoampanafody, &c.
- Pet**, *n.* sombin' aina. In a pet, sosotsosotra, midongindongy
- Peti'tion**, *n.* hataka, fifonana; hataka voasoratra aterina any amy ny lehibe [fona
- Peti'tion**, *v. t.* mangataka, mipetrifaction, *n.* fiovan-javatra ho tonga vato
- Pet'rify**, *v. t.* manova ho vato
- Petro'leum**, *n.* soli-tany
- Pet'ticoat**, *n.* zipo anatin'ny
- Pet'ul**, *adj.* kely, madinika
- Pet'ulant**, *adj.* soso-dava, miketriketrika
- Pew**, *n.* fitoerana miefitrefitra ao amy ny trano fivavahana
- Pew'ter**, *n.* metal atao amy ny firaka sy ny tin &c. aharo
- Pha'lanx**, *n.* fombam-pilaharany ny miaramila raha miady
- Phan'tom**, *n.* fisehoan-javatra tsy misy tena; matoatoa
- Pharisa'ical**, *adj.* mitovy fanahy amy ny Fariseo, tahaka ny Fariseo
- Phar'isee**, *n.* Fariseo
- Phar'macy**, *n.* fanamboazana zavatra hatao fanafody
- Phase**, *n.* tarehiny ny volana na ny kintana sasany araka ny fiovaovany; toe-javatra izay miovaova araka ny iheverana azy
- Pheas'ant**, *n.* vorona tsara tarehy sady tsara hena
- Phenom'emon**, *n.* pl.—ena; fisehoany ny zavatra hita maso na reny ny sofina, &c., nefa fisehoana hiany fa tsy ny fotony na ny antony
- Phi'al**, *n.* tavoahangy kely
- Phil'anthropic**,—cal, *adj.* tia olombelona; mitady hahasoa olombelona
- Philan'thropist**, *n.* olona tia olombelona sy mikely aina hahasoa azy
- Philan'thropy**, *n.* fitiavana olombelona
- Philol'ogy**, *n.* fianarana sy fandiniana teny maro samihafa
- Philos'opher**, *n.* olona lalintsaina, olon-kendry
- Philos'ophy**, *n.* fitiavana fahendrena; fahalalana ny fototra sy ny ihaviany ny *phenomena* izay miseho amin' izao rehetra izao
- Phlegm**, *n.* rehoka
- Phlegmatic**, *adj.* tsy mora

- taitra ; tsy malaky mihetsika amy ny fahatezerana na fitiavana, &c.
- Phonetic**, *adj.* amy ny feon' olona ; araka ny fanononana
- Phonetics**, *n.* fianarana ny amy ny feo, indrindra ny feon' olona
- Phonography**, *n.* fombam-panoratana araka ny fanononana ny teny
- Phosphorescent**, *adj.* mamirapiratra kely avy amy ny tenany hiany kanefa tsy misy hafanana
- Phosphorus**, *n.* anaran-javatra mora mirehitra amboarina avy amy ny taolam-biby, ary izany no fototry ny mampirehitra ny afo-kasika
- Photograph**, *n.* sary natao tamy ny *photography*
- Photography**, *n.* ny *science* izay ahafantarana ny ataony ny fahazavana amy ny zavatra trany ; ny analana sary avy amy ny heriny ny mazava
- Phrase**, *n.* tapatapaky ny sentensa, fombam-piteny
- Phraseology**, *n.* fombam-piteny
- Phrenology**, *n.* ny *science* izay ataony ny olona hahafantarana ny toe-tsaina sy ny toepanahy araka ny toetry ny loha
- Phrensy**, *n.* (*frenzy*)
- Phylactery**, *n.* sila-koditr' ondry kely misy teny nalaina tamy ny lalany Mosesy ka nataony ny Jiosy sasany tamy ny handriny na ny sandriny raha nivavaka izy
- Physic**, *n.* fanafody
- Physical**, *adj.* momba ny zavatra rehetra araka izay nanaovan' Andriamanitra azy ; manaraka ny fomba izay nanaovan' Andriamanitra azy.
- Physical force**, hery avy amy ny tanjaky ny tena na ny miaramila na ny fiadiana &c. ka mifanohitra amy ny *moral force*
- Physician**, *n.* olona efa nianatra sy mahay tsara ny toetry ny aretina sy ny fombany ny fanafody mety aminy, mpanao fanafody
- Physics**, *n.* ny *science* izay ahafantarana ny toetra sy ny fombany ny zavatra rehetra araka izay nanaovan' Andriamanitra azy, sy ny fiovaovany rehefa azony ny fahazavana na ny hafanana na ny *electricity*, &c.
- Physiognomy**, *n.* ny *science* izay ahafantarana ny toetsainy sy ny toepanahiny ny olona araka ny toetry ny tarehiny ; tarehin' olona
- Physiology**, *n.* ny *science* izay ahafantarana ny faniriny ny zava-maniry sy ny ahavelomany ny zava-manan' aina
- Piano**, **Pianoforte**, *n.* piano
- Pick**, *v. t.* mifantina, mitsimpona. To pick (fruit), manoty. To pick (a bone), mikiky. To pick a pocket, mangarom-paosy. To pick the teeth, manala kaka. To pick a quarrel, mila ady
- Pick, Pickaxe**, *n.* fangadimbazaha ihadiana tany be vato, tantanan-droa lela
- Pickle**, *n.* lasary, hanina tehirizina amy ny viningitra na ranon-tsira
- Pickle**, *v. t.* manao lasary, mitahiry amy ny viningitra na ranon-tsira
- Picklock**, *n.* fanalana ny hidy raha tsy misy fanalahidy

- Pic'torial**, *adj.* amy ny sary ; hazavaina amy ny sary
- Pic'ture**, *n.* sary, indrindra izay natao tamy ny loko
- Pic'ture**, *v. t.* mamorona ho toy ny sarin-javatra 'ao antaina ; manambara tsara ny amy ny zavatra ka fantatra tsara toy ny hita maso
- Picturesque**, *adj.* mahafinaritra amy ny fijerena, indrindra amy ny zavatra tazanina any an-tsaha ; tsara raha alain-tsary
- Pie**, *n.* anara-nahandro izay misy voan-kazo na hena saronana *paste* ka endasina
- Pie'bald**, *adj.* sada, mara
- Piece**, *n.* sombiny, silany, tapatpany ; ny zavatra anankiray amy ny maro. **A piece of money**, vola kely. **A piece of poetry**, tonon-kira anankiray. **A large piece of ground**, tany malalaka. **To break in or to pieces**, manorotoro. **Of a piece**, sahala hiany, mitovy hiany
- Piece**, *v. t.* manohy, manovana, mampikambana
- Piece'meal**, *adv.* tsi-ikelikely
- Pier**, *n.* tongo-tetezana ; lalana vato na hazo atao mandroso amy ny ranomasina hankanesana amy ny sambo na hanatsarana ny fitodiantsambo, &c.
- Pierce**, *v. t.* sy ~~a~~ manindrona, mandoaka, miditra
- Pi'ety**, *n.* fitiavana sy fankatoavana ny ray aman-dreny na ny havana ; fitiavana sy fankatoavana an' Andriamanitra ary fahazotoana amy ny fanompoana Azy
- Pig**, *n.* kisoa. **A pig of iron**, f'onja
- Pig'oon**, *n.* voromailala ; domohina
- Pig'ment**, *n.* loko
- Pig'my**, *n.* olona zeny
- Pig'nut**, *n.* voanjo
- Pike**, *n.* lefona
- Pike'staff**, *n.* zaran-defona ; tehina lava marani-doha ; katsomanta
- Pile**, *n.* hazo lehibe atao tongotetezana ; zavatra miavovona ; volon-damba volon'ondry manarona ny mason-tenona
- Pile**, *v. t.* manao antontany, mampifanongoa
- Pil'fer**, *v. t.* sy *i.* mangala-tety
- Pil'grim**, *n.* mpivahiny
- Pil'grimage**, *n.* fivahiniana
- Pill**, *n.* fanafody boribory atao telimoka, pilina
- Pil'lage**, *n.* famaboana ; babo
- Pil'lar**, *n.* andry ; tsangam-bato
- Pil'lory**, *n.* hazo fampijaliana misy loaka toy ny boloky mihazona ny vozona sy ny hatotanana
- Pil'low**, *n.* ondana
- Pil'low-case**, *n.* fonon'ondana
- Pi'lot**, *n.* mpitarika ny sambo hiditra na hivoaka amy ny fitodiantsambo
- Pi'lot**, *v. t.* mitari-tsambo
- Pim'ple**, *n.* mony
- Pin**, *n.* paingotra ; hombo
- Pin**, *v. t.* manapaingotra, mihazona amy ny paingotra ; manombo
- Pin'cers**, **Pinch'ers**, *n.* tandra fanalana hombo, tandramokotra
- Pinch**, *v. t.* sy *i.* manongo, mandasitra. **My shoe pinches**, manaikitra ny kiraroko
- Pine**, *n.* anaran-kazo fanao hazo fisaka tsara
- Pine**, *v. i.* mihahia, fa indrindra

- noho ny alahelo. To pine for or after, manina, maniry fatratra
- Pine'apple**, *n.* mananasy
- Pin'ion**, *n.* elatra
- Pin'ion**, *v. t.* mamatotr' elatra, manao railitr' elatra
- Pink**, *n.* anaram-bonin-kazo; anaran-tsora-javatra toy ny mavokely na mena tanora
- Pin'nace**, *n.* anaram-botry
- Pin'nacle**, *n.* rafitra kely kitso-loha misondrotra ambony ny ankabiazany; tendrony
- Pint**, *n.* famarana mahalany am-pahavalony ny *gallon*
- Pioneer'**, *n.* mpialoha manam-boatra lalana
- Pious**, *adj.* tia an' Andriamanitra sy mazoto amy ny fanompoana Azy
- Pip**, *n.* voa madinika ao anatin' ny voasary sy ny *apple*, &c.
- Pipe**, *n.* zavatra lava poakaty atao halehany ny rano, &c.; sodina; pipa
- Pipe**, *v. i.* sy *t.* mitsoka sodina na fililotra, &c.
- Pipe-clay**, *n.* tanimanga fotsy atao pipa
- Pique**, *n.* fahatezerana na fiolonana kely satria ataony fa alam-baraka izy
- Piracy**, *n.* fandrohana ataony ny jiolahy an-tsambo amy ny sambo hafa; ny anaovana porintrasy ny ivarotana boky noforonin' olona hafa nefa tsy nierana taminy
- Pirate**, *n.* jiolahy mitondra sambo mandroba ny sambo hafa
- Piratical**, *adj.* mandroba eny ambony ranomasina; mangalatra manao porintra ny boky noforonin' olona hafa
- Pis'tol**, *n.* basy poleta
- Pis'ton**, *n.* ilay ampakarina sy ampidinina ao amy ny *steam engine* na pompa na tafoforana; tavoka
- Pit**, *n.* lavaka lalina; sokitra azony ny nendra
- Pitch**, *n.* ditin-kazo mainty; toetra; pitsin-kira; toetry ny loha-trano na mandri-loha na mitsangan-doha
- Pitch**, *v. t.* sy *i.* manosotra amy ny *pitch*; manipy, manoraka; lavo mitsontsorika. To pitch a tent, manorin-day. To pitch the tune, maka pitsin-kira
- Pitch'black**, *adj.* mainty ngizina
- Pitch'dark**, *adj.* maizim-pito
- Pitch'er**, *n.* bakoly lehibe atao fakan-drano; siny
- Pitch'fork**, *n.* vy misampana roa misy zarany lava atao fanipazana bozaka na ahimaina
- Piteous**, *adj.* mampalahelo
- Pit'fall** *n.* lavaka saronana zavatra malemy atao famandriham-biby, longoa mitoto-bozaka [tra
- Pith**, *n.* voti-atiny; tena hevitra
- Pith'y**, *adj.* be voti-atiny; fohy sady tena hevitra daholo
- Pit'iable**, *adj.* mahantra; mampalahelo
- Pit'iful**, *adj.* antra; mampalahelo; miendrika hoharatsina
- Pit'iless**, *adj.* tsy antra; tsy azo ivalozana, tsy mamindra-fo
- Pit'tance**, *n.* fiantrana kely omena matetika; anjara kely foana
- Pit'y**, *n.* alahelo noho ny fahoriany ny sasany, antra. What a pity! edrey mampalahelo lahy izany

- Pit'y**, *v. t.* malahelo olona noho ny fahoriana manjo azy; miantra
- Piv'ot**, *n.* ilay ihodinany ny kodia, &c.
- Plac'able**, *adj.* azo ifonana
- Placard**, *n.* taratasy filazana apetaka miharihary mba ho hitany ny olona maro
- Place**, *n.* fitoerana, toerana; tanàna, tany; raharaha, indrindra raha ny asainy ny fanjakana &c. hatao. To take place, miseho, tonga. To take the place of, misolo
- Place**, *v. t.* mampitoetra, mametraka. To place in order, mandahatra. I place great confidence in him, matoky azy tsara aho
- Plac'id**, *adj.* mampiseho fiononana sy fiadanam-po; tsy mihetsiketsika, tsy manonja
- Pla'giarize**, *v. t.* mangalatra ny teny nataony ny sasany ka manao izany ho nataony ny tenany amy ny bokiny na ny serimona &c. nataony
- Plague**, *n.* aretin-dratsy, loza
- Plague**, *v. t.* mahasosotra, mahadikidiky
- Plaid**, *n.* lamba tsimilanjavatsy, lamba sikimbalobe
- Plain**, *adj.* mitovi-rano; hita tsara, miharihary, tsotra; tsy misy ravaka
- Plain**, *n.* tany lemaka
- Plain-deal'ing**, *n.* fanaovana teny vantana, hitsim-po
- Plain-sp'oken**, *adj.* manao teny vantana
- Plaint**, *n.* fitarainana
- Plaint'iff**, *n.* ny mpanaraka (amy ny ady)
- Plaintive**, *adj.* mampalahelo
- Plais'ter**, *n.* (plaster)
- Plait**, *n.* rary; randrana; ny mivalombalona amy ny filiron' akanjo, &c.
- Plait**, *v. t.* mandrandrana
- Plan**, *n.* sarin-trano mampiseho ny fanorenana sy ny efitrefitra, &c.; sarin-tanàna mampiseho ny lalana sy ny iorenany ny trano, &c.; marika; hevitra voalamina
- Plan**, *v. t.* mandamina hevitra; manao *plan*
- Plane**, *adj.* tsy misy avo sy iva, mitovi-rano
- Plane**, *n.* vankona. Smoothing plane, raboha. Jack-plane, galera. Long plane, dalompy
- Plane**, *v. t.* mamankona
- Plan'et**, *n.* ny anankiray amy ny kintana izay mandeha manodidina ny masoandro, planetra
- Plan'etary**, *adj.* momba ny *planet*, any ny *planet*
- Plank**, *n.* hazo lava fisapisaka
- Plant**, *n.* zava-maniry, indrindra fa ny madinidinika
- Plant**, *v. t.* mamboly; mame-traka olona honina
- Plant'ain**, *n.* akondro
- Planta'tion**, *n.* tany malalaka ambolena; ny fonenany ny olona amy ny tany vao azony ny fanjakana
- Plant'er**, *n.* mpamboly; ny tompony ny *plantation*, indrindra fa ny tompony ny tany ambolena fary sy landihazo &c. any United States sy India Andrefana
- Plash'y**, *adj.* petsapetsa
- Plas'ter**, *n.* lalotra
- Plas'tic**, *v. t.* mandalotra
- Plas'tic**, *adj.* mora asiana endrika araka izay itivana azy
- Plat**, *v. t.* (plait)
- Plat**, *n.* tany marimarina kely toy ny tokotany

Plate, *n.* *metal* atao fisaka; lovia, vilia; fanaka volafotsy na volamena

Plate, *v. t.* manao ankosotra volamena na volafotsy

Plateau', *n.* tany lemaka, indrindra amy ny avoavo

Plate'-glass, *n.* fitaratra tsara voarendrika

Platform, *n.* fitoerana atao avo kely noho ny gorodona hipetrahany ny olona sasany handaha-teny

Plat'ina,—*num.* *n. metal* fotsifotsy sahalahala amy ny volafotsy fa mavesatra indrindra amy ny *metal* rehetra

Pla'ting, *n.* ny anaovana ankosotra; ny *metal* atao ankosotra amy ny *metal* hafa

Plau'dit, *n.* dera

Plau'sible, *adj.* miseho toa marina

Play, *v. i.* sy *t.* milalao, miasangy; mihetsika. To play false, mamitapitaka. To play upon, mitendry. To play at cards, manao karatra

Play, *n.* filalao, lalao; *drama*; fihetsiketsehana

Play'fellow, **Play'mate**, *n.* mpiara-milalao

Play'house, *n.* trano filalaovana

Play'thing, *n.* tsilalao, kilalao

Plea, *n.* fialan-tsiny; zavatra lazaina mba hahamety ny atao

Plead, *v. i.* (for or on behalf of) mifona; mandaha-teny ho fanalana. To plead with, mifona aminy, mandaha-teny mamporisika hanao

Plead, *v. t.* milaza izay hahafatsiny azy

Pleas'ant, *adj.* mahafinaritra, mahafaly. Pleasant to the taste, mahatehihinana

Pleas'antry, *n.* hafaliana; eso-eso miharo-hehy

Please, *v. t.* sy *i.* mahafaly. I pleased him, He is pleased with me, nankasitrahany aho, nankasitraka ahy izy. It pleases me, I am pleased with it, sitrako izany, nankasitraka izany aho, ankasitrahako izany. Please will you write to me, mba hanoratra taratasy amiko hianao

Pleas'ure, *n.* hafaliana, ny sitraky ny fo

Plebe'ian, *n.* ny anankiray amy ny vahoaka be, fa indrindra ny olona iva-razana tany Roma fahiny

Pledge, *n.* antoka

Pledge, *v. t.* manao antoka

Ple'nary, *adj.* avokoa

Plenipoten'tiary, *n.* *ambassador* irahiny ny fanjakana anankiray ho any amy ny tany hafa ka manana fahefana hanao fanekena na raharaha hafa

Plen'itude, *n.* halehibeazana

Plen'teous, *adj.* ampy, betsaka, be, sesehena

Plen'tiful, *adj.* betsaka, sesehena, ampy. A plentiful year, taon-jina

Plen'ty, *n.* habetsahana. A year of great plenty, taon-jina

Pleu'risy, *n.* aretin-tratra

Pli'able, *adj.* mora alefitra; manaiki-be

Pli'ant, *adj.* mora alefitra; manaiki-be

Pli'ers, tandra kely

Plight, *n.* antoka; toetra

Plight, *v. t.* sy *i.* manao teny mba hitokiany ny olona azy

Plod, *v. i.* milozoka miasa maharitra manao

Plot, *n.* tany kely toy ny

- tokotany ; tetika, firaisan-tetika [mitetika]
- Plot, *v. i.* sy *t.* mirai-tetika,
- Plough, Plow, *n.* angadimbazaha atao fiasan-tany ka tarihiny ny soavaly na omby
- Plough, Plow, *v. t.* miasa amy ny rano araka izay ataony ny sambo raha mandeha
- Plough'boy, *n.* olona mitarika ny plough
- Plough'share, *n.* lela-plough
- Pluck, *v. t.* manongotra maka. To pluck (fruit), manoty. To pluck (a fowl), mamolo. Pluck up your spirits, matokia, matanjaha
- Pluck, *n.* herim-po, toky, fahasahiana
- Plug, *n.* tsetsin-javatra
- Plug, *v. t.* manentsina
- Plum, *n.* anaram - boankazo kiboribory kely misy taolany ao anatiny ; voaloboka maina
- Plu'mage, *n.* volom-borona
- Plumb, *n.* ilay firaka, &c. mihantona amy ny fandanjana
- Plumb, *adj.* mahitsy
- Plumba'go, *n.* manjarano
- Plumb'er, *n.* mpanefy firaka
- Plume, *n.* volom-borona, indrindra fa ny atao haingon-tsa-troka
- Plume, *v. t.* mamboatra volo toy ny ataony verona ; mirehareha, mieboebo, misititsity
- Plum'met, *n.* firaka fehezina amy ny kofehy lava atao fanoharana ny halaliny ny rano ; fandanjana
- Plump, *adj.* matavy, botrefona, botrabotra, vondraka, sain-gona
- Plum-pud'ging, *n.* pudding misy voaloboka maina
- Plun'der, *v. t.* mamabo
- Plun'der, *n.* babo
- Plunge, *v. t.* sy *i.* manatsoboka, mitsoboka, misitrika
- Plu'ral, *adj.* milaza fa misy mihoatra noho ny anankiray
- Plural'ity, *n.* ny mihoatra noho ny anankiray, ny maro
- Plus, *adj.* ampiana
- Ply, *v. t.* sy *i.* milozoka miasa
- Pneumat'ics, *n.* ny science izay ahafantarana ny toetry ny rivotra
- Poach, *v. t.* sy *i.* mahandro atody potsirina amy ny rano mangotraka ; mangalatra bibidia ao amy ny tanin' olona
- Pock'et, *n.* paosy
- Pock'et-book, *n.* boky kely fitadidian-javatra sy fitondrana taratasy ka entina ao am-paosy
- Pock'et-knife, *n.* antsi-pika
- Pod, *n.* hodi-boa sasany toy ny hodi-tsaramaso
- Po'em, *n.* teny alahatra atao toy ny tonon-kira
- Po'et, *n.* olona malaza amy ny ny famoronana poem na poetry
- Poet'ic,—cal, *adj.* momba ny poetry, lazaina amy ny poetry
- Po'etry, Poesy, *n.* fombam-pilaharan-teny beohatra izay mety hilazana ny mampangorakoraka na mahafaly ny fo, sy ny mampihetsiketsika ny saina amy ny fitiavana, na ny fahatezerana, na ny faniriana fatratra, &c.
- Poign'ant, *adj.* manindrona ; manaintaina mafy ; mangidy
- Point, *n.* izay manindrona toy ny loha-fanjaitra na lefona, &c. ; tendrony ; izay tsy misy lavany sy sakany fa toerana hiany, tahaka ny marika nataony ny loha-fanjaitra ;

indrai-mipi-maso ; ny farany ny vodivona ; foto-kevitra ; fijanonan-tsoratra. At or on the point of, akaiky indrindra. The point of view, toerana izay itazanana na iheverana zavatra. To gain a point, mahazo izay tadiavina. To make a point of, manao ho zavatra tsy maintsy hatao Point, *v. t.* sy *i.* mandranitra ; mikendry. To point out, maneho, manoro. To point to, manondro, To point at, manondro mba haneso Pointed, *adj.* maranitra, voaranitra
 Pointless, *adj.* tapa-doha, dombo ; tsy misy antony
 Poise, *v. t.* mandanja
 Poisson, *n.* zavatra mankarary na mahafaty raha hanina na miharo amy ny ra ; poizina
 Poisson, *v. t.* manisy poizina ; mankarary na mahafaty amy ny poizina
 Poisonous, *adj.* mahafaty raha sotroina na hanina be loatra
 Poke, *n.* kitapo, lasakarongony
 Poke, *v. t.* manosika amy ny ny tehina na amy ny zavatra lava ; mijabajaba. To poke the fire, manavangavana ny afo
 Poker, *n.* fisoitr' afo
 Polar, *adj.* momba ny tany na ny ranomasina manodidina ny *pole*
 Pole, *n.* hazo lava boribory ; ny farany avaratra indrindra na ny farany atsimo indrindra amin' izao tontolo izao
 Polemic, —cal, *adj.* misy fanoherana na fifandirana, indrindra ny amy ny finoana sy ny fombam-pivavahana
 Pole-star, *n.* kintana saiky tsy

miova toerana loatra ka aha-fantarany ny olona ao amy ny *hemisphere* avaratra ny avaratra ; mpitarika
 Police', *n.* ny olona tendreny ny fanjakana hitandrina fandrao misy mandika ny lalana, indrindra ny ao amy ny tanàna, polisy
 Police'man, *n.* ny anankiray amy ny polisy
 Pol'icy, *n.* fitondram - panjakana na fiangonana na *society* ; saina izay ataony fa hahasoa
 Pol'ish, *v. t.* mamboatra na mandama mba hihilotrilotra na hangirangirana, mamotsy
 Polite', *adj.* manaja, mahay mitondra tena
 Polite'ness, *n.* fanajana
 Pol'itic, *adj.* manao izay ataony hahasoa na izay tsy hananany tsiny kanefa tsy mihevitra loatra na mety na tsy mety izany ; manao saina
 Political, *adj.* momba ny fitondram-panjakana [kana
 Pol'itics, *n.* fitondram-panja
 Pôil, *n.* loha ; ny andraisana anaran' olona amy ny fidiavana hanao raharaham-panjakana
 Pôil, *v. t.* manaisotra ny rantsan - kazo, mandrantsana ; manisa olona tsirairay indrindra amin' izay mifidy olona hanao raharaham-panjakana
 Pollute', *n.* mandoto
 Pollu'tion, *n.* fandotoana ; fahaloana, loto
 Poly'g'arnist, *n.* mpamporafy ; olona izay mihevitra fa mety ny mamporafy
 Poly'g'amy, *n.* famporafesana
 Polygon, *n.* figure misy angle sy lafiny maromaro

- Polynésia**, *n.* anara-nosy maro mifanakaiky ao amy ny Oseana Pasifika atsimo
- Polysyllable**, *n.* teny misy vaki-teny efatra na mihoatra
- Pomade'**,—**a'tum**, *n.* poamadina, lakomadina
- Pome'granate**, *n.* ampongabendanitra
- Pom'mel**, *v. t.* mandabodaboka
- Pomp**, *n.* fampisehoana zavatra marevaka toy ny amy ny fisehoany ny Andriana
- Pompos'ity**, *n.* ebo, hakevohana, hakasiana
- Pomp'ous**, *adj.* miebo, kevoka, kasy
- Pond**, *n.* kamory
- Pon'der**, *v. t. sy i.* mieritreritra
- Pon'derous**, *adj.* mavesatra
- Pon'iard**, *n.* zepe
- Pon'tiff**, *n.* mpisorona-be; ny Papa
- Pontifical**, *adj.* any ny *pontiff*
- Po'ny**, *n.* zana-tsoavaly, soavaly kely, pony
- Pooh!** *inter.* isy!
- Pool**, *n.* kamory, farihy kely
- Poor**, *adj.* tsymanam-pananana, miropiropy, malahelo, mahantra; mahia; ratsy; tsy tsara; tsy ampy. In poor health, farary
- Poor'ly**, *adj.* marary, marisarisa
- Poor'-rate**, *n.* hetra vorina hamelomana ny mahantra
- Pop**, *n.* feony ny zavatra mi-poapoaka
- Pop**, *v. i.* mipoaka. To pop upon, miposaka tampoka aminy
- Pope**, *n.* ny Papa
- Pop'ery**, *n.* ny finoany ny Kato-lika Romana sy ny fombampivavahana ataony
- Pop'gun**, *n.* basiambiaty
- 'op'lar**, *n.* anaran-kazo
- Pop'py**, *n.* zava-maniry ka ny ranony dia mampatory, ary izany no anaovana *opium*
- Pop'ulace**, *n.* ny vahoaka, ny ambaniandro
- Pop'ular**, *adj.* tiam-bahoaka, mami-hoditra amy ny vahoaka; maro tia; atao tsotra mba ho fantatry ny maro
- Popular'ity**, *n.* hamamian-koditra amy ny vahoaka
- Pop'ularise**, *v. t.* manao ho tsotra mba ho fantatry ny maro
- Popula'tion**, *n.* ny isany ny mponina
- Pop'ulous**, *adj.* be mponina, be olona
- Por'celain**, *n.* bakoly fotsy mangarangerana, poroselaina
- Porch**, *n.* fidirana ao am-baravaram-be ka misy tampony
- Por'cupine**, *n.* anaram-biby toy ny sokina fa lehibe sady lava ny tsilony, indraindray aza misy iray fita no halavany
- Pore**, *n.* loaka faran' izay madinika indrindra toy ny ivohany ny tsemboka amy ny hoditra
- Pore**, *v. i.* (over) mandinika sy mianatra fatratra
- Pork**, *n.* henan-kisoa
- Por'ous**, *adj.* misy *pore*
- Por'poise**, *n.* lambon - drano, feso
- Por'ridge**, *n.* nahandro atao amy ny *oat-meal*
- Port**, *n.* fitodiam-tsambo; anaran-divay
- Port'able**, *adj.* mora entina
- Port'al**, *n.* vavahady
- Portcull'is**, *n.* tampim-bavahady amy ny tanàna misy mända ka azo asandratra sy ampudinina
- Porte'**, *n.* ny mpanjaka sy ny

mpitondra fanjakana any Turkey
Portend', *v. t.* mampiseho ny ho avy, indrindra raha ny tsy tiana [loza ho avy
Portentous, *adj.* mampiseho
Porter, *n.* mpiandry varavarena; mpitondra entana; poritera
Porterage, *n.* karamany ny mpitondra entana
Portfolio, *n.* fitehirizan-taratasy na sary, &c.
Portico, *n.* fidirana ao amy ny trano lehibe ka misy andry sady tafoana [hiany
Portion, *n.* anjara; ny sasany
Portion, *v. t.* mizara
Portly, *adj.* matavy sady vaventy
Portman'teau, *n.* vata hoditra itondrana ny entany ny mpandeha
Portrait,—*ture*, *n.* sarin' olona; filazana olona izay hahafantarana azy tsara
Portray, *v. t.* manao sarin-javatra na olona; milaza zavatra na olona mba ho fantatra tsara
Pose, *v. t.* manahirana noho ny fanontaniana saro-baliana
Position, *n.* fitoerana, toerana; toetry ny zavatra na mitsangana na mihilana na mandry na voalohany na faharoany, &c.; toetry ny olona na manamboninahitra na miaramila, na manan-karena na malahelo, &c.
Positive, *adj.* milaza marimarina; tsy mampisalasala; be tohika [mahazo
Possess, *v. t.* manana, mitana,
Possession, *n.* fananana. To have in possession, mitana. To take possession of, mahazo, maka

Possess'or, *n.* izay manana, tompo
Possibility, *n.* fahazoanahanaovana. If by any possibility, raha misy izay hahazoana hanao
Possible, *adj.* azo atao, hay
Possibly, *adv.* angamba, angaha
Post, *n.* tsangan-kazo; tolàna; fitoerana ametrahana miaramila, &c.; raharaha; iraka mpitondra taratasy; tetezan' olona; fampitondrana taratasy ataony ny fanjakana ka misy fotoana andehanany
Post, *v. t.* mametraka ao amy ny fitoerany; mametraka taratasy ao amy ny *post-office*
Postage, *n.* karaman-taratasy ampitondraina
Post-date', *v. t.* milaza andro aoriana amy ny taratasy fa tsy izay nanoratana azy
Postdilu'vian,—*al*, *adj.* aoriany ny safo-drano tamy ny androny Noa
Posterior, *adj.* aoriana
Poster'ity, *n.* taranaka, tamin-gana
Post-haste', *adv.* faingana dia faingana toy ny tetezan' olona
Posthumous, *adj.* rehefa maty (toy ny zaza izay teraka rehefa maty rainy, na ny boky atao porintra rehefa maty ilay namorona azy)
Postillion, *n.* olona mitaingina ny anankiray amy ny soavalay mitarika kalesy
Postman, *n.* mpitondra taratasy
Post-meridian, *adj.* aoriany ny mitataovovonana ny andro, P.M. no fanoratra azy
Post-mor'tem, *adj.* rehefa maty

Post-office, *n.* trano ametra-hana ny taratasy ampiton-draina any amy ny tanàna na tany hafa

Postpone, *v. t.* mamela hatao amy ny andro hafa, mangatak' andro. To postpone from time to time, manao ampitso lava

Postscript, *n.* teny anampy aoriana rehefa vita sonia ny taratasy, P.S. no fanoratra azy

Posture, *n.* toetry ny tena na mitsangana, na mipetraka, na miondrika, na miankina, &c. [gonina

Po'sy, *n.* vonin-kazo vitsy an-

Pot, *n.* vilany fahandroana; kopy lehibe atao fisotroana; bakoly lalin' aty atao fitoeran-kanina. **Watering-pot**, fandemana zava - maniry.

Tea-pot, fanaovan-dite. **Flower-pot**, tanimanga tefena atao fambolem-bonin-kazo

Pot, *v. t.* mitahiry hanina ao amy ny *pot*

Pot'ash, *n.* sirahazo

Pota'to, *n.* ovim-bazaha [kery

Po'tent, *adj.* mahery, manan-

Po'tentate, *n.* mpanapaka, mpanjaka

Poten'tial, *adj.* milaza ny azo atao fa tsy ny atao

Po'tion, *n.* zavatra sotroina

Pot'sherd, *n.* vakim-bilany, tavin-bilany, tavin-tsiny

Pot'tage, *n.* hena alain-dro asia-na anana ka atao marihitra tsara

Pot'ter, *n.* mpanefy vilany tany, mpanao bakoly

Pot'tery, *n.* bakoly na vilany ataony ny *potter*; ny fitoerana anaovana azy

Pouch, *n.* kitapo kely; zavatra

toy ny paosy amy ny biby miray karazana amy ny *opossum*, ary misy koa amy ny *pelican*

Poul'terer, *n.* mpivaro-borona

Poul'tice, *n.* katapilasy

Poul'try, *n.* vorona ompiana atao fihinana

Pounce, *v. i.* (on or upon) mipaoka; miantsembotra maka

Pound, *n.* anaram-pandanjana tokony hitovy lanja amy ny farantsa vola madio 18, dia tokony ho $\frac{16}{10}$ ny livatra; anaram-parantsa kely volamena atao an-kevitra ny ariary dimy

Pound, *v. t.* mitoto

Pour, *v. t.* sy *i.* manidina (rano &c.), mampidina; **midina**, milatsaka, mirotsaka

Pout, *v. i.* mimonjitra; mitokozihitra

Poverty, *n.* ny tsi-fananana, ropiropy, fahantrana

Powder, *n.* vovo-javatra; **vanga**; vovo-panafody [vovoka

Powder, *v. t.* manorotero ho

Pow'er, *n.* hery, fahefana; tan-

Pow'erful, *adj.* mahery, matanjaka; manan-kery

Powerless, *adj.* osa; tsy manam-pahefana, tsy mahefa

Pox, *n.* zavatra toy ny nendra mibontsina amy ny tena.

Small-pox, nendra. **Chicken-pox**, nendram-boalavo

Prac'ticable, *adj.* azo atao

Prac'tical, *adj.* tsy mihevitra hiany fa mitondra ny fahai-zany sy ny heviny hanao koa. **Practical knowledge**, fahalalana avy amy ny fanaovana sy ny fahazarana. **A practical joke**, sangy mihoatra ny loha, sangy ratsy

Prac'tice, *n.* fanao, fahazarana; ny manao fa tsy ny miteny na ny mihevitra fotsiny hiany

Prac'tice,—*se*, *v. t.* sy *i.* manao matetika mba hahay, manazatra; manao ny raharahany, indrindra fa ny raharahany ny dokotera sy ny mpandaha-dalana

Prac'titioner, *n.* olona tsy mahay hiany fa manao koa, indrindra amy ny anaovana fanafody

Præ'tor, or **Præ'tor**, *n.* mpanapaka tamy ny Romana fahiny

Prai'rie, *n.* tany lava-voaloalabe

Praise, *n.* dera, fiderana

Praise, *v. t.* midera, mankalaza

Praise'worthy, *adj.* miendrika hoderaina, tokony hoderaina

Prance, *v. i.* mandihy (ataony ny soavaly)

Prank, *n.* laolao, sangy

Prate, *v. i.* mitaria, mitafasiry

Prat'tle, *v. i.* miteniteny toy ny ataony ny zazakely

Prawn, *n.* biby kely ao andranomasina sahalahala amy ny orana ka tsara hena, patan-dranomasina

- Recount**, *v. t.* milaza tsirairay ny zavatra izay efa nihatra; mitantara
- Recourse**, *n.* ny andehanana. To have recourse to, mankany aminy mba hitady anatra na fanampiana na famonjena, &c.
- Recover**, *v. t.* sy *i.* mahazo indray izay very; manaritra, sitrana; afaka amy ny fahoriana, &c.
- Recovery**, *n.* fahazoana indray; fahasitranana, fanaretana
- Recreant**, *n.* olona saro-tahotra loatra amy ny ady ka malaky mivalo amy ny fahavalo
- Recreation**, *n.* fialana kely amy ny raharaha mba hitsangantsangana na hilalao, &c.; fialam-boly
- Reckon**, *v. t.* mifanome tsiny, mifampiangana
- Recruit**, *v. t.* sy *i.* mahatanjaka amy ny hanina na rivotra vaovao, &c.; manampy miaramila amy ny tafika; maka miaramila
- Recruit**, *n.* miaramila vao milatsaka, miaramila zazavao
- Rectangle**, *n.* figure misy lafiny efatra sy right angle efatra
- Rectangular**, *adj.* misy rectangle
- Rectification**, *n.* fanitsiana
- Rectify**, *v. t.* manova ny diso ho marina, manitsy
- Rectilinear**,—*lar*, *adj.* misy tsipika mahitsy
- Rectitude**, *n.* fahamarinana, hitsim-po
- Rectory**, *n.* clergyman mitandrina parish anankiray
- Rectory**, *n.* trano onenany ny rector
- Recurrent**, *adj.* mandry; mandrilika
- Recur**, *v. i.* miverina indray, mahatsiaro. His fever will recur again to-night, hihetsika indray ny tazony anio alina
- Recurrent**, *n.* fiverenana
- Red**, *adj.* mena
- Redbreast**, *n.* vorona kely menatratra sady tsara feo maneno amy ny ririnina
- Redden**, *v. t.* sy *i.* manoka ho mena, manato; mihamena
- Redeem**, *v. t.* manavotra. To redeem the time, mitandrina tsara mba tsy hisy andro ho lany foana
- Redeemer**, *n.* mpanavotra, indrindra fa Jesosy Kraisty Mpanavotra
- Redemption**, *n.* fanavotana
- Red-hot**, *adj.* mena azony ny afo, mahamay indrindra
- Redouble**, *v. t.* mampitombo
- Redoubt**, *n.* fiarovana misy mända manodidina
- Redound**, *v. i.* miverina indray toy ny alon-drano, mimpody
- Redress**, *v. t.* manafaka olona amin' izay mampahory azy, manitsy, mamonjy

Reduce', *v. t.* mahatonga ho, manakely, manetry; mandresy; mandahatra mitsitokotoko

Reduction, *n.* ny ahatongavana ho, ny anakelezana

Redundant, *adj.* be loatra, mihoapampana

Reduplica'tion, *n.* ny fanaovana avy sasaka, indrindra amy ny teny, toy ny teny fotsy tonga fotsifotsy na ny teny mandray tonga mandrairay, &c. [berina

Re-ech'o, *v. t.* manako miverim-

Reed, *n.* ny zava-maniry poakaty toy ny harefo na volotangana, &c.; sodina

Reef, *n.* vatolampy misy mitranga kely ao amy ny ranomasina

Reef, *v. t.* mangorona ny laintsambo mba ho kelikely kokoa

Reek, *n.* setroka, etona

Reek, *v. i.* manetroka, midonaka; manetona

Reel, *n.* hazo atao hanodinana kofehy na taretra, &c.

Reel, *v. i.* mirondrana, mivezimbezina

Re-elect', *v. t.* mifidy indray izay nofidina taloha

Re-eligible, *adj.* azo fidina indray

Re-enforce', *v. t.* manamafy ny teny na lalàna izay vita taloha ka tsy voatandrina loatra; manampy miaramila amy ny tafika

Re-export', *v. t.* mamarina indray ny zavatra avy any amy ny tany hafa [nana

Refectory, *n.* efi-trano fihina-

Refer', *v. t.* sy *i.* (to) mampandina, mampizaha; mandina, milaza ny aminy, miantso, montsy

Referee', *n.* izay nasaina hanadinana

Reference, *n.* filazana kely ny aminy; fizahan-teny

Refine', *v. t.* sy *i.* manadio tsara; mahatsara amy ny fanao sy ny fitondran-tena; mihadio, mihatsara

Refined', *adj.* tsara (amy ny fanao na fitondran-tena); voadio tsara

Refinement, *n.* fanadiovana; fahadiovana amy ny fanao sy ny fitondran-tena

Reflect', *v. t.* sy *i.* mandefa fahazavana na hafanana &c. izay azony avy amy ny masoandro na ny jiro, &c.; manome tsiny. To reflect on or upon, mihevitra tsara

Reflective, *adj.* zatra ny mihevitra; be eritreretina

Reflector, *n.* zavatra atao ham-piverina ny fahazavana izay tonga aminy

Reflux, *n.* ny fiverenany ny rano, toy ny ataony ny alondrano rehefa tonga tao amy ny tanety

Reform', *v. t.* sy *i.* mampiova ho tsara indrindra amy ny fitondran-tena; miova ho tsara

Reforma'tion, *n.* fanovana na fiovana ho tsara, fanitsiana.

The Reformation, ny fiovany ny olona maro tany Eoropa tamy ny androny Lotera hiala amy ny fampianarana nataonny Katolika Romana, sy ny niverenany tamy ny fampianarana nataony ny Apositoly

Reform'atory, *n.* trano ampandehanana ny ankizilahi-madinika meloka mba hianatra tao-zavatra sy hiova ho tsara

- Reformed'**, *adj.* voaova ho tsara. The reformed churches, ny fiangonana izay nisarakana tany ny Katolika Romana tany ny androny Lotera
- Reform'er**, *n.* mpanova fomba ratsy ho tsara; Lotera sy ny namany izay nampisarakana ny olona tany ny fivavahana Katolika Romana
- Refract'**, *v. t.* mampilefitra ny rays of light raha miala amy ny rano na fitaratra &c. ka mankany amy ny rivotra izay medium samihafa
- Refraction**, *n.* ny filefitry ny rays of light
- Refractive**, *adj.* mampilefitra ny rays of light
- Refractory**, *adj.* maditra, bo-traitra
- Refrain'**, *v. t.* sy *i.* mihazona. To refrain from, tsy sahy hanao, tsy mety manao na dia ta-hanao aza
- Refrain'**, *n.* ny teny miverimberina ao amy ny farany ny tonon-kira isaky ny andininy
- Refrangible**, *adj.* azo alefitra toy ny rays of light
- Refresh'**, *v. t.* mamelombelona, miala voly, manala sasatra; mampahatoky
- Refreshment**, *n.* famelombelomana, hanina; toky
- Refuge**, *n.* fierena, fiarovana
- Refugee'**, *n.* olona mandositra ny fanjakana ka mankany amy ny tany hafa hitady fiarovana
- Refulgent**, *adj.* mampirapiratra, mangirangirana
- Refund'**, *v. t.* manonitra
- Refusal**, *n.* fandavana
- Refuse'**, *v. t.* sy *i.* mandà
- Refuse**, *n.* zavatra ariana, faikan-javatra; kirany
- Refuta'tion**, *n.* valin-teny entimanohitra izay nolazainy ny sasany
- Refute'**, *v. t.* mamaly teny hano-hitra izay nolazainy ny sasany
- Regain'**, *v. t.* mahazo indray izay very na lasa
- Re'gal**, *adj.* any ny mpanjaka, momba ny mpanjaka
- Regale'**, *v. t.* manasa, mamahana; mahafinaritra
- Regard'**, *v. t.* mihevitra, mitandrina, manaja, mijery
- Regard'**, *n.* fiheverana, fitandremana, fanajana; fijerena. In regard to, ny aminy. To have regard to persons, mizaha tavan' olona, menamaso olona
- Regard'ful**, *adj.* mitandrina, mihevitra
- Regard'less**, *adj.* tsy mitandrina, tsy mihevitra
- Re'gency**, *n.* ny fanapahana sy ny raharahany ny regent; ny andro naha-regent azy
- Regen'erate**, *v. t.* mahavaovao, miteraka indray (dia ny atao-ny ny Fanahy Masina)
- Regenerate**, *adj.* ateraky ny Fanahy Masina
- Regen'era'tion**, *n.* fiterahambaovao, fanavaozana
- Re'gent**, *n.* olona tendrena hitondra fanjakana raha mbola kely na tsy mahazo manjaka ilay tokony hanjaka
- Reg'icide**, *n.* famonoana mpanjaka; mpamono mpanjaka
- Reg'imen**, *n.* fanarahana ny teniny ny dokotera na olona hafa amy ny fihinanan-kanina
- Reg'iment**, *n.* miaramila iray toko misy kompan' maro
- Regiment'als**, *n.* ny akanjony ny miaramila amy ny regiment iray

- Re'gion**, *n.* tany, fizaran-tany
- Reg'ister**, *n.* taratasy filazana raharaha na anaran' olona na anaran-javatra, &c. ; regista
- Reg'ister**, *v. t.* manoratra *register*
- Reg'istrar**, *n.* olona tendreny ny fanjakana hanoratra *register* ny amy ny zaza teraka na ny olona maty na ny mampakabady, &c.
- Regret'**, *v. t.* malahelo noho ; manenina [na
- Regret'**, *n.* alahelo noho ; neni
- Reg'ular**, *adj.* manaraka ny fitsipika ; manao araka ny fotoana, tsy diso fotoana
- Regular'ity**, *n.* fanarahana ny fitsipika
- Reg'ulate**, *v. t.* mamboatra na manao araka ny fitsipika
- Regula'tion**, *n.* fanarahana fitsipika ; fitsipika, 'didy, teny tokony harahina
- Rehears'al**, *n.* filazana tsi-anjery ny zavatra notadidina ; fitantarana
- Rehearse'**, *v. t.* milaza tsi-anjery ny zavatra notadidina ; mitantara
- Reign**, *n.* manjaka ; manankery aminy
- Reign**, *v. i.* fanapahana sy fahefany ny mpanjaka ; ny andro anjakany
- Reimburse'**, *v. t.* manonitra
- Reimburse'ment**, *n.* fanonerana
- Rein**, *n.* lamboridy. To give the reins to, mamela hanao izay tiana hatao. To take the reins, manapaka, mifehy
- Rein'deer**, *n.* karazam-biby *deer* izay mitoetra ao amorony ny Arctic Ocean ka ampitarihina kalesy na *sledge*
- Reins**, *n.* voa
- Re'instate'**, *v. t.* mametraka indray amy ny toetrany na ny raharahany taloha
- Reit'erate**, *v. t.* mamerimberina (indrindra amy ny teny)
- Reject'**, *v. t.* manary, mandà
- Rejoice'**, *v. i. sy t.* mifaly, miravoravo ; mahafaly
- Rejoic'ing**, *n.* fialiana ; zavatra mahafaly
- Rejoin'der**, *n.* valin-teny kosa indray, valin-teny
- Relapse'**, *v. i.* mihemotra, lavo indray ; manavy indray, miharatsy indray
- Relapse'**, *n.* fihemorana, fivernana indray ho amy ny ratsy
- Relate'**, *v. t. sy i.* milaza, manambara. To relate to, misy izay ikambanany aminy. We are related to each other, mpihavana izahay
- Relation**, *n.* filazana, fanambarana ; ny ikambanany aminy ; havana. In relation to, ny aminy
- Relative**, *n.* havana
- Relative**, *adj.* misy izay ikambanany aminy, mihatra aminy
- Relax'**, *v. t.* manageragera, manaketraka ; mihena ; mampivalana. To relax i. a diligece, mihamalaina
- Ralay'**, *n.* miaramila na soavaly na hanina &c. atao antrantra
- Release'**, *v. t.* manafaka, mandefa ny mpifatotra
- Release'**, *n.* fanafahana, fandefasana
- Relent'**, *v. i.* mihalemy fanahy, tonga antra kokoa, tonga mamindra-fo
- Relent'less**, *adj.* tsy azo ivalozana, tsy mety mamindra-fo
- Rel'evant**, *adj.* mihatra aminy, ny aminy
- Reli'able**, *adj.* azo itokiana

Reli'ance, *n.* fitokiana, fatokiana
Rel'ic, *n.* izay sisa rehefa simba ny ankabiazany, indrindra ny taolany ny olona masina na zavatra hafa izay mbola tratra ankehitriny; zavatra atao fahatsiarovana
Rel'ict, *n.* (of) vady (rehefa maty ny lahy)
Relief, *n.* fahafahana na fahafahana kely amin' izay mampahory na amin' izay mahasasatra, &c., fampianinana; ny tetry ny sary izay atao mandroso na mivohitra
Relieve, *v. t.* mahafaka amin' izay mampahory na mahasasatra, &c.; mampionona
Relig'ion, *n.* ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny fanarahana ny teniny, fivavahana
Relig'ious, *adj.* mazoto amy ny fivavahana sy ny fanompoana an' Andriamanitra; momba ny fivavahana
Belin'quish, *v. t.* miala aminy, mandao
Rel'ish, *v. t.* mahatsiaro fy, tia; mifaly aminy
Rel'ish, *n.* fahatsiarovam-py, tsirony, fitiavan-javatra
Reluc'tant, *adj.* tsy ta-hanao, malain-kanao
Rely, *v. i.* (upon) mitoky, miakina aminy; matoky
Remain, *v. i.* mitoetra, mivelana, sisa [biny
Remain'der, *n.* ny sisa, ny am-
Remains', *n.* ny mbola sisa amy ny trano &c. rava; fatin' olona
Remand, *v. t.* mandidy hiverrina, mampiverina
Remark, *v. t.* sy *i.* mahatandrintandrina; manao teny kely ny aminy

Remark, *n.* filazana kely ny aminy. To make remarks, mahatandrintandrina; manao teny kely ny aminy
Remark'able, *adj.* miendrika hozahana, tokony hoheverina, malaza
Remed'ial, *adj.* mahasitrana; mahafaka amin' izay ratsy na mampahory, &c.
Rem'edy, *n.* izay mahasitrana na mahafaka amy ny ratsy na ny fahoriana; fanafody
Rem'edy, *v. t.* mahasitrana, mahafaka amy ny ratsy, &c.
Remember, *v. t.* mahatsiaro, mahatadidy
Remem'brance, *n.* fahatsiarovana, fahatadidiana
Remind, *v. t.* (of) mampahatsiaro
Reminis'cence, *n.* fahatsiarovana; zavatra tsaroana
Remiss, *adj.* tsy mitandrina loatra, malaina, diso amin' izay tokony hatao
Remis'sion, *n.* fihenana amy ny fahoriana na faaintainana na fahazotoana, &c.; famelan-keloka
Remiss'ness, *n.* tsi - fitandremana na tsi-fahazotoana amy ny raharaha
Remit, *v. t.* mamerina; manatitra vola any amy ny tany lavitra; mampionona; mamehelo
Remit'tance, *n.* fanaterana vola any amy ny tany lavitra; ny vola aterina any
Remit'tent, *adj.* mifandimby mihatsara sy miharatsy (amy ny aretina) [biny
Rem'nant, *n.* ny sisa, ny am-
Remon'strance, *n.* fananarana mampiseho ny tsy mahamety ny natao; teny fanoherana

- Remon'strate**, *v. i.* (with) mananatra mafy ka mampiseho ny tsy mahamety ny natao na izay kasaina hatao
- Remorse**, *n.* alahelo mafy indrindra noho ny tsy mety natao, nenina bevava indrindra
- Remorseless**, *adj.* tsy mety mamindra-fo, loza-be, masiaka
- Remote**, *adj.* lavitra; ela izay. He has some relationship to us, but it is remote, havanay hiany izy, nefa havantetezina
- Removal**, *n.* famindrana ho any amy ny trano hafa; fanafahana amy ny aretina na fahoriana, &c. **Removal by death**, fahafatesana
- Remove**, *v. t.* sy *i.* mamindra, manaisotra; mifindra, mifindra-toerana [lavirana]
- Remove**, *n.* fifindrana; faharaha
- Remunerate**, *v. t.* manome ho valiny ny soa na ny fanompoana nataony
- Recount'er**, *n.* fihaonana tsy ampoizina, indrindra raha amy ny fahavalo
- Rend**, *v. t.* P. sy P.P. rent; mandriatra
- Ren'der**, *v. t.* manome; mahatonga ho, mandika ho fiteny hafa
- Ren'dezvous**, *n.* fitoerana nifanekena na nasaina hihaonana
- Ren'egade**, *n.* mpandà izay efa nekena taloha, mpamadika, mpihemotra
- Renew**, *v. t.* mamboatra ho toy ny vaovao indray; mampondy indray ny tanjaka; manova ny fo ho vaovao
- Renewal**, *n.* fanavaozana
- Ren'net**, *n.* zavatra ao anatiny ny vavonin-janak' omby izay
- mampandry ny ronono atao foromazy
- Renounce**, *v. t.* mandà, mandao, mahafofy
- Ren'ovate**, *v. t.* (*renew*)
- Renown**, *n.* laza
- Renowned**, *adj.* malaza
- Rent**, *n.* hofan-trano na tany, &c.
- Rent**, *v. t.* manofa-trano na tany, &c.
- Renunciation**, *n.* fandavana, fandaovana, fahafoizana
- Repair**, *v. t.* sy *i.* mamboatra ho tsara. **To repair to**, mankany aminy
- Repair**, *n.* fanamboarana ho tsara indray
- Reparation**, *n.* fanamboarana; fanafahana amin' izay mam-pahory
- Repast**, *n.* sakafo, hanina
- Repay**, *v. t.* P. sy P.P.—paid; manonitra, mamaly ny natao taminy
- Repeal**, *v. t.* manatsoaka
- Repeat**, *v. t.* manao indray; milaza indray; milaza teny nianarana tsi-an-jery. **To repeat one's self**, mamerimberin-teny
- Repel**, *v. t.* sy *i.* mandroaka hiverina, tsy mampanatona, manohitra tsy hiditra
- Repent**, *v. i.* sy *t.* mibebaka, malahelo noho ny tsy mety natao ka mahafofy izany
- Repent'ance**, *n.* fibebahana
- Repetition**, *n.* fanaovana indray; filazana indray; filazana izay nianarana tsi-an-jery
- Repine**, *v. i.* manina sady mimonjomonjo
- Replace**, *v. t.* mametraka indray amy ny fitoerany taloha; manonitra, manolo

- Replenish**, *v. t.* mamenoindray, mahafeno indray
- Replete**, *adj.* feno
- Repletion**, *n.* hafenoana loatra
- Reply**, *v. t. sy i.* mamaly (fanontaniana na teny)
- Reply**, *n.* valiny (ny fanontaniana na teny)
- Report**, *v. t. sy i.* mitondra teny miverina amin' izay naniraka azy; milazalaza; mitantara. **To report a speech**, manoratra ny teny nalahatry ny sasany mba hatao porintra
- Report**, *n.* teny entiny ny iraka any amin' izay naniraka azy; filazalazana. **Report of a speech**, teny voasoratra filazana ny teny nalahatr' olona.
- Report of a gun**, feom-basy.
- An idle report**, tsaho
- Reporter**, *n.* mpanoratra ny teny nalahatry ny sasany, mpanambara
- Repose**, *v. i. sy t.* mandry mba ho afa-tsasatra, matoky tsy manana ahiahy
- Repository**, *n.* fitoerana ametrahan-javatra hotehirizina
- Reprehend**, *v. t.* mananatra ka manome tsiny, miteny
- Reprehensible**, *adj.* azo tsinina, tokony ho tsinina
- Represent**, *v. t.* mampiseho, milaza marimarina; misolo
- Representation**, *n.* sary, fampisehoana; filazana; fiso-loana
- Representative**, *n.* solo, olona fidiny ny vahoaka hisolo azy amy ny anaovana raharaham-panjakana, solom-bava
- Repress**, *v. t.* mampitsahatra an-kery, mandresy
- Repressive**, *adj.* maharesy, mahasakana
- Relieve**, *v. t.* manome andro indray amy ny hamonoana olona helohina ho faty mba hotsaraina indray izy
- Reprimand**, *v. t.* mananatra ka manome tsiny, miteny
- Reprimand**, *n.* anatra manome tsiny
- Reprint**, *v. t.* manonta indray izay efa vita porintra taloha
- Reprisal**, *n.* fakàna an-kery amy ny fahavalo ho valiny ny nataony taminy; zavatra alaina an-kery toy izany; valiny ny natao
- Reproach**, *v. t.* mandatsa, maniny, mikizaka, manaratsy
- Reproach**, *n.* latsa
- Reproachful**, *adj.* mandatsa, manome tsiny
- Reprobate**, *n.* olona ratsy fanahy indrindra
- Reproof**, *n.* anatra manome tsiny
- Reprove**, *v. t.* mananatra ka manome tsiny, miteny
- Reptile**, *n.* biby toy ny mamba sy ny menarana ary ny sahona, &c., izay manan-taolana ary manatody sady miaina amy ny rivotra, nefa mangatsiaka ny rany
- Republic**, *n.* fanapahana tsy misy mpanjaka fa olona fidiny ny vahoaka no manao raharaham-panjakana, repoblika
- Republican**, *n.* olona izay mihevitra fa ny *republic* no tsara ho fomba fitondrampanjakana [bady
- Republiterate**, *v. t.* mandà; misao
- Repugnant**, *adj.* (to) tsy mifanaraka, tsy tia, manohitra, hala
- Repulse**, *v. t.* manohitra tsy hiditra, mandroaka hiverina
- Repulse**, *n.* fanoharana, fandroahana hiverina

Repulsive, *adj.* tsy maha-tahanatona
Repurchase, *v. t.* mividy indray izay namidy taloha, manavotra
Reputable, *adj.* tsara laza
Reputation, **Repute**, *n.* ny iheverany ny olona azy. He has lost his reputation, afa-baraka amy ny olona izy
Repute, *v. t.* manao ho. He is reputed to be very clever, ataony ny olona fa mahay dia mahay izy
Request, *n.* hataka, zavatra angatahina. To be in request, tadiaviny ny maro ho azo
Request, *v. t.* mangataka, miangavy, mitalaho
Requiem, *n.* hira fanao amy ny fandevenana
Require, *v. t.* mangataka toy izay maka ny azy, mila, tokony ho. I required him to do it, nasaiko nanao izany izy
Requirement, *n.* teny tsy maintsy harahina, ny nasaina hatao
Requisite, *adj.* tsy azo avela, tsy maintsy hatao
Requisition, *n.* hataka atao ankery; hataka voasoratra avy amy ny olona miangona, toy ny ataony ny fiangonana raha mangataka mpitandrina
Requite, *v. t.* mamaly araka ny nataony [*ward*]
Reward, *n.* (*rearguard*, *rear*)
Rescind, *v. t.* manatsoaka
Rescue, *v. t.* mamonjy, manafaka
Rescue, *n.* famonjena
Research, *n.* fandinihana fattratra mba hampitombo fahalalana
Resemblance, *n.* fanahafana

Resemble, *v. t.* manahaka, tahaka, sahala aminy
Resent, *v. t.* tezitra noho izay nataon' olona taminy
Resentful, *adj.* malaky tafintohina, mora sosotra
Resentment, *n.* fahatezerana noho izay nataon' olona taminy
Reservation, *n.* zavatra tehirizina fa tsy aseho amy ny olona; hevitra tsy lazaina, fa ao am-po hiany
Reserve, *v. t.* mitahiry ho amy ny andro hafa; mitana ho any ny tena
Reserve, *n.* fahamaotinana; zavatra tehirizina
Reserved, *adj.* maotona, jadina, tsy miresadresaka foana, tsy milaza loatra
Reservoir, *n.* fitehirizana, indrindra izay iangonany ny rano betsaka ampandehanina ho any amy ny tanàna na mba hanaovana raharaha
Reside, *v. t.* monina
Residence, *n.* fonenana
Residue, *n.* ny sisa
Resign, *v. t.* mahafofy na miala amin' izay ahazoany soa na voninahitra, &c. To resign one's self to, miaritra, mahalafitra
Resignation, *n.* fialana amin' izay ahazoana soa na voninahitra, &c.; fiaretana
Resigned, *adj.* manaiky ny itondran' Andriamanitra azy fa tsy mimonomonona
Resin, *n.* anaran-ditin-kazo
Resinous, *adj.* misy *resin*, tahaka ny *resin* [*kana*]
Resist, *v. t.* manohitra, misa-
Resistance, *n.* fanoherana
Resolute, *adj.* mikiribiby, mihehahena, tsy mety miova

Restore', v. t. mampondy amy ny toetra tsara nananana taloha; manonitra. He is restored to health, efa manaritra izy.

To restore ruins, mamboatra ny rava ho tsara indray

Restrain', v. t. mihazona, misakana; mametra, tsy mampampanaram-po

Restraint', n. fihazonana, fisakanana

Restrict', v. t. mametra, tsy mamela hanaram-po

Restriction', n. famerana, tsifamelana hanaram-po

Result', v. i. tonga noho, avy aminy

Result', n. ny tonga noho, ny avy aminy, vokatra; farahavitra, ny iafarany

Resume', v. t. maka indray izay nialany taloha; miantomboka indray

Resurrection', n. fitsanganana amy ny maty

Resuscitate', v. t. mamelombelona izay saiky maty andrano na izay anany ny hatsiaka

Retail', v. t. maninjara, mivarotra tsikelikely

Retail', n. fivarotana tsikelikely. To sell by retail, maninjara

Retain', v. t. mitana, mihazona tsy handeha. To retain in the memory, mahatadidy, mahatsiaro

Retaliate', v. t. sy i. (upon) mamaly ratsy

Retard', v. t. misakantsakana, manelingelina, mahela

Retention', n. fitanana, fihazonana tsy handeha

Retentive', adj. mahatana, mahazona; mahatadidy

Reticent', adj. tsy mety milaza, tsy miresadresaka foana

Reticule', n. kitapo na harona kely fitondrany ny vehivavy

Retina', n. zavatra ao anatiny ny maso izay mikambana amy ny *nerve* mankamy ny ati-doha, ka izany no ahitantsika

Retinue', n. olona mpanaraka ny mpanjaka na ny lehibe

Retire', v. t. (from) miala mba hitokana na hiery na ho afaka amy ny raharaha, &c.

Retirement', n. fiavana amin' izay manelingelina na mampitabataba; ny fitoerana alehany

Retort', v. t. mamali-teny hamely izay manome tsiny azy na tsy mifanara-kevitra aminy

Retort', n. valin-teny ataony amin' izay miteny azy

Retrace', v. t. miverina indray amin' izay naleha taloha

Retract', v. t. mitsoa-teny natao

Retreat', n. fitoerana ierena na aleha mba ho afaka amy ny tabataba, &c.

Retreat', v. i. mifindra toerana mba tsy ho tratry ny loza, mianotra; mandeha mankany amy ny fitoerana mangingina.

Retrench', v. t. manakelikely kokoa ny vola lany, tsy mandany vola be toy ny taloha fa mitsitsy

Retribution', n. tody, valiny ny natao; ny hamalian' Andriamanitra antsika amy ny andro fitsarana araka izay nataontsika

Retrieve', v. t. mahazo indray toy izay azony ny olona raha mody amy ny toetra tsara izay nananany taloha

Retrograde', adj. mihemotra

Retrogression', n. fihemorana

Ret'rospect, *n.* fieritretetana izay lasa
Retrospective, *adj.* mijery ny aoriana, mihevitra ny lasa
Return', *v. i. sy t.* miverina; miherina, mitsingerina; mamaly (teny); mamerina, manonitra; mamody; mitondra teny miverina
Return', *n.* fiverenana; fame-renana; fiherehana; fanonerana; zavatra averina; teny voasoratra atao filazana ny raharaha natao &c. ka ampaterina any amy ny lehibe. The trade's daily returns, ny vola azony ny mpivarotra isan-andro amy ny vidinjavatra
Reu'nion, *n.* fraisana indray, fikambanana indray; fivoriany ny olona maro misakaiza tsara
Reveal', *v. t.* manambara izay tsy fantatra
Revel, *v. i.* mikorana amy ny fisotroan-toaka
Revel, *n.* fanasana misy fisotroan-toaka sy fikoranana be
Revela'tion, *n.* fanambarana; ny fanambaran' Andriamanitra ny zavatra izay tsy takatry ny sainy ny olona hofantarina
Revelry, *n.* fikoranana amy ny fisotroan-toaka
Revenge', famalian-dratsy
Revenge', *v. t.* mamaly ratsy
Revenge'ful, *adj.* ta-hamaly ratsy, malaky mamaly ratsy
Révenue, *n.* ny vola miditra isan-taona, indrindra izay azony ny fanjakana amy ny hetra na fadintseranana, &c.
Rever'berate, *v. t.* sy *i.* manako
Rever', **Rever'ence**, *v. t.* manaja amy ny fe sy ny fitiavana

Rev'erence, *n.* fanajana tsara
Rever'end, *adj.* miendrika hohajaina; teny fanajana atao amy ny mpitori-teny sasany
Rev'erent, *adj.* manaja an' Andriamanitra sy izay masina
Rev'erie, *n.* eritreritra mahafati-arika
Revers'al, *n.* famadihana ny teny vita taloha na ny teniny ny ambany
Reverse', *v. t.* mamadika ny teny vita taloha na ny teniny ny ambany
Reverse', *n.* izay mifamadika amy ny ataony ny sasany; fiovana lehibe ho amin' izay mampahory (toy ny manankarena tonga malahelo); ny ao am-badika (toy ny ilany ny farantsa izay tsy misy ny sarin' andriana)
Revert', *v. i. (to)* miverina (toy ny trano &c. ho amin' izay tompony taloha); mihevitra indray na miverina amin' izay noheverina taloha
Review', *v. t.* mandinika tsara indray; mandinika tsara ny boky vao natao porintra ka milaza ny mahadiso sy ny mahatsara azy; mizaha ny toetry ny miaramila
Review', *n.* boky atao fandinihana ny boky vao natao porintra ka misy fotoana isehoany [datsa
Revile', *v. t.* manaratsy, man-
Revi'sal, *n.* fandinihana mbanitsy
Revise', *v. t.* mandinika mbanitsy, manova ho tsaratsara kokoa
Revis'ion, *n.* fandinihana mbanitsy; izay voahitsy
Revis'it, *v. t.* mamangy indray; mankany indray

Revi'val, *n.* fisehoana ho velona na hazoto indray, indrindra amy ny fivavahana. **Revival of health**, fahatanjahana indray

Revive', *v. i. sy t.* mamelona indray; mampahazoto indray: mahavitrika indray

Revoca'tion, *n.* fanatsoahana (didy na teny natao)

Revoke', *v. t.* manatsoaka (didy na teny, &c.)

Revolt', *v. i. sy t.* miodina, mi-komy; marikoriko

Revolt', *n.* fikomiana, fiadinana

Revolt'ing, *adj.* maharikoriko, tsy mahatahanatona

Revolu'tion, *n.* fihodinana; fikomiana izay tonga lavorary; fiovana lehibe amy ny fitondram-panjakana

Revolu'tionary, *adj.* mahatonga fikomiana; mampiova be ny toetry ny fanjakana

Revolve', *v. i.* mihodina [body]

Revolver, *n.* basy mihodim-

Reward', *v. t.* mamaly araka ny natao, mamaly fitia

Reward', *n.* valiny ny natao, valim-pitia

Rey'nard, *n.* (fox)

Rhapsody, *n.* vazo tsy mitohitohy sady saro-pantarina

Rhet'oric, *n.* ny science izay ahafantarana ny fomba mety amy ny fandaharan - teny tsara [hana

Rheumatic, *adj.* marary ny ro-

Rheu'matism, *n.* aretina mangotsokotsoka amy ny taolana, rohana

Rhinoc'eros, *n.* biby lehibe manahatahaka ny elefanta fa misy tandroka amy ny orony

Ru'barb, *n.* anaram-panafody, robariba; anaran' anana maharikivy fanao amy ny pie

Rhyme, *n.* fomba fandaharan-teny amy ny tonon-kira &c. ka misy tsipika tsiroaroa na tsitelotelo &c. izay mitovitovy feo amy ny farany

Rib, *n.* taolan-tehezana

Rib'ald, *adj.* ratsy, vetaveta

Ribbon, **Rib'and**, *n.* riba

Rice, *n.* vary

Rich, *adj.* manan-karena; be herotra, be ronono-mandry na menaka (amy ny hanina). **Very rich**, manefohefo. **Rich land**, tany lonaka. **Rich furniture**, fanaka be vidy. **A country rich in silver**, &c., tany be volafotsy, &c.

Rich'es, *n.* harena

Rich'ly, *adj.* be harena; be haingony tsara

Rich'ness, *n.* toetry ny hanina raha be ronono-mandry na menaka; fahalonaka; ny habe-vidiny

Rid, *v. t.* (of) P. sy P.P. rid; manafaka. **To get rid of**, manao izay hahafahana aminy

Rid'dance, *n.* fanafahana, fahafahana

Rid'dle, *v. t.* manasivana

Rid'dle, *n.* sivana malala-maso; fampanononana

Ride, *v. i.* P. rode; P.P. ridden; mitaingin - tsoavaly; mandeha amy ny kalesy. **To ride at anchor**, mitsinkafona rehefa voalatsaka ny vato-fantsika

Ridge, *n.* vovonan-trano, &c.; tendrombohitra tomandavana; tampon-tendrombohitra tomandavana

Ridge'pole, *n.* vovonana

Rid'icule, *n.* fihomehezana, fanesoana

Rid'icule, *v. t.* mihomehy, maneso

Bidic'ulous, *adj.* mampihomehy, mahatsikaiky
Rife, *adj.* efa masaka ; betsaka
Ri'fle, *v. t.* maka an-kery, mandroba
Rifle, *n.* basy mahalasa lavitra sady mora ikendrena
Rig, *v. t.* manisy mahazaka na lain-tsambo amy ny sambo
Rig'ging, *n.* ny mahazaka sy ny lay &c. amy ny sambo
Right, *adj.* sy *adv.* mahitsy, marina, mety, tsara ; tokoa ; tsy diso. **Right angle**, *angle* ataony. ny tsipika roa ka ny iray mijoro amy ny hafa. **On the right hand**, ao ankavanana. **The right side (of a table cloth, &c.)**, ny miseho, ny tsara
Right, *n.* izay marina, rariny. **By rights**, raha ny rariny no heverina ; raha ny marina no atao. **To set or put to rights**, mahatonga indray amin' izay mety sy tsara. **You are in the right**, marina ny anao. **He has the right to do it**, manam-pahefana hanao izany izy, mahazo manao izany izy
Right, *v. t.* mampijoro tsara indray, manitsy ; manao izay hahazoany ny olona rariny, manome rariny
Right'eous, *adj.* marina, mahitsy fo
Right'eousness, *n.* fahamari-nana
Right'ful, *adj.* tokony ho—raha ny rariny no heverina
Rigid, *adj.* henjana, mafy ; tsy mety miova teny
Rigid'ity, *n.* fahenjanana
Rig'our, *n.* fahenjanana ; fangatsiahany ny andro, famirifiry ; tsi-fiovan-teny

Rig'orous, *adj.* henjana ; mami-rifiry
Rill, *n.* renirano kely
Rim, *n.* molo-bilany na vilia, &c. ; sisiny
Rime, *n.* fanala, ando mandry
Rind, *n.* hodi-boan-kazo
Ring, *n.* peratra, zavatra vorivory tahaka ny peratra ; kavina ; feo toy ny feony ny lakolosy
Ring, *v. t.* sy *i.* P. rang or rung ; P.P. rung ; mively lakolosy ; maneno toy ny lakolosy raha velezina
Ring'leader, *n.* mpitarika amy ny fiadinana na fandrohana, &c.
Ring'let, *n.* foto-bolo miolioly
Rinse, *v. t.* manontsana, manakobana
Ri'ot, *n.* tabataba
Ri'otous, *adj.* mitabataba
Rip, *v. t.* (up or open) mandriatra, manataka zaitra ; manendaka gorodona na tafon-trano, &c.
Ripe, *adj.* masaka (nefa tsy ny ahandroina)
Rip'en, *v. i.* sy *t.* mihamasaka ; mahamasaka
Rip'ple, *n.* rano mihetsiketsika toy ny alon-drano kely dia kely
Rise, *v. i.* P. rose ; P.P. risen ; miakatra, misondrotra, misandratra. **His voice rose**, niha-avo ny fiteniny. **To rise in rebellion**, miodina. **To rise in value**, misondrobidy. **To rise from the dead**, mitsangana amy ny maty. **To rise early**, mifoha maraina. **To rise (as bread)**, mitombo, mibonaka. **The river is rising**, mitombo ny rano. **The river has risen**,

- tondraka ny ony. The river Jordan rises in the Waters of Merom, avy amy ny Ranony Meroma no iandohany ny ony Jordany. To rise in the world, mitombo harena na voninahitra, &c. The sun has risen, efa miposaka ny masoandro
- Rise**, *n.* fiakarana, fisondro-tana, fitsanganana; ny iandohana; fitomboana
- Risk**, *n.* loza ankaharana. To run a risk, mankaha-doza, manao vi-very
- Risk**, *v. t.* mankaha-doza, mankahatra
- Rite**, *n.* fomba atao raha mivavaka amin' Andriamanitra ao an-trano fiangonana; fombam-pivavahana toy ny Fanasany ny Tompo sy ny Batisa, na ny fanalamboady nataony ny Jiosy fahiny
- Ritual**, *adj.* manaraka ny fombam-pivavahana
- Rival**, *n.* rafy; mpiara-mitady fa samy ta-hahazo
- Rival**, *v. t.* mitovitovy aminy (amy ny hery na ny fahazana, &c.); mifandrafy
- Rivalry**, *n.* fiarahana mitady fa samy ta-hahazo; fandrafiana, fialonana
- Rive**, *v. t.* mamaky (hisaratsaraka), manilaka
- River**, *n.* ony, renirano. A river that rises rapidly after rain, ony manao rano trambo [baibona]
- Rivet**, *n.* hombo atao vono
- Rivet**, *v. t.* mampikambana mafy amy ny rivet; mampikambana tsara
- Rivulet**, *n.* renirano kely
- Road**, *n.* lalana; fitoerana tsy lavitry ny moron-dranoma-
- sina atao fiarovana ny sambo amy ny alon-drano lehibe
- Roam**, *v. i.* mirenireny, mivezivezy
- Roar**, *v. i.* mieronana; mimamamama; midradradradra
- Roast**, *v. t.* manatsatsika, mitono. To roast any thing whole, manao ladobo
- Rob**, *v. t.* mandroba
- Rob'ber**, *n.* mpandroba
- Rob'bery**, *n.* roba, fandrovana
- Robe**, *n.* lamba tsara toy ny kotofahana; zipo, robo
- Rob'in**, **Rob'in** red'breast, *n.* (redbreast)
- Robust**, *adj.* matanjaka
- Rock**, *n.* vatolampy
- Rock**, *v. t.* sy *i.* manilangilana, mampirondrona; mihilangilana, mirondrona; mandrotsirotsy
- Rock'et**, *n.* anarany ny firework izay misondrotra avo dia avo
- Rock-salt**, *n.* sira mivongana toy ny vatolampy ka hadina amy ny tany
- Rock'y**, *adj.* be vatolampy
- Rod**, *n.* tsora-kazo
- Rogue**, *n.* mpangalatra; mpa-mitapitaka; mpanimbasinga zavatra; mpanao vazivazy
- Rog'ery**, *n.* halatra; fitaka
- Roll**, *v. t.* sy *i.* manakodia, manakodiadia; mamalona; manindry amy ny zavatra vorivory lavalava izay akodiadia na ahodinkodina; mikodiadia, mihodinkodina
- Roll**, *n.* horonana, zavatra mi-horona
- Roll'er**, *n.* zavatra akodiadia na ahodinkodina hanindry zavatra
- Ro'man**, *adj.* any Roma, momba any Roma, Romana

Romance', *n.* *novel* milaza zavatra nataony ny olona voalaza ao na ny nanjo azy ka mahagaga indrindra izany

Roman'tic, *adj.* tahaka ny *romance*. **Romantic expectations**, fanantenana be lavitra noho izay tokony hantenaina. **Romantic scenery**, tany tsinjovina be tendrombohitra mideza sy hantsana lalina ary rano mikorotsaka, &c.

Bomp, *v. i.* milalao mitabataba

Roof, *n.* tafon-trano. **The roof of the mouth**, lanilany

Roofing, *n.* zavatra fanao tafon-trano

Rook, *n.* goaika mainty ngizina

Room, *n.* fitoerana; efi-trano. **To make room**, manome fitoerana, mihatakataka; mamboatra fitoerana

Room'y, *adj.* malalaka, migodana

Boost, *v. i.* mipetraka matory toy ny ataony ny vorona

Root, *n.* faka, vodiny; fototra, ny ihaviana

Root, *v. t.* sy *i.* mamaka; milatsa-paka. **To root up or out**, manongotra; mahafongana

Rope, *n.* mahazaka

Ro'sary, *n.* sapilè lava-be

Rose, *n.* vonin-draozy

Ros'y, *adj.* mena-mavana toy ny vonin-draozy

Rot, *v. i.* sy *t.* mihalò, mihavovohina

Rot, *n.* aretin' ondry. **Dry rot**, ny vovohina amy ny hazo

Rote, *n.* fianarana tsi-an-jery fotsiny hiany fa tsy mahalala na mihevitra ny heviny

Rot'ten, *adj.* lo, vovohina

Rotund', *adj.* vorivory, kiboribory

Rough, *adj.* maraorao, miki-toantoana, mirokoroko, tsy malambolambo. **A rough sea**, ranomasina misamboaravoa-ra. **Rough looking**, masiatarehy. **A rough voice**, feo migaragara. **Rough weather**, andro mandrivotra. **In the rough**, tsy mbola voamboatra

Round, *adj.* sy *adv.* vorivory, boribory. **Round numbers**, isa tsy marina indrindra fa ny hatramy ny folo hiany no lazaina. **To turn round**, mihodina, mihodinkodina. **To come round**, miova hevitra hifanaraka amy ny sasany. **To send round**, maniraka hitety tranon' olona

Round, *n.* zavatra atao mifandimbindimby. **A round of duties**, raharaha mifandimbindimby. **The round of a ladder**, zana-tohatra

Round, *prep.* manodidina. **To wind round**, mamehy manodidina; manodina. **To get round a person**, mahazo izay ilaina amin' olona noho ny famalifaliana azy amy ny doka, &c.

Round'about, *adj.* tsy vantana, miolakolaka

Round'ly, *adv.* marimarina, mafy; manao teny vantana

Round'ness, *n.* fahavorivoriny

Rouse, *v. t.* sy *i.* mamoha, mampifoha, mamporisika, manaitra; mifoha, miharisika indray

Rout, *n.* olona maro mitabataba; tabataba; ny fampan-dosirana na ny fihahafany ny miaramila izay resy dia resy. **To put to rout**, mampan-dositra sy mampihahaka

Rout, *v. t.* mampondositra sy mampihahaka
Route, *n.* lalana aleha
Routine', *n.* filaharan-draharaha atao mifandimbindimby matetika
Rove, *v. i.* mirenireny, mivezevy
Rôw, *n.* zavatra mitandahatra, iray an-dalana
Rôw, *v. t.* mivoy
Row, *n.* fitabataba, tabataba
Royal, *adj.* any ny mpanjaka, momba ny mpanjaka
Royal'ity, *n.* fiandrianany ny mpanjaka; raharahany ny mpanjaka
Rub, *v. t.* sy *i.* mikasoka; mikosoka; mikasika. To rub down (a horse), manaborosy. To rub off, mamaoka. To rub out, mamono soratra amy ny *indiarubber*, &c. To rub up, mikasoka zavatra mba hangirangirana. To rub with wax, &c., manoso-tsavoka, &c.
Rub'bish, *n.* fakofako
Ru'by, *n.* vato soa mena, roby
Rud'der, *n.* familian-tsambo
Rud'dy, *adj.* menamena
Rude, *adj.* valavala, lakalaka; tsy mahalala fomba. Rude nations, firenena tsy mbola mandroso amy ny fahendrena
Rude'ness, *n.* fahavalavalana
Ru'diment, *n.* fiantombohana; foto-pianarana
Rudiment'ary, *adj.* momba ny foto-pianarana
Rue, *v. t.* manenina
Rue'ful, *adj.* mampiseho alahelo na nenina
Ruff, *n.* fehi-tenda &c. be ketronketrony
Ruffian, *n.* lehilahy mpan-droba sy ratsy fanahy indrin-dra

Ruffie, *v. t.* manao filirony; manetsiketsika; mampiahi-ahy; mahasosotra
Ruffie, *n.* filiron' akanjo; ahiahy; fahasosorana
Rug, *n.* lamba volonondry matevina sady lava volo
Rug'ged, *adj.* maraorao, mirokoroko
Ru'in, *n.* fahasimbana, fandravana; ny rava. It is going to ruin, simbasimba be hiany izany ka efa ho rava
Ru'in, *v. t.* mandrava, mandringana. He ruined his health, nanimba tena izy ka tsy nety vanona intsony. The fire ruined him, levona may avokoany tranony sy ny fananany ka tsy tafarina intsony izy
Ru'inous, *adj.* mandrava, mahasimba; mahalany harena
Rule, *n.* fitsipihana, roly; fitsipika; lalana; fitondrana, fanapahana
Rule, *v. t.* sy *i.* mitsipika; manapaka, mandidy
Ru'ler, *n.* fitsipihana; mpanapaka
Rum, *n.* toaka mena
Rum'ble, *v. i.* mirohondrohona
Ru'minant, *adj.* mandinika (toy ny ataony ny omby)
Ru'minate, *v. i.* mandinika, mieritreritra
Rum'mage, *v. t.* mikaroka
Ru'mour, *n.* tsahotsaho, filazalazana. There is a rumour that, hono
Run, *v. i.* mihazakazaka, mi-maona. To run very fast, miriotra, midodododo, mirimorimo, mitsoriaka. To run (as oil, or as print when washed), mihanaka. To run after, manenjika, manarak'

- To run at, manoto. To run away or from, mandositra, milefa. To run away with, mitondra mandositra, mangalatra. To run into debt, mitrosa. To run on, mandeha lalandava. To be run out, lany. To run over, mandroatra, mihoatra; manindry na manitsaka (ataony ny zavatra mandeha). To run up, misondrotra
- Run**, *v. t.* mampihazakazaka, mampandeha faingana. To run down, manenjika biby ambara-pahànany. To run a ship aground, mampidona sambo amy ny tanety. To run a thorn into the foot, manitsaka tsilo. To run through, mandany, mahafongotra; manatrebona taboroaka. To run a race, mifanala hazakazaka
- Run**, *n.* fihazakazahana, hazakazaka. The common run, ny ankabiazany. In the long run, raha ny hiafarany no heverina [dositra]
- Run'away**, *n.* mpilefa, mpanbung, *P. sy P.P. of ring*
- Run'ner**, *n.* mpihazakazaka; hazo mandady ka mamaka amy ny tonony
- Run'ning**, *adj.* lalandava. Two days running, indroa andro maninjitra. Running water, rano mandeha. A running hand, soratra tey kalina fa atao faingampaingana. A running sore, fery mandeha nana
- Rupes'**, *n.* farantsa kely lanjan-doso any India
- Rup'ture**, *n.* fitresahany ny lalan-dra; fisaraham - pihavanana, ady
- Rup'ture**, *v. t.* mampitresaka
- Ru'ral**, *adj.* any an-tsaha, any ambanivohitra; momba ny any ambanivohitra
- Rush**, *n.* zava-maniry toy ny harefo na ny hazondrano, &c.; firohotra; fimamamama; figorodanana
- Rush**, *v. t.* mimaona, mirohotra; mimamamama; migorodana
- Rusk**, *n.* mofa mafy azo tehirizina ela
- Rust**, *n.* harafesina
- Rus'tic**, *adj.* momba ny ambanivohitra
- Rus'ticate**, *v. t.* mitoetra any an-tsaha
- Rustic'ity**, *n.* fombany ny any ambanivohitra
- Rus'tle**, *v. t.* mikasaotsaoka, mikasokasoka
- Rus'ty**, *adj.* harafesina
- Rut**, *n.* diany ny kodia amy ny lalana [siaka]
- Ruth'less**, *adj.* tsy antra, ma-
- Rye**, *n.* karazam-barimbazaha fa tsy tsara tahaka ny *wheat*
- Sab'ath**, *n.* Sabata
- Sabbatical**, *adj.* momba ny Sabata; tahaka ny Sabata
- Sab'le**, *n.* anaram-biby mainty sady tsara volo
- Sa'ble**, *adj.* mainty
- Sa'bre** *n.* sabatra solanga-loha
- Sac'charine**, *adj.* misy siramamy
- Sacerdo'tal**, *adj.* any ny mpisorona, momba ny mpisorona
- Sack**, *n.* lasaka, kitapo lehibe
- Sack**, *v. t.* mandrava sy mahafongana tanàna rehefa resiny ny fahavalo
- Sack'cloth**, *n.* lamba ratsiratsy fanao lasaka
- Sack'ing**, *n.* lamba fanao lasaka
- Sac'rament**, *n.* ny Batisa sy ny Fanasany ny Tompo, sakaramenta

Sa'cred, *adj.* atokana ho amy ny fanompoana an' Andriamanitra ; masina ; momba ny fivavahana. **Sacred history**, tantara voalaza amy ny Soratra Masina

Sac'rifice, *v. t.* manatitra fanalamboady ; mahafoy izay mahafinaritra na mahasoana ny tena mba hanompoana an' Andriamanitra, na mba hahazoana zavatra hafa

Sac'rifice, *n.* fanaterana fanalamboady, fanalamboady ; famoizana fananana &c. amy ny fanompoana an' Andriamanitra, na amy ny hahazoana zavatra hafa

Sac'rilege, *n.* fangalarana na fanimbana ny zavatra atokana ho an' Andriamnnitra

Sad, *adj.* malahelo, manjorettra, tsy miramirana ; mampalahelo

Sad'den, *v. t.* mampalahelo

Sad'dle, *n.* lasely

Sad'dle, *v. t.* manisy lasely (amy ny soavaly na ampondra)

Sad'ducee, *n.* Sadokeo [lovana

Sad'ness, *n.* alahelo, fahalahe

Safe, *adj.* afaka amy ny loza, tsy tratry ny loza ; tsy ahitan-doza

Safe, *n.* vata fitehirizam-bola na taratasy mba tsy ho azony ny mpangalatra na ho mainy ny afo ; vata fitehirizan-kantina mba ho azony ny rivotra fa tsy ho azony ny lalitra

Safe'-conduct, *n.* taratasy na pasipaoro omeny ny mpanjaka ho any ny vahiny mba tsy hisy haninona azy raha mbolea ao amy ny fanjakany izy

Safe'guard, *n.* fiarovana : olona atao fiarovana

Safe'ty, *n.* fahafahana amy ny loza, ny tsy ahitan-doza. He

has returned in safety, tafaverina soa aman-tsara izy

Safe'ty-lamp, *n.* fanaovan-jiromisy tari-barahina voarary entiny ny mpiasa ao amy ny lavaka ihadiana arin-tany mba tsy hampirehitra ny gas any [fetsy

Saga'cious, *adj.* faingan-tsaina,

Sagac'ity, *n.* hafainganantsaina

Sage, *adj.* hendry, malina

Sage, *n.* olon-kendry sady antipahanahy

Sa'go, *n.* ny voti-atiny ny hazo palm sasany ka amboarina ho fihinana

Said, *P. sy P.P. of say*

Sail, *n.* lain-tsambo ; sambo ; ny andehanana amy ny sambo. **To set sail**, miainga an-tsambo

Sail, *v. i.* mandeha toy ny sambo ; mandeha an-tsambo ; misosa toy ny voromahery tsy mikopaka elatra raha manidina

Sail'or, *n.* matilo ; olona zatra mandeha an-tsambo

Saint, *n.* olo-masina ; olona efa tonga any an-danitra

Saint'ly, *adj.* miendrika ny olona masina, tahaka ny ataony ny olona masina

Sake, *n.* antony. **For the sake of, for his sake**, noho, noho ny any, noho ny fitiavana azy [salady

Sal'ad, *n.* anana fihinana manta,

Sal'ary, *n.* karama omena isambolana na isan-taona ho any ny olona mpanao raharaha

Sale, *n.* fivarotana, varotra. **On sale, for sale**, amidy

Sales'man, *n.* mpivarotra, indrindra izay karamaina hivarotra, mpitam-banga

Saline', *adj.* misy sira
Sal'iva, *n.* ivy
Sal'lôw, *adj.* hatsatratsatra
Sally, *n.* firoatany ny olona ao an-tanàna atao fahirano mba hamely ny fahavalony; lalao
Sally, *v. t.* miroatra miala amy ny tanàna atao fahirano mba hamely ny fahavalo
Salm'on, *n.* anaran-kazandrano lehibe sady tsara hena
Saloon', *n.* efi-trano lehibe fampindranoana olona maro; ny efitra tsara ao an-tsambo; efi-trano lehibe fampisehoana tao-zavatra na hanaovana filalaovana
Salt, *n.* sira, fanasina. **Bay-salt**, sira ampandrina avy amy ny ranomasina. **Epsom salts**, disely
Salt, *adj.* masirasira, misy sira
Salt, *v. t.* manisy sira
Salt'-cellar, *n.* fitoeran-tsira (ilay apetraka ambony latabatra raha misakafy)
Salt-pe'tre, *n.* naitrara
Salu'brious, *adj.* tsara, mahafinaritra (amy ny rivotra na ny rano na ny toetry ny andro)
Salu'brity, *n.* hatsarana (amy ny rivotra, &c.)
Sal'utary, *adj.* mahatanjaka, mahatsara, mahasoa
Saluta'tion, *n.* fiarahabana, arahaba
Salute', *v. t.* miarahaba, manao akory; manaja amy ny fanapoahana tafondro, &c.
Salute', *n.* arahaba; fanajana amy ny fanapoahana tafondro, &c.
Sal'vage, *n.* ny vola izay omena ny mamonjy ny entana amy ny sambo vaky
Salva'tion, *n.* famonjena

Salve, *n.* fanafody ahosotra
Sal'vo, *n.* hevitra am-po fa tsy lazaina; afa-tsy, raha tsy
Same, *adj.* tsy hafa, izy hiany; mitovy
Same'ness, *n.* fitoviana, tsy fiovan-draharaha, &c.
Sam'ple, *n.* sara-javatra entina hampiseho ny toetry ny ankabiazany, ohatra, santiona
San'ative,—*to'ry*, *adj.* mampanaritra
Sanctifica'tion, *n.* fanamasinana, fahamasinana
Sanctify, *v. t.* manokana ho masina, manamasina, mahamasina
Sanctimo'nious, *adj.* toa masina, mody ho masina
Sanct'ion, *n.* ny anekena ny ataony ny olona hafa, na ny anomezan-toky azy amin' izay nataony; izay atao hampanan-kery lalàna
Sanct'ion, *v. t.* manaiky ny ataony ny sasany
Sanct'ity, *n.* fahamasinana
Sanct'uary, *n.* fitoerana masina, indrindra fa ny fitoerana masina tao amy ny tempoly tany Jerosalema; trano atokana hivavahana amin' Andriamanitra; fiarovana andosirana ka tsy azo alaina izay tonga ao
Sand, *n.* fasika. **Sands**, tany tsy misy afa-tsy fasika hiany
San'dal, *n.* kapa
San'dal-wood, *n.* anaran-kazo vony manitra dia manitra
Sand'stone, *n.* antsanga fasika izay efa nanjary vatolampy ka tsara fanao rafi-bato
Sand'wich, *n.* anaran-kanina atao amy ny hena manify fonosina mofy manify

Sand'y, *adj.* be fasika
Sane, *adj.* milamina tsara ny saina, àri-saina, tsy veri-saina
San'guinary, *adj.* mahafaty olona betsaka ; lozabe ka tsy antra ain' olona
San'guine, *adj.* manantena tsara ka tsy misalasala, matoky
San'hedrim, *n.* Synedriona, ny fihaonany nympanapaka fito-polo lahy tamy ny Jiosy
San'itary, *adj.* mampanaritra ; misakana aretina
San'ity, *n.* fahasalaman-tsaina, filaminan-tsaina
San'scrit, or **San'skrit**, *n.* fiteniny ny olona fahiny tany India
Sap, *n.* ranon-kazo
Sap, *v. t.* mihady ao ambany ny mända &c. mba haharava azy
Sa'pient, *adj.* hendry
Sapona'ceous, *adj.* misy savony
Sap'phire, *n.* anaram-bato soa
Sar'casm, *n.* fanesoana, eso
Sarcas'tic, *adj.* maneso
Sar'dine, *n.* saridinina [boady
Sash, *n.* moramanana ; sam-
Sa'tan, *n.* Satana
Satan'ic, *adj.* avy amy ny Sa-tana, tahaka any Satana
Sate, *v. t.* mahamamo, mahavoky, mahatofoka
Sat'ellite, *n.* planeta kely na volana mandeha manodidina ny planeta lehibe, toy ny volana izay mandeha manodidina ny tany
Sa'tiate, *v. t.* mahamamo, mahatofoka, mahavoky
Sati'ety, *n.* fahavokisana loatra, fahatofohana
Sat'in, *n.* anaram-parasily
Sat'ire, *n.* teny maneso entina mampiseho ny tsi-mahamety ny ataony ny olona

Satir'ical, *adj.* be satire
Sat'irist, *n.* olona mahay satire
Satisfac'tion, *n.* fahazoana izay tiana ho azo ; fahafahana amy ny ahiahy ; zavatra omena haonitra izay very na simba ; zavatra nataony mba hampionona ny fony ny olona tezitra aminy
Satisfac'tory, *adj.* mahafaka ahiahy, mahafaly, mampionona ny fo
Satis'fy, *v. t.* mampahazo izay tiana ho azo ; mahavoky ; mahafaka ahiahy ; manovitra ; mampitsahatra fahatezerana
Sa'trap, *n.* mpanapaka fahiny tany Persia
Sat'urate, *v. t.* manakotsa
Sat'urday, *n.* Asabotsy
Sat'urn, *n.* anarany ny planeta anankiray misy zavatra vorivory manodidina azy
Sauce, *n.* ro, lasosy
Sau'cer, *n.* lovia kely fipetra-hany ny tasin-kafe na tasin-dite, &c.
Sau'cy, *adj.* valavala, lakalaka
Saun'ter, *v. i.* mandeha malaina, manao dia tsy manina, mivezivezy
Saus'age, *n.* sesika
Sav'age, *adj.* masiaka toy ny biby ; tsy mbola nampianarina fomba na inona na inona
Sav'age, *n.* olona dia ; olona tsy mbola mandroso amy ny fahendrena
Save, *v. t.* mamonjy, miaro. To save appearances, manao vonjy maika mba tsy hahafabaraka azy. To save money, mitsitsy ny vola azo ka misy ambiny hotehirizina [tsy
Save, **Sav'ing**, *prep.* afa-tsy, ra

- Saving**, *n.* ambim-bola sisa tsy lany ka tehirizina
- Savings-bank**, *n.* bank itehirizana ny volany ny olona mahantahantra
- Saviour**, *n.* mpamonjy. Our Saviour, the Saviour, Jesosy Kraisty Mpamonjy antsika
- Sa'vour**, *n.* tsirony
- Sa'vour**, *v. t.* (of) tahaka ny—ny tsirony
- Sa'voury**, *adj.* matsiro tsara
- Saw**, *p.* of *see*
- Saw**, *n.* tsofa
- Saw**, *v. t.* manatsofa
- Sawdust**, *n.* vovo-kazo avy amy ny hazo tsofana
- Sax'on**, *n.* firenena avy tany Germany kaireo no razany ny English; mponina any Saxony. Anglo-Saxon, ny taranaky ny Saxon izay miteny teny English
- Say**, *v. t.* P. sy P.P. said; milaza, manambara; manao hoe. It is said, hono. He said, hoy izy. That is to say, izany hoe
- Saying**, *n.* fiteny
- Scab**, *n.* tako-pery
- Scab'bard**, *n.* tranon-tsabatra
- Scaffold**, *n.* kombarika; fitoerana amboarina atao fitsinjovana; fitoerana asandratra avoavo hamonoana ny meloka
- Scald**, *v. t.* mampiempaka amy ny rano &c. mangotraka
- Scale**, *n.* lanin-kazandrano sy ilay mirokoroko amy ny hoditry ny mamba; zavatra miselatselaka manify toy ny eladrano; tohatra; zavatra misy marika entina hanohatra (toy ny amy ny roly, &c.). Scales, mizana
- Scale**, *v. t.* sy *i.* mianika, indrindra raha amy ny tohatra; miselatselaka
- Scalp**, *n.* hoditra endahana amy ny tampon-doha
- Scaly**, *adj.* misy zavatra miselatselaka
- Scam'per**, *v. i.* mihazakazaka mandositra
- Scan**, *v. t.* mandinika
- Scan'dal**, *n.* fahatafintohinana, fahafaham-baraka noho ny ataony ny sasany; fanendrikendrehana, fanaratsiana
- Scan'dalize**, *v. t.* mahatonga fanaratsiana amin' izay marina, manafintohina
- Scan'dalous**, *adj.* mahatonga fanaratsiana, mahafa-baraka, mahatafintohina
- Scant**,—*ty*, *adj.* tsy ampy
- Scape-goat**, *n.* ilay osynametrana ny otany ny zanak' Israely ka nalefa handeha tany an-efitra (Lev. xvi. 20-22)
- Scar**, *n.* holatra
- Scarce**, *adj.* mahalana, misy indraindray foana, tsy betsaka, tsy ampy
- Scarcely**, *adv.* saiky tsy
- Scar'city**, *n.* ny tsi-fahampiana
- Scare**, *v. t.* mampitahotra
- Scarf**, *n.* saly manify, saly mivana
- Scar'let**, *n.* jaky. Scarlet-fever, aretina mafy mardrotairotsy ka matetika amy ny ankizy madinika
- Scathe**, *v. t.* manimba be, mandrava
- Scat'ter**, *v. t.* sy *i.* manely, manahaka, mamafy; misava
- Scav'enger**, *n.* mpifafa ny lalana ao an-tanàna
- Scene**, *n.* fanehoana zavatra ao amy ny theatre; ny sary aseho ao amy ny theatre; zavatra tazany ny maso in-

dray mijery; fanehoana ny fahatezerana lehibe na ny fitiavana fatratra na ny fahoriana mafy, &c.

Scen'ery, *n.* ny sary &c. aseho ao amy ny *theatre*; fisehoany ny tendrombohitra na hazo na rano na trano &c. izay tazana amy ny fitoerana iray

Scent, *n.* fofon-javatra, indrindra izay manitra; fanamboloana. **Scents**, zava-manipofona

Scent, *v. t.* manimbolo; mam-pamofona

Scentless, *adj.* tsy misy fofona

Scept're, *n.* tehim-panjakana

Scept'ic, *or Skep'tic*, *n.* olona izay mihevitra fa tsy azo porofoina ny ekeny ny maro ho marina, ka dia tsy mety mino izany loatra

Scep'tical, *or Skep'tical*, *adj.* misalasalala ka tsy mety mino

Scep'ticism, *or Skep'ticism*, *n.* fisalasalana ny amin' izay ekeny ny maro ho marina

Scheme, *n.* hevitra voalamina

Scheme, *v. t.* sy *i.* mihevitra rahateo, mandamina hevitra rahateo

Schism, *n.* fisarahana amy ny fiangonan' Andriamanitra noho ny tsi-fifanarahana

Schismatic, *adj.* mahasaraka amy ny fiangonan' Andriamanitra

Schismatic, *n.* olona misaraka amy ny fiangonan' Andriamanitra ka mitaona ny sasany hanaraka azy

Scholar, *n.* mpianatra, olona mahay tsara amy ny fianarana

Scholar'tic, *adj.* momba ny fianarana ao amy ny sekoly na kolejy, &c.

School, *n.* sekoly

School'-boy, *n.* zazalahy mpianatra ao amy ny sekoly

School'-fellôw, *n.* namana miaramianatra ao amy ny sekoly

School'-master, *n.* lehilahy mpitondra sy mpampianatra sekoly

School'-mistress, *n.* vehivavy mpitondra sy mpampianatra sekoly

Schoon'er, *n.* anaran-tsambo misy andriny roa fa tsy mitovy amy ny any ny *brig* ny lain-tsambo

Science, *n.* fahalalana avy amy ny fandinihana zavatra sy fianarana ny fotony: izay ahalalana ny amy ny karazan-javatra anankiray ka voalahatra sy voalamina tsara

Scientific, *adj.* mifanaraka amy ny *science*; mampiseho fahalalana zavatra hatramy ny fotony, indrindra

Scim'itar, *n.* sabatra joko-loha

Scintillate, *v. i.* mampiseho zavatra mamirapiratra toy ny kilalaon' afo

Sci'sors, *n.* hety

Scoff, *v. t.* (at) manaratsy sady mihomehy, mamingavinga

Scold, *v. t.* mikizaka, mananatra sady manaratsy

Scold, *n.* vehivavy be kizaka

Scolopen'dra, *n.* trambo

Scoop, *v. t.* mikoba-drano; mandoaka ho hoboka

Scope, *n.* ny antony, ny kasaina hatao; fitoerana malalaka azo anaovan-draharaha. **He has no scope for his abilities**, tsy misy hanamparany ny fahaizany [amy ny *scurvy*]

Scorbutic, *adj.* marary ny *scurvy*,

Scorch, *v. t.* sy *i.* mahamarambato, mahaharaka

- Score**, *n.* roa-polo; marika enti-manisa zavatra
- Scorn**, *v. t.* manao tsy ho zavatra, mamingavinga fatratra; mianjonanjona
- Scorn**, *n.* fanaovana tsy ho zavatra; fianjonanjona
- Scorn'ful**, *adj.* manivaiva
- Scor'pion**, *n.* maingoka, mam-bambohitra
- Scot-free**, *adj.* afa-maina
- Scoun'drel**, *n.* lehilahy ratsy fanahy
- Scour**, *v. t.* sy *i.* manasa gorodona &c. amy ny zavatra mafy; mihazakazaka, mire-nireny
- Scourge**, *n.* kapoka; fampahoriana noho ny ratsy natao
- Scourge**, *v. t.* mikapoka; mam-pahory noho ny ratsy natao
- Scout**, *n.* mpitsikilo ny fahavalo
- Scout**, *v. t.* mitsikilo ny fahavalo; manivaiva
- Scowl**, *v. i.* miketron-tava; mandrahona
- Scowl**, *n.* fiketronan-tava raha mijery ny zavatra tsy tiana
- Scrag'gy**, *adj.* mirokoroko
- Scram'ble**, *v. i.* mandeha tongotra efatra, mandeha tongotra aman-tanana; mifandrombaka
- Scram'ble**, *n.* fandehanana tongotra efatra
- Scrap**, *n.* sombin-javatra
- Scrape**, *v. t.* manakiky, manaisotra amy ny fanakikisana. To scrape money together, manambatra sady mitahiry vola noho ny fikikirana amy ny asa sy ny fitsitsiana
- Scrape**, *n.* fanakikisana. To get into a scrape, manao izay mahasosotra na mahatezitra olona ka sahirana vao afaka amin' izany
- Scratch**, *v. t.* sy *i.* mandran-gotra, manakiaka
- Scratch**, *n.* ny voarangotra, ny voakiaka
- Scrawl**, *v. t.* sy *i.* manao soratra mitsidakadaka
- Scrawl**, *n.* soratra ratsy, soratra atao faingana ka ratsy
- Scream**, *v. i.* mikiakiaka, midradradradra, mikaikaika
- Screech**, *v. i.* mikiakiaka; mikiririoka
- Screen**, *n.* fiarovana amy ny hainandro na hafanana na rivotra, &c.
- Screen**, *v. i.* miaro amy ny hainandro, &c.; manafinkeloka
- Screw**, *n.* sikoro; vy na hazo &c. atao andrindrany
- Screw**, *v. t.* manamafy amy ny sikoro; manery olona
- Screw-driver**, *n.* zavatra atao fanodinana sikoro, sikoro-drevo
- Screw-steam'er**, *n.* sambo sitimy ampandehaniny ny sikoro
- Scrib'ble**, *v. t.* sy *i.* manoratra faingana fa tsy mitandrina loatra
- Scribe**, *n.* mpanoratra. The Scribes, olona mpanoratra sady nahay lalàna tamy ny Jiosy fahiny, Mpanorad-alàna
- Scrip**, *n.* kitapo kely
- Script'ural**, *adj.* mifanaraka amy ny Soratra Masina
- Script'ure**, *n.* Soratra Masina
- Scrofula**, *n.* anaran' aretina
- Scroll**, *n.* horonan-taratasy
- Scrub**, *v. t.* manasa na manadio amy ny borosy mafy, mikasokasoka amy ny zavatra mafy
- Scrub'by**, *adj.* kely sady ratsy

Scru'ple, *n.* vato fandanjana tokony ho lanjamb-boamena; fisalasalana noho ny fieritretana ny amin' izay mety hatao

Scru'ple, *v. i.* misalalana ny amin' izay mety hatao

Scru'pulous, *adj.* be fieritretana hatramy ny zavatra madinika ny amin' izay mety hatao; mitandrina tsara

Scru'tinize, *v. t.* mandinika fatratra

Scru'tiny, *n.* fandinihana fatratra

Scud, *v. i.* mandeha faingana entiny ny rivotra

Scuffle, *n.* tolona. ady

Scuffle, *v. i.* mitolona, miady

Scullery, *n.* efi-trano kely fanasana lovia na vilany &c. sy fametrahana azy

Scullion, *n.* ankizy manao ny raharaha ao amy ny *scullery*

Sculp'tor, *n.* mpanao sari-vato

Sculp'ture, *n.* fahaizana manao sari-vato na sari-hazo, &c.

Scum, *n.* lotony, faikany (izay mitsinkafona hiany)

Scum, *v. t.* misodika ny faikany izay mitsinkafona

Scurf, *n.* angadrano

Scurfy, *adj.* be angadrano

Scur'rilous, *adj.* manao teny ratsy sady vetaveta; misy teny ratsy indrindra

Scur'vy, *n.* aretina avy amy ny hanina ratsy

Scut'tle, *n.* loaka kely misy rakony atao fidirana ka omby olona iray; harona atao fitondrana arin-tany

Scut'tle, *v. t.* sy *i.* manao loaka ao amy ny sambo mba hampilentika azy; mihazakazaka

Scythe, *n.* fijinjant' ahitra

Sea, *n.* ranomasina. To go to

sea, manao ny raharahany ny matilo

Sea'-breeze, *n.* rivotra avy eny an-dranomasina ka mankany an-tanety [ranomasina]

Sea'girt, *adj.* hodidiny ny

Seal, *n.* anaram-biby lehibe tsara volo mitoetra ao an-dranomasina; fanombohan-kase, kase

Seal, *v. t.* manisny kase, manomboka kase

Seal'ing-wax, *n.* loko fanao kase

Seam, *n.* vitrany, zaitrany

Sea'man, *n.* matilo

Sea'manship, *n.* fahaizana mitondra sambo

Sea'mon'ster, *n.* biby makadiri-be mitoetra ao an-dranomasina [jaitra]

Seam'stress, *n.* vehivavy mpanau

Sear, *adj.* malazo, maina

Search, *v. t.* mitady, mikatsaka, mizaha

Search, *n.* fandinihana, fizahana, fitadiavana

Search'ing, *adj.* miditra ao anatin'ny, mahavao (amy ny serimona na fanadinana, &c.)

Sea'sickness, *n.* aretina mampandoa mahazo ny olona mandeha an-tsambo

Sea'side, *n.* moron-dranomasina

Sea'son, *n.* ny anankiray amy ny fizarany ny taona, dia ny lohataona na ny fahavaratra na ny fararano na ny ririnina; fotoana mety amy ny anaovan-draharaha

Sea'son, *v. t.* manisny zavatra amy ny hanina mba hahatsiro azy, manatsiro

Sea'sonable, *adj.* amin' izay fotoana antonony hanaovana azy

Sea'soning, *n.* ny atao amy ny zavatra mba hahatsiro azy

Seat, *n.* zavatra na inona na inona atao fipetrahana; fitoerana, fcnenana

Seat, *v. t.* mampipetraka, mametraka, mampitoetra

Sea'worthy, *adj.* azo itokiana fa tsy ho simba raha mandeha eny ambony ranomasina

Secede', *v. i.* misaraka, indrindra amy ny fiangonana na amy ny olona ikambanana

Secession, *n.* fisarahany ny sasany amy ny fiangonana, &c.

Seclude', *v. t.* misaraka tsy mikambana amy ny maro, mampisaraka amy ny maro

Secl'usion, *n.* fisarahana amy ny maro

Sec'ond, *adj.* faharoa

Sec'ond, *n.* ny lefitra; mpanohantohana; ny am-pahenimpolony ny minitra, sekondra

Sec'ond, *v. t.* manohantohana, manampy, manome toky

Sec'on'dary, *adj.* tsy ambony indrindra fa manarakaraka. **Of secondary importance**, tsy tokony hatao foto-draharaha fa atao manaraka

Sec'ond-hand, *adj.* efa nanaovana, efa tany amin' olona vao namidiny indray. **I received that report at second-hand**, tsy izaho no nilazany izany fa nandre tamin' olona aho

Sec'ond-rate, *adj.* tsy tsara indrindra fa tsaratsara hiany

Sec'crecy, *n.* fiafenana, fanafanana

Sec'cret, *adj.* afenina, miafina

Sec'cret, *n.* zavatra afenina na miafina; zavatra tsy tiana ho fantatr' olona. **In secret**, ao amy ny mangingina, ao amy ny fiafenana

Sec'retary, *n.* mpanoratra. **Secretary of state for foreign affairs, &c.**, ilay notendreny ny Mpanjaka hanao ny raharaham-panjakana izay atao amy ny fanjakana hafa

Secrete', *v. t.* mampisaraka, indrindra fa ny ataony ny *glands*; manafina

Secre'tion, *n.* zavatra voasaraky ny *glands* &c. amy ny ra na ny *sap*; fampisarahana; ny zavatra voasarakana

Secre'tive, *adj.* mahasaraka; manafina

Sect, *n.* olona tafakambana izay misaraka amy ny sasany noho ny tsi-fifanarahana ny amy ny finoana na ny fombam-pivavahana, &c.

Secta'rian, *adj.* mazoto mampandroso ny hevitra ny olona miray finoana aminy

Section, *n.* fizarazarana; ny anankiray amy ny zavatra voazarazara na voavakavaka; sarin-javatra araka ny fijerena azy raha voadidy

Sec'ular, *adj.* tsy momba ny fivavahana fa amin' izao fiainana izao

Secure', *adj.* afaka amy ny ahiahy na tahotra na fisalasalana; afaka amy ny loza

Secure', *v. t.* mahafaka amy ny ahiahy na tahotra; mahatonga tsy ho tratry ny loza; mitana, mahazo, miaro; manamafy

Secu'urity, *n.* fahafahana amy ny ahiahy; fahafahana mba tsy ho tratry ny loza; antoka; mpiantoka

Sedan', *n.* palankina [ka

Sedate', *adj.* maotina, mibonai-

Sed'ative, *adj.* mampionona; mampihena ny fanaintainana

Sed'entary, *adj.* zatry ny mipetraka. A **sedentary occupation**, raharaha ataony ny olona mipetraka

Sedge, *n.* ny ahi-dratsy sy ny zava-maniry tahaka azy

Sed'iment, *n.* zavatra mandry ao ambany ny rano, faikany; antsanga

Sed'imentary, *adj.* amy ny faika na antsanga. **Sedimentary rock**, antsanga nanjary vatolampy

Sedi'tion, *n.* fampikomiana, fampiodinana

Sedi'tious, *adj.* mampikomy, mampitabataba

Sedu'ce', *v. t.* mitaona hanao ratsy [ratsy]

Sedu'ction, *n.* fitaomana hanao

Sedu'ctive, *adj.* mahataona hanao ratsy [zoto]

Sed'ulous, *adj.* milozoka, masee

See, *n.* tany tandremamy ny *bishop*; ny tanàna onenany ny *bishop*

See, *v. t.* sy *i. P. saw*; P.P. *seen*; mahita, mizaha, mitandrina, mamangy; mahiratra. **I see what you mean**, azoko ny hevitrao. **Let us see**, aoka hozahantsika; aoka hoheverintsika. **To see to**, mizaha sady mitandrina

Seed, *n.* voan-javatra; fototra; taranaka

Seed, *v. i.* mahavanom-boa; mihintsam-boa

Seeds'-man, *n.* mpivarotra voan-javatra hambolena

Seed'-time, *n.* taona fahavokarana

See'ing (that). *conj.* satria

Seek, *v. t.* sy *i. P. sought*; mitady, mikatsaka

Seem, *v. i.* miseho, toa. **It seems**, toa—hono

Seem'ing, *adj.* toa, araka izay miseho

Seem'ly, *adj.* mendrika

Seen, P.P. of *see*

Seer, *n.* mpaminany

See-saw, *n.* lalao amy ny hazo apetraka amy ny zavatra hafa ka itaingenana eo andaniny roa, soavali-hazo; fihetsiketsehana mifandimby miakatra sy midina

Seethe, *v. t.* mahandro amy ny rano mangotraka

Seg'ment, *n.* saratsara-javatra

Seign'ior, *n.* anaram-piandrianana. **Grand seignior**, ny mpanjakany Turkey

Seize, *v. t.* misambotra, mitana; maka an-kery, mandroba. **He is seized with fever**, azony ny tazo izy

Seiz'ure, *n.* fisamborana; fakana an-kery, fandrohana

Sel'dom, *adv.* indraindray foana, tsy matetika, mahalana

Select', *v. t.* mifidy, mifantina, mitsonga

Select', *adj.* nofidina noho ny hatsarany; nofantenana, no-tsongaina

Selec'tion, *n.* fifantenana, fitson-gana; zavatra tsara voafantina

Self, *n.* pl. *selves*; tena. **I myself did it**, ny tenako izaho ity no nanao izany, izaho hiany no nanao izany. **He did it himself**, ny tenan' izy iny no nanao izany, izy hiany no nanao izany

Self-aggran'disement, *n.* fanambonian-tena

Self-command', *n.* fahatsindriam-po

Self-condemna'tion, *n.* fanda-tsan-tena

Self-con'fident, *adj.* matoky

- tena amy ny fahaizana na ny fahatanjahana
- Self-control'**, *n.* fahatsindriampo [tena]
- Self-defence'**,—*nse*, *n.* fiarovana
- Self-deni'al**, *n.* fandavan-tena
- Self-destruction**, *n.* famonoan-tena
- Self-ed'ucated**, *adj.* tonga mahay noho ny fikelezan' aina nianatra nefa tsy nampianarina
- Self-evident**, *adj.* hita miharihary ka tsy ilana porofo
- Self-exam'ination**, *n.* fandinihana na famantarana ny toetry ny tena
- Self-indul'gence**, *adj.* mampihanta-tena
- Self'ish**, *adj.* mihirimbelona, manao mamifovelona, nibodo, tia tena
- Selfishness**, *n.* fihirinambelona
- Self-know'ledge**, *n.* fahalalana ny toetry ny tena
- Self-love**, *n.* fitiavan-tena
- Self-possess'ed**, *adj.* mionona ka tsy mba taitaitra foana amin' izay misy mampahatahotra na toa hahitan-doza, mahatsindry fo
- Self-preserv'ation**, *n.* fiarovana, ny atao mba hiaro tena
- Self-reli'ant**, *adj.* miankina amy ny tenany; matoky tena fa hahavita izay nokasaina hatao
- Self-respect'**, *n.* fitandreman-tena mba tsy ho afa-baraka, fanajan-tena
- Self-right'eous**, *adj.* matoky tena ho marina
- Self-sac'ri'fice**, *n.* fandavan-tena na fanoloran-tena mba hanompo an' Andriamanitra na hahasoa olona
- Self-same**, *adj.* izany indrindra
- Self-sat'isfied**, *adj.* mankasitraka ny nataony ny tena ny toetry ny tena
- Self-seeking**, *n.* fitadiavana dera na soa ho any ny tena
- Self-suff'icient**, *adj.* matoky loatra ny heriny ny tena na ny fahaizana, manamboni-tena, miavonavona
- Self-willed**, *adj.* tokambolana, kirina [rotra]
- Sell**, *v. t. P.* sy *P.P.* sold; miva-
- Sem-blance**, *n.* toa, fanahatahafana, fitovian-tarehy
- Semi-**, *prefix*; antsasany
- Sem'icircle**, *n.* ny antsakaky ny circle sasahina amy ny tsipika mahitsy
- Sem'icolon**, *n.* fijanonan-tsoratra toy izao (;), semikolona
- Sem'i-flu'id**, *adj.* marihitra
- Sem'inary**, *n.* trano fampianarana, kolejy, sekoly, &c.
- Sem'i-transparent**, *adj.* tanterapahazavana toy ny poroselaina fa tsy tahaka ny fitaratra madio
- Semp'stress**, *n.* (*seamstress*)
- Sen'ate**, *n.* ny loholona fahiny tany Roma izay nihevitra ny raharaham - panjakana; ny olona miangona hihevitra raharaham-panjakana na raharaha amy ny kolejy sasany
- Sen'ator**, *n.* ny anankiray amy ny senate
- Send**, *v. t. P.* sy *P.P.* sent; mampandeha, maniraka. **To send (a messenger)**, maniraka. **To send (a thing)**, mampanatitra, mampitondra. **To send (an arrow)**, mandefa. **To send forth or out**, mandefa, mampiely; mandrantsana. **To send for**, manafatra, mampaka
- Se'nior**, *adj.* sy *n.* zokiny (izahao junior)

- Seniority**, *n.* fizokiana; fiamboniana
- Sen'na**, *n.* ravin-javatra atao fanafody, senà
- Sensa'tion**, *n.* fahatsiarovana nainona nainona izay mihatra amy ny tena na aiza na aiza; fahatairana [tra
- Sensa'tional**, *adj.* mampahatai-
- Sense**, *n.* izay ahafantarana ny zavatra ivelany, dia ny fahitana sy ny fandrenesana sy ny fanamboloana sy ny fanandra-mana ary ny fitsapana na ny fahatsiarovana, sensa; saina, fahalalana, hevitra. **Common sense**, izay saina ananany ny olona rehetra afa-tsy izay adala
- Senseless**, *adj.* tsy mahatsiaro izay amboniny ny tany, torana; tsy manan - tsaina, adala
- Sensibility**, *n.* fahatsiarovana; toetry ny fo izay malaky tia na malaky miantra na malaky malahelo na malaky sosotra, &c.
- Sensible**, *adj.* mahafantatra; mety mahatsiaro mangatsiaka, &c.; mahalala; hendry
- Sen'sitive**, *adj.* malaky mahatsiaro fangirifiriana, &c.; tsy tohinina
- Sen'sual**, *adj.* momba ny tena fa tsy momba ny fanahy; manao izay mahafinaritra ny tena amy ny fihinanana sy ny fisotroana ary izay rehetra filany ny nofo
- Sensuality**, *n.* fanaovana izay hahafinaritra ny tena amy ny filany ny nofo
- Sen'tence**, *n.* teny alahatra ampy hilazana hevitra iray loha, sentensa; ny teny lazainy ny mpitsara milaza ny fampijaliana ny meloka rehefa vita ny fitsarana azy
- Sen'timent**, *n.* hevitra
- Sen'timental**, *adj.* mampangorakoraka foana; be fangorakoraham-po foana
- Sen'tinel**, *n.* tilitily, mpiambina
- Sen'try**, *n.* tilitily, mpiambina; fiambenana
- Sep'arable**, *adj.* azo sarahina
- Sep'arate**, *v. t.* mampisaraka, mizara, manokana, manavaka
- Sep'arate**, *adj.* tafasaraka, tsy mikambana
- Separa'tion**, *n.* fisarahana, fampisarahana, isarahana
- Sepoy'**, *n.* tompon - tany any India izay natao miaramilany ny Englisty
- Septem'ber**, *n.* ny volana fahasi-vy amy ny taona, Septembra
- Sep'tuagint**, *n.* ny nandikana ny Soratra Masina ho teny Girika tokony ho tamy ny 200 taona talohany ny androny Jesosy Kraisty, Septoaginta
- Sep'ulchre**, *n.* fasana [fasana
- Sepul'chral**, *adj.* momba ny
- Sep'ulture**, *n.* fandevenana
- Se'quence**, *n.* ny manaraka
- Seques'ter**, *v. t.* mitana ny fananan' olona mandrapandaoany ny trosan' olona aminy
- Serag'lio**, *n.* ny trano itoerany ny mpanjaka any Turkey; (*harem*)
- Ser'aph**, *n. pl.* —phim or—phs, anjely, serafima
- Sere**, *adj.* malazo, maina
- Serene'**, *adj.* tony; mionona
- Seren'ity**, *n.* fiononam-po
- Serf**, *n.* mpanompo na andevo mpiasa tany ka tsy afaka miala amy ny fonenany fa miaraka amidy amy ny tany
- Ser'geant**, or **Ser'jeant**, *n.* saha-zany

Se'ries, *n.* zavatra na *event* mitovitovy sady mifanarakaraka

Se'rious, *adj.* maotina; tsy manao vosobosotra; lehibe ka tsy tokony hovazivazina

Ser'mon, *n.* tori-teny, serimona

Ser'pent, *n.* reptile tsy manantongotra, dia ny bibilava sy ny menarana, &c.

Ser'pentine, *adj.* miolikolika

Ser'rate, *adj.* miavo sy iva toy ny nifiny ny tsofa

Ser'vant, *n.* mpanompo, ankizy, mpanompo karamaina

Serve, *v. t.* sy *i.* manompo; mandroso hanina, mampihibanana. **To serve one's country**, manao raharaham - panjakana; manao izay hahasoa ny tanin-drazany. **To serve for**, azo atao solo. **He served me very ill**, ratsy ny nataony tamiko. **To serve one out**, mamaly ratsy olona

Service, *n.* fanompoana; fitorian-teny na fivavahana &c. ao am-piangonana na amy ny fandevenana. **Dinner service**, ny lovia rehetra ampy hihinana indray mandeha mbamy ny atao antrantotra koa

Serviceable, *adj.* mahasoa; mampandroso

Serv'ile, *adj.* atao an-kenamaso; manaraka ambokony [kony

Serv'ility, *n.* fanarahana ambo

Serv'itude, *n.* fahandevozana

Ses'sion, *n.* fivoriany ny olona maro hanao raharaha; ny andro ivoriany

Set, *v. t.* P. sy P.P. set; mame-traka, mampitoetra; mamboly. **To set about**, miantomboka hanao. **To set against**, mampanohitra; mampian-

kina zavatra amy ny rindrina, &c. **To set agoing**, mampandeha. **To set apart**, manokana. **To set aside**, mamela. **To set at**, mamporisika (toy ny atao amy ny amboa), manatorisika. **To set at defiance**, mihaika, maninana. **To set at ease**, mampionona, mahafaka abiahy. **To set at naught**, mamingavinga, mahatsinontsinona. **To set at work**, or **to work**, mampanao raharaha, mampiasa; miantomboka hanao raharaha. **To set a time**, manendry fotoana. **To set a trap**, mamela-pandrika. **To set before**, mame-traka eo anoloana; milaza zavatra hifidianana. **To set down**, mame-traka; manoratra mba ho tadidy; miteny mafy olona. **To set forth**, mampiseho miharihary, milaza miharihary. **To set forward**, mampandroso, mampandeha. **To set free**, mandefa, mamotsotra. **To set in order**, mandahatra, mandamina. **To set off**, manisy haingony, mandravaka; miainga. **To set on** or **upon**, mamporisika, mampanao. **To set one's self against**, manohitra. **To set on foot**, miandoha hanao raharaha na haka fiantrana, &c. **To set out**, miainga; miantomboka. **To set over**, manendry mpifehy. **To set to rights**, mandamina. **To set right**, manitsy. **To set to**, miantomboka hanao. **To set the teeth on edge**, mahadilo ny nify. **To set up**, mananana. **To set up in business**,

- to set up for one's self, manao raharaha ho any ny tenany fa tsy ho an' olona. A set speech, teny efa voalahatra rahateo nefa maimaina
- Set**, *n.* zavatra maromaro ampy hanaovana raharaha, &c. A set of carpenter's tools, ny fiasana ampy hanaovany ny mpanandrafitra anankiray ny raharahany
- Settle**, *v. t.* sy *i.* mampitoetra; mampionona; manintsana mba hifatratra; mahatapaka fifandirana na fisalasalana na ahiahy; monina. The water is not clean, let it settle a while, maloto ny rano, ka aoka handry kely aloha
- Settlement**, *n.* fampitoerana: fitoerana; ny onenany ny olona maromaro amy ny tany vao azony; fahatapahany ny fifandirana, &c.
- Seven**, *adj.* fito [to
- Sevenfold**, *adj.* fito heny, impi
- Seventh**, *adj.* fahafito
- Seventy**, *adj.* fito-polo
- Sever**, *v. t.* sy *i.* mampisaraka, mikapa ho tapaka
- Several**, *adj.* tsirairay, maromaro. Several times, matetitika
- Severally**, *adv.* tsirairay
- Severe**, *adj.* saro-po, lozabe, forovato; mamely mafy, mafy [mafiana
- Severity**, *n.* hasaro-po; faha
- Sew**, *v. t.* P. sewed; P.P. sewed or sewn; manjaitra, mamitrana
- Sew'age**, **Sew'era**, *n.* nylakan-drano ao ambany ny lalambe ao amy ny tanàna sasany izay anesorana ny loto ao antanàna; ny loto mandeha amin' izany
- Sew'er**, *n.* lakan-drano anankiray ao ambany ny lalambe
- Sex**, *n.* ny fiavahany ny zavamananaina ho lahy sy vavy
- Sex'tant**, *n.* ny am-paheniny ny circle; zavatra entina hamantatra ny hahavony ny masoandro, &c.
- Sex'ton**, *n.* mpanao fanasana
- Sex'ual**, *adj.* momba ny sex
- Shab'by**, *adj.* ratsy akanjo, ratsy haingo, ratsiratsy be hiany; mahihitra, kahihitra
- Shack'le**, *v. t.* mangeja, mangadra; misakana, manao izay tsy handrosoana
- Shack'les**, *n.* gadra; zavatra misakana
- Shade**, *n.* alokaloka, fialofana; avelo
- Shade**, *v. t.* manaloka; manisy aloka amy ny sary
- Shad'ow**, *n.* tandindona, aloka, (type)
- Shad'ow**, *v. t.* manaloka; miaro
- Shad'owy**, *adj.* malomaloka; mampisehoseho kely fa tsy miharihary tsara
- Sha'dy**, *adj.* be alokaloka, malomaloka
- Shaft**, *n.* zavatra lava boribory, vatan' andry; zaran-tsipika sy lefona; hazo amy ny kalesy izay amatorana ny soavaly; lavakaalina mankany amy ny mine
- Shag'gy**, *adj.* be volo mivoro-voro
- Shake**, *v. t.* sy *i.* P. shook; P.P. shaken; mampihetsiketsika, manozongozona, manofokofoka; mangovitra, mihorohoro, mihetsiketsika. To shake hands, mifandraitanana
- Shake**, *n.* fihetsiketsihana

- Shak'y**, *adj.* mihozongozona ; mihozohozo
- Shall**, *v. aux.* P. should ; mampiseho ny ho avy na ny tsy maintsy hatao
- Shal'lôw**, *adj.* marivo, saliak'a ; marivo saina
- Sham**, *n.* fitaka, lainga, fihatsarambelatsihy, sandoka
- Sham**, *adj.* sandoka, tsy izy
- Sham**, *v. i.* manandoka, mami-taka, manoloky [kena
- Sham'bles**, *n.* am-pivarotan-
- Shame**, *n.* henatra. For shame ! mba menatra re ! To put to shame, mampahamenatra, manala-baraka
- Shame**, *v. t.* mahamenatra, mahatera-mena, mahafa-baraka
- Shame'ful**, *adj.* mahamenatra
- Shame'less**, *adj.* tsivalahara, tsy manan-kenatra
- Shank**, *n.* ranjo
- Shape**, *n.* endrika, tarehy, bika. To put into shape, manisy endrika, mandahatra
- Shape**, *v. t.* manisy endrika
- Shape'less**, *adj.* tsy misy endriny, tsy misy tarehiny
- Shape'ly**, *adj.* tsara endrika, tsara bika
- Share**, *n.* anjara. We go shares in that, iombonantsika izany
- Share**, *v. t.* mizara. To share with, miombona aminy
- Shark**, *n.* hazandrano lehibe dia lehibe sady fatra-pitady hanina indrindra
- Sharp**, *adj.* maranitra, manindrona ; fatratra ; faingan-tsaina, fetsy. To have as sharp countenance, marani-tarehy. A sharp sound, feo mikarantsana
- Sharp'en**, *v. t.* mandranitra, manasa
- Sharp'er**, *n.* mpanambaka (amy ny varotra)
- Sharp'sighted**, *adj.* mahira-maso
- Shat'ter**, *v. t.* manorotoro, manamontsamontsana (amy ny indray mamely hiany)
- Shave'**, *v. t.* manaratra ; manilaka
- Shaving**, *n.* sila-javatramanify, indrindra izay avy amy ny hazo vankonina
- Shawl**, *n.* saly
- She**, *pro. fem. pl.* they ; izy
- Sheaf**, *n.* amboara, iray fehezana amy ny vary
- Shear**, *v. t.* P. sheared ; P.P. sheared or shorn ; manety ny volony ny ondry
- Shears**, *n.* hety lehibe anetezana ondry na ahitra, &c.
- Sheath**, *n.* tranon-javatra maranitra (toy ny trano-ntsabatra, &c.)
- Sheathe**, *v. t.* mampiditrao amy ny sheath ; mametaka takelabarahina amy ny vodi-sambo
- Shed**, *v. t.* P. sy P.P. shed ; mihintsana toy ny ravin-kazo na ny volom-borona, &c. ; miofo toy ny hoditry ny bibilava, &c. To shed blood, mandatsa-dra. To shed tears, mitomtsa-dranomaso, mitomany
- Shed**, *n.* trano ratsiratsy atao fialofana ka matetika tsy misy rindrina ny lafiny iray
- Sheep**, *n.* pl. sheep ; ondry
- Sheep'-fold**, *n.* valan' ondry
- Sheep'ish**, *adj.* saro-kenatra ; mitanondrika
- Sheep'-walk**, **Sheep-run**, *n.* tany fiandrasan' ondry
- Sheer**, *adj.* fotsiny hiany ; mijoro dia mijoro (amy ny han-tsana)
- Sheet**, *n.* lambam-pandriana. A sheet of paper, takela-tara-

tasy. A sheet of water, rano malalaka iray toerana
Sheet-anchor, *n.* ny vatofantsika lehibe indrindra amy ny sambo iray
Sheik, or **Scheik**, *n.* ny lehibe indrindra amy ny isam-pireneny ny Arabo
Shek'el, *n.* anaram-bola tamy ny Jiosy tokony ho lanjana lasiray sy loso, sekely
Shelf, *n.* pl. shelves; hazo fisaka atao fitoeran-javatra
Shell, *n.* akorany, akarany; hoditry ny voan-kazo sasany toy ny amy ny voanio na ny pitopoa; hoditry ny biby sasany toy ny any ny sokatra; baombo
Shell, *v. t.* miofy, mamofy. To shell the town, mamely baombo ny tanàna [akorany
Shell'-fish, *n.* hazandrano misy
Shel'ter, *n.* fialofana; fiarovana
Shel'ter, *v. t.* manaloka; miaro; mialoka
Shep'herd, *n.* mpiandry ondry; mpitandrina fiangonana. A shepherd's crook, tehina mifaingo-doha entiny ny mpiandry ondry
Sheriff, *n.* ny lehibe amy ny county anankiray any England
Sher'ry, *n.* anaran-divay
Shew, *v. t.* sy *i. P.* shewed; *P. P.* shewn or shewed; (*show*)
Shield, *n.* ampinga; aro, fiarovana
Shift, *v. t.* sy *i.* mamindra toerana; mifindra toerana; manao izay hahafahana amin' izay manahirana
Shift, *n.* saina atao mba hahafahana amin' izay manahirana, vonjy maika. To make shift, manao vonjy maika
Shift'less, *adj.* tsy ampy saina amin' izay manahirana

Shil'ling, *n.* farantsa kely lanjan-kirobo, ki-robo
Shin, *n.* ny anoloany ny ranjo
Shine, *v. i. P.* sy *P. P.* shone or shined; mamirapiratra, mangirangirana
Shin'gle, *n.* hazo fisaka atao tafon-trano; vato kolonjy
Ship, *n.* sambo
Ship, *v. t.* manondrana entana ho any amy ny sambo
Shipboard, *n.* tokotanin-tsambo
Ship'ment, *n.* fanondranana entana ho any an-tsambo
Shipwreck, *n.* ny faharavany ny sambo raha midona amy ny vatolampy na azony ny alon-dranomasina &c.,
Shipwright, *n.* mpandrafitra manao sambo
Shire, *n.* (county)
Shirk, *v. t.* mialasafay, manao fialana foana mba tsy hanao izay tokony hatao
Shirt, *n.* lobaka
Shiver, *n.* anankiray amy ny zavatra montsamontsana
Shiver, *v. t.* sy *i.* manamontsamontsana amy ny indray mamely hiany; mipararetra, mangovitra; montsamontsana [irai-dia
Shoal, *n.* hazandrano betsaka
Shock, *n.* fidonana; fahatairana mampalahelo; famelezana avy amy ny *electricity*; amboara
Shock, *v. t.* mampahataitra sady mampalahelo
Shocking, *adj.* mahataitra sady mampalahelo
Shod'dy, *n.* lamba volonondry tonta ka nahodina notenomina ho vaovao indray
Shoe, *n.* kiraro. Horse-shoe, kitro-vin-tsoavaly. To put on shoes, mampiditra kiraro

Shoe, *v. t.* manisy kiro-vy
Shoe-black, *n.* mpiborosy kiraro
Shoe-maker, *n.* mpanao kiraro
Shone, *P. sy P.P.* of *shine*
Shook, *P.* of *shake*
Shoot, *v. t. sy i. P. sy P.P.* shot; mitifitra, mandefa. **To shoot at**, mitifitra. **To shoot out buds**, mitsimoka. **To shoot out of a cart**, mampirotsaka hiala amy ny kalesy
Shoot, *n.* tsimoka, laingony
Shop, *n.* trano fivarotana; trano fandrafetana na fanjairana, &c.
Shop/keeper, *n.* mpivarotra maninjara
Shop-lifter, mpangalatra zavatra ao amy ny trano fivarotana
Shore, *n.* ny amoron-dranomasina na farihy
Shorn, *P.P.* of *shear*
Short, *adj.* fohy. **Short of**, tsy ampy, kely, latsaka noho. **To come or fall short of**, tsy mahatratra. **To cut short**, manafohy. **To run short of**, lany. **A short time ago**, vao faingana, tsy ela izay, tatohoato. **In short**, raha lazaina amy ny teny indraim-bava. **The long and short of the matter**, raha ny fotony indrindra no lazaina
Short, *adv.* fohifohy. **To stop short**, miahona, miahotra
Short-com'ing, *n.* tsi-fahatrararana ny mety
Short'en, *v. t. sy i.* manafohy, manapaka, manakely; mihafohy
Short-hand, *n.* fomban-tsoratra afohezina mba hatao faingana
Short-lived, *adj.* tsy ela velona, tsy maharitra ela

Shortly, *adv.* vetivety, atohoato, rehefefa
Short-sight'ed, *adj.* tsy mitsapa farany; akaiky fijery
Short-wind'ed, *adj.* fohy fiaimana, malaky sempotra
Shot, *P. sy P.P.* of *shoot*
Shot, *n.* fatsaka, depilio
Should, *P. of shall*; tokony
Shoul'der, *n.* soroka
Shoul'der, *v. t.* milanja
Shoul'der-blade, *n.* taolampisaka, rangomaina
Shout, *v. i. sy t.* manakora
To shout at a person, manakora olona. **To shout to a person**, miantso olona mafy
Shout, *n.* akora, fanakorana
Shove, *v. t.* mandronjina, manosika
Shov'el, *n.* sahiratsy (na vy na hazo)
Shôw, *v. t. sy i. P. showed*; *P.P.* shown or showed; maneho, mampiseho, manoro, mitarika; miseho. **To show off**, mampiseho fahaizana na haingo &c. mba handokafany ny olona azy.
Shôw, *n.* fampisehoana; fisehoana; fampisehoana fahaizana &c. mba hodokafana; fisehoana marevaka; ny tarehiny hiany fa tsy ny izy tokoa
Shôw'bread, *n.* mofo aseho
Show'er, *n.* ranonorana malaky mitsahatra; zavatra alefa na atsipy betsaka
Show'er, *v. t.* mitoraka na mandefa betsaka; mampirotsaka betsaka
Show'er-bath, *n.* fandroana atao mirotsaka avy any ambony toy ny ranonorana ny rano
Show'ery, *adj.* avy orana mitsitapitapy

Shôwy, *adj.* marevaka, mihaingo, tsara jerena
Shred, *v. t. P. sy P.P.* shred; manilatsilaka, manolatsolatra
Shred, *n.* sila-javatra lavalava
Shrew, *n.* vehivavy be kizaka
Shrewd, *adj.* be saina, fetsifetsy
Shriek, *v. i.* mikiakiaka, midradradradra
Shriek, *n.* fikiakiaka, fidradradradra
Shrill, *adj.* mikarantsana, minantsana, mikiririoka
Shrimp, *n.* patsanorana, patsandranomasina
Shrine, *n.* vata tsara ametrahana ny zavatra ataony ny olona ho masina
Shrink, *v. i. P. sy P.P.* shrunk; mikainkona. **To shrink from**, mikainkona ka tsy sahy manao
Shriv'el, *v. i. sy t.* mikainkona; mampikainkona
Shroud, *n.* akanjona lamba amonosana ny maty. **Shrouds**, ny mahazaka amy ny andrintsambo
Shroud, *v. t.* manarona (amy ny lamba na zavona, &c.)
Shrub, *n.* hazo fohy, hazo maro-taho
Shrub'bery, *n.* tany ambolena hazo madinika maro
Shrug, *v. t.* **To shrug the shoulders**, mifinjifinjy
Shrunk, *P. sy P.P. of shrink*
Shud'der, *v. i.* mifinjifinjy, mifihifihy
Shuffle, *v. t.* mampifangaroharo mba hifanova-toerana; mitsoatsoa-teny, mivadibadika
Shun, *v. t.* misoroka, mandositra, manalavitra
Shut, *v. t. P. sy P.P.* shut; mandrindrina. **To shut** (a

door or box), mandrindrina, manakatona. **To shut** (a book, a mouth or box), manakombona. **To shut** (the eyes), manakimpy. **To shut** (the hand), mamonkona. **To shut in**, mandrindrina na manidy mba tsy hisy hivoahana. **To shut out**, mandrindrina na manidy mba tsy hisy hidirana. **To shut up**, manidy ny varavarana rehetra amy ny trano anankiray; misakan-dàlana mba tsy hisy hidirana
Shut'ter, *n.* varavarankely ivelany atao sarony ny varavararam-pitaratra
Shut'tle, *n.* famahanan-tenona
Shut'tle-cock, *n.* (izahao battle-door)
Shy, *adj.* saro-kenatra, sarotahotra, kaody
Shy, *v. i.* mientana, miendratra (toy ny ataony ny soavaly raha misy mahataitra azy); mimalomalo
Sick, *adj.* misalebolebona, ta-handoa, maloilo; marary. **To be sick of**, mamo, tofoka
Sick'bed, *n.* fandriany ny marary
Sicken, *v. i.* tonga marary, marary; marikoriko
Sick'le, *n.* antsy mifaingoka atao fijnjam-bary
Sick'ly, *adj.* mararirary, marisarisa; malazolazo
Sick'ness, *n.* faharariana
Side, *n.* lafiny, ny amorona, ila, lanimandry, lanivoa. **On whose side are you? Whose side do you take? momba an' iza hianao? miandany amin' iza hianao? To take side with**, miandany aminy. **Side by side**, mifanila

- Side**, *v. i.* momba, miandany aminy
- Sideboard**, *n.* lalimoara tsara fitoeran-javatra fihinanana
- Side'real**, *adj.* momba ny kintana [vavy
- Side'saddle**, *n.* laselim-behi
- Side-view**, *n.* fahitana ny ilany hiany
- Siege**, *n.* ny anaovana fahirano; fahirano. **To lay siege**, manao fahirano. **To raise the siege**, miala tsy manao fahirano intsony
- Sieve**, *n.* sivana [tina
- Sift**, *v. t.* manasivana; mifan-
- Sigh**, *v. i.* misento, miferinaina
- Sigh**, *n.* sento, ferinaina
- Sight**, *n.* fahitana; zavatra hita, indrindra izay mahate-hizaha. **In sight**, hita. **Out of sight**, takona, tsy tratry ny maso
- Sight**, *v. t.* mahita
- Sign**, *n.* famantarana, ny ahafantarana. **To make signs**, manatsika na manofa tanaana na manifikifi-doha na manao zavatra hafa mba hahafantarany ny olona ny heviny.
- Sign-manual**, sonia
- Sign**, *v. t.* manisny sonia; (*to make signs*)
- Sign'al**, *n.* zavatra nifanekena rahateo ho famantarana didy, na ho famantarana fa misy manjo, &c.
- Sign'al**, *adj.* malaza, tokony hotsarovana, lehibe
- Sign'alize**, *v. t.* mahalaza; manao *signal*
- Sign'ally**, *adv.* indrindra
- Sign'ature**, *n.* sonia
- Sign'et**, *n.* fanombohan-kase
- Significant**, *adj.* mampiseho hevitra, mampahafantatra; lehibe ka tokony hoheverina
- Sign'ificatio**, *n.* ny ampahafantarana; ny heviny
- Sign'ify**, *v. t.* sy *i.* mampahafantatra, manambara. **It signifies**, izao no heviny. **It does not signify**, tsy maninona izany
- Sil'ence**, *n.* fangina, fanginana
- Sil'ence**, *v. t.* mampangina, tsy mamela hiteny, mahasina; mampitsahatra
- Sil'ent**, *adj.* mangina, sina
- Silk**, *n.* landy; lamba landy parasily. **Red silk** (*slightly spun imported by the Arabs*) sily [landy
- Silk'en**, *adj.* landy, tahaka ny
- Silk'worm**, *n.* reni-landy, bibin-dandy
- Silk'y**, *adj.* misy landy; malemy malambolambo toy ny landy
- Sill**, *n.* tokenana
- Sil'ly**, *adj.* adala, toa adala, ondranondranana, ketrina, donendrina [betsaka
- Sil'van**, *adj.* misy hazo maniry
- Sil'ver**, *n.* volafotsy
- Sil'ver**, *v. t.* manisny ankosotra volafotsy [fotsy
- Sil'versmith**, *n.* mpanefi-vola-
- Sil'very**, *adj.* tahaka ny volafotsy ny fijery azy, fotsy tahaka ny volafotsy
- Sim'ilar**, *adj.* sahala, mitovy, tahaka, mitovitovy
- Similar'ity**, *n.* fitoviana; ohatra
- Sim'mer**, *v. i.* mangotraka mora-mora
- Sim'ony**, *n.* ny anomezana na ny andraisana vola mba hahazoana fiamboniana amy ny fiangonana
- Sim'oom**, or **Simoon**, *n.* rivotra mafana avy amy ny efitra be fasika any Arabia sy Afrika avaratra
- Sim'per**, *v. i.* mitsikitsiky foana

Simple, *adj.* tsotra, tsotsotra.

Simple substances, ny anankiray amy ny elementa na foto-javatra

Simpleton, *n.* olona ondranon-dranana, olona donendrina

Simpli'city, *n.* fahatsotra, fahatsotsotra

Simplify, *v. t.* mahatsotra

Sim'ply, *adv.* tsotra, hiany

Sim'ulate, *v. t.* manandoka, mody ho

Simulta'neous, *adj.* indray mi-seho, miaraka, indray tonga

Sin, *n.* ota, fahotana, fandikana ny lalàn' Andriamanitra

Sin, *v. i.* manota, mandika ny lalàn' Andriamanitra

Since, *adv.* sy *prep.* hatramy—noho mankaty. It is two years since I saw him, roa taona izay no tsy nahitako azy. I have not met with him since, tsy mbola nihaona taminy aho hatrizay

Since, *conj.* satria, noho

Sincere', *adj.* marina, tsy mi-hatsaravelatsihy, mahitsy fo

Sincer'ity, *n.* fahamarinana, tsifihatsarambelatsihy

Si'neure, *n.* anaran-draharaha fotsiny hiany kanefa aha-zoam-bola

Sin'ew, *n.* ozatra

Sin'ful, *adj.* manota, meloka, ratsy eo anatrehan' Andriamanitra

Sing, *v. i.* sy *t. P.* sang or sung; *P.P.* sung; mihira, mikalo

Singe, *v. t.* mandoro kely amy ny volo

Single, *adj.* tokana, anankiray, singany; tsy manam-bady, tokan-tena. Single combat, ady amy ny sabatra &c. ataony ny olona roa hiany. To have a single aim or a

single eye to, mitady zavatra irai-loha hiany

Sin'gle, *v. t.* mifidy na mifanti-na ny anankiray amy ny maro

Sin'gle-mind'ed, *adj.* mitady zavatra irai-loha hiany

Sin'gly, *adv.* tsirairay [hira

Sing'-song, *n.* sy *adj.* somary

Sin'gular, *adj.* milaza ny anankiray hiany; hafahafa, tsy mitovy amy ny ankabiazany, tokana

Singular'ity, *n.* tsi-fitoviana amy ny ankabiazany

Sin'ister, *adj.* mamitaka, misy fomba ratsy. Sinister motives, ny antony afenina fa hafa nolazaina

Sink, *v. i.* sy *t. P.* sank or sunk; *P.P.* sunk; milentika, milatsaka, midina; mandentika, mandalina, mampilatsaka, mampihena. To sink (as walls, &c.), mitambotsotra. To sink (as water or as the price), mihena, mihakely. To sink (as land), mietry. To sink under misfortune, safotra alahelo

Sink, *n.* fitoerana anariana ny loto; fitoerana feno faharatsiana

Sin'less, *adj.* tsy manana ota, tsy misy ota

Sin'ner, *n.* mpanota

Sip, *v. t.* misotro kely, misotro tsikelikely

Si'phon, *n.* fantsona mifaingoka atao fanesorana rano &c. ka miakatra kely vao midina

Sir, *n.* tompokolahy

Sire, *n.* ray; teny fanajana atao amy ny mpanjaka

Sir'loin, *n.* mananetin-kena

Sir'up, or **Syr'up**, *n.* ranom-boankazo voahandro tamy ny siramamy, sirao

Sis'ter, *n.* rahavavy, anabavy
Sis'terhood, *n.* vehivavy mikambana ho *society* ka miaramitoetra
Sis'ter-in-law, *n.* zao-bavy
Sit, *v. i.* P. sy P.P. **sat**; mipe-traka; mikotrika. **To sit on a horse**, mitaingin-tsoavaly. **To sit up**, miarina
Site, *n.* fitoerana
Sit'ting, *n.* fipetrahana; fikotrehana; ny ipetrahany ny olona maromaro hihevitra sy hanao raharaha; ny fotoana ipetrahany eo
Sit'uate,—**ted**, *adj.* mitoetra ao, ao
Six, *adj.* enina. **To be at sixes and sevens**, mikorontana be hiany
Six'pence, *n.* farantsa kely lajantsaikajy; sikajy [nina
Sixth, *adj.* fahenina, am-pahe-
Six'ty, *adj.* enim-polo
Size, *n.* habeny; anaran-dity atao amy ny anaovana taratasy, na amy ny anaovana fonom-boky, na amy ny amehatana loko, &c.
Size, *v. t.* manisy zavatra mady
Skate, *n.* hazo misy vy fisaka apetaka amy ny faladian-kiraro ka atao fitsoriadriahana eny ambony ny rano mandry; anaran-kazandrano tsara hena
Skate, *v. i.* mitsoriadriaka eny ambony ny ranomandry amy ny *skate*
Skein, *n.* taretra irai-rana
Skel'eton, *n.* taolan' olona na biby mbola mitohy tsara fa tsy misy nofony; olona mahia dia mahia. **The skeleton (of a sermon)**, ny loha-teny sy ny fizarana hiany

Sketch, *n.* sary tsotsotra; fotopoto-kevitra
Sketch, *v. t.* maka sary; milaza ny fotopoto-kevitra
Skew'er, *n.* hazo na vy &c. anakambanana tsara ny hena hatono
Skiff, *n.* botry maivan-kely
Skill, *n.* fahaizana
Skilled, **Skil'ful**, *adj.* mahay zavatra, mahay, kanto
Skim, *v. t.* sy *i.* misodika, manidina eo ambony ka saiky mikasika; mamaky boky mandingandingana fa tsy manesy tsara
Skin, *n.* hoditra, hodi-biby; hodi-boan-kazo
Skin, *v. t.* manendaka, mamofy, miofy
Skin'ny, *adj.* saiky hoditra daholo
Skip, *v. i.* sy *t.* mitsambikimbikina, falihavanja. **To skip over**, mandingandingana fa tsy manesy tsara
Skip'ping-rope, *n.* mahazaka filalaovany ny ankizy raha mitsambikimbikina
Skir'mish, *n.* ady kely ataony ny miaramila vitsivitsy hiany
Skirt, *n.* sisin-damba; zipo fanao anatiny
Skirt, *v. t.* sy *i.* manaraka ny morony na ny sisiny
Skulk, *v. i.* mieriery
Skull, *n.* karandoha
Skur'ry, *n.* hamaikana loatra
Sky, *n.* lanitra
Sky'blue, *adj.* manga toy ny lanitra
Sky'lark, *n.* vorona kely toy ny sorohitra sady tsara feo ka manidina misondrotra avo
Sky'light, *n.* varavaram-pitaratra ao amy ny tafon-trano

- Slab**, *n.* vato fisaka nolamaina tsara
- Slack**, *adj.* ketraka, tsy henjana, migoragora, mivahavaha
- Slack**,—**Ken**, *v. t.* sy *i.* manake-traka, managoragora; mandeha miadanadana kokoa; mihamalaina, miketraka
- Slack'ness**, *n.* haketraka, fanaketrahana; fiketrahana
- Slake**, *v. t.* mamono afo amy ny rano; mahafaka hetaheta; manisy rano mba hahalemny ny sokay dorana
- Slam**, *v. t.* manakatona mafy
- Slan'der**, *n.* endrikendrika, anaran-dratsy
- Slan'der**, *v. t.* manendriken-drika, manisy anaran-dratsy
- Slan'derous**, *adj.* manendriken-drika, misy endrikendrika
- Slang**, *n.* teny fanaony ny zatovo fa tsy mahazatra ny maro loatra; kalitalitan-teny
- Slant**, *v. i.* sy *t.* mirona, miki-solosolo, misompirana; mam-pirona
- Slant**,—**t'ing**, *adj.* mirona, misompirana
- Slap**, *n.* tahamaina; famelezana amy ny zavatra fisapisaka
- Slap**, *v. t.* mamely tehamaina; mamely amy ny zavatra fisapisaka
- Slash**, *v. t.* manakarantsana, mikapa lalina
- Slash**, *n.* ny voadidy lavalava
- Slate**, *n.* solaitra; vatolampy miselatselaka toy ny solaitra
- Slate**, *v. t.* manafo trano amy ny solaitra [tafon-trano
- Slat'ing**, *n.* vato-solaitra atao
- Slat'tern**, *n.* vehivavy mikesonkesona, vehivavy misotisoty
- Slat'y**, *adj.* tahaka ny solaitra; miselatselaka toy ny solaitra
- Slaugh'ter**, *n.* famonoana olona na biby betsaka
- Slaugh'ter**, *v. t.* mamono olona betsaka, mamono biby hamidy any an-tsena
- Slaugh'ter-house**, *n.* trano famonoana omby na ondry &c. hamidy ao an-tsena
- Slave**, *n.* andevo. **A slave to strong drink**, olona mivari-lavo amy ny fisetroan-toaka
- Slave**, *v. i.* miasa fatratra fa tsy misy mahafinaritra
- Slave-holder**, *n.* olona manana andevo
- Slaver**, *n.* sambo mpitondra andevo; mpivarotr' olona, mpanao jirik' olona
- Slaver**, *v. i.* rarakivy
- Slavery**, *n.* fahandevozana, fanandevozana
- Slave-ship**, *n.* sambo mpitondra andevo
- Slave-trade**, *n.* jirik' olona, indrindra ny akana azy any Africa hamidy any amy ny tany hafa
- Slavish**, *adj.* manarak' ambo-kony. **Slavish work**, fanompoam-porovato
- Slay**, *v. t.* P. slew; P.P. slain; mamono mahafaty
- Sled**, **Sledge**, *n.* kalesy kely tsy misy kodia tarihina eny ambony ny ranomandry na ny oram-panala
- Sleek**, *adj.* malemy malambo-lambo
- Sleep**, *v. i.* P. sy P.P. slept; matory; mandry; modimandry; tsy mitandrina
- Sleep**, *n.* tory, torimaso, fatoriana
- Sleeper**, *n.* olona matory; olona kamo; ny hazo ametrahana ny vy amy ny lalam-by
- Sleep'less**, *adj.* tsy mahita tory

Sluice, *n.* hidin-drano
Slum'ber, *v. i.* rendremana, ma-
 toritory, matory
Slum'ber, *n.* torimason' akoho,
 torimaso
Slunk, *P. sy P.P. of* *slink*
Slur, *v. t.* manao mosalahy fa
 tsy mitandrina, mandoto
Slur, *n.* loto, tsiny, kilema
Slush, *n.* fotaka mandrevo, fa-
 nala mandrevo
Slut, *n.* vehivavy voretra
Sly, *adj.* fetsifetsy, konjokonjo
Smack, *n.* tsentsitra; tsamon-
 tsamona; tsirony; tehamai-
 na
Smack, *v. t. sy i.* mitsentsitra.
 To smack the lips, mitsa-
 montsamona. To smack a
 whip, mampipoaka karavasy
Small, *adj.* kely, madinika.
 Small talk, bedibedy foana.
 Very small, kely boritika,
 kitika
Small-pox, *n.* nendra
Smart, *n.* fangirifiriana
Smart, *v. i.* mahatsiaro mangi-
 rifiry
Smart, *adj.* mangirifiry; mafy;
 avanambanana, faingan-tsai-
 na; marevaka [tsana
Smash, *v. t.* manamontsamon-
Smat'ter, **Smat'tering**, *n.* faha-
 lalana kely
Smear, *v. t.* manosotra, mana-
 tavona, manosina
Smear, *n.* loto azony ny mena-
 ka, &c.
Smell, *v. t. sy i.* manimbolo;
 mamofona. To smell of, ma-
 nitra, maimbo
Smell, *n.* fofona
Smelling-bottle, *n.* tavoahangy
 kely misy zavatra mahery
 fofona atao odi-andoha
Smelt, *v. t.* manempo ny ore
 mba hialany ny metal

Smile, *v. i.* mitsiky, falifaly
 endrika
Smile, *n.* fitsiky
Smirk, *v. i.* mivanivany
Smite, *v. t. P. smote*; *P.P. smit-*
ten; mamely, mametsaka;
 mamono; mampijaly
Smith, *n.* mpanefy
Smith'y, *n.* trano fanafeny ny
 mpanefi-vy
Smoke, *n.* setroka, donak' afo
Smoke, *v. i. sy t.* manetroka,
 midonaka; mifoka sigara,
 &c.; manamaina zavatra amy
 ny setroka
Smoky, *adj.* be setroka, mane-
 troka, mahasetroka
Smooth, *adj.* malambolambo,
 malama, tsy maraorao. A
 smooth stream, rano misono-
 noka. Smooth words, teny
 malefaka
Smooth, *v. t.* mandama, man-
 dambolambo; mipasoka; ma-
 namora
Smooth'ing-iron, *n.* fera fipaso-
 hana, karao [bava
Smooth'-tongued, *adj.* malefa-
Smote, *P. of smite*
Smoth'er, *v. t.* manempotra ma-
 hafaty, manempotra; mana-
 fina, manindry, mahatam-po
Smoul'der, *v. i.* midonaka
Smug'gle, *v. t.* mampiditra na
 manondrana zavatra izay
 rarany ny fanjakana tsy ha-
 tao; mitondra zavatra miso-
 kosoko ka tsy mandoa ny
 fadintseranana
Smut, *n.* loto avy amy ny mo-
 laly, &c.; fahasimbany ny
 voambary na katsaka &c. ka
 manjary mainty
Snail, *n.* sifotra
Snake, *n. reptile* tsy manan-
 tongotra, dia ny menarana sy
 ny bibilava

- Sleep'y**, *adj.* ta-hatory, rendremana, ila hatory
- Sleet**, *n.* fanala miharo erika
- Sleeve**, *n.* tãnan' akanjo. To laugh in one's sleeves, mihomehy anakampo
- Sleigh**, *n.* (*sled*)
- Sleight**, *n.* ny ataony ny juggler
- Slen'der**, *adj.* kely lava, kely andilana; malemy, kelikely
- Slew**, *P.* of *slay*
- Slice**, *n.* zavatra voadidy fisapisaka
- Slide**, *v. i. P.* slid; *P.P.* slid or slidden; mibolisatra, misolafaka, mibolaly; mikororosy
- Slide**, *n.* an-kororosy
- Slight**, *adj.* kely, maivana, malemy
- Slim**, *adj.* kely lava; malemy
- Slime**, *n.* fotaka madity, tandidilatra lena
- Slim'y**, *adj.* be fotaka; maditidity
- Sling**, *n.* antsamotady; zavatra misadika amy ny vozona ihantonany ny tãnana marary
- Sling**, *v. t. P.* sy *P.P.* slung; mitoraka amy ny antsamotady
- Slink**, *v. i. P.* sy *P.P.* slunk; mitsaitsaika miala
- Slip**, *v. i. sy t.* mibolisatra, misolafaka; mitsaitsaika miala; diso tsi-nahy; manome mangingina
- Slip**, *n.* fibolisarana; hadisoana tsi-nahy; sombin-taratasy &c. lavalava; rantsan-kazo alaina hambolena. To give one the slip, mandositra mitsaitsaika, mangala-dia mandositra
- Slip'-knot**, *n.* tadivoavarana
- Slip'per**, *n.* kiraro solia
- Slip'pery**, *adj.* malama, sarotra hazonina; miovaova
- Slit**, *v. t. P.* sy *P.P.* slit or slitted; manapatapaka lavalava, mamaky
- Slit**, *n.* ny voadidy lavalava
- Sloe**, *n.* anaram-boan-kazo tahaka ny plum fa mangidy
- Sloop**, *n.* anaran-tsambo misy andriny iray, salopy
- Slop**, *n.* rano raraka. **Slops**, rano maloto
- Slop**, *v. t.* mandraraka, mandoto amy ny rano raraka
- Slope**, *v. t. sy i.* mamboatra tany ho kisolosolo, manao misompirana, manao solampilampy; misompirana, misolampilampy
- Slope**, *n.* tany kisolosolo
- Sloping**, *adj.* kisolosolo, misolampilampy
- Sloppy**, *adj.* petsapetsa
- Sloth**, *n.* halainana, hakamoana; anaram-biby mitoetra amy ny hazo ka tsy afa-mandeha loatra raha amy ny tany
- Sloth'ful**, *adj.* malaina, kamo
- Slouch**, *v. i.* mijokojoko endrika
- Slough**, *n.* honahona
- Slough**, *n.* hoditra niofo tamy ny bibilava
- Sloven**, *n.* lehilahy voretra, lehilahy misotisitoty
- Slovenly**, *adj. sy adv.* voretra, misotisitoty
- Slôw**, *adj.* miadana, tsy malaky
- Sludge**, *n.* tany petsapetsa, fotaka mandrevo
- Sludg'y**, *adj.* mandrevo
- Slug**, *n.* biby kely toy ny fangotsohana fa mangavoka
- Slug'gard**, *n.* olona kisinina, olona matory maraina
- Slug'gish**, *adj.* miadana, malaina, kisinina

Sluice, *n.* hidin-drano
Slumber, *v. i.* rendremana, matortitory, matory
Slumber, *n.* torimason' akoho, torimaso
Slunk, *P. sy P.P. of* *slink*
Slur, *v. t.* manao mosalahy fa tsy mitandrana, mandoto
Slur, *n.* loto, tsiny, kilema
Slush, *n.* fotaka mandrevo, fanala mandrevo
Slut, *n.* vehivavy voretra
Sly, *adj.* fetsifetsy, konjokonjo
Smack, *n.* tsentsitra; tsamontsamona; tsirony; tehamaina
Smack, *v. t. sy i.* mitsentsitra. To smack the lips, mitsamontsamona. To smack a whip, mampipoaka karavasy
Small, *adj.* kely, madinika.
Small talk, bedibedy foana.
Very small, kely boritika, kitika
Small-pox, *n.* nendra
Smart, *n.* fangirifiriana
Smart, *v. i.* mahatsiaro mangirifiry
Smart, *adj.* mangirifiry; mafy; avanambanana, faingan-tsaina; marevaka [tsana
Smash, *v. t.* manamontsamont
Smat'ter, **Smat'tering**, *n.* fahalalana kely
Smear, *v. t.* manosotra, manatavona, manosina
Smear, *n.* loto azony ny menaka, &c.
Smell, *v. t. sy i.* manimbolo; mamofona. To smell of, manitra, maimbo
Smell, *n.* fofona
Smelling-bottle, *n.* tavoahangy kely misy zavatra mahery fofona atao odi-andoha
Smelt, *v. t.* manempo ny ore mba hialany ny metal

Smile, *v. i.* mitsiky, falifaly endrika
Smile, *n.* fitsiky
Smirk, *v. i.* mivanivany
Smite, *v. t. P. smote*; *P.P. smitten*; mamely, mametsaka; mamono; mampijaly
Smith, *n.* mpanefy
Smith'y, *n.* trano fanafeny ny mpanefi-vy
Smoke, *n.* setroka, donak' afo
Smoke, *v. i. sy t.* manetroka, midonaka; mifoka sigara, &c.; manamaina zavatra amy ny setroka
Smok'y, *adj.* be setroka, manetroka, mahasetroka
Smooth, *adj.* malambolambo, malama, tsy maraora. A smooth stream, rano misononoka. Smooth words, teny malefaka
Smooth, *v. t.* mandama, mandambolambo; mipasoka; manamora
Smooth'ing-iron, *n.* fera fipasonana, karao [bava
Smooth-tongued, *adj.* malefa
Smote, *P. of* *smite*
Smother, *v. t.* manempotra mahafaty, manempotra; manafina, manindry, mahatampo
Smoul'der, *v. i.* midonaka
Smug'gle, *v. t.* mampiditra na manondrana zavatra izay rarany ny fanjakana tsy hatao; mitondra zavatra misokosoko ka tsy mandoa ny fadintseranana
Smut, *n.* loto avy amy ny molaly, &c.; fahasimbany ny voambary na katsaka &c. ka manjary mainty
Snail, *n.* sifotra
Snake, *n. reptile* tsy manantongotra, dia ny menarana sy ny bibilava

Snake's stone, *n.* karazam-bato fanao vato-asana
Snap, *v. t. sy i.* manapiaka, manapaka, manentitra; manaikitra, mitsaingoka
Snap'pish, *adj.* ta-hanaikitra; soso-dava
Snare, *n.* fandrika
Snare, *v. t.* mamandrika
Snarl, *v. i.* manerona, mampierona (toy ny alika), mitrerona; mikizaka
Snatch, *v. t.* mandrombaka, mitselika maka tsy miera
Sneak, *v. i.* mitsaitsaika miala (toy ny olona menatra); tsy sahy miseho miharihary
Sneer, *v. i. sy t.* mianjonanjona; mamingavinga
Sneeze, *v. i.* mievina
Sniff, *v. t. sy i.* mifoka (amy ny orona)
Snip, *v. t.* manakantsana amy ny hety; mangala-tety
Snore, *v. i.* mierotra
Snort, *v. i.* mitrifona (toy ny ataony ny soavaly)
Snout, *n.* oron-kisoa sy ny any ny biby lava orona toy izany
Snôw, *n.* fanala milatsaka amy ny tany raha mangatsiaka loatra ny andro ka mandry ny rano, oram-panala
Snôw, *v. t. impers.* milatsaka ny fanala
Snôw'ball, *n.* oram-panala fetafetaina ho boribory
Snôw'drift, *n.* oram-panala entiny ny rivotra ka mitambatra betsaka
Snôw'drop, *n.* vonin-kazo fotsy miseho amy ny ririnina ka miondri-doha [panala
Snôw'y, *adj.* milatsaka ny oram-
Snub, *v. t.* mampangina amy ny teny mamely na teny maneso

Snuff, *n.* paraky voakisoka fohina, kisoka; lavenon-dahinjiro
Snuff, *v. t. sy i.* mifoka (amy ny orona); manimbolo
Snuff'box, *n.* tongobolo, batera
Snuffle, *v. i.* mifopoka, mikesonkentsom-piteny, manao teny an' orona
Snug, *adj.* mifanizina tsara; kely mahafinaritra (amy ny trano na fonenana)
So, *adv.* toy izany, tahaka izany, koa; indrindra. **And so forth**, sy ny toy izany koa.
So and so, izany ka izany, anona. **Mr. so and so**, Razona. **He is only so, so**, marisarisa izy; tsy tsara fanahy loatra izy. **So far as**, araka
So, *conj.* raha, dia. **So that**, mba, ka dia. **So then**, ka dia
Soak, *v. t.* manasoka, manatsoboka, mandona
Soap, *n.* savony
Soap'suds, *n.* ranon-tsavony
Soar, *v. i.* miakatra amy ny rivotra, manidina miakatra; mihevitra ny ho ambony; mihevitra ny any ambony
Sob, *v. i.* migogogogo, mikai-kaika
Sob, *n.* gogogogo, fikaikaika
So'ber, *adj.* tsy misotro toaka loatra; afaka amy ny fahamamoana; mahonim-po, mahatam-po, mahay mitondratena
So'ber, *v. t.* mahahendry indray izay olona adalan-toaka, &c.
Sobri'ety, *n.* fahaizana mitondratena; fahatanam-po
So'ciable, *adj.* malemi-paika, mahay olona, mora sakai-zaina
So'cial, *adj.* any ny olona tafakambana. **Our social duties**,

- izay tokony hataontsika amin' izay mikambana amin-tsika na misakaiza amintsika. **Social pleasures**, fahafinaretana iarahana-manana amy ny fianakaviana, &c.
- Society**, *n.* olona mikambana hanao raharaha ; fikambanan' olona hanao raharaha ; olona miray monina ; olona azo sakaizaina ; sosaiety
- Socinian**, *n.* olona izay mino fa Jesosy Kraisty dia olombelona hiany sady tsy manai-ky ny Soratra Masina ho tenin' Andriamanitra
- Sock**, *n.* ba fohy
- Sock'et**, *n.* loaka itsatohany ny vodin-jaavtra ; ny loaka amy ny fitoeran-dabozy izay itsatohany ny labozy
- Sod**, *n.* baingan-tany misy ahitra
- Soda**, *n.* soda. Carbonate of soda, karibonetra
- Sofa**, *n.* farafara kely lavalava misy fiankinana atao fipe-trahana
- Soft**, *adj.* malemy ; rainazy, osa. **Soft water**, rano madio tsy misy zavatra levona ao aminy, ranonorana
- Soft'en**, *v. t.* sy *i.* manalemy, mahalemy ; mampangorakoraka ; mahaosa ; mihama-lemby ; mihamalemi-fanahy
- Soft'ness**, *n.* fahalemena, fahosana
- Soil**, *n.* tany, tany fambolenjavana, indrindra raha lonaka ; loto
- Soil**, *v. t.* mandoto
- So'jour**n, *v. i.* mivahiny
- So'jour**n, *n.* fivahiniana
- Solace**, *v. t.* mampionona, mampahatoky ; mampihena alahelo
- Solace**, *n.* fiononana, fampiononana
- Solar**, *adj.* any ny masoandro, momba ny masoandro, avy amy ny masoandro. **Solar spots**, zavatra mipentimpentina amy ny masoandro hita indraindray. **Solar system**, ny masoandro mbamin' izay rehetra mandeha manodidina azy
- Sold**, *P. sy P.P. of sell*
- Sold'er**, *n.* firaka sy tin aharo, na metal hafa atao fanakambanana metal
- Sold'er**, *v. t.* mampikambana metal roa amy ny solder
- Sold'ier**, *n.* miaramila
- Sole**, *n.* faladia ; faladian-kiraro
- Sole**, *v. t.* manisy faladian-kiraro
- Sole**, *adj.* irery
- Sole'ly**, *adv.* irery, hiany
- Sol'emn**, *adj.* atokana ho an' Andriamanitra, lehibe, mahatahotra ; tsy manao fanahin-jaza
- Solem'nity**, *n.* toe-panahy mety amy ny fivavahana na fandevenana, &c. ; fahatahorana
- Sol'emnize**, *v. t.* manao toy izay mety amy ny fivavahana, manao toy ny atao eo anatrehan' Andriamanitra
- Solic'it**, *v. t.* mangataka, miangavy, mihanta
- Solic'itor**, *n.* olona miangavy ; mpandaha-dalàna
- Solic'itous**, *adj.* maniry fatratra, miangavy, manan' ahiahy. To be solicitous about or for, manahy [ahy
- Solic'itude**, *n.* fanahiana, ahisol'id, *adj.* manana vatana sady mafy, tsy poakaty ; mafy ; marina
- Sol'id**, *n.* zavatra manana va

- tana ary misy lavany sy sakany ary hateviny, solida
- Solidify**, *v. t.* sy *i.* mahamafy, mampivongana; mihamafy, mivongana
- Solidity**, *n.* toetry ny solida
- Soliloquize**, *v. i.* miteny irery
- Soliloquy**, *n.* fitenenana irery
- Solitary**, *adj.* mitoetra irery, tsy mana-namana; manirery
- Solitude**, *n.* fonenana manirery, fitoerana mangingina
- Soluble**, *adj.* azo levonina amy ny floida
- Solution**, *n.* fandevonana amy ny floida; valiny ny fanontaniana saro-baliana; zavatra levonina
- Solve**, *v. t.* manazava, mahita ny valiny ny fanontaniana sarotra
- Solvent**, *adj.* mahavelona; mahaloa ny trosan'olona aminy
- Sombre**, *adj.* manjombojombona, malomaloka
- Some**, *adj.* ny anankiray; misy hiany; tokony ho. **Some of**, ny sasany. **Some—others**, ny sasany—ny sasany. **I have some**, misy ao amiko, manana aho. **Will you give me some water**, mba omeo rano kely aho. **Some time ago**, fahiny, tatohoato
- Somebody**, *n.* olona, misy olona
- Somehow**, *adv.* na manao ahoana na manao ahoana
- Somersault**,—*set*, *n.* antsongolo-batita
- Something**, *n.* zavatra
- Sometime**, *adv.* indrai-andro izay, indray andro any
- Sometimes**, *adv.* indraindray
- Somewhat**, *adv.* kely. **I am somewhat tired**, sasatsasatra aho izany
- Some'where**, *adv.* any ho any eo ho eo, eto ho eto
- Somnam'bulist**, *n.* olona manonofy ka mitsangana mandehandeha
- Son**, *n.* zanaka (lahy)
- Song**, *n.* tonon-kira, hira, kalo; feom-borona tsara feo
- Song'ster**, *n.* vorona tsara feo
- Son-in-law**, *n.* vinanto (lahy)
- Son'net**, *n.* fomban-tonon-kira atao efatra amby ny folo andalana [feo]
- Sono'rous**, *adj.* avo feo, mafy
- Soon**, *adv.* vetivety, rehefefa, faingana. **Come back very soon**, ataovy tsy toa tany hianao. **As soon as**, raha vao
- Soot**, *n.* molaly
- Sooth**, *n.* ny marina. **In sooth**, marina tokoa
- Soethe**, *v. t.* mampionona, mampihena alahelo
- Sooth'saying**, *n.* faminiana ny zavatra ho avy
- Soot'y**, *adj.* be molaly
- Sop**, *n.* sombin-kanina alona
- Sop**, *v. t.* mandona
- Sophis'tical** *adj.* toa marina kaneffa misy fitaka
- Soph'istry**, *n.* filazana hevitra toa marina
- Sodorific**, *n.* fanafody mampatory
- Sor'cerer**, *n.* mpamosavy
- Sor'cery**, *n.* mosavy
- Sor'did**, *adj.* mahihitra, tia vola loatra, kahihitra
- Sore**, *n.* fery
- Sore**, *adj.* mangirifiry, manaintaina; manaintaina raha voatohina; sorisorena, malahelo lava; mafy indrindra
- Sor'rôw**, *n.* alahelo; nenina
- Sor'rôw**, *v. i.* malahelo
- Sor'rôwful**, *adj.* malahelo

Sor'ry, *adj.* malahelo. I am sorry I did it, manenina aho noho ny nanaovako izany. I am sorry for him, malahelo azy aho

Sort, *n.* karazana. Things of that sort, zavatra toy izany. Out of sorts, marisarisa

Sort, *v. t.* sy *i.* manavakavaka, manokantokana; miavakavaka, mitokantonkana

Sortie, *n.* (*sally*)

Sot, *n.* olona adalan-toaka

Sot'tish, *adj.* toa adala, votsa saina

Sou, *n.* farantsa varahina kely fahiny tany France natao vari-fito-venty

Sought, *P.* sy *P.P.* of *seek*

Soul, *n.* fanahy, aina, ambiroa; fotony indrindra

Sound, *adj.* tsara fa tsy misy simba; finaritra fa tsy marary, matanjaka; tsy azo lavina. He is in a sound sleep, matory tsara izy, sondrian-tory izy

Sound, *n.* feo; rano kely amy ny ranomasina izay ao anelanelany ny tany roa

Sound, *v. t.* sy *i.* manao feo; mampaneno; manohatra ny halaliny ny rano; mizaha toetra; maneno. To sound a trumpet, mitsoka trompeta. To sound the praises of, mandoka, manao be filaza

Soundly, *adj.* mafy

Soundness, *n.* fahatsarana satria tsy misy simba na tsy misy malemy

Soup, *n.* lasopy

Sour, *adj.* maharikivy, mavao, masiso; sorisorena, malonilony

Sour, *v. t.* mampaharikivy; mampahalonilony

Source, *n.* ny ihaviany; lohara-rano

Souse, *v. t.* manasitrika ao anati-rano

South, *n.* atsimo

South,—*th'ern*,—*therly*, *adj.* atsimo, avy any atsimo

South, **Southward**, *adv.* ao atsimo. To go southward, mianatsimo

Sovereign, *adj.* ambony indrindra, manjaka

Sovereign, *n.* mpanjaka; farantsa kely volamena atao an-kevitra ny ariary dimy

Sovereignty, *n.* fahefany ny mpanjaka

Sow, *n.* kisoa vavy

Sow, *v. t.* P. sowed; P.P. sown or sowed; mamafy

Space, *n.* habakabaka, elanelana

Spacious, *adj.* malalaka, mikodana, migodana

Spade, *n.* fangady, angady

Span, *n.* zehy

Span, *v. t.* manjehy; mahatakatra ny lafiny roa (toy ny tetezana)

Span'gle, *n.* zavatra madinika mamirapiratra

Span'gle, *v. t.* manisy zavatra madinika mamirapiratra

Span'iel, *n.* anaran-karazan' alika faingan-tsaina

Spar, *n.* karazana *crystal*; ny hazo lava rehetra atao amy ny sambo

Spare, *v. t.* sy *i.* mitsitsy; mamindra-fo aminy. Can you spare me this a little while? moa dia sahirana loatra hianao raha indramiko kely ity? His life was spared, but he was banished from the kingdom, tsy novonoina izy, fa noroahina hiala tamy ny

- fanjakana. **Enough and to spare**, manan' amby ampy. **There is some to spare**, misy ambiny
- Spare**, *adj.* tsy ampy, kely; ambiny, atao antrantra; mahia
- Spa'ringly**, *adv.* mitsitsy, kely isaky ny manome
- Spark**, *n.* kilalaonafo
- Sparkle**, *v. i.* mamirapiratra toy ny kilalaonafo na ny kintana
- Sparkling**, *adj.* mamirapiratra
- Spar'row**, *n.* vorona kely toy ny tsikiry
- Sparse**, *adj.* mahalana
- Spasm**, *n.* fihetschany ny aretina mampikorofodrofoka, fihendratana
- Spasmod'ic** — *cal*, *adj.* misy *spasm*; manao fatratra in-indraindray dia mijanona ka manao toy izany mifandimbindimby; manao fihetsehana
- Spat'ter**, *v. t.* sy *i.* mamitika; miporitika
- Spawn**, *n.* atodin-tahona sy hazandrano rehefa natodiziny
- Spawn**, *v. i.* manatody (toy ny sahona sy ny hazandrano)
- Speak**, *v. i.* sy *t.* P. spoke; P.P. spoken; miteny, mandahateny. **To speak about or of**, miteny ny aminy, miresaka azy. **To speak for**, misolo vava, mangataka ho an'olona. **To speak to any one**, miteny aminy. **To speak reprovingly to any one**, miteny azy. **To speak with**, miresaka aminy, miteny aminy
- Speak'er**, *n.* mpiteny, mpandahateny, ny anankiray izay miteny misolo vava ny maro ;
- ilay mitandrina ny anaovana ny raharaha atao ao amy ny *House of Commons*
- Spear**, *n.* lefona
- Spear**, *v. t.* mandefona
- Spe'cial**, *adj.* any izay iray karazana; tsy tahaka ny ankabiazany
- Spe'cially**, *adv.* indrindra, tsy araka ny atao mandrakariva
- Spe'cie**, *n.* volamena na volafotsy na varahina atonta ho farantsa
- Spe'cies**, *n.* ny karazana ambany noho ny *genus*; toy izao: avakavahana ho *genus* maro ny biby rehetra izay mandinika, dia ny rameva, sy ny omby, sy ny *deer*, sy ny *osy*, ary ny ondry, &c.; fa ireo indray dia avakavahana avy ho *species* maro; ka dia *species* anankiray ny ondry fohy volo izay eto Madagascar, ary ny ondry lava volo izay any England kosa dia *species* anankiray koa
- Specific**, *adj.* momba ny *species* anankiray ka manavakavaka azy amy ny hafa; milaza tsirairay
- Specific**, *n.* (for) fanafody mahasitrana mandrakariva ny karazan'aretina anankiray
- Spec'ify**, *v. t.* milaza marimarina, milaza tsirairay
- Specimen**, *n.* saratsara-javatra entina hampiseho ny toetry ny ankabiazany; anankiray amy ny zavatra maro samihafa ao amy ny *museum*
- Spe'cious**, *adj.* toa marina
- Speck**, *n.* pentimpentina kely, zavatra kely boritika
- Speck'le**, *n.* pentimpentina
- Speck'led**, *adj.* mipentimpentina, maramara

Spec'tacle, *n.* zavatra hafahafa aseho ; zavatra mahate-hizaha ; zavatra hafahafa. **Spec'tacles**, solomaso

Spec'tator, *n.* mpizaha

Spec'tre, *n.* matoatoa, avelo

Spec'ulate, *v. i.* mieritreritra. To speculate in, mamandrika (vary na tany, &c.)

Spec'ulative, *adj.* be eritreritra

Speech, *n.* teny, fiteny ; lahateny

Speech'less, *adj.* sina, tsy mahateny

Speed, *n.* hafainganana

Speed, *v. t. sy i. P. sy P.P.* sped ; mandodona, manafaingana, mampanandroso ; mandeha faingana, mandroso

Speed'y, *adj.* faingana, tsy mitaredretra

Spell, *n.* anankiray amy ny raharaha atao mifandimbidimby ; teny tononina atao ody

Spell, *v. t. sy i. P. sy P.P.* spelled or spelt ; manonona na manoratra ny litera amy ny teny iray araka ny filaharany, manao spelina

Spel'ling, *n.* fanaovana spelina, spelina

Spend, *v. t. P. sy P.P.* spent ; mandany

Spend'thrift, *n.* mpandova mandany harena

Spermace'ti, *n.* zavatra matavy ao anatiny ny lohany ny trozona sasany ka anaovana labozy, &c.

Sperm'-whale, *n.* trozona misy *spermaceti*

Sphere, *n.* solida kiboribory hoatra ny bala ; ny masoandro, ny kintana

Spher'ical, *adj.* kiboribory toy ny bala

Sphe'roid, *n.* zavatra kiboribory somary lavalava, na kiboribory somary fisaka

Sphinx, *n.* samoina

Spice, *n.* zavatra manitra na mangidy atao amy ny hanina mba hahatsiro azy

Spice, *v. t.* manisy *spice* amy ny hanina

Spic'y, *adj.* misy *spice* ; misy manaitra kely (amy ny lahateny)

Spid'er, *n.* hala

Spike, *n.* salohim-bary ; vy lavalava marani-doha

Spill, *v. t. P. sy P.P.* spilled or spilt ; mandraraka

Spin, *v. t. sy i. P. sy P.P.* spun ; mamoly. To spin (a top, dollar, &c.), mampandihy. To spin (out a tale), manao lava tarazoka. To spin its web (as a spider), manao ny tranony

Spinal, *adj.* momba ny taolاندamosina. Spinal column, taolan-damosina

Spin'dle, *n.* ampela

Spin'dle, *v. i.* mitsoroaka lava

Spine, *n.* taolan-damosina ; tsilo

Spin'ning-jenny, *n.* milina famolesana misy ampela betsaka indray mamoly

Spin'ning-wheel, *n.* milina famolesana ahodin-tánana na tongotra

Spin'ster, *n.* vehivavy lehibe tsy mbola nanam-bady

Spi'ral, *adj.* mitángolikolika toy ny tangoli-boatavo

Spire, *n.* ilay mihakitso loha amy ny trano avo

Spir'it, *n.* fanahy, aina ; matoatoa ; herim-po ; ny fototry ny toaka ; toaka mahery. He is in good

- spirits**, finaritra tsara izy.
The Holy Spirit, ny Fanahy Masina
- Spirited**, *adj.* be aina, be herim-po. **A spirited address**, lahateny mamporisika sy mampihetsiketsika ny fony ny olona [marisika]
- Spiritless**, *adj.* mijorettra, tsy
- Spiritual**, *adj.* fanahy fa tsy misy vatana; momba ny fanahy, momba ny toe-pannahy; tarihiny ny Fanahy Masina
- Spirituous**, *adj.* misy alcohol
- Spirit**, *v. t.* mifantsitsitra, mipololotra
- Spit**, *n.* havitra
- Spit**, *v. i.* P. sy P.P. spit; mandrora, mandoa (zavatra ambava)
- Spite**, *n.* lolom-po, folentika. **In spite of**, na dia—aza
- Spiteful**, *adj.* be lolom-po
- Spittle**, *n.* ivy, rora
- Splash**, *v. t.* sy *i.* mamitipitika, manipy rano: midabadaba
- Spleen**, *n.* ariny; folentika
- Splen'did**, *adj.* mamirapiratra tsara, marevaka fatratra, mendrika tsara
- Splendour**, *n.* famirapiratana fatratra, faharevaka fatratra
- Splice**, *v. t.* manohy mahazaka ka atao tsy misy tonony
- Splice**, *n.* fitohizany ny mahazaka ka tsy misy tonony
- Splint**, *n.* silatsila-kazo; hazo anaratoana ny tãnana etc. izay tapaka
- Splinter**, *n.* silatsila-kazo
- Split**, *v. t.* sy *i.* P. sy P.P. split; mamaky; mampisaraka fiangonana, etc.; mivaky; misasaka. **To split with laughter**, torany ny hehy, mivadikàty
- Spoil**, *v. t.* sy *i.* manimba; mandroba, maka an-kery; simba
- Spoil**, *n.* babo; toha
- Spoke**, *P.* of *speak*
- Spoke**, *n.* tãnan-kodia; zana-tohatra
- Spokesman**, *n.* mpisolo-vava
- Spolia'tion**, *n.* fanimbana; fandrohana, famaboana
- Sponge**, *n.* tenany ny biby miraikitra amy ny vato ao ambany ny ranomasina ka be loadoaka sady mahery mifoka rano, sponjy
- Sponge**, *v. t.* manasa na mandena amy ny sponjy
- Spongy**, *adj.* sokitsokitra sy mifoka rano toy ny sponjy
- Sponsor**, *n.* mpiantoka, indrindra izay ray na reny amy ny batisa
- Spontaneous**, *adj.* avy amy ny tenany hiangy fa tsy nisy namporisika azy, sitra-po fa tsy noterena. **Spontaneous growth**, faniriana ho azy. **Spontaneous combustion**, firehetana ho azy
- Spoon**, *n.* sotro
- Spoonful**, *n.* erany ny sotro
- Sport**, *n.* filalaovana, laolao; fihazana, fanjonoana. **To make sport of**, manorisory, mihomehy na maneso olona
- Sport**, *v. i.* milalao, misangy; mihaza [milaolao]
- Sportive**, *adj.* misangisangy
- Sportsman**, *n.* mpihaza
- Spot**, *n.* tsiny, kilema; loto kely amy ny zavatra madio, pentimpentina; soratry ny biby maramara; fitoerana
- Spot**, *v. t.* mamentimpentina, mandoto
- Spotless**, *adj.* tsy misy pentimpentina; tsy manan-tsiny

Spouse, *n.* vady (olona hiany)
Spout, *n.* lakan-drano atao amy ny fanitso na vy &c., fantsona; vavany ny fanaovandite na *jug*, &c.
Spout, *v. t.* sy *i.* mampiporo-roatra, mampifantsitsitra; mipororoatra, mifantsitsitra
Sprain, *v. t.* manenjana mafy loatra ny *ligament* na ny *tendon* ka mandratra azy, mampioritra. To be sprained, mioritra
Sprain, *n.* oritra
Sprawl, *v. i.* mivalandotra; mitsilailay
Spray, *n.* rantsan-kazo madinika; rano mipitika avy amy ny riana na alon-drano, &c.
Spread, *v. t.* sy *i.* P. sy P.P. spread; mamelatra; mampiely; misandrahaka; miely. To spread (as a disease), mifindra. To spread (manure &c. on the ground), manely hanarona, manahaka. To spread the table, mamboatra ny latabatra (hihinanana)
Spree, *n.* laolao be fikoranana
Sprig, *n.* rantsan-kazo madinika
Spright, *n.* matoatoa
Sprightly, *adj.* miramirana
Spring, *v. i.* sy *t.* P. sprung or sprang; P.P. sprung; miantambotra; miseho. To spring at, mitsambikina hisambotra, miantambotra. To spring back, mody indray toy ny zavatra mirirotra na alefitra. To spring (a fence), mitsambikina mihoatra. To spring from, avy aminy. To spring in, mikaretsaka miditra. To spring a leak, misy rano manamika. To spring on, miantampy, in-

drindra raha hamely na hamono. To spring out or forth, mitsimoka; miboiboika
Spring, *n.* loharano; lohataona; vi-miaina; *India rubber* na zavatra hafa atao tahaka ny vi-miaina
Spring'y, *adj.* mihoninkonina, mievotrevotra
Sprinkle, *v. t.* mamafy
Sprinkling, *n.* famafazan-drano
Sprite, *n.* (*spright*)
Sprout, *n.* tsimoka
Sprout, *v. i.* mitsimoka
Spruce, *adj.* mendrika, soa
Spun, P. sy P.P. of *spin*
Spur, *n.* zepirona; fantsy; zavatra mamporisika
Spur, *v. t.* mamely amy ny zepirona; mamporisika, mandodona
Spu'rious, *adj.* sandoka
Spurn, *v. t.* manifakifa, mamingavinga
Spurt, *v. t.* (*spirt*)
Sput'ter, *v. i.* mikodedededy
Spy, *n.* mpisafy; mpitsikilo
Spy, *v. t.* mahita, mitsinjo; misafy
Squabble, *v. i.* miady, mifanditra
Squad, *n.* miaramila iray tokokely amy ny matso, sokajy
Squad'ron, *n.* miaramila iray toko mitaingin - tsoavaly; sambo maromaro iray dia
Squal'id, *adj.* faraidina, misotisy, miofiakondrovava
Squall, *v. i.* midradradradra, mikaikaika
Squall, *n.* fidradradradrana; rivotra mifofofofy tonga tampoka
Squall'y, *adj.* be rivotra mahery
Squa'lor, *n.* fisotisy
Squan'der, *v. t.* mandany foana

Square, *adj.* efa-joro tsi-mivadi-mandry; mitovy tsy misy ambiny

Square, *n.* *figure* efa-joro mitovy lafy avokoa sady mitovy *angle*; sokera, laikera; tany ankalamanjana efa-joro hodidiny ny trano maromaro; ny *product*-ny isa am-pitomboiny ny tenany, toy ny $64=8 \times 8$

Square, *v. t.* sy *i.* manasokera; mampitombo marika amy ny tenany. **To square with**, mifanaraka

Squash, *v. t.* manaporitra

Squat, *v. i.* mipetraka amy ny tany

Squeak, *v. i.* mikiakiaka, midridridridry

Squeal, *v. i.* mikiakiaka, mijajajaja, midridrodridro

Squeamish, *adj.* maloilo, sarotinu-doilo; sarotr' entina

Squeeze, *v. t.* sy *i.* mamia, manery, manindry, mamoritra. **To squeeze out**, mamoritra hialany ny ao anatiny. **To squeeze in**, manao antsiska miditra. **To squeeze through**, manao antsiska hamaky olona mifanety

Squib, *n.* anaran-kilalao misy vanja

Squint, *v. i.* manao njola-maso, manjola

Squint-eyed, *adj.* njola-maso, manjola [na

Squire, *n.* anaram-piambonia
Squirrel, *n.* anaram-biby toy ny vontsira

Squirt, *n.* basi-rano

Squirt, *v. t.* mandefa basi-rano, mampifantsitra

Stab, *v. t.* mamely amy ny fadiana marani-doha

Stability, *n.* fiorenana tsara

tsy azo hetsiketsehina; tsifiovaovana

Stable, *adj.* miorina mafy, tafatoetra tsara, tsy azo ahilana, maharitra, tsy mety mivadika, tsy mety miovaova

Stable, *n.* tranon-tsoavaly na omby, &c.

Stack, *n.* antontan' ahitra na mololo na vary tsy mbola voavely, &c.; loha-lafaoro maromaro mikambana [be

Stack, *v. t.* manao antontany
Staff, *n.* pl. staves; tehina; hazo lavalava, zaran-defona, &c.; tohana

Staff, *n.* pl. staffs; mpifehy maromaro feheziny ny manamboninahitra anankiray

Stag, *n.* deer lahy

Stage, *n.* lampihazo asandratra atao fampisehoan - javatra, indrindra ny ao amy ny *theatre*; (*theatre*); lalana indray mandehany ny mpandehandeha na ny tetezan' olona, taratasy

Stage-player, *n.* olona mody ho olon-kafa ao amy ny *theatre*

Stagger, *v. i.* mirondrona, midoladola, miraparapa, miraidraika, mivezimbezina; mahataitra sady mampiahana-hana

Stag'nant, *adj.* mihandrona

Stag'nate, *v. i.* mihandrona; mandry (amy ny saina)

Staid, *P. sy P.P.* of *stay*

Staid, *adj.* mibonaika, mahay mitondra-tena

Stain, *v. t.* mamentimpentina na mandoto amy ny zavatra tsy mety miofo; manisy soka amy ny hazo na fitaratra, etc.

Stain, *n.* pentimpentina tsy mety miofo; tsiny

Stairs, *n.* tohatra ao amy ny trano. Below stairs, down stairs, ao an-tany. Up stairs, ao ambony rihana. Flight of stairs, tohatra mankamy ny rihana iray hiany

Stake, *n.* hazo mitsatoka; ny vola &c. ilokana. At stake, tsy fantatra izay hiafarany (toy ny zavatra ilokana na atao antoka, &c.)

Stake, *v. t.* manatsatoka hazo; miloka vola, &c.

Stale, *adj.* matsatso, lefy. Stale news, zavatra efa re ka tsy mahate-hihaino intsony

Stalk, *n.* taho (amy ny vary na katsaka na rongony, &c.)

Stalk, *v. t.* mianjonanjom-pandeha [tana

Stall, *n.* trano heva atao fivaro

Stal'wart, *adj.* matanjaka, sahy, vaventy henjana

Stam'mer, *v. t.* miakakà, miko-dedidedy, miambakambaka

Stamp, *v. t.* sy *i.* manitsakitsaka mafy, mitoto amy ny tongotra; manomboka kase na marika hafa. To stamp upon the mind, manao izay tsy hanadinoana intsony

Stamp, *n.* fanombohana; fingodongodona; ny marika voatomboka

Stanch, *v. t.* sy *i.* mampitsahatra ny ra tsy hiala intsony; mitsahatra tsy hiala intsony (amy ny ra)

Stanch, *adj.* mafy, tsy mety miova, tsy mety mivadika

Stand, *v. i.* sy *t. P.* sy *P. P.* stood; mitsangana, mijoro, mijanona; maharitra, mahazaka. To stand against, mitsangana ao akaikiny; manohitra. To stand by, mitsangana ao

akaikiny; manampy fa tsy mety mahafoy. To stand fast, miorina mafy. To stand for, misolo. To stand off, tsy manatona; tsy mety manaiky. To stand out, miseho miharihary: mihenahena tsy mety manaiky. To stand to, tsy mety mitsoa-teny, tsy mety mivadibadika. To stand up, mitsangana. To stand up for (a person), manamarina ny ataony ny sasany sady manchantohana azy raha haratsina. Paris stands on the Seine, ao amy ny ony Seine Parisy

Stand, *n.* fitoerana ijanonana, fijanonana; fitoerana atao fizahana; fametrahan-javatra. To be at a stand, sahirana na voasakana amy ny raharaha ka tsy hita izay hatao. To make a stand, manohitra

Stand'ard, *n.* saina, faneva; marika izay arahiny ny maro (amy ny famarana na fandanjana); ny marika ahafantarana ny mety hatao ny amy ny fitondran-tena na ny finoana, &c.; ny marika arahiny ny maro ny amy ny fitondran-tena, &c.

Stand'ing, *adj.* maharitra, tafatoetra. Standing corn, vary mbola eny am-pitsanganana. Standing water, rano monina, rano mihandrona

Stand'ing, *n.* fitsanganana, fitoerana itsanganana. Of good standing, miadana, toteny, mahatoky. Of long standing, efa naharitra ela

Stand'-point, *n.* fitoerana izahan-javatra; toetra izay iheveran-javatra

- Stan'za**, *n.* andininy na fizarana amy ny tonon-kira
- Sta'ple**, *n.* foto-draharaha na foto-kanina amy ny fitoerana anankiray; vy maranitra ny laniny roa ka aforitra atao fitanan-javatra
- Sta'ple**, *adj.* maharitra, fotony (amy ny varotra)
- Star**, *n.* kintana; sarin-kintana
- Starch**, *n.* zavatra toy ny tavolo anenjanana ny zavatra hopasohina
- Starch**, *v. t.* manenjana amy ny tavolo, &c.
- Stare**, *v. i.* (at) mangarika, mibanjina
- Stark**, *adj.* sy *adv.* henjana; fotsiny hiangy, tena, tokoa
- Starlight**, *n.* fahazavana avy amy ny kintana
- Start**, *v. i.* sy *t.* mientana, mihendratra; miainga; manaitra, mampientana; mitarika (amy ny resaka na fanontaniana, na hira, &c.)
- Start**, *n.* fientanana, fahatairana; fiangana. To get the start of, miantomboka aloha
- Start'ing-point**, *n.* fitoerana iaingana [taitra
- Startle**, *v. t.* sy *i.* manaitra;
- Starva'tion**, *n.* fahafatesana noho ny hanoanana na ny hatsiaka. He died of starva'tion, maty noana izy; maty mosary izy; matiny ny hatsiaka izy
- Starve**, *v. i.* sy *t.* maty noana; matiny ny hatsiaka; anany ny hanoanana, anany ny hatsiaka; mahafaty mosary, tsy mamela hahazo hanina
- State**, *n.* toetra; fanjakana; fanehoana voninahitra na fanajana lehibe
- State**, *v. t.* milaza, manambara
- Stat'ed**, *adj.* voalaza, voatendry; tsy miova
- State'ly**, *adj.* lehibe sady soa; miendrika ho any ny lehibe amy ny fanjakana
- Stat'ement**, *n.* fanambarana, filazana
- States'man**, *n.* olona mahay ny raharaham-panjakana; olona isan' izay mpitondra fanjakana
- Stat'ics**, *n.* ny science izay ahafantarana ny fitambesatry ny zavatra tsy miova toerana
- Sta'tion**, *n.* fitoerana, fitoerana ijanonana; toetra amy ny raharaha na firazanana
- Sta'tion**, *v. t.* mamponina, mam-pitoetra
- Sta'tionary**, *adj.* tsy miova toerana, tsy mandroso
- Sta'tioner**, *n.* mpivarotra taratasy sy fanoratana
- Sta'tionery**, *n.* taratasy sy fanoratana na inona na inona
- Statist'ics**, *n.* fanambarana sy fandaharana tsara ny zavatra rehetra fantatra ny amy ny toetry ny fanjakana sy ny olona monina ao
- Stat'ue**, *n.* sarin' olona na sarin-javatra natao vato, &c.
- Stat'ure**, *n.* halavany ny olona; hahavony ny biby
- Stat'ute**, *n.* lalàm-panjakana
- Staunch**, (*stanch*)
- Stave**, *v. t.* P. sy P.P. stove or staved; mamaky barika. To stave off, manao vonjy tavanandro
- Stay**, *v. i.* sy *t.* P. sy P.P. staid or stayed; mijanona, mitoetra; mampijanona, manela, manohana. To stay upon, miankina aminy, matoky
- Stay**, *n.* ny andro itoerana, fisakanana, tohana. Stays, ny

mahazaka lehibe ihazonana ny andrin-tsambo; fitizy

Stead, *n.* toerana. In *stead of*, solo, misolo

Stead'fast, *adj.* miorina mafy, tsy mety mivadika, tsy mety miovaova

Stead'ily, *adj.* tsy miova fandeha, tsy miova fandroso, tsy mihilangilana

Stead'y, *adj.* mafy toerana, tsy mihetsiketsika; mibonaika; tsy mivadika, tsy miovaova

Stead'y, *v. t.* mahatsara toerana mba tsy hihetsiketsika, mahamafy toerana, manohana

Steak, *n.* sombin-kena endasina

Steal, *v. t.* sy *i.* P. stole; P.P. stolen; mangalatra; mangaladia, mitsaitsaika miala

Stealth, *n.* ny anaovana zavatra amy ny mangingina mba tsy ho hitan' olona

Stealth'y, *adj.* atao amy ny mangingina mba tsy ho hitan' olona [stimy

Steam, *n.* etona, fofon-drano

Steam, *v. i.* sy *t.* manetona, mandeha entiny ny stimy; mahandro amy ny fofon-drano

Steam'-boat,—**packet**,—**ship**,—**vessel**, *n.* sambo stimy

Steam'-engine, *n.* *engine* entiny ny fofon-drano

Steam'er, *n.* sambo stimy

Steam'-tug, *n.* sambo stimy kely mitarika sambo hafa ho ao amy ny fitodiam-tsambo na hiala ao, &c.

Steam'y, *adj.* be fofon-drano

Sted'fast, *adj.* (*steadfast*)

Steel, *n.* tsy, vy haroharoana carbon kely; tsy atao fanasan' antsy

Steel, *v. t.* manisy tsy amy ny lel' antsy na fiasana, &c.

Steep, *adj.* mideza, mitsontsorika

Steep, *n.* hantsana na fiakarana mideza

Steep, *v. t.* mandona ao amy ny rano, manatsoboka

Steepen, *v. i.* mihamidezadeza kokoa

Steeple, *n.* ilay mihakitso loha amy ny trano avo amy ny trano fiangonana

Steer, *v. t.* sy *i.* mitarika, indrindra amy ny sambo, manamory

Steer'age, *n.* fitarihan-tsambo; efi-trano ao aloha ao an-tsambo

Steers'man, *n.* mpitari-tsambo

Stellar, *adj.* amy ny kintana, be kintana

Stem, *n.* taho, vatan-kazo

Stem, *v. t.* manoha, manoha rano

Stench, *n.* fofona maimbo

Sten'cil, *n.* varahina fisaka loahana soratana dia apetraka amy ny lamba, &c. ka borosina amy ny zavatra misy ranomainty [ny feo]

Stent'orian, *adj.* mafy, avo (amy

Step, *v. t.* mamindra (ny tongotra raha mandeha), mandeha kely

Step, *n.* indrai-mamindrany ny tongotra; ambaratonga iray amy ny tohatra

Step'father, *n.* rai-kely

Step'mother, *n.* reni-kely

Steppe, *n.* tany lemaka ao antsinanany Eoropa sy any Asia ka tsy misy hazo maniry

Stepping-stone, *n.* vato dingadinganina raha mita rano, &c., vato fandiavana

Ste'reoscope, *n.* fizahan-tsary asiana sary roa mifanila ka jerena amy ny maso roa, nefa miseho ho toy ny anankiray hiany sady miharihary hoatra ilay hita maso iny

- Ste'reotype, n.** zavatra toy ny loha-vy milahatra nefa mitambatra iray hiany ka anontana boky
- Ster'ile, adj.** tsy mahavokatra, tsy misy vokatra; foana tsy misy hevitra
- Steril'ity, n.** tsai-fahavokarana
- Ster'ling, adj.** amy ny vola Engliszy; tsara dia tsara
- Stern, adj.** saro-po, loza-be, tsy mety miova
- Stern, n.** vodi-sambo
- Steth'oscope, n.** zavatra fihainoany ny dokotera ny ao an-tratra [kely
- Stew, v. t.** mitanika amy ny afo
- Stew, n.** hena notenehina tamy ny afo kely
- Stew'ard, n.** mpitandrina fananana, mpitahiry
- Stick, n.** tsora-kazo, tehina; kitay hazo; zavatra tahaka ny tsora-kazo
- Stick, v. t.** sy i. P. sy P.P. **stuck;** manindrona, manatsatoka; mandraikitra, mampiraikitra; mipetaka, miraikitra; voasakana ka tsy mahazo mandroso. To **stick by,** tsy mety mahafoy sakaiza na zavatra tiana. To **stick to,** miraikitra; milofy manao, mikatroka
- Stick'le, v. i.** (for) mikiribiby ka tsy mety miova hevitra
- Stic'ky, adj.** madity
- Stiff, adj.** henjana, sarotra aleftra, mafy; marihitra; mikiribiby, maditra
- Stiff'en, v. t.** sy i. manenjana; mihahenjana
- Stiff-necked, adj.** mafi-hatoka
- Stiff'ness, n.** fahenjanana
- Sti'fle, v. t.** manempotra mahafaty, manempotra; manafina mba tsy ho reny ny olona
- Stig'ma, n.** marika atao amy ny olona amy ny vy mahamay; tsinin' olona izay tsy mety ho afaka intsony
- Stig'matize, v. t.** manala-baraka
- Stile, n.** lozoka
- Stilet'to, n.** lefom-pohy hoatra ny antsy; fandoahana ambo-radara
- Still, v. t.** mampangina, mampionina, mahatony [nina
- Still, adj.** mangina, tony; mio-
- Still, n.** fitenehana rano na rano-javatra mba hahazoana rano madio avy amy ny eto-na
- Still, adv.** mbola [ka
- Still'-born, adj.** maty raha tera-
- Still'ness, n.** fanginana; fiononana
- Stilt, n.** tongo-kazo
- Stim'ulant, adj.** maharisika, mampahatanjatanjaka kely
- Stim'ulant, n.** zavatra maharisika; fanafody mahatanjatanjaka kely
- Stim'ulate, v. t.** mamporisika; mampahatanjaka kely
- Stim'ulus n.** zavatra maharisika
- Sting, n.** ilay manindrona amy ny biby kely sasany toy ny amy ny reni-tantely sy ny maingoka, etc.; fanindronana; fanaintanana azony ny voatsindrona
- Stin'gy, adj.** mihirim-belona, kahihitra
- Stink, v. i. P. stank or stunk; P.P. stunk;** maimbo
- Stint, v. t.** manome kely ka tsy ampy
- Sti'pend, n.** karàma [ma
- Stipend'iary, adj.** mahazo karà-
- Stip'ulate, v. i.** mampanaiky olona hanao na tsy hanao, mifanaiky

Stipula'tion, *n.* fanekena
Stir, *v.t.* sy *i.* manakobana, manetsiketsika; mamporisika; mifindra, mihetsiketsika.
To stir up, manakobana; nampikomy, mampitabataba; mampaharisika
Stir, *n.* tabataba
Stir'rup, *n.* fitoeran-tongotra (raha mitaingin-tsoavaly)
Stitch, *v.t.* manjaitra
Stitch, *n.* zai'ra indray manjolo. **To have the stitch**, manevika
Stock, *n.* vatan-kazo; zarana; hazo mitsangana; razana sy ny taranany; vola atao varotra; zavatra tehirizina lanina tsikelikely; fehi-tenda henjana. **Stocks**, boloky hazolehibeao amoron-dàlana izay anagadrana olo-meloka mba hihomehezany ny mpandalo.
Stock in trade, zavatra vidina hatao varotra. **To take stock**, manombana sy mihevitra ny zavatra voavidy hatao varotra mba hahafantarana ny toetry ny harena.
Live-stock, fananana velona toy ny omby na ondry, etc.
Stock, *v.t.* mividy na mamory zavatra hotsinjaraina na holanina tsikelikely
Stockade', *n.* hazo mitsatoka atao fefy
Stock'ing, *n.* ba
Stoic, *n.* olona tsy mety miraikaka amin' izay mihatra aminy na fahoriana na fifaliana
Stoker, *n.* olona mpisoron' afo amy ny *steam-engine*, etc.
Stole, *p.* of *steal*
Stol'id, *adj.* donendrina, dome-lina
Stom'ach, *n.* izay alehany ny hanina raha voatolina sy aha-

levonany, vavony, ny amba-va-fo

Stone, *n.* vato; taolam-boankazo; vato fandanjana lanjana efatra amby ny folo *pound*; fiafia, gravelina. **To leave no stone unturned**, mikeliaina manao izay rehetra azo atao mba hahatanteraka izay irina

Stone, *v. t.* mitora-bato; manaisotra taolam-boan-kazo

Stone'-fruit, *n.* voan-kazo misy taolany

Stone'-mason, *n.* tambato

Stone'-ware, *n.* zavatra natao tamy ny tany toy ny bakoly fa mavomavo sady tsy tsara tahaka azy

Ston'y, *adj.* be vato

Stood, *p.* sy *P.P.* of *stand*

Stool, *n.* fipetrahana tsy misy fiankinana

Stoop, *v. i.* miondrika, mamokoka; manambani-tena

Stop, *v. t.* sy *i.* manampina, manentsina, mampijanona, misakana; mijanona, mitsahatra

Stop, *n.* fampijanonana, fisakanana; zavatra mampijanona na misakana; fijanonan-tso-ratra [fisakanana]

Stop'page, *n.* fampijanonana, **Stopper,—ple**, *n.* tsentsin-tavoahangy, etc.

Store, *n.* zavatra tehirizina hamidy na holanina tsikelikely; trano fivarotana. **In store**, tehirizina hamidy, etc. **To set store by**, tia dia tia

Store, *v. t.* mamory zavatra hotehirizina

Store'-house, *n.* trano fitehirizan-javatra

Store'-room, *n.* efi-trano fitoerankanina

Stork, *n.* anaram-borona lehibe toy ny vano
Storm, *n.* tafio-drivotra, ranon-orana betsaka, indrindra raha be rivotra sy kotrokorana; tabataba; fisafaoahana
Storm, *v. t.* sy *i.* mirohitra mamely ny fahavalo ka miditra ao amy ny tanàna atao fahirano; misafoaka
Storm'y, *adj.* be orana sy kotrokorana sady mandrivotra
Sto'ry, *n.* tantara fohy; tantara fohy noforonina; ny rihana anankiray amy ny trano mifanongoa
Stout, *adj.* matanjaka, matomboka; mafy
Stove, *n.* fatam-by
Stôw, *v. t.* mametraka entana amy ny vata na efitra, &c. ka atao milamina tsara
Stôw'age, *n.* fametrahana zavatra atao milamina; ny fitoerana azo ametrahana zavatra
Strad'le, *v. i.* midakadaka, misabaka
Strag'gle, *v. i.* misaratsaraka tsy miara-mandeha amy ny ankabiazany, mirenireny
Strag'gler, *n.* ny anankiray izay misaratsaraka tsy miara-mandeha amy ny sasany
Straight, *adj.* mahitsy
Straight'en, *v. t.* manitsy
Straight'forward, *adj.* sy *adv.* mizotra mahitsy; tsy manao teny miolakolaka, tsy mety maudainga
Straight'way, *adv.* miarakaminizay
Strain, *v. t.* sy *i.* manintona na manenjana mafy loatra, manao izay tratry ny aina; mampivika, mampiholaitra; manatantavana
Strain, *n.* fanaovana araka izay

tratry ny aina; fiholairana; hira fohy
Strait, *adj.* èty, tèry
Strait, *n.* ranomasina èty ao anelanelany ny tany roa. In **straits**, tèry
Strait'en, *v. t.* mahèty, manery
Strand, *n.* ny amoron-drano-masina; singany iray amy ny mahazaka vahana
Strand, *v. t.* sy *i.* mampiantsona ny sambo ao amoron-drano-masina; miantsona
Strange, *adj.* avy amy ny tany hafa, hafahafa, mahagaga; tsy tamana [fantatra
Stran'ger, *n.* vahiny, olona tsy
Stran'gle, *v. t.* manenda mahafaty, mamono amy ny tadi-mody
Stran'gula'tion, *n.* fanendana, famonoana amy ny tadi-mody
Strap, *n.* sila-koditra lava
Strap, *v. t.* mamely amy ny *strap*; manasa antsy na harena amy ny *strap*
Strat'agem, *n.* fanaovan-tsaina
Strat'egy, *n.* fahaizana hitondra tafika
Strat'ifica'tion, *n.* fifanongoa-vany ny tany na vatolampy ambony sy ambany amy ny tany samihafa karazana
Strat'um, *n.* pl. **strata**, ny anankiray amy ny tany samihafa karazana mifanongoa ambony sy ambany
Straw, *n.* mololo
Straw'berry, *n.* anaram-boankazo tsara avy amy ny zavamaniry anankiray izay mandady
Stray, *v. i.* mivily, mania
Streak, *n.* sora-javatra lavalava tsy mifanaraka amy ny ankabiazany

Streak, *v. t.* manao sora-javatra lavalava
Stream, *n.* rano mandeha; renirano; zavatra mandeha toy ny rano [rano]
Stream, *v. i.* mandeha toy ny
Stream'er, *n.* faneva kely lava
Stream'let, *n.* renirano kely
Street, *n.* lalam-be ao antanana. **Street-door**, varavarana mifanolotra amy ny lalam-be
Strength, *n.* hery, tanjaka; hamafy; herim-po
Strength'en, *v. t.* sy *i.* mahatanjaka; mampahery; mihatanjaka, mihahery
Stren'uons, *adj.* mahery, mikeliana, sahy
Stress, *n.* hery, fanerena; izay manindry na manery. **To lay stress upon**, manonona mafy, milaza mafy
Stretch, *v. t.* sy *i.* manenjana, mandrirotra; mirirotra, mitatra. **To stretch out** (the hand), maninjitra. **To stretch** (the legs), manatsotra. **To stretch the truth**, manao laza masaka
Stretch, *n.* fanenjanana; fanitarana, firirotra
Strew, *v. t.* P. strewed; P.P. strewed or strewn; maneliely, mampihahakaha, mamafy
Strick'en, P.P. of *strike*
Strict, *adj.* sarotiny amy ny fitondran' olona; sarotiny amy ny fitondran-tena
Stride, *n.* dingan-dava
Stride, *v. i.* P. strode; P.P. strid or stridden; manao dingandava
Stride, *n.* fifandirana
Strike, *v. t.* sy *i.* P. struck; P.P. struck or stricken; mamely,

mikapoka; manaitra; mively. **To strike a bargain**, mahatapaka varotra. **To strike the flag**, mampidina ny saina. **To strike root**, mamaka. **To strike sail**, mangorona lain-tsambo. **To strike against**, midona, mipaka. **To strike up**, mively amponga, miantomboka mihira na mitsoka mozika, &c. **To strike for wages**, mijanona tsy miasa raha tsy ampitomboina ny karamany
Striking, *adj.* mahataitra kely, mahagaga
String, *n.* kofehy; ozatra, indrindra amy ny zava-maniry
String, *v. t.* P. sy P.P. strung: mitendry valiha, etc. **To string beads**, mitohy vakana
Strin'gent, *adj.* mangeja, mafy
String'y, *adj.* ozatina
Strip, *v. t.* sy *i.* manaisotra, manendaka, manenda-damba; mandroba; miala akanjo
Strip, *n.* sila-javatra lavalava
Stripe, *n.* sora-javatra mitsoriadriaka; fikapohana amy ny karavasy, etc.; dian-kapoka, fivatra
Stripe, *v. t.* manisy soratra mitsoriadriaka
Striped, *adj.* misoratra mitsoriadriaka
Stripling, *n.* tovolahy
Strive, *v. i.* P. strove; P.P. striven; miezaka. **To strive with or against**, miady aminy
Strode, P. of *stride*
Stroke, *n.* kapoka, famelezana: marika atao amy ny pensily na penina, etc.; ny indray mivoy
Stroke, *v. t.* misafosafo, mandambolambo

- Stroll**, *v. i.* mireireny, mitsangantsangana
- Stroll**, *n.* fitsangantsangana
- Strong**, *adj.* mahery, matanjaka; mafy. **He is a strong Protestant**, tena Protestanta izy
- Stronghold**, *n.* trano fiarovana, tanàna misy mända mafy
- Strop**, *n.* sila-koditra atao fanasana hareza na antsy
- Strôw**, *v. t.* P. **strowed**; P.P. **strowed or strown**; (*strew*)
- Structure**, *n.* orina, ny anaovana zavatra araka izay mahatsara sy maharatsy azy, etc.; trano lehibe
- Struggle**, *v. i.* miezaka hanohitra izay misakana, miezaka mba ho afaka amy ny fahoriana, mitolona
- Struggle**, *n.* fiezahana, fitolonana
- Strut**, *v. i.* mieboebo, miandranandrana, mianjonanjom-pandeha
- Stub**, *v. t.* manongotra hatramy ny fakany
- Stubble**, *n.* vodi-vary
- Stubborn**, *adj.* maditra, kirina, be tohika
- Stucco**, *n.* lalotra sokay haroana *gypsum*
- Stud**, *n.* fantsika kely be loha atao haingon-javatra; bokotra midi-droa; soavaly maromaro ompiana
- Stud**, *v. t.* manisy fantsika be loha mba ho haingony
- Student**, *n.* mpianatra, indrindra izay efa mifindra ho amy ny fianarana ambony
- Studious**, *adj.* mazoto mianatra, tia fianarana; mitandrina tsara
- Study**, *n.* fianarana, filozohana mianatra, fiheverana fatra-
- tra; boky etc. fianarana: efi-trano fianarana
- Study**, *v. i.* sy *t.* mianatra, milofo mianatra; mihevitra tsara
- Stuff**, *n.* zavatra; karazandamba volonondry fanao akanjom-behivavy; zavatra tsinontsinona
- Stuff**, *v. t.* sy *i.* manesika zavatra ao anatiny mba hampibontsina azy; mamatratra; manao sesika; mahery homana
- Stuffing**, *n.* sesika
- Stultify**, *v. t.* manadala
- Stumble**, *v. i.* sy *t.* tafintohina; diso; manafintohina. **To stumble upon**, sendra mihaona aminy, sendra mahita
- Stumble**, *n.* fahatafintohinana
- Stumbling-block**, *n.* zavatra mahatafintohina
- Stamp**, *n.* foto-kazo (rehefa tapaka ny hazo); vodi-nify sisa mbola ao; sandry na tongotra sisa nahatapahana
- Stun**, *v. t.* mamely ka mahatorana, mahankona; maharenina
- Stung**, P. sy P.P. of *sting*
- Stunk**, P. sy P.P. of *stink*
- Stunt**, *v. t.* mahabotry, tsy mampitombo [fahadalana
- Stupefaction**, *n.* fanadalana;
- Stupefy**,—**pify**, *v. t.* manadala
- Stupendous**, *adj.* mahatalanjona, lehibe indrindra
- Stupid**, *adj.* votsa-saina, donto, mitahontahona, mitaraiki-raiky; ataony ny olona mitahontahona
- Stupidity**, *n.* fahavotsan-tsaina, fitahontahona, firaikiraikena, hadontoana
- Stupor**, *n.* hatoranana, fahàna, hangoly, havoly

Stur'dy, *adj.* henjana, matanjaka
Stat'ter, *v. i.* miakakà fiteny
Sty, *n.* takodimena; trano fitoeran-kisoa
Style, *n.* fanoratana fahiny natao tamy ny hazo savohana, fanoritana; fomba fandaharam-piteny; fomba fanaovan-tsary; fomba fitafiana, lamody
Style, *v. t.* manao ny anarany hoe. To be styled, mahazo ny anarana hoe
Suav'ity, *n.* fahalemem-panahy, indrindra izay hita amy ny resaka na fitondran-tena
Sub, *prefix*; ao ambany
Sub-agent, *n.* olona mpisolo ny raharahany ny *agent*
Subal'tern, *n.* mpifehy lefitry ny sasany
Sub-commit'tee, *n.* olona sasany amy ny *committee* ampiantohiny ny namany hanao raharaha hisolo azy
Sub'divide, *v. t.* mizara indray izay voazara taloha
Subdiv'ision, *n.* fizarazarana madinidinika indray
Subdue, *v. t.* mandresy, mampanaiky, mamolaka
Subja'cent, *adj.* ambany toerana
Sub'ject, *adj.* (to) manaiky, manoa; mora azony (ny tazo na sery, &c.); matetika misy (tafio-drivotra na hafanana be, &c.)
Sub'ject, *n.* anankiray amy ny vahoaka; ny fototry izay lazaina amy ny boky na teny, &c.; foto-kevitra
Subject, *v. t.* (to) mandresy, mampanaiky; manao mba ho azony
Subjec'tion, *n.* fandresena; fanarahana, fanoavana

Subjoin, *v. t.* manohy, manampy (amy ny teny)
Sub'jugate, *v. t.* mandresy sady mampanaiky
Subjunc'tive, *adj.* anampy izay voalaza, miankina amin' izay voalaza
Sub-let, *v. t.* mamela zavatra nohofana mba hohofany ny sasany kosa
Sublime, *adj.* avo indrindra, tsara indrindra somary misy mahatahotra
Sublu'nar, **Sub'lunary**, *adj.* (ambany ny volana), ambony ny tany
Submarine, *adj.* ao ambany ny ranomasina
Submerge, *v. t.* manitrika, manafotra. To be submerged, difotra, safotra
Submer's on, *n.* fanitrihana
Submis'sion, *n.* fanoavana, fanakatoavana, fanekena, fanarahana
Submis'sive, *adj.* manoa, mankatò, manaiky; manetri-tena
Submit, *v. i.* sy *t.* (to) manoa, mankatò, manaiky
Subor'dinate, *adj.* ambany (amy ny voninahitra na filaharana, &c.)
Subscribe, *v. t.* sy *i.* manoratra ny anarana ao ambany mba hampiseho fanekena ny voasoratra ambony; miara-mandoa vola amy ny sasany
Subscription, *n.* ny anoratana ny anarana ao ambany mba hampiseho fanekena ny voasoratra ambony; ny vola okena hiaraha-mandoa amy ny sasany
Sub'sequent, *adj.* manarakaraka, aoriana
Subserve, *v. t.* manampy, mahaso

- Subservient**, *adj.* manampy, mahasoa
- Subside**' , *v. i.* mandry toy ny faikan-javatra; mihena, mi-hakely (amy ny rano ton-draka na rivotra mahery na fisafohana, &c.)
- Subsidiary**, *adj.* manampy
- Subsidize**, *v. t.* manome *subsidy*
- Subsidy**, *n.* vola omeny ny fanjakana anankiray ho any fanjakana hafa mba ham-piany amy ny ady ilay manome azy; vola omeny ny fanjakana hatao fanampiana
- Subsist**' , *v. i.* mivelona
- Subsistence**, *n.* fivelomana
- Subsoil**, *n.* handrin-tany
- Substance**, *n.* tena, zavatra, ventiny; foto-teny; harena
- Substantial**, *adj.* misy tena, misy ventiny; matotra, mafy; manan-karena
- Substantiate**' , *v. t.* manamarina, manisy porofo, mahatò
- Substantive**, *n.* fizaran-teny milaza ny anaran-javatra, naona
- Substitute**, *n.* solo
- Substitute**, *v. t.* manolo, misolo
- Substitution**, *n.* fanoloana, fisoloana
- Subtend**' , *n.* mifanandrify aminy (amy ny *angle*)
- Subterfuge**, *n.* saina atao fialan-tsiny foana, fitaka
- Subterra'nean**, *adj.* ao ambany ny tany
- Subtle**, *adj.* fetsifetsy
- Subtlety**, *n.* hafetsifetsena
- Subtract**, *v. t.* manala
- Subtraction**, *n.* fanalana
- Suburbs**, *n.* fonenan' olona ao ivelany ny mandany ny tanàna, fonenan' olona ao antsisisiny ny tanàna {tanàna
- Suburban**, *adj.* ao antsisisiny ny
- Subver'sion**, *n.* fandravana
- Subver'sive**, *adj.* mandrava
- Subvert**' , *v. t.* mandrava, manimba
- Succeed**' , *v. t.* sy *i.* mandimby, manaraka; ambinina, lavorary, tanteraka izay nokasaina hatao
- Success**' , *n.* fanambinana, fahavorariana, fahatanterahan' izay nokasaina hatao
- Success'ful**, *adj.* ambininy, mahalavorary, mahatant-raka
- Succession**, *n.* fandimbasana, fifandimbasana, fifanaraka-rahana
- Succes'sor**, *n.* dimby, izay mandimby
- Succinct**' , *adj.* fohifohy nefa ampy hilazana tsara
- Suc'cour**, *n.* fanampiana, famonjena
- Succour**, *v. t.* manampy, mamonjy
- Succulent**, *adj.* be ranony (toy ny fary, etc.)
- Succumb**' , *v. i.* manaiky satria resy, mamoi-fo
- Such**, *adj.* tahaka izany, toy izany. **Such and such a person**, ranona. **Such and such a town**, ananona. **Such and such a thing**, anona. **Such as**, toy, dia
- Suck**, *v. t.* sy *i.* mitsentsitra, mitroka
- Suck'le**, *v. t.* mampinono
- Suc'tion**, *n.* fifohana (nefa tsy ny zavatra ifohana)
- Sud'den**, *adj.* tampoka
- Sudorific**, *n.* fanafody mahatsemboka
- Sue**, *v. t.* sy *i.* manaraka; miangavy, mangataka
- Su'et**, *n.* jabora, sabora, indrina ny fonom-boany

Suffer, *v. t.* sy *i.* mahatsiaro maharary; miaritra; mandefitra; mahalefitra, maharitra; mamela. He is suffering from the cold, marary azony ny hatsiaka izy

Sufferance, *n.* ny tsi-fandra-rana ny tsy tiana, famelana hanao ny tsy tiana

Suffering, *n.* fiaretana, fanderana; fanaintainana, fan-girifiriana

Suffice', *v. i.* sy *t.* ampy

Sufficiency, *n.* fananana izay ampy, fahampiana

Sufficient, *adj.* ampy, antonony, saha. It is sufficient, aoka izay

Suffix, *n.* (*affix*)

Suffocate, *v. t.* manempotra mahafaty, manenda

Suffrage, *n.* teny enti-milaza izay nofidina

Suffuse', *v. t.* manerana. His eyes were suffused with tears, nanganoano ny ranomasony

Sug'ar, *n.* siramamy

Sug'ar-can'dy, *n.* vato-mamy

Sug'ar-cane, *n.* fary

Sug'ary, *adj.* mamy; misy siramamy

Suggest, *v. t.* mampihevitra, manome hevitra; milaza hevitra fa tsy sahy manao teny mafy

Suggestion, *n.* hevitra lazaina fa tsy atao teny mafy

Suicide, *n.* famonoan-tena

Suit, *n.* fanarahana, hataka. A suit of clothes, akanjo indrai-mitondra, akanjo dizenina iray

Suit, *v. t.* antonona, mifanaraka aminy, manendrika

Suitable, *adj.* antonona, mendrika, mifanaraka

Suite, *n.* ny mpanaraka olona

lehibe; zavatra maromaro mifanarakaraka

Suit'or, *n.* olona manaraka na mangataka, indrindra izay mangataka vehivavy ho vady

Sul'ky, *adj.* mitokozihitra, midongy, mimonjomonjo

Sul'len, *adj.* mimonjomonjo, soso-dava, mitokozihitra

Sully, *v. t.* mahamatroka, mahatsiny

Sul'phate, *n.* zavatra toy ny sira avy amy ny metal sy ny sulphuric acid raha akambana

Sul'phur, *n.* solifara

Sulphuric, sulphurous, *adj.* avy amy ny solifara

Sul'tan, *n.* mpanjaka any Turkey

Sul'try, *adj.* midaindaina, mi-gaingaina, manao tanik'orana

Sum, *n.* tontaliny, ankapobeny; foto-teny; fanontaniana atao amy ny fianarana marika

Sum, *v. t.* (up) manambatra, manatontaly; milaza ny foto-teny nataony ny sasany

Sum'mary, *adj.* atao fohifohy, atao faingana

Sum'mary, *n.* filazana ny foto-pototry ny teny &c. nataony ny sasany

Sum'mer, *n.* fahavaratra

Sum'merset, *n.* (*somerset*)

Sum'mit, *n.* tampony indrindra

Sum'mon, *v. t.* miantso, mampaka

Sum'mons, *n.* fiantsoana, fampakana

Sump'tuous, *adj.* mandany be, indrindra amy ny momba ny token-trano; tsara mahafinaritra

Sun, *n.* masoandro

Sun, *v. t.* mitanin'andro

Sun'burnt, *adj.* mivalomaintv azony ny hainandro

Sun'day, *n.* Alahady
Sun'der, *v. t.* mampisaraka
Sun'dial, *n.* daialina
Sung, *P. sy P. P. of* *sing*
Sunk, *P. sy P. P. of* *sink*
Sun'ny, *adj.* azony ny hainandro; miramirana
Sun'rise, *n.* vaki-masoandro
Sun'set, *n.* maty masoandro
Sun'shine, *n.* hainandro
Sun'stroke, *n.* aretina mafy amy ny loha noho ny heriny ny hainandro
Sup, *v. t. sy i.* misotro kely; misakafo hariva [hoatra
Su'per-, *prefix*; ambony, mi-
Su'perabun'dant, *adj.* mananamby ampy, mihoa-pampana; betsaka
Su'peran'uated, *adj.* efa miveirin-tsaina
Superb', *adj.* tsara mahafinaritra, fatratra loatra
Su'percil'ious, *adj.* mianjonanjona, miavonavona
Su'pereroga'tion, *n.* ny anaovana raharaha na fanompoana mihoatra noho izay mety na mahasoa
Superf'icial, *adj.* momba ny ivelany, ivelany; mahalala izay ivelambelany hiany fa tsy ny fotony; tsy mihatra amy ny fotony
Su'perfici'es, *n.* ny ivelany ny zavatra misy sakany sy lavany
Su'perfine, *adj.* tsara indrindra
Su'perflu'ity, *n.* izay mihoapampana, ny be mihoatra noho izay mahasoa
Superflu'ous, *adj.* mihoapampana; mihoatra noho izay mahasoa. It would be superfluous to say anything more, tsy tokony hampian-teny intsony izay fa ampy

Superhu'man, *adj.* tsy azon'olombelona atao [mifehy
Su'perintend', *v. t.* mitandrina,
Su'perintend'ent, *n.* mpifehy, mpitandrina
Superior, *adj.* ambony kokoa; tsaratsara kokoa, tsara dia tsara
Superja'cent, *adj.* ambony (amy ny zavatra sasany mifanongoa)
Superlative, *adj.* ambony indrindra
Su'pernat'ural, *adj.* tsy araka ny fitondran' Andriamanitra izao tontolo izao tamy ny voalohany
Su'pernu'merary, *adj.* ambony mihoatra noho izay ilaina
Su'perscrip'tion, *n.* soratra atao ao ivelany na ao ambony
Su'persede', *v. t.* misolo; mahafoana izay vita taloha
Su'persti'tion, *n.* fatahorana foana ny zavatra tsy fantatra; fivavahana tsi-izy; toetry ny olona izay sarotiny amy ny fombam-pivavahana izay tsy ampianariny ny Soratra Masina; hevitra mosalahy foana ny amy ny andro tsara sy ny vintana sy ny matoatoa ary ny vakan-tsiléon-doza, &c.
Su'persti'tious, *adj.* matahotra foana na manao hevitra mosalahy ny amy ny andro tsara, &c.; sarotiny amy ny fombam-pivavahana madindinika; mivavaka amy ny sampy
Su'perstruc'ture, *n.* zavatra aorina ao ambony ny zavatra hafa
Su'pervene', *v. i.* miseho ho fanampin' izay efa niseho taloha

Supervise', *v. t.* mizaha, mitandrina
Sup'ervision, *n.* fizahana, fitandremana
Supine', *adj.* mitsilany; tsy mitandrina, kamo
Supper, *n.* sakafo alina, sakafo hariva
Supplant', *v. t.* manao saina mba hahafahany ny anankiray ka misolo toerana azy
Sup'ple, *adj.* malemy ka mora alefitra; manaiky be
Sup'plement, *n.* fanampin-teny
Sup'plementary, *adj.* manampy
Sup'pliant, *adj.* mifona
Sup'pliant,—*icant*, *n.* olona mifona
Sup'plicate, *v. t.* mifona
Sup'plication, *n.* fifonana
Supply', *v. t.* manome; mahampy, manampy; misolo
Supply', *n.* izay novorina mba hohanina na hotafina
Support', *v. t.* manohana, manohantohana; mahazaka; miahy, mamelona
Suppose', *v. t.* sy *i.* mihevitra, manao; mampihevitra
Sup'position, *n.* hevitra tsy misy porofony, fiheverana
Sup'posititious, *adj.* sandoka, tsy izy
Suppress', *v. t.* mandresy; manafina, manindry
Sup'pression, *n.* fandresena, fampitsaharana; fanafenana
Sup'purate, *v. i.* mamory nana
Suprem'acy, *n.* fahamboniana indrindra
Supreme', *adj.* faran' izay ambony indrindra; farany indrindra. **The Supreme Being**, Andriamanitra
Surcharge', *v. t.* mamesatra loatra; mampanao be loatra
Sur'coat, *n.* kapoty

Sure, *adj.* fantatra marina; matoky; mahatoky. **To be sure**, izany tokoa
Surely, *adv.* tokoa, marimarina
Sure'ty, *n.* fahafahana amy ny ahiahy; mpiantoka; antoka
